



VOLAVOLAN~DALÀNA LAHARANA FAHA 017/2022
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2023

PROJET DE LOI n° 017/2022
PORTANT LOI DE FINANCES
POUR 2023

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 017/2022
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2023**



**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 017/2022
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2023**

FILAZANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Na dia eo aza ny zava-misy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny Fanjakana malagasy dia hanohy ny fanarenana ny toe-karena nanomboka ny taona 2019 toy izay efa voafaritra anatin'ny Tetipivoarana ho an'ny Fisandratan'i Madagasikara (PEM)

Mba ahafahana mahatratra ny fitomboan'ny harinkarena voafaritra anatin'ny PEM, ny fanjakana dia mametraka fitantanana hentitra ny famatsiam-bolam-panjakana sy ny fampandraisana anjara ireo mpisehatra rehetra voakasik'izany toy ny sehatra tsy miankina.

Ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2023 ity, mifototra amin'io vina io, dia manolotra ny fepetra ara-ketra sy ara-tetibola mba ho fanatanterahana ny velirano 13 izay miorina amin' ny andry fotora, ny fitantanam-pitondrana, ny fotora : « sosialy sy ny maha-olona », « toe-karena sy fampandrosoana haingana », « tontolo iainana sy fanatsarana ny fiainana »

I- FIRONANA ANKAPOBENY AO ANATIN'NY LALANA MIFEHY NY

FITANTANAMBOLAMPANJAKANA 2023

Ny fivoaran'ny toe-draharaha nasionaly sy maneran-tany ankehitriny dia nampiseho ny fahafahan'i Madagasikara nihatrika ny vokatr'izany. Na dia eo aza izay fahafahana izay dia tsikaritra fa marefo ihany Madagasikara mihatrika izany. Noho izany dia niteraka fahataràna ara-pandrosoana izay hita fa tsy maintsy harenina izany.

Ny Plan Emergence Madagascar (PEM) dia mikasa ny hanatratra io fahataràna ara-pandrosoana io, amin'ny alalan'ny vina : « hahatonga an'i Madagasikara ho firenena misandratra, mafy, miray hina ary mikatsaka izay hahasoa ny mponina ao aminy ». Noho izany, ny PEM dia miankina amin'ireo Velirano 13 napetrak'Andriamatoa Filoha, ka ny tanjona voalohany dia ny hahatonga an'i Madagasikara ho firenena misandratra ny taona 2038. Izany dia ho tratra vokatry ny fihenan'ny taham-pahantrana ho 37% sy noho ny fivoaran'ny harikarena faobe isan'olona ho 3200 USD no mihaotra.

Noho izany, ny paik'adin'ny PEM dia miodina manodidina fototra telo (Ny Sosialy, ny toe-karena, ny tontolo iainana sy ny fiainana maha olona) ka ny andry fototra dia ny fitantanam-pitondrana. Noho izany, ny asa dia hifototra kokoa amin'ireo tombony lehibe hananan'ny firenentsika ka ho hita taratra amin'ireo tetik'asa mivaingana tanterehina amin'ireo sehatra matanjaka izany (fandraharahana eo amin'ny sehatry ny fambolena, ara-tsakafo, fitrandrahana, fizahan-tany, sns.). Izany dia mba hahatrarrana ny vinampisandratana izay napetraka. Anisan'ny vain-dohan-draharahan'ny fitondram-panjakana ny hahatonga ny harikarena faobe mba hizara mira lanja isam-batan'olona.

Araka izany ireo fironana ara-paik'ady ao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2023 dia mifanaraka tsara amin'ny PEM. Noho izany, ho an'ny taona 2023, ny fitondram-panjakana dia hijery manokana ny :

Ny fanafainganana ireo fanavaozana sy ireo tetik'asa mba hametrahana tontolo manome vahana ny fandrosoana ara-toe-karena

Ny fisian'ny foto-drafitr'asa manara-penitra sy mahazaka ny fiovaovan'ny toetr'andro dia ilaina tokoa hampandrosoana an'i Madagasikara. Ny fitondram-panjakana izany dia manolo-tena hanamafy ireo asa ataony hampivoarana sy hanamboarana foto-drafitr'asa eo amin'ny sehatry ny fitaterana sy ny serasera, singa manan-danja lehibe ho an'ny fivoarana ara-tsosialy sy ara-toe-karena.

Ankoatra izay, ny fifandonana misy ao Ukraine dia nampahatsiahny tsy maintsy hahatrarrana ny fahaleovana ara-tsakafo. Ny paik'adin'ny fitondram-panjakana izany dia ny hampifototra ny fampiroboboana ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana amin'ny fidirany lalina kokoa miaraka amin'ny sehatry ny industria. Izany dia mba hampivoarana ireo seha-pamokarana mba hahavaly ny fanjifàna ato anatin'ny mba hampihena ny fiankanan-doha amin'ny fanafarana entana avy any ivelany. Noho izany, ny fivoaran'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana dia hirindra amin'ny dingan'ny tao-zava-baventy. Raha ny mahakasika ny sehatry ny haiasa indray, Madagasikara dia hisitraka ny fandraisana ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11, ho fanamarihana ny fiverenan'ny firoboroboan'ny sehatry ny fizahan-tany eo aminy. Ny

fitondram-panjakana dia miara-miasa amin'ny sehatra tsy miankina mba hahatanteraka ireo fampiasam-bola manosika io sehatra io.

Etsy andaniny, ny fivoarana ara-toe-karena dia mitaky ny fidiran'ny sehatra tsy miankina mba hampiasa vola malalaka. Ho ataon'ny fitondram-panjakana noho izany izay hampivoatra ny fitantanana ara-toe-karena sy ny fametrahana ireo fepetra rehetra ilaina hisarihana na ireo mpamatsy vola nasionaly na ireo mpamatsy vola vahiny. Ankoatran'ireo fanavaozana apetraka mba hiadiana amin'ny kolikoly sy ny fihisaran'ny fitantanana-draharaham-panjakana, dia misy ireo hetsika ataon'ny fitondram-panjakana izay mikatsaka indrindra ny hampivoatra sy ny hampangaharahara ny rafi-dalàna mifehy ny fampiasam-bola, mba hisarihana ireo mpampiasa vola. Hojerena manokana ny momba ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany mba hahafahan'i Madagasikara manome lanja tanteraka ny harena voajanahary ananany, indrindra amin'ny fotoana maha-ambony dia ambony ny tinady maneran-tany ny graphite, nickel, sy cobalt.

Ny fanamasinana ireo hetsika ho an'ny fivoarana amin'ny maha-olona

Noho izany, ao anatin'ny fanatanterahana ny PEM, ny fitondram-panjakana dia miasa mba hitaran'ny faritra hahafahana mametraka ireo foto-drafir'asa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana. Toy izany ihany koa, ireo hetsika ho atao dia ny mba hahamora ny fisitrahana ny rehetra fampianarana manarapenitra sy tolo-piofanana mifanaraka amin'izay ilain'ny eo amin'ny sehatry ny asa.

Ny Fitondrampanjakana dia manohy ny politikan'ny famoronana asa eo amin'ireo sehatra napetraka ho laharampamehana

Amin'ny taona 2023, ireo sehatra napetraka ho laharampahamehana (Fanabeazana, Fahasalamana, Filaminam-bahoaka sy Fitsarana) dia hisitraka toeranasa vaovao miisa 9 498 ka 3 488 amin'ireo dia handraisana mpiasa afaka tamin'ny fifaninanana ary 6 010 dia handraisana mpiasa araka ny fandraisana mivantana. Ny tanjona dia ny fiantohana ny fisitrahana ny rafitra fanabeazana sy ireo fitsaboana ho an'ny vahoaka malagasy tsy ankanavaka, izay singa iray lehibe ho an'ny ady amin'ny fahantrana, ary hiantohana ny fierovana sy ny fanajana ny lalàna manakery manerana ny firenena. Ny fanamafisana ny andraikitra tanan'ny Fanjakana amin'ny alalan'ireo sehatra napetraka ho laharampahamehana ireo dia fepetra iray izay hampahomby ny Drafitra ho an'ny fisandratan'i Madagasikara na « Plan d'Emergence pour Madagascar ». Ireo fandraisana mpiasa vaovao manaraka ny fandraisana mpiasa amin'ny fomba mivantana dia hizotra hanaraka ny lamina izay mametraka azy ireo ho isan'ireo izay hahazo karama amin'ny taona 2023. Ambadik'izay, ireo izay afaka tamin'ny fifaninanana dia tsy mbola hahazo tetibola handoavana ny karamany raha tsy amin'ny fotoana hahavitany ny fiofanana ataony.

Ny fitsinjaran'ireo toeranasa dia araka izao manaraka izao : toeranasa miisa 3 943 ho an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, toeranasa 500 ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana, toeranasa 712 ho an'ny Minisiteran'ny fampianarana teknika sy ny fiofanana arakasa, toeranasa 1 270 ho an'ny

Minisiteran'ny Fitsarana, mpitana ny tombokasem-panjakana, toeranasa 1 420 ho an'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka, toeranasa 830 ho an'ny Minisiteran'ny Fiarovampirenena ary toeranasa 823 ho an'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena.

Ankoatra ireo toeranasa vaovao ireo, mpiasa miisa 2 955 izay nahavita ny fiofanana tamin'ny taona 2021 (Polisy manamboninahitra miisa 30 sy kaomisera miisa 20) sy 2022 (mpianatra ho zandary 1 500, « percepteurs principaux des finances » miisa 35, mpianatra ho inspektearan'ny polisy miisa 220 sy mpianatra ho mpitandro filaminana 1 150) no hanatevina ny mpiasa eny amin'ireo Minisitera mpiahy azy ireo amin'ny taona 2023.

Momba ny fandehanana misotro ronono, mpiasa miisa 5 311 no hivoaka hisotro ronono raha avondrona ny isa ho an'ny Minisitera rehetra amin'ny taona 2023. Ny fandehanana misotro ronono dia mandeha ho azy rehefa tratran'ny mpiasa ny fetran-taona napetraky ny lalàna izay 60 taona, ankoatra ireo Mpitandro filaminana (61 taona). Ankoatra izany, ireo Mpisa fehezin'ny Sata manokana sasantsasany toa ireo Mpitsara, ireo mpampianatra mpikaroka ary ireo inspektearam-panjakana dia afaka mangataka ny fanohizana ny fotoam-piasany hatramin'ny folo taona, arakaraky ny Sata mifehy azy, noho ny tsy fahampian'ny isan'izy ireo.

II- VINAVINA ARA-TOE-KARENA SY ARA-BOLA

Ny fivoaran'ny toe-draharaoha maneran-tany sy nasionaly dia nahazoana vinavina vaovao ho an'ny fitomboan'ny harikarena ho 4,2% ny taona 2022

Ny ady ao Ukraine dia nitarika ny fisondrotan'ny vidim-piainana maneran-tany, indrindra ho an'ireo vokatra fampiasa amin'ny angovo sy ara-tsakafo. Ny fiakaran'ny vidin'ny solika 40% ny volana Jolay 2022 dia nahatonga fiazakazahan'ny fisondrotan'ny vidim-piainana, izay nahatratra 8,4% ny volana Jolay ary 9,3% ny volana Aogositra.

Izany dia niteraka fihenan'ny vola eo am-pelatanan'ireo mpisehatra ar-toe-karena sy ny tinady amin'ny ankapobeny. Kanefa, ireo fepetra noraisin'ny fitondram-panjakana (fampiakarana ny karaman'ny mpiasam-panjakana, fampiakarana ny karama farany ambany indrindra ho an'ny sehatra tsy miankina, sns.) dia nahafahana namehy ny vokatry ny fiakaran'ny vidim-piainana teo amin'ny fahefa-mividy.

Na izany aza, ny toe-karena malagasy dia afaka manararaotra ny fisian'ny fiazakazahan'ny tinady iraisam-pirenena, ho an'ny vokatra fampiasa amin'ny angovo manokana (graphite, cobalt ary nickel).

Ankoatra izay, ny fisondrotan'ny vidin'ny entana izay afarana avy any ivelany dia nanokatra ny fahafahana mampivoatra ny famokarana eto an-toerana, tsindrina manokana eto ireo entana ho an'ny filàna andavan'andro (PPN). Hatramin'ny fiantombohan'ny taona 2022, ny Minisiteran'ny Indostrìa, ny Varotra ary ny Fanjifàna dia namoaka antontan'isa toeram-pamokarana 38 ka ny 17 amin'izany mamokatra PPN (savony, menaka, siramamy).

Tsy azo hialàna noho izany ny fanitsiana ny tahan'ny harikarena faobe izay nihabo ho an'ny taona 2022. Kanefa, ny ezaka vita teo amin'ny sehatry ny fanondranana dia nafahana namehy io fihaboana io.

Noho izany, ny fitomboan'ny harikarena ny taona 2022 dia lasa ho 4,2%, izany hoe nisy fidinana 0,1 raha hoarina amin'ny vinavinan'ny LFR 2022.

Ny tahan'ny harikarena faobe dia vinavinaina ho 4,9% ny taona 2023

Ireo fampiasam-bola maro isan-karazany izay hanomboka na hifarana ny taona 2023 (fampiasam-bola ataon'ny fanjakana ary iarahany amin'ny sehatra tsy miankina) dia tokony hahatratra ny vina napetraka. Ireo tetik'asa ireo dia sady mahakasika ny sehatra matanjaka sy ireo sehatra sosialy. Ireo tetik'asa fanajariana sy fanondrahana ireo faritra fambolena dia tokony hampiakatra ny tahan'ny famokarana ara-pambolena, toy ny vary, izay vinavinaina hiakatra 9% ny famokarana azy. Ny fanohizana ireo hetsika fametrahana industria (fanokafana orinasa mamokatra siramamy sy simenitra, sy famoronana « zone d'émergence industrielle » dia ahafahana mamphena ny fiankanan-doha amin'ny fanafarana entana avy any ivelany. Farany, ny fanamboarana sy fanavaozana ireo foto-drafitr'asa fitaterana sy ny serasera ary ny fampandrosoana sy fanamorana ny tolotra angovo mba hanome vahana kokoa ireo fampiasam-bola eo amin'ny sehatra tsy miankina. Ho an'ny harena an-kibon'ny tany manokana dia tokony ho ampiharina ny lalana vaovao mifehy azy mba hahafahana mamelona indray ny asa sy ny tombony azo amin'io sehatra io 2023 sy hisarihana ireo mpamatsy vola.

Mahakasika ny sehatra ara-tsosialy dia hotohizan'ny Fanjakana hatrany ireo hetsika ataony mba hampivoatra ny fisitrahan'ny mponina fampianarana manara-penitra sy fitsaboana ilaina. Vinavinaina ihany koa ny fanamboarana sekoly sy toeram-pianarana ho an'ny ambaratong aambony, ary ny fivoaran'ny fitsaboana (fanamboarana toeram-pitsaboana manara-penitra).

Handray ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 i Madagasikara ny taona 2023. Noho izany, tokony hiverina hiroborobo ny fizahan-tany. Efa nisokatra tanteraka ihany koa manko ny sisin-tany ny telovolana voalohan'ny taona 2022.

Vinavinaina ho 4,9% ny tahan'ny fitomboan'ny harikarena ny taona 2023, izany hoe fanitsiana tahany 0,6 eo ho eo raha hoarina amin'ny voalaza ao amin'ny LFR 2022. Io fanitsiana io dia mandray ny fisondrotan'ny vidim-piaianana izay neverina haharitra hatramin'ny 2023. Ary koa ny tinady eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, izay ahitâna fiakarana ho an'ny vokatra sasantsasany, fa kosa tsy hohoatra ny vinavina talohan'ny nisian'ny ady tao Ukraine.

Io vinavina ho an'ny fitomboan'ny harikarena amin'ny 2023 io dia hotohanana amin'ny tahan'ny fampiasam-bola manodidina ny 25,3% an'ny harikarena faobe, 12,2% avy amin'ny Fanjakana foibe ary 13,1avy amin'ny sehatra tsy miankina. Ny famatsiana ny fandamiam-bolam-panjakana dia iantohan'ny fampidiran-ketra anatinny izay mahatratra 12,1% ny tahany ny taona 2023, ary ireo fanampiana avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka dia hahatratra 6,4% ny tahany.

Ny Fitondram-panjakana dia manamafy ny ezaka ataony mba hanatsarana ny fitantanana ny volam-panjakana sy hanaja ireo teny nomena eo amin'ny lafiny teti-bola. Noho izany, ny tahan'ny vola banga mila feoina ao am'ny teti-bola ny 2023 dia tsy hohoatra ny -6% du PIB. Ary koa, ny tahan'ny banga ao amn'ny vola voalohany mila fenoina dia -0,4% ny taona 2023 raha toa ka -1,4% izy io ny 2022.

III- FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKÀNA AO AMIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA 2023

III.1- VOLA MIDITRA

III.1.1- HETRA

III.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AMIN'NY HETRA ANATINY :

Ny Fandrahaharana misahana ny hetra dia manombana ny tahan'ny fidiram-bola amin'ny hetra tsy afa-karatsaka ho 12,7 amin'ny harikarena faobe ho amin'ny taona 2023, fitomboana mitentina teboka 1,2 amin'ny harikarena raha oharina tamin'ny taona 2022. Ny Foibe-pitondrana ankapobe mifehy ny hetra dia maminavina ny tahan'ny tsindrin-ketra anatiny ho 6,7 amin'ny taona 2023 raha 6,1 tamin'ny 2022, izany hoe fiovana teboka 0,6 amin'ny tahan'ny harikarena faobe. Mba ahatarana ny tanjona amin'ny fidiran-ketra ho 4 786,16 miliara amin'ny lalana mifehy ny fitatanam-mbola 2023, ezaka fanampiny no atao amin'ny alalan'ny fametrahana ireo fepetra ara-ketra sy ara-panjakana izay heverina hampiditra 501,87 Miliara Ariary.

KARAZAN-KETRA	LFR 2022	LFI 2023	Miliara Ariary
Impôt sur les Revenus	885,30	1 379,32	
Impôt sur les Revenus Salariaux et Assimilés	616,47	717,78	
Impôt sur les Revenus des Capitaux Mobiliers	72,61	54,55	
Impôt sur les Plus Values Immobilières	9,13	14,33	
Impôt Synthétique	80,97	131,83	
Droit d'Enregistrement	49,83	51,69	
Impôt sur les Marchés Publics	84,00	100,80	
Taxes sur la Valeur Ajoutée	1 435,40	1 643,66	
Droit d'Accise	577,69	666,63	
Assurances	10,37	14,55	
Autres	3,32	1,33	
Droit de Timbres	23,50	9,69	
Impôt sur les Revenus	885,30	1 379,32	

III.1.1.2- MIKASIKI IREO FEPETRA ARA-KETRA :

Ny Fandrahaharana ara-ketra Malagasy, izay mikatsaka hatrany ny paikady mahomby hanatsarana ny tolotra omena ny mpandoa hetra, dia miezaka amin'ny fanamasifana ny fampiasana tsaratsara kokoa ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra (C.G.I).

Arak'izany, ny fanavaozana izay entina dia manana tanjona manokana mba ahafahan'ny mpampiasa ny lalana ara-ketra avy amin'ny fanamborana ireo fepetra hita ao amin'ny Fehezan-dalana momba ny hetra araky ny Lalana mifehy ny Fitantanam-bola nasiam-panitsiana 2022 ho sokajy roa lehibe, voalohany amin'izany ireo fepetra mikasika ny lalana fotora dia ny Fehezan-dalàna momba ny hetra (Code des Impôts) sy ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra (Code des Procédures fiscales).

Amin'ny fanavahana ireo fepetra hita ao amin'ny Fepetra ankapobe mifehy ny hetra ho Fepetra mikasika ireo fombafomba sy ny Fepetra ara-ketra dia manaraka ireto fepetra roa miavaka tsara ireto :

- Ireo fitsipika mikasika ny fotora hamerana sy ny fikajiana ny hetra dia hijanona miaraka amin'ireo Fifanarahana ara-ketra sy Fepetra manokana mikasika ireo Faritra sy Orinasa afakaba, ao anatin'ny Fepetra mikasika ny hetra, sy
- Ny Fepetra mikasika ireo fombafomba kosa dia ahitana ireo fepetra ara-ketra mifanaraka indrindra amin'ireo asa atao eo amin'ny Foibe Fitantanana sy izay mikasika ny mpandoa hetra toy ny fanaovana ny laharam-pamantarana, ny fanambarana ny fandoavan-ketra, ny famorian-ketra, ny fifanolanana ara-ketra sy ireo fombafomba mikasika ny lalàna ara-ketra.

Ny fanavaozana atao dia ny fanavahana ao amin'ny Fepetra ankapobe mifehy ny hetra ireo fepetra manana endrika mikasika ny fombafomba arahina, arak'izany dia natao ny fametrahana fanondroana ireo andininy ao amin'ny Fepetra mikasika ny fombafomba ara-ketra, izay aseho amin'ny endrika roa raha toa ka aseho amin'ny endrika telo izany ao aminy Fepetra ankapobe mifehy ny hetra.

Arak'izany, ireo andininy mikasika ny fepetra vaovao naroso mikasika ny fombafomba ara-ketra dia aseho arak'ity endrika vaovao fanehoana ity.

Amin'izany, novolavolaina ny torolalana fampiharana ny Fepetra mikasika ny fombafomba ara-ketra izay ahitana ny fifanarahana'ny andininy mikasika ny Fepetra ankapobe mifehy ny hetra izay nafindra ao amin'ny Fepetra mikasika ny fombafomba arahina ara-ketra.

Amin'ny fanavaozana, Madagasikara dia mizotra manaraka izay zava-misy any amin'ireo firenena afrikaina na ny eropeana toy ny Mali, Aligérie, Côte d'Ivoire, Bénin, Gabon na France amin'ny fandrindrana ny fepetra ara-ketrany.

Ankoatr'izany, ny foto-kevi-dehibe aroso amin'ny Lalana mifehy ny fitantanam-bola 2023 dia mitodika indrindra amin'ny hanatrarana ny tanjona amin'ny fiarovana ny fahefa-mividu ny vahoaka, ny fanohanana ny fision'ireo industria eto an-toerana, ny fanohanana ny famokarana ary koa ny asa nefá amin'ny fitazonana ny lalan-jotra amin'ny famerana ireo fepetra mety hiteraka fandaniana ara-ketra.

Mipetraka hatrany ho anisan'ny fanamby lehibe ho an'ny Foibe Fitantanana ny hetra ny fanitarana ny sehatra ampiharana azy. Arak'izany ny hetsika ataon'ny Governemanta malagasy amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny kaoperativa (SNDCoop) izay manana tanjona ny fanatsarana ny zava-bitan'ireo mpitantsehatra eto Madagasikara anisan'izany ireo mpamokatra sy mpanodina eo amin'ny sehatry ny fambolena noho ny fiovaovan'ny toetrandro. Ny fampiharana ireo rafitra mikasika ny kaoperativa dia ahafahana mampanara-dalana ireo ao amin'ny sehatra fotora izay ny ankamaroany dia mbola tsy voasoatra eo amin'ny Foibe fitantanana ny hetra. Fepetra maromaro no raisina mba hampanarahan-dalana io sehatra io.

Atao ihany koa ny fanitsiana vitsivitsy amin'ny fepetra sasantsasany mikasika ny hetra entina hanamorana ny fahazoana ireo fepetra, indrindra ireo mikasika ny vola miditra (IR), ny hetra amin'ny tsenambarom-panjakana, ny haba amin'ny tataom-bidy ary koa ny mikasika fahefana mitaky fampahalalana.

Arak'ireo voalaza ireo, toy izao ireo fanovana misongadina entina :

➤ *Fampidirana ireo fepetra entina hanatsarana ny fitantanana ny hetra amin'ny orinasa :*

- Fanafahana amin'ny tsy fandoavana IR ny sora-bola vokatry ny fanombanana ireo fananamifaka amin'ny fampiasam-bola sy ireo fananana biologika ;
- Fanafahana amin'ny tsy fandoavana IR/IS ny vola miditra amin'ireo soasety kaoperativa, ny fikambanan'ireo kaoperativa ary ny federasion'ireo kaoperativa ;
- Fahafahana mampiassa ny trosa-ketra amin'ny fanefana hetra aty aoriana ireo hetra mitovy sokajy na avy amin'ny fanambaran-ketra voafaritra na koa ireo fampilazana fitakian-ketra ;
- Fanafahana amin'ny tsy fandoavana ny IRCM ireo zana-bola avy amin'ny fampindramana ataon'ireo mpikambana na koa ny findramana ataon'ireo mpikambana ny sosaety kaoperativa ;
- Fanitarana ireo fandaniana natao ahazoana misitraka ny fampiharana ny fampihen-ketra 2% ho an'ny mpandoa hetra ao anatin'ny rafitry ny hetra tambatra :
 - ✓ ny fandraisana arjaran'ny mpampiassa any amin'ny CNAPS sy ireo fikambanana mitovy amin'izany ary koa ireo fikambanana mikasika ny fahasalamana ;
 - ✓ ny fandaniana mikasika ny fiahiana ara-tsosialy naloan'ny mpampiassa ho tombotsoan'ny mpiasa izay tsy tokony hioatra ny 5 isan-jaton'ny vola lany amin'ny karama ;
- Tsy fandoavana ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana sy ny fivarotana ireo fitaovana sy entana ilaina amin'ny fanamboarana orinasa fanaovana simenitra ;
- Tsy fandoavana ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fitaovana sy entana amin'ny fametrahana indostria fanodinana sy fanamborana sakafo avy amin'ny fambolena amin'ny fametrahana indostria isaky ny distrika araky ny fanapahana raisina amin'ny Filan-kevitry ny Ministra ;
- Tsy fandoavana haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana fitaovana sy entana manokana tsy hita eto an-toerana amin'ny fametrahana hotely lehibe sy toerana mikasika ny fizahan-tany araky ny ny fanapahana raisina amin'ny Filan-kevitry ny Ministra ;
- Tsy fandoavana haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fitaovana sy entana amin'ny fametrahana toeram-pialam-boly anisan'izany ny toeram-pialam-boly mampiassa ny rano araky ny ny fanapahana raisina amin'ny Filan-kevitry ny Ministra ;
- Tsy fandoavana ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ireo biby enti-misarika araky ny ny fanapahana raisina amin'ny Filan-kevitry ny Ministra
- Tsy fandoavana hetra main'ny vola miditra ho an'ireo sekoly miankina amin'ny finoana tsy natao hitadiavam-bola.

➤ *Fampiharana ny fepetra hanatsarana ny fampidiran-ketra :*

- Fampiharana ny hetra amin'ny vola miditra (IR) na ny hetra tambatra (IS), amin'ny vola miditra amin'ny fandraharahana ataon'ireo mpikambana ao amin'ny sosaety kaoperativa, ary ny fakana ny IRCM amin'ny vola zarain'izy ireo ;
- Fitazonana ny hetra tambatra amin'ny vola miditra ho an'ireo mpamboly sy mpitrandraka hazo na firy na firy ny vola azon'izy ireo (lavanila 48,45 miliara Ariary) ;

- Fanovàna ny fomba fikajian-ketra amin'ny vola miditra ho an'ireo mpanondrana vokatra avy amin'ny fambolena sy ala : fampiharana ny taha 3% amin'ny sandan'ny entana aondrana isaky ny fanondranana atao izay efaina ao antin'ny roa volana : (vokatra lavanila 115 miliara) ;
 - Fanamarihana mikasika ny IMP amin'ny vola miditra amin'ny fividianana entana sy saikinasa izay nanaovana fifanarahana mialoha tahaka ny fifanarahana efa nanaovana famandrihana ;
 - Famerana isan'andro ny tahan'ny fahazoan-dalana amin'ny foara ho Ar 15 000 fa tsy Ar 40 000 isakin'ny 72 ora ;
 - Fampiharana ny hetra amin'ny taha 0,50% ny fitondrana, fivarotana sy ny ireo famindrana vola ananana na misy sanda na atao maimaimpoana : (7 miliara) ;
 - Ny mety hamerenana indray ny fakan-ketra amin'ireo solika (lasantsy sy gazoala) amin'ny taha 20% manomboka ny enim-bolana faharoa ny 2023 arakaraky ny fivoaran'ny vidy iraisam-pirenenan'izy ireo : (48,54 miliara Ariary) ;
- *Fanamorana sy fanamafisana ny fanaraha-maso mikasika ny haba amin'ny fandaniana (DA) :*
- Fanatsorana ny fikajian-ketra amin'ny asa aman-drahaharan'ny mpamokatra alikaola eto an-toerana amin'ny fampiharana ny taha manokana ny DA ho ar 360 isaky ny litatra ho an'ny rôma sy ny vokatra ao anatin'ny tondro SH 2208.40 ;
 - Fijerena eny an-toerana ireo fitaovana ampiasaina alohan'ny amoahana ny fahazoan-dalàna ;
 - Fanamarinana ny fampidirana ao amin'ny toeram-pamokarana na ny toeram-piotazana na ireo mifandray amin'izany ny akora entina hanamboarana ampiharana na tsy ampiharana hetra, indrindra ny alikaola ambony taha, na iza na iza mpiasa azy ;
- *Fanazavana mikasika ireo fepetra ara-ketra mba hiarovana ny vola miditra :*
- Sehatra ampiharana ny IMP : ireo olona rehetra misy fidiram-bola avy amin'ny tsenam-barom-panjakana, avy amin'ny fampisam-bolam-panjakana, tsena isitrahan'ny sampandraharam-panjakana ;
 - Fototra amerana ny hetra amin'ny sora-panoratana (DE) amin'ny famoronana na ny fanalavana ny sosaeby ;
 - Fampiasana ny Tabilao ara-bola ananan'ny Fandraharahana araka ny karazan'asa ataon'ny sosaiety amin'ny fanombanana ny sora-pizakana amin'ny fivarotana ;
 - Ireo antokon'olona misitraka ny tsy fandoavana ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny alalan'ny Fanamarinana ny fampiasana (AD) ary koa ny hampiasana ireo entana sy saikin'asa tsy handoavana haba amin'ny tataom-bidy ;
 - Fampifanarahana ny fe-potoana fanorenana ny trosa-kaba amin'ny tataom-bidy sy ny faharetan'ny fe-potoana ahafahana manitsy ny haba amin'ny tataom-bidy noho ny varotra nofoanana na notapahina, ho telo volana manaraka ny nanafoanana na nahatapahan'ny varotra ;
- *Fanamafisana, fanazavana sy fanamaivanana ireo andraikitra ara-ketran'ny mpandoa hetra :*
- Ny tsy maintsy hanomezana taratasy fanamarinana na ny mitovy amin'izany ny nanaovana fitazonana ny IMP ho an'ny rehetra, na fikambanana izay nanao ny fitazonana ifotony ny IMP ;

- Fanazavana mikasika ny andraikit'ireo sosaety kaoperativa amin'ny fitazonana sy ny fandoavana ny hetra tambatra (IS) n'ireo mpikambana ao amin'ny sosae ty kaoperativa :
- *Fanoratana tsy misy sara ireo fanapahana ara-pitsarana rehetra avoaka mahakasika ny famerenana indray ny taratasin-tany sy fandrefesan-tany araka ny fepetra ny Lalàna laharana faha 2021-018 tamin'ny 27 jolay 2021.*
- *Fanamboarana ireo fepetra sasantsasany mikasika ny zo fampahalalana ;*

Ny fanamboarana mikasika ny zo fampahalalana dia manaraka ireto fepetra dimy manraka ireto :

Mikasika ireo antokon'olona tsy maintsy manao izany – Ny antony hanaovana ny fanambarana- Ny fomba fanaovana ny fanambarana – Ny fanitsiana azo ataon'ny mpandoa hetra – Ny fampahatsiahivina ataon'ny fandraharahana.

Ankoatr'ireo, entina hamenoana ny fepetra misy, fanadiovana vitsivitsy, fanitsiana ireo lesoka, fanazavana, fampanarahana amin'ny fepetra misy, dia natao ihany koa.

III.1.1.3- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-PANJAKANA :

Mikasika ny fitantanana ny fanangonan-ketra, ny Foibe Fitantanana ny Hetra dia mametraka ireto fepetra ireto :

- Fitsirihana ny hetra (+20 miliara Ariary) ;
- Fitakiana ny trosan-ketra (+250 miliara Ariary) ;
- Fampiasana araky ny tokony ho izy ireo tahirin-kevitra DGD-DGI (15 miliara Ariary) ;
- Fanarahana ny fanangonana ny IRSA (12 miliara Ariary) ;
- Fanapariahana ny fandoavan-ketra ampitain-davitra (e-hetra paiement, e-hetraphone, hetraonline) : (+20 miliara Ariary) ;
- Fametrahana ny SAFI (+6 miliara) ;
- Fanarahana ireo fepetra amin'ny fanafoanana ny tsy fandoavan-ketra sy ny fampihenan-ketra (+19 miliara)
- Fandraisana an-tanana ny DAT (30 miliara Ariary) ; fanatsarana ny tolotra ho an'ny mpandoa hetra (+2 miliara) ;
- Fanarahana ireo mpanafatra entana vaovao sy fampidirana ao anatin'ny ara-dalana ireo asa amandrahahana tsy manara-drafitra (+15miliara) ;
- Fanaraha-maso ireo fifanarahana ny fanatsarana atao amin'ireo Ivon-ketra (+3miliara Ariary) ;
- Fanatsarana ny fitantanana ny TVA (45 miliara) sy ny fanaraha-maso ny fanitsiana ny DA amin'ny ranom-boakazo (+1,19 miliara Ariary).

Tabilao : ny fiatraikan'ny fepetra araky ny lalàna sy ara-panjakana

FEPETRA	SORA-BOLA	Miliara Ariary
FEPETRA ARAKY NY LALANA (1)		313,68
Fampiakarana ny DA amin'ny paraky		20,69
Fametrahana lalan-jotra fanarahana ireo vokatra ampiharana DA		25,00
Fitazonana avy hatrany ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny fambolena (lavanila)		48,45
Haba amin'ny fandaniana alaina amin'ny volamena Or (6%)		10,00
Fampiakarana ny tahan'ny TVA ho 20% amin'ny gazoala sy lasantsy		48,54
Fampiharana ny fakana mialoha ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny fanondranana vokatra ankoatry ny lavanila		31,00
Fanovàna ny taha mifangaro ho taha manokana amin'ny rôma vokarina eto an-toerana		3 ,00
Fanovàna ny fomba fikajian-ketra amin'ny vola miditra ho an'ireo mpanodrana vokatra avy amin'ny fambolena sy ala : fampiharana ny taha 3% amin'ny sandan'ny entana aondrana isaky ny fanondranana atao izay efaina ao anatin'ny roa volana		115,0
Fampiharana ny hetra amin'ny taha 0.50% ny fitondrana, fivarotana sy ny ireo famindrana vola ananana na misy sanda na atao maimaimpoana		7,0
Fotra hamerena ny fikajiana amin'ny sora-panoratana(DE) ho an'ny fanorenana sy taratasy fanohizana ny ny soaseity		5,0
FEPETRA ARA-PANJAKANA (2)		188,19
Fitsirhana ny hetra		20,00
Fampiasana araky ny tokony ho izy ireo tahirin-kevitra DGD-DGI		15,00
Fametrahana ny SAFI		6,00
Fanarahana ny fanangonana ny IRSA amin'ny taha miakatra hatrany		12,00
Fanapariahana ny fandoavan-ketra ampitain-davitra (E-hetrapaiement,e-hetraphone,hetraonline)		20,00
Fanarahana ireo fepetra amin'ny fanafoanana ny tsy fandoavan-ketra sy ny fampihenah-ketra		19,00
Fandraisana an-tanana ny DAT		30,00
Fanatsarana ny tolota ho an'ny mpandoa hetra		2,00
Fampidirana ao anatin'ny ara-dalana ireo asa aman-draharaha tsy manara-drafitra		15,00
Fanaraha-maso ireo fifanarahana ny fanatsarana amin'ireo Ivon-ketra sy ny Tale parity ny hetra		3,00
Fanatsarana ny fitantanana ny TVA		45,00
Fanaraha-maso ny fanitsiana ny DA amin'ny ranom-boakazo		1,19
TOTAL (1+2)		501,87

III.1.2- FADINTSERANANA

Ny andinindininy amin'ny fanapahan-kevitra noraisina eo anivon'ny fadintseranana ao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2023 dia mikendry indrindra ny fanamafisana ny sehatry ny fanarahamaso ny harena voajanahary, ny vidin'ny entana fampiasa andavanandro, ary koa ny fitohizan'ny fanatanterahana ny tanjona voafaritry ny vina 2020-2023 napetraky ny fadintseranana.

Anisan'ny fepetra lehibe noraisina ny :

- Fandrindrana ny andininy ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana Malagasy mifandraika amin'ny faritra afak'haba faritan'ny fifanarahana iraisam-pirenena « Convention Internationale pour la Simplification et l'Harmonisation des Régimes Douaniers (Convention de Kyoto Révisé) » ;
- Fametrahana rafitra fitiliana 100% an'ireo entana afarana sy aondrana;
- Fision'ny sampana laboratoaran'ny fadintseranana vaovao mba hamaly ny filàna eo amin'ny famakafakana;

III.1.2.1- NY AMIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY HABAN-TSERANANA :

4236.1 miliara Ariary no vinavinaina ho tafiditry ny fadintseranana ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana avy amin'ny fanafarana entana avy any ivelany sy fanondranana entana mankany ivelany amin'ny taona 2023. Ny 97,6% amin'io dia avy amin'ny fanafarana entana ary ny 2,4 % kosa dia avy amin'ny fanondranana harena voajanahary. Ny entana fanjifa andavanandro dia hahitana fiakarana antonontony noho ny fanohizana ny tetikady fampandehanana ny orinasa eto an-toerana izay mahatonga fanoloana ny entana fanafatra ho amin'ny entana vokarina eto an-toerana. Etsy ankilan'izany, ny manam-pahaizana momba ny solika dia manombana fidinan'ny vidina solika noho ny fidinan'ny tinady eran-tany ho amin'ny taona 2023.

Nature des droits et taxes	Montant avec DTI (En milliers d'Ariary)
Droit de douane	937 400 000
TVA	1 946 900 000
Droit de navigation	1 700 000
Taxe sur les produits pétroliers	343 900 000
TVA sur les produits pétroliers	905 200 000
Droit de sortie sur les exportations	101 000 000
Somme	4 236 100 000

III.1.2.2- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna noentina tao anatin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia mikendry ny:

- Fanoritana ny porofon'ny fiaviana sy ny fitsipiky ny fiavian'ny entana nazahoan-tombon-dahiny ;
- Fanamafisana ny fitaovana fandoavam-bola sy ireo entana tsy ara-dalàna afahana manatanteraka ny tolo-kevitra avy amin'ny "Groupe d'Action Financière" (GAFI) mikasika ny ady atao amin'ny famotsiam-bola amin'ny ankabobeny sy amin'ny famotsiam-bola amin'ny fampiorohoroana ;
- Fampifanarahana ny rian-teny mikasika ny faritra afak'haba;
- Fanavaozana ny rian-teny mikasika ny fanaovana fanambarana amin'ny antsipiriany sy ny fanambarana mialoha ;
- Fanoritana ny tsy maintsy hametrahana fanambarana amin'ny antsipiriany ho an'ireo entana anatin'ny sata fampadalovana ;
- Fisorohana ny tsy maintsy hanomezana ny fandikana tena izy momba ireo fampahafantarana misoratra anatin'ny antontan-taratasy fanamarinana ;
- Fanavaozana ireo rian-teny momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana ;
- Fanoritana ireo rian-teny mikasika ny porofo momba ny tsy fisian'ny fandikan-dalàna ;
- Famaritana ireo karazana olona tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana hosoka amin'ny andraikitra amin'ny ady heloka ;
- Fanitsiana ny fahadioana ara-materialy ;

III.1.2.3- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny fadintseranana dia miompana amin'ny:

- Fampidirana ny fehin-kevitra iombonana tapaka nandritra ny fifanakalozana teo amin'ny Fadin-tseranana sy ny sehatra tsy miankina mba ho fampiroboroboana ny ady hevitra ary ny fanampiana ny orinasa eto an-toerana dia nekena ny fangatahana sasantsasany, nampifandrindrana amin'ny maha-mpamory hetra ny Fadin-tseranana;
- Fandraisana anjara amin'ny politika ara-toekarena eo amin'ny famelomana ny sehatra fizahan-tany: fanafahana ny haban-tseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny sambo kely na sambo lehibe fitsangatsanganana. Hita soritra nandritra ny valan'aretina COVID-19 izay naharitra teo amin'ny telo taona fa tena njaly tanteraka io sehatra fizahan-tany io nandritra ny telo taona teo noho eo, ka sitraky ny Fanjakana Malagasy ny handray anjara amin'ny fanamaivanana ny famelomana izany sehatra izany indray taorian'ny fisokafan'ny sisin-tany ;
- Fandraisana anjara amin'ny politika ara-toekarena amin'ny fiampitana amin'ny angovo: fanafahana ny haban-tseranana sy ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fiarakodia vaovao sy motosikleta vaovao hafa noho ny mandeha amin'ny famelomana avy amin'ny famatrarana na pitik'af. Ny fanjakana Malagasy dia mandray anjara mavitrika amin'ny fiampitana amin'ny angovo tsy mampiasa solika mba hiarovana ny harena voajanahary sy ny tontolo iainana;
- Fametrahana haban-tseranana amin'ny fanondranana ny harena voajanahary satria ny fitrandrahana sy ny fanondrananaazy ireo dia tokony hitondra fandraisana anjara amin'ny toe-

karena anatin sy ny fivoaran'ny firenena. Ao anatin'ny fitandrovana sy ny fitrandrahana ny harena voajanahary dia tena ilaina ny mandray andraikitra amin'ny fitandrovana azy ireo noho ny fitrandrahana ary koa ny famoronana sanda fanampiny eto an-toerana. Ny fanondranana ataon'ireo orinasa nisafidy ny lalàna momba ny fampiasambola goavana eo amin'ny sehatra harena ankibon'ny tany, ary ireo orinasal nanao fifanarahana manokana tamin'ny Fanjakana Malagasy, dia tsy hiharan'ny haba-tseranana ho amin'ny fanondranana;

- Fifanarahana amin'ny vondrona europeana araka ny Accord de Partenariat Economique intérimaire na APEi. Hatramin'ny fanombohan'ny fampiharana an'io fifanarahana tamin'ny 2009, ny tetiandro fampidinana ny haban-tseranana nifanarahana tamin'ny firenena rehetra mpiaramiombon'antoka nanao sonia, ary taorian'ny fifanarahana sy fanemorana ny fampiharana ny fanafahana tanteraka izany manomboka ny fiantombohan'ny taona 2023 ;
- Fampidirana anaty lazam-bidy ny fanasokajiana araka ny politika nasionaly amin'ny lazam-bidy, araka ny firafitra navoakan'ny CNUCED momba ny vokatra sasany, mampisongadina ny haban-tseranana amin'ny akora fanodina (5%), ny vokatra antenantenany (10%) sy ny vokatra jifaina (20%) ;

Fametrahana fanamafisana ao amin'ny zana-tsokajy laharana faha-9807.00 00 satria ny entana mandeha eo ambany fifehezan'ny fadintseranana dia tsy maintsy ho hanaovana fanambarana amin'ny antsipirihany.

III.1.2.4- FIANTRAIKAN'NY FANOVARA :

Ny fiantraikan'ireo fanovàna dia tombanana ho:

- 1) 306,0 miliara Ariary nytombony noho nyfampiharanaan'ireo fepetra ara-panjakana ;
- 2) 253,0 miliara Ariary ny tombony noho ny fanasokajiana ny lazam-bidy ary ny haba-tseranana hampiharina amin'ny fanondranana ny harena voajanahary, ary 58.4 miliara Ariary ny fatiantoka noho ny fepetra noraisina araka ny toe-karena sy ny fifanakalozana niaraka tamin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanjakana ary ny fanafahana tanteraka ny haban-tseranana APEi.

III.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKÀNA

III.2.1- Antontankarama

Fahatsaran'ny fitantanana ny antotakarama dia singa manan-danja ho an'ny fampandrosoana aratoekarena ho an'ny firenena

Ny antotakarama dia ahitana ny karama fotora sy ireo tambikarama ho an'ny Mpiasampanjakana, sy ireo latsakemboka iantsorohan'ny Fanjakana amin'ny maha-mpampiasa azy ho amin'ny famatsiana ny kitapombola ho an'ny Fisotroandronono. Ho an'ny taona 2023, tombanana ho 3 623,9 miliara Ariary, na taha 5,1%-n'ny Harikarena Faobe. Io taha voalaza io dia mifanaraka amin'izay napetraky ny Tahirimbola Iraisampirenena (FMI) ao anatin'ny Fandaharanasa « Facilité Elargie de Crédit (FEC) ». Ny fifehezana ny antontakarama dia ilaina mba hialana amin'ny fangalany ampahany betsaka ao amin'ny Tetibolampanjakana sy ny fibahanany ireo sorabola tokony haompana amin'ireo tetikasa fampiasambolampanjakana sy ireo Famindram-bola manana endrika sosialy izay mitondra vokatra tsara ho an'ny fitomboan'ny Toekarena sy ny fanatsarana ny fiainan'ny mponina. Ho an'ny taona 2023, Izy io dia hahatratra ny 22,11%-n'ny Fandaniana rehetra ary ny 41,85%-n'ny vola miditra avy amin'ny Hetra afakaratsaka.

Miohatra amin'ny an'ny taona 2022, ny Antontakarama dia hisy fitomboana +386,3 miliara Ariary, na +11,93%. Io fitomboana io dia hazavain'ny anton-javatra maro, toy ny:

- Ny fampiharana mandritra ny taona 2023 manontolo ireo fepetra noraisina tamin'ny taona 2022, indrindra ireo fampiakarana karama nahitana taha samy hafa teo anelanelan'ny 25% sy 5%, ireo fandraisana mpiasa vaovao miisa 16 197, na izany avy amin'ny fandraisana mpiasa amin'ny fomba mivantana na avy amin'ny fahavitany ny fiofanana natao ary ny fampidirana anaty Tetibola ankapobe ny fandoavana ny karaman'ireo “Personnel Administratif et Technique” eny amin'ireo Oniversite sy IST ary CROUA ;
- Ny fametrahana tetibola ho an'ny fandraisana mpiasa vaovao ho an'ny taona 2023 ahitana mpiasa vaovao 6 010 ho raisina amin'ny alalan'ny fomba mivantana, mpiasa 2 955 nahavita ny fiofanany taorian'ny nahafahany fifaninanana tamin'ny taona 2021 sy 2022 ary ny fanendrena ireo masoivoho na solontena hiandraikitra ny fifandraisana amin'ireo firenena vahiny eny amin'ireo firenena tsy hananan'i Madagasikara masoivoho ary ireo mpiasa hiandraikitra ny lafiny teknika sy ny fitantandrahahaha mifanaraka amin'izany ;
- Ny fampiakarana karama mba hitazomana ny fahefa-mividin'ny Mpiasampanjakana sy ny fampitomboana ny sorabola ho an'ny Vonjy rano vaky na « secours aux décès » manoloana ny mbola fisian'ireo areti-mandringana;
- Ireo fanefana ny vola tsy mbola voaefa sasantsasany sy ireo zo tsy noraisina ara-potoana niaraka tamin'ny karama (latsakemboka aloan'ny mpampiasa, fiakarana sokajy eo amin'ny toeranasa, fiakaran'ny mari-pahaizana, tambikarama samihafa, sns.) sy ny famaliana ireo fitakiana apetraka hanankery manomboka ny taona 2023.

III.2.2- *Tombanezaka ho an'ny kitapombolan'ny fisotroandronono :*

Ny toe-bolan'ny rafitra fitantanana ny Fisotroan-dronono dia mihatsara vokatr'ireo fanavaozana notanterahana

Anatin'ny fampiharana ny andininy faha-29 sy 30-n'ny Lalamporeninan'ny Repoblika faha- IV, dia manana adidy amin'ny fanampiana ara-bola ny Fisotroandronon'ireo Mpiasampanjakana ny Fitondrampanjakana. Ny lalàna dia manazava io zo io ao anatin'ny Sata ankapobeny mifehy ny Mpiasampanjakana sy ireo Sata manokana hafa. Ireo kitapombola ho an'ny Fisotroandronono karazany roa napetraka eo anivon'ny Tahirimbolampanjakana izay manana fomba fitantanana mitovy amin'ireo kaontim-baratra, dia ny Kitapombola ho an'ny Fisotroandronono Sivily sy Miaramila na « Caisse de Retraite Civile et Militaire (CRCM) napetraky ny Didimpanjakana n°62-144 tamin'ny 21 marsa 1962 ho an'ireo Mpiasampanjakana raikitra na « agents encadrés de l'Etat » sy ny Kitapombola ho Fitsinjovana ny Fisotroandronono na « Caisse de Prévoyance de Retraite (CPR) » napetraky ny Didimpanjakana n°61-642 tamin'ny 29 novambra 1961 ho an'ny mpiasa tsy raikitra na « agents non encadrés de l'Etat », dia miodina amin'ny alalan'ny « régime par répartition ». Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny famatsiana ara-bola ireo kitapombola roa ireo dia miankina amin'ny rafitra isian'ny firaitsankinan'ireo mpiasa anatin'ireo andiany isaky ny sokajin-taona, amin'izany ny fanefana ireo Fisotroandronono dia hiantohan'ireo latsakemboka ataon'ireo mpiasa amperinasa. Na izany aza, noho ny tsy fahampian'ny isan'ireo mpandoa latsakemboka manoloana ny isan'ireo mpisotro ronono, io rafitra io dia ahitana fatiantoka lavarenay miseho eo amin'ny CRCM izay manaratsy endrika ny Tetibolampanjakana, satria ny Fitondrampanjakana dia voatery mameno izany fatiantoka izany isan-taona.

Ho an'ny taona 2023, io famenoana ny banga io dia hitentina 311,2 miliara Ariary, raha 339,9 miliara Ariary tamin'ny taona 2022, izany hoe hisy fihenana -28,7 miliara Ariary. Ireo fandaniana mandrafitra azy (Fisotroandronono, karama farany tsy mbola voaray, solon-tsakafo, Vonjy rano vaky, sns.) sy ireo vola miditra avy amin'ny latsakemboka (latsakemboka aloan'ny mpiasa sy latsakemboka aloan'ny mpampiasa) dia hisy fitomboana hatrany mitovy amin'ny fizotrany tsapa tamin'ny taona 2022, ny tahatombon'ny vola miditra amin'izany dia mijanona ho ambonin'ny tahatombon'ny fandaniana (35,5% miohatra amin'ny 19,1% ho an'ny taona 2023). Amin'ny sandany amin'izao fotoana izao, ireo vola miditra dia hisy fitomboana +203,0 miliara Ariary ka hitentina 774,3 miliara Ariary amin'ny faran'ny taona 2023, raha fitomboana +174,3 miliara Ariary ho an'ny fandaniana izay tokony hitentina 1 085,5 miliara Ariary. Ny Fisotroandronono dia hampiakarina mba hiatrehana ny fiakaran'ny vidimpainana.

Ireo vokatra tsara nentin'ireo hetsika nametrahana fanavaozana natomboka tamin'ny taona 2019 dia tsapa sahady, indrindra ny fihenana teo amin'ny vola nentina namenoana ny kitapombolan'ny Fisotroandronono. Hita tokoa mantsy fa na inona na inona sehatra (endrim-pitantanana, singa ao anatin'ny na ny rafitra misy azy), ireo fanavaozana ireo any am-parany dia hanatrarana ny tanjona fiverenana amin'ny fifandanjan'ny kaontin'ny Kitapombolan'ny Fisotroandrononon'ny Mpiasampanjakana. Ny fanekena azy ireny sy ny fanatanterahana azy dia apetraka miandalana.

III.2.3- *Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha sy fandaniana ho an'ny hana-pamokarana*

Manoloana ny finiavan'ny Fanjakana hampihena ny fandaniambolam-panjakana dia tsy hisy fiakarana ny sorabola ho an'ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharahan'ireo andrim-panjakana sy ny minisitera ho an'ny taona 2023 ankoatran'ireo tamin-karaman'ireo lehiben'ny fokontany izay hiakatra 20 000 Ariary isan'olona.

Mikasika ny hana-pamokarana avy amin'ny famatsiam-bola anatiny, ny ampahany lehibe dia atokana ho an'ny fanohizana ireo asa natomboka tamin'ny taona 2022, indrindra ny fanamboarana ny arabe migodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina, ny fananganana ny fotodrafir 'asa mitondra herinaratra avy amin'ny masoandro ary ny fantsona lehibe mitondra rano « pipeline » EFAHO.

Ny fanohizana ireo hana-pamokarana ho an'ny sehatra sosialy koa anefa dia tsy ho latsa-danja amin'ny alalan'ny fananganana fotodrafir'asa ho an'ny fampianarana sy fahasalamana. Tsara marihana etoana fa nandritra ny fikaonan-doham-paritra momba ny tetibola tamin'ny volana martsa 2022, ny ankamaroan'ny soso-kevitra nivoaka avy tao dia ny fananganana na fanarenana ireo foto-drafir'asa ho an'ny fampianarana, ny lèlana ary ny fahazoana misitraka ny tolotra momba ny fahasalamana.

Raha ho an'ny sehatra famokarana, ireo fotodrafir'asa mifandraika amin'ny tetik'asa « Titre Vert », ny fividianana ireo fitaovana ho an'ny tetik'asa ODOF, ny fanarenana ireo tany fambolena, ny fametrahana ireo « Zones d'Emergence Piscicole » no anisan'ireo lahasa ho atao mba hahafahana mampitombo ny vokatra sy ny famokarana. Eo amin'ny sehatra fotodrafir'asa kosa dia hitohy ny fananganana ireo trano sosialy na « logements sociaux », ireo tanàna vaovao, ny lèlana.

Momba ny hana-pamokarana avy amin'ny famatsiam-bola ivelany dia tetik'asa maro no andrasana amin'ny taona 2023 ka anisan'izany ny :

- Fanombohana ny andiany faharoa amin'ny tetik'asa « Aménagement de corridors et facilitation du commerce » izay ho vatsian'ny BAD, OPEP, AIIB, UE. Fanamboaran-dàlana manodidina ny 240,9 Km (RN9 any atsimo-andrefana sy ny RNT 12A any atsimo atsinanana) sy fanamboarana tetezana no ao anatin'io tetik'asa io ;
- Fampindramam-bola mitentina 200 tapitrisa dolara nomen'ny AfreximBank nandritra ny fihaonana tany Washington mikasika ny lalambe migodana mampifandray an'Antananarivo sy Toamasina ;
- Tetik'asa « Développement des champs et installations pour la production de semences de riz » izay mitentina 65 miliara Ariary nosoniavina ny 26 oktobra 2022 teo amin'ny Fanjakana malagasy sy japoney. Io tetik'asa io dia mikendry ny hampitombo ny famokarana masomboly manaram-penitra izay ilaina amin'ny fampitomboana ny voka-bary ;
- Fandaharan'asa SANDA vatsian'ny Banky iraisam-pirenena, fandaharan'asa ho an'ny fiahiana ara-tsosialy amin'ny alalan'ny famindram-bola tsy misy fepetra mitentina 300 000 Ariary ho an'ny tokantrano miisa 1 154 613.

Raha mikasika ny vola entin'ny mpamatsy vola kosa dia ny International Development Association (IDA) no tena mpamatsy vola antsika satria mitentina 2 168 miliara Ariary ny vola vinavinainy ho vatsiana.

Tetik'asa hitodika amin'ny fanohanana ireo marefo any atsimo, ny fisitrahana herinaratra, ny tolotra fototra amin'ny fahasalamana no ho ataony amin'izany.

III.3- NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Hahatratra 1 008,8 miliara Ariary ny trosa avy any ivelany aloa ao anatin'ny lalana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2023 ity ka 702,2 miliara amin'izany ny famerenana ny renivola ary 306,6 miliara ho an'ny zanabola. Mitombo 60,0% izany raha oharina amin'ny fandoavana trosa tamin'ny taona 2022 izay novinavinaina ho 630,6 miliara Ariary.

Ny fanombohan'ny famerenena ny vola nindramina tamin'ny Banky Iraisam-pirenena (famatsiana tetik'asa nosoniavina tamin'ny taona 2017) ary koa ny fiakarana misy eo amin'ny taham-panakalozana DTS/MGA izay vinavinaina ho lasa 5 519,0 ny taona 2023 raha toa ka 5 460,0 izany tamin'ny taon-dasa no tena nahatonga io fiakarana io.

TROSA ANATINY

Tombanana ho 335,5 miliara Ariary ny fandaniana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2023. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia hahatratra ho 9,0%.

III.4- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Raha momba ny kaontim-barotra dia hifandanja eo amin'ny 1 060,3 miliara Ariary ny vola miditra sy mivoaka amin'ny kaontin'ny fandoavana ny fisottoandronono. Ao anatin'izany dia vinavinaina ho 311,2 miliara Ariary ny vola entina hanetsemana ny fatiantokin'io kaonty io ho amin'ny taona 2023.

Hitotaly 95,5 miliara Ariary ny fandaniana amin'ny fandraisana anjaran'ny fanjakana amin'ny renivola-na orinasa ka 73,1 miliara Ariary atao amin'ireo vondrona iraisam-pirenena. Ny kaontin'ny fampitrosana kosa dia tombarana ho 423,9 miliara Ariary raha toa ka 381,1 miliara Ariary tamin'ny taona 2022. Io fiakarana io dia mifandraika indrindra amin'ny fampitrosana ny SPAT noho ny fanitarana ny seranantsambo ao Toamasina.

III.5- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia vinavinaina ho 0,4 miliara Ariary. Ny fandaniana ho an'ny hana-pamokarana vatsian'ny FCV kosa dia hahatratra 13,0 miliara Ariary.

III.6- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKĀNA

Ny fanentsemana ny fatiantoka anatin'ny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 1 970,1 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 1 852,7 miliara ny hivoaka amin'ireo. Hitombo 117,4 miliara Ariary noho izany ny antontan-trosan'hy Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2023. Ny Tahirimbolam-panjakana dia haka avansy avy amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Ankoatr'izay ny tetibola 2023 dia hisitraka ny fampindramambola avy amin'ny FMI amin'ny alalan'ny "Facilité Elargie de Crédits" (FEC) izay hitentina 48,8 tapitrisa DTS sy ny fanampiana avy amin'ny "allocations de DTS" 300,0 miliara Ariary.

Ny fanampiana avy any ivelany kosa dia hahatratra 3 843,0 miliara Ariary. Ny famoaham-bola ho an'ireo tetik'asa ao anatin'izany dia neverina ho 3 346,0 miliara Ariary raha toa ka hitentina 1 199,2 miliara Ariary ny vola famatsiana tetibola (777,6 miliara Ariary avy amin'ny Deutsche Bank izany hoe 200,0 tapitrisa euros ary 421,6 miliara Ariary na 100,0 tapitrisa usd avy amin'ny Banky Iraisampirenena) ». Hitotaly 702,2 miliara Ariary ny renivola aloa amin'ny trosa avy any ivelany amin'ny taona 2023.

Toy izany no antonanton'izao volavolan-dalàna izao.

NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA -017/2022
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2023**



**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA –017/2022
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2023**

I- FEPETRA MIKASIIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2023.

ANDININY FAHA-2

FEHEZAN-DALÀNA ANKAPOBE MOMBA NY HETRA

Ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia nosarahina roa : ny Fehezan-dalàna momba ny hetra (CDI) sy ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra (CPF).

Andininy 2-1 Fehezan-dalàna momba ny hetra (CDI)

Ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia ahitana ireo fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra izay nofenoina sy nasiam-panovana toy izao :

BOKY I
HETRAM-PANJAKANA

FIZARANA I
Andininy I-23.- (andininy 01.03.21 amin'ny CGI) Ny mpampiisa na ny antokondraharaha mpandoa vola dia tsy maintsy manao filazana sy fandrotsahana araka ny andininy I-21 amin'ity Fehezan-dalàna ity, eny amin'ny ivon-ketra mahefa ara-paritra, amin'ny taratasy natokana amin'izany avy amin'ny fandrahahahana sy tovanana filazana misy ny anaran'ireo mpiasa sy ny vola aloany na ohatrinona na ohatrinona totalin'ny karama narotsaky ny mpampiisa.

SOKAJY III FILAZANA

Andininy I-24.- (andininy 01.03.22 amin'ny CGI) Ireo mpandoa hetra voafaritry ny andininy 01.03.13 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia tsy maintsy manao filazana alohan'ny faha 15 Janoary eny amin'ny biraon'ny hetra mahefa ara-paritra, ny vola aloan'ny mpampiisa na ny antokondraharaha mpandoa vola, ny karama isam-bolana na ny hary salany isam-bolana voarainy.

Izay rehetra fiovana mitranga momba ny mpandoa hetra dia tsy maintsy hanaovana filazana apetraka ao anatin'ny 15 andro aorian'izany.

Azo lazaina ho fiovana tsy maintsy hanovaona filazana ihany koa ny fandraisany mpandoa hetra karama avy amina mpampiisa na ny antokondraharaha mpandoa vola roa na maromaro raha toa ka iray ihany izany teo aloha

Andininy I-25.- (andininy 01.03.23 amin'ny CGI) Ireo mpandoa hetra voalazan'ny andininy I-22 dia tsy maintsy mampiaraka amin'ny taratasy fandrotsaham-bola ho an'ny sampandrahahaharan'ny hetra ny taratasy fandoavana karama na izay singantaratasy hafa rehetra ahafahana manamarina ny karazany sy ny fitambaran'ny vola miditra aminy.

TOKO VI**ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY
AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA****SOKAJY I
TOERANA FANDOAVAN-KETRA**

Andininy I-26.- (andininy 01.04.07 amin'ny CGI) Ny hetra dia aloa any amin'ny birao mahefa araparitra ho an'ireo sosaiety sy orinasa.

**SOKAJY II
FOMBA FANDOAVAN-KETRA**

Andininy I-27.- (andininy 01.04.09 amin'ny CGI) A- Ny hetra dia aloa amin'ny alalan'ny fametrahana filazana any amin'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antotan-taratasin'ny mpandoa hetra farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny fizarana vola .

B- ny hetra dia aloa sy takiana rehefa am-pelatanana ireo vola iharan'ny hetra araka ny fepetra voalazan'ireo andininy 01.04.02 sy 01.04.03 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra na ny fanoratana azy amin'ny kaonty iray nosafidiny, na inona na inona fomba fandoavam-bola nataony.

C- Ankoatra ny fandoavam-bola, dia apetraka amin'ny Mpandray vola ny lisitr'ireo mpiombon'antoka miaraka amin'ny isan'ny titra na anjaran'ny tsirairay, ny dika mitovy amin'ny fitanana an-tsoratry ny fisarihana raha nisy izany, ary ny filazana izay ahitana :

- a. ny isan'ny titra nahavitana fanavotam-bidy ;
- b. ny tahan'ny fandrotsahana ny titra voafaritry ny andininy 01.04.06 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, raha mikasika ny tambin'ny famerenana ;
- c. raha toa ka misy, ny fividianana indray any amin'ny tsenam-pifanakalozan-tsanda ireo titra ireo ;
- d- ny vidiny amin'ny fitambaran'ireo titra sy tambiny mikasika ireo titra navotam-bidy ;
- e. ny vola ahafahana mitaky ny hetra.

**SOKAJY III
FAMPAHAFANTARANA NY FAMOAHAM-BOLA**

Andininy I-28.- (andininy 01.04.15 amin'ny CGI) Ny fandrotsahana, ny fampiratiana, ny fivarotana, ny fampidirana eo amin'ny tsena eto Madagasikara ireo petrabola, ireo andraikitra na titra na inona na inona endriny, na sosaiety frantsay na vahiny, mikasika ireo titra nomena ny daholobe, dia manaraka ireo fomba arahina voafaritry ny fehezan-dalàna manan-kery.

**TOKO VII
ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY HETRA ALAINA AMIN'NY TOMBOM-BIDY (IPVI)****SOKAJY I
FANDOAVAM-BOLA SY FAMORIANA NY HETRA**

Andininy I-29.- (andininy 01.05.09 amin'ny CGI) Ny hetra tokony aloan'ny mpivarotra fananana mifaka misitraka ny tombom-bidy dia arotsaka eny amin'ny mpandray volan'ny hetra, miaraka amin'ny saram-panoratana ny sora-panekena, na ataon'ireo mpanao raharaha-panjaka mianadraikitra ny fandoavana ireo haba, na ny olona mitondra ny sora-panekena tsy vita sonia teo anatrehan'ny fanjakana, ankoatra ny fitarainana atao amin'ny mpandoa hetra raha misy izany.

Omena miaraka amin'ny sora-panekena vita fanoratana ny taratasy fanamarinana ny nandovana ny hetra.

Andininy I-30.- (andininy 01.05.10 amin'ny CGI) Ny hetra alaina amin'ny tombom-bidy nokajiana eo amin'ny sora-panekena, anisan'izany ny haba amin'ny famindrana dia zakain'ny Tetibolam-panjakana na an'ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, dia takian'ny mpandray volan'ny hetra mivantana amin'ny mpivarotra.

Tsy misy vola azo avoaka ho an'ny mpivarotra, raha tsy nanamarina mialoha ny nahaloavany hetra izy.

Andininy I-31.- (andininy 01.05.11 amin'ny CGI) Amin'ny tranga rehetra, raha tsy misy fanavahana voatondro amin'ny andininy manaraka, ny mpanao raharaha-panjakana sy ny mpiasam-panjakana nomena anjara raharaha mitovy laharana aminy, dia tanana ho tompon'andraikitra amin'ny fandoavana ny hetra asehon'ny taratasim-panekena voarainy na taratasy atovany na ampiasainy.

Andininy I-32.- (andininy 01.05.12 amin'ny CGI) Ny mpiraki-draharaha an'ireo tribonalin'ny rafitra ara-pitsarana sy ny rafitra ara-pitantanana-draharaha, ho an'ny didi-pitsarana avoaka amin'ny fotoam-pitsarana, dia afaka amin'io andraikitra io ; raha toa ny mpandoa hetra niangavian'izy ireo hametraka ny sandan'ny hetra takiana miaraka amin'ny sara-penoratana ka tsy nahantanteraka izany.

Amin'io tranga io, ny mpandray volan'ny hetra no mamory avy hatrany ny hetra amin'ireo izay tokony handoa izany. Noho izany, ny mpiraki-draharaha dia mandefa any amin'io mpiasam-panjakana io, ao anatin'ny 15 andro manaraka ny nivoahan'ny didi-pitsarana, ny tsoatsoratra voamarin'izy ireo mikasika ny didi-pitsarana na taratasy hafa mampiseho ny toetra maha tsy maintsy itakiana ny hetra.

SOKAJY II SORATRA TSY MAINTSY APETRAKA

Andininy I-33.- (andininy 01.05.13 amin'ny CGI) Ny sora-panekena na filazana famindran-tanana dia tsy maintsy maneho ny niandohan'ny fananana, ny filazalazana mikasika ny vaninandro sy ny fomba nahazoana azy, toy izany koa ny vidin'ny fananana mifaka tamin'ny nividianan'ny mpivarotra azy.

Ireo filazalazana ireo dia ampiana ny vaninandro nanoratana ny sora-panekena, taratasy, didi-pitsarana na taratasy mikasika ny fananana mifaka izay nanaovana fanoratana, sy araka izay azo atao, mahakasika ny fanoratana.

TOKO VIII ANDRAIKITRA AMIN'NY SARA-PANORATANA (DE)

SOKAJY I FE-POTOANA FANORATANA

I - SORA-PANEKENA AN'NY FANJAKANA, TENA IZY, VOAMARINA ARY NATAO AN-TRANO TSY NATREHAN'NY FANJAKANA

Andininy I-34.- (andininy 02.01.11 amin'ny CGI) Tsy maintsy soratana :

I – Ao anatin'ny 15 andro manomboka ny daty nanaovana ny sora-panekena :

Ny fanomezam-pahefana rehetra, ny fanomezam-pitokisam-barotra, ny taratasy famindran-tompo ary amin'ny ankabobeny ireo sora-panekena rehetra miankina amin'ny asa fanelanelanana ny fividianana sy ny fivarotana fananana mifaka na tokotanim-barotra na ho an'ny efa tompony tamin'ny fividianana mahazatra ireo fananana mba hamidy ampahany na manontolo, na amin'ny toko ho an'ireo tany andrenivohitra na manodidina, raha toa ka natao tany amin'ny notera ny sora-panekena.

II- Ao anatin'ny fe-potoana iray volana manomboka ny daty nanaovana ny sora-panekena :

Ny sora-panekena natao tany amin'ny vadirany, mpampanao lavanty sy ny hafa izay manana fahefana manao fitanana an-tsoratra na fikarohana.

III - Ao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka ny daty nanaovana ny sora-panekena :

1° Ny sora-panekena natao teo anatrehan'ny notera, ny sora-panekena voamarina, ny sora-panekena nataon'ny mpiraki-draharaha ankoatry ny didy mafina ;

2° Ny fitanana an-tsoratry ny fampihavanana nataon'ny mpitsara, ny filohan'ny fitsarana, ny fanapahana mila tanterahina avy hatrany, fanapahan'ny fitsarana, fifanarahana mitranga nandritry ny fomba-pitsarana, ny fanapahana didy amboalohany ka hatramin'ny farany ahitana fehin-kevitra raikitra ;

3° Ny sora-panekena misy famindran-tompo na fizakam-bokatra amin'ny fanaka mifaka, tokotanim-barotra na ny fitambaran'ny mpanjifany, fiarakodia, na fivarotana zo amin'ny fifanaraham-panofana na tombony amin'ny fampanantenana fampanofana mikasika ny fananana amin'ny ampahany na manontolo ;

4° Ny sora-panekena misy famindran-tompo na fizakam-bokatra amin'ny fanaka ;

5° Ny sora-panekena misy famindram-pisitrhana amin'ny fanaka ho an'ny orinasa raha toa ny mpampanofa dia tsy manana laharam-pamantarana sy ireo misy famindram-pisitrhana amin'ny fananana mifaka ;

6° Ireo taratasy sy soratra milaza ny toetra, ny zava-misy na ny vidin'ny fananana amin'ny mpivady tsirairay nandritra ny fankalazana ny fanambadiana ;

7° Ireo taratasy rehetra milaza ny fiforonana, fanalavana, fanovana na faharavan'ny sosaiety iray, fitomboana, fanavotam-bidy na fanenana ny renivolany ary koa ireo fifanarahana amin'ny kaonty fampiasan'ny mpiombon'antoka ;

8° Ny taratasy milaza fizarana fanaka na fananana mifaka, na amin'ny fomba toy inona na toa inona ;

9° Ny sora-panekena na antontan-taratasy rehetra izay natokana apetraka ao main'ny fikajiana ny fananan-tany na ao amin'ny biraon'ny kadasitra ankoatr'ireo fangatahana titra na baolina sy fangatahana fanoratana taratasy ;

10° Ny fifanarahana sy ny fanekena, amin'ny ankaboney ireo taratasy mikasika ny fanomezana ny tsenam-panjakana isan-karazany ka ny fandoavana ny vidiny dia hiantsoroan'ny Fanjakana, ny Vondom-bahoakam-paritra sy antokon-draharaham-panjakana.

IV- Ao anatin'ny fe-potoana 3 volana aorian'ny nahafatesan'ny mpanao didy mafina napetraka tany amin'ny notera sy mpanao raharaha-panjakana na noraisin'izy ireo.

Andininy I-35.- (andininy 02.01.12 amin'ny CGI) Tsy misy ny fe-potoana hentitra ny fanoratana ireo sora-panekena hafa rehetra ankoatra izay voalazan'ny andininy etsy aloha sy ireo fifanekem-pivarotana famindrana trosa tany amin'ny banky sy ny tsena ary ny fifanarahana miendrika taratasim-barotra araka ireo andininy 632, 633, sy 634 laharana 1 amin'ny Fehezan-dalàna mikasika ny varotra, natao na nosoniavina tsy teo anatrehan'ny fanjakana.

II : Fifanarahana am-bava

Andininy I-36.- (andininy 02.01.13 amin'ny CGI) Ny famindrana ny fananana voalazan'ny andininy I-34.II -3° dia anaovana filazana amin'ny antsipirihany sy tombam-bidy ao anatin'ny 2 volana nahazoana azy raha toa ka tsy misy ny taratasy fifanekena.

Andininy I-37.- (andininy 02.01.14 amin'ny CGI) Ny famindrana fizakana ny fananana mifaka dia anaovan'ny mpampanofa filazana ary apetraka ao anatin'ny 2 volana voalohany isan-taona raha tsy misy ny taratasy fifanekena.

Ny filazana dia atao araka ny taratasy manokana omen'ny Fanjakana. Ny filazana dia mihiatra

manomboka ny 01 Janoary hatramin'ny 31 Desambra ny taon-dasa.

Na izany aza, ny famindrana fizakana ny fananana sy/na fananana mifaka ho an'ireo orinasa dia tsy maintsy anaovana fifanaraham-panofana.

Andininny I-38.- (andininy 02.01.15 amin'ny CGI) Ny famindrana ny fananana ary koa ny fanalavana fifanarahana voasoratra na araka ny lalàna amin'ny fizakana ny tokotanim-barotra dia anaovan'ny mpampanova fanambarana amin'ny antsipirihany sy tombam-bidy ao anatin'ny 2 volana manomboka amin'ny nahazoana azy raha toa ka tsy misy ny fifanarahana an-tsortra.

III : Sora-panekana natao tany ivelany

Andininny I-39.- (andininy 02.01.16 amin'ny CGI) Ny fanoratana ny sora-panekena natao teo anatrehan'ny fanjakana na tsia sy ny didim-pitsarana natao sy navoaka ivelan'ny Repoblikan'i Madagaskara sy fifindran-tanana fananana mifaka, tokotanim-barotra na mpanjifa eto Madagaskara dia tsy maintsy angatahana ao anatin'ny 3 volana manomboka ny nahazoana azy ao amin'ny birao miandraikitra ny toerana misy ny fananana.

IV : Ny famindrana noho ny fahafatesana

Andininny I-40.- (andininy 02.01.17 amin'ny CGI) Ny fe-potoana fanoratana ny fanambaran-pananana atoan'ny mpandova sy ny mpandray fananana, ny mpandray ny tolotra noho ny fananana azon'izy ireo na noho ny fahafatesana dia :

- enim-bolana manomboka ny nahafatesany raha toa ka maty teto Madagaskara ny olona lovaina ;
- heritaona raha toa ka maty ivelan'i Madagaskara ilay olona.

Andininny I-41.- (andininy 02.01.18 amin'ny CGI) Raha toa ny mpandova ka nandray ny fananana talohan'ny fe-potoana enim-bolana farany voafetra anaovana ny filazam-pananana, tamin'ireo olona maty ivelan'i Madagaskara, dia tsy maintsy hatao ao anatin'ny enim-bolana nanomboka tamin'ny nandraisany ny fananana ny filazana.

Andininny I-42.- (andininy 02.01.19 amin'ny CGI) Ny mpandova, ny mpandray ny tolotra na izay rehetra manan-jo handova ny olona maty, tsy hita popoka, dia tsy maintsy manao fanambarana ao anatin'ny enim-bolana aorian'ny nizakana vonjimaika ny fananana, izay tokony nataony ary mandoa ny hetra amin'ny vidin'ny fananana sy izay manandrify azy ireo.

Andininny I-43.- (andininy 02.01.20 amin'ny CGI) Ny fe-potoana fanaovana fanambarana ny fananana tsy fantatra tombo dia heritaona aorian'ny nandraisany'ny mpiahys izany fananana tsy hita tombo izany.

SOKAJY II

BIRAO HANAOVANA NY FANORATANA NY SORA-PANEKENA SY FAMINDRAM-PANANANA

I : Sora-panekena natao teo anatrehan'ny fanjakana, taratasy ampitain'ny vadintany taratasy ampitain'ny vadintany

Andininny I-44.- (andininy 02.01.21.1 amin'ny CGI) Tsy afaka manao ny fanoratana mikasika ny sora-panekena nataony ny notera afa-tsy ao amin'ny birao misy ny toeram-ponenany mahazatra.

2 – Ny vadintany sy ireo olona manana fahefana hanao taratasy na fitanana an-tsortra dia manao ny fanoratana ao amin'ny fonenany mahazatra na any amin'ny birao na toerana nanaovana ny asa.

Andininny I-45.- (andininy 02.01.22 amin'ny CGI) Ny fitanana an-tsortra ny varotra ataon'ny fanjakana sy ny lavanty ho an'ny fanaka, kojakoja, entana, hazo, voankazo, vokatra sy ireo fanaka hafa rehetra

dia tsy azo raikeina an-tsortra afa-tsy ao amin'ny biao nanaovana ny fanambarana voatondron'ny andininy I-78.

II : Sora-panekena natao tsy anatrehan'ny fanjakana

Andininy I-46.- (andininy 02.01.23 amin'ny CGI) Ny fanoratana ny sora-panekena natao tsy anatrehan'ny fanjakana izay tsy maintsy manaraka ny fepetra araka ny fe-potoana voafetra, dia atao :

- ao amin'ny biao misy ny fananana na ao amin'ny biao misy ny fonenan'ny iray amin'ireo mpifanaiky ka omena sosony iray ny biao misy ny fananana ho fampahafantarana azy araka ny voafaritra ao amin'ny andininy 02.01.11 III 3° sy 5°,
- ao an'ireo taratasy hafa rehetra, ao amin'ny biao misy ny fonenan'ny iray amin'ireo mpifanaiky.

III : Famindra-tànana am-bava ny fananana mifaka

Andininy I-47.- (andininy 02.01.24 amin'ny CGI) Ny fanambarana ny famindra-tànana am-bava ny fananana mifaka, ny tokotanim-barotra sy ny mpanjifa ary koa ny fanambarana famindra-tànana am-bava ny zo hanofa na ny fahazoana fanomezana toky hanofa amin'ny ampahany na manontolo ny fananana mifaka, dia tsy maintsy atao ao amin'ny biao misy ny fananana.

IV : Sora-panekena natao tany ivelany

Andininy I-48.- (andininy 02.01.25 amin'ny CGI) Ny sora-panekena natao teo anatrehan'ny fanjakana tany ivelany dia heverina ho toy ny taratasy tsy vita sonia teo anatrehan'ny fanjakana. Toy izany koa ireo taratasy nataon'ireo masoivohom-pirenena sy kaonsily miasa eto Madagasikara.

Andininy I-49.- (andininy 02.01.26 amin'ny CGI) Ny didy miafina natao tany ivelany dia tsy azo ampiharina amin'ny fananana mitoetra eto Madagasikara raha tsy nosoratana tao amin'ny biao misy ny fonenan'ilay nanao izany, raha toa ka mitazona sosony iray izy, raha tsy izany dia tao amin'ny biao misy ny fonenana farany nahafantarana azy, raha toa ka misy ny fepetra momba ilay fananana mifaka ao anatin'ilay didy miafina dia soratana ao amin'ny biao misy ireo fananana izany ary tsy handoavana vola intsony.

V : Ny famindram-pananana noho ny fahafatesana

Andininy I-50.- (andininy 02.01.27 amin'ny CGI) Ny famindram-pananana noho ny fahafatesana dia soratana ao amin'ny biao mpiandraikitra ny toeram-ponenan'ny maty na ahoana na manao ahoana ny tombambidin'ny fanaka na fananana mifaka anaovana ny filazana.

Raha toa ka tsy manana fonenana eto Madagasikara ny maty, ny filazana momba izany dia atao ao amin'ny biraon'ny heta an'Antananarivo.

Andininy I-51.- (andininy 02.01.28 amin'ny CGI) Na izany aza sy ho fandiganana ny fepetry ny andininy eo aloha sy mandram-pisian'ny ivotoeram-pirenena mikasika ny fananana, ny filazana ny tombam-pananana dia azo atao ao amin'ny biao misy ny fonenana vaovaon'ny vady mbola velona na ny mpiahny kamboty tsy ampy taona, na ao amin'ny fonenan'ny ray aman-drenin'ny maty raha toa ka hita ao ny filazana fananana amin'ny anaran'ny maty izay omen'ny mpikajy ny fananan-tany tao amin'ny fonenany farany.

VI : Fampitana sy filazana ireo sora-panekena

Andininy I-52.- (andininy 02.01.29 amin'ny CGI) Amin'izany rehetra izany, ny ivo-ketra izay nanatotosa ny fanoratana dia tokony handefa sy hampahafantatra hatrany ny biao miandraikitra ny toerana misy ireo fananana mifaka tsirairay.

SOKAJY III FILAZANA

I : Mikasika ny fandovàna

Andininy I-53.- (andininy 02.03.13 amin'ny CGI) Ny mpandova, ny mpandray, ny tolorana, ireo mpiahy na mpiahy ny fananana tsy hita tombo, dia tokony hanao fanambarana an-tsipiriany sy voasonia amin'ny taratasy omen'ny Fandrahaharana.

Ho an'ny trano mihofa, ny taratasy fanambarana dia tsy maintsy misy ny fitambaran'ny hofatrano.

Na izany aza, mikasika ireo fananana mifaka ao anatin'ny fari-piadidiana ny sampandrahahara ankoatr'ireo efa vita fanambarana, ny antsipiriany izay tsy tao anatin'ity fampahafantarana ity fa samy hafa arakaraka ny karazan'ny fananana ary araka ny taratasy avy amin'ny fandrahaharana izay soniavin'ny mpilaza.

Andininy I-54.- (andininy 02.03.14 amin'ny CGI) Ny fanambarana voalazan'ny andininy teo aloha dia tsy maintsy misy anarana, fanampin'anarana, daty sy toerana nahaterahana :

1. ho an'ireo mpandova tsirairay, ny mpandray, ny tolorana ;
2. Ny zanaka tsirairay ny mpandova, ny tolorana na ny mpandray mbola velona amin'ny fotoana anaovana ny tombam-pananana.

Raha toa ka nisy teraka ivelan'i Madagasikara ireo, dia tsy maintsy hamarinina io daty io alohan'ny firaiketana ny fanambarana.

II- Ankoatry ny voalaza teo aloha, ny filazana dia tsy maintsy misy ny laharana, daty sy toerana nanaovana ny fanamarinana fandovana, ny rohipihavanana sy ny kopia nahafatesan'ny maty.

Andininy I-55.- (andininy 02.03.15 amin'ny CGI) Ireo mpiasan'ny hetra, ny mpiraki-teny mpanao raharahan-panjakana mpanamarina ny sora-panekena no tsy maintsy manoratra ny fanambarana araka ny fangatahana ataon'ny mpilaza tsy afaka manao izany. Tsy afaka mitaky tambiny izy ireo amin'izany.

Andininy I-56.- (andininy 02.03.16 amin'ny CGI) Ny fanambarana rehetra momba ny famindrantana noho ny fahafatesana, nataon'ny mpandova, ireo notolorana sy ny mpandray, ny vadiny, ny mpiahy, ny mpiahy ny fananana tsy hita tombo na ireo mpitantandrahahara napetraky lalàna dia faranana amin'izao teny izao : " Araka ny andininy 366 mikasika ny Fehezan-dalàna amin'ny ady heloka, ny mpanao fanambarana dia milaza fa marina tsy misy diso izay rehetra voalaza ao anatin'ity fanambarana ity, na ny vola, ny petra-bola, sy izay fananan'ny maty rehetra fahavelony na an-tsaha na an-tanàna amin'ny ampahany na manontolo araka ny fahafantarany."

Raha toa ka milaza marina ny mpanambara fa tsy mahay na tsy afaka manao sonia, dia vakiana aminy ny fanambarana eo ambony sy ny andininy 366 mikasika ny Fehezan-dalàna amin'ny ady heloka. Hamarinina eo ambanin'ny fanambarana fa natao io fepetra io ary manaiky ny fahamarinan'ny fanambarana nataony ny mpilaza.

Ny fanambarana araka ny fepetra voalazan'ny andalna voalohany dia tsy maintsy ataon'ny mpilaza sora-tanana.

Andininy I-57.- (andininy 02.03.17 amin'ny CGI) Raha mihevitra ny mpanao filazana alohan'ny fahataperan'ny fetra ara-dalàna fa ampahany ihany ny fanambarana ataony ka ho fenoindy amin'ny fotoana manaraka, dia tsy takiana ny fanoratana eo no eo ny fanamafisana fahamarinana.

Nefa ho fanamarinana ny tsy fisian'ny fanamafisana, ny fanambarana dia tsy maintsy faranana amin'ny marika maneho ny maha tena ampahany ihany azy, taorian'ny famakiana izany tamin'ny mpanao fanambarana raha toa ka manamafy ity farany fa tsy mahay na tsy afaka manao sonia.

Ny filazana amin'ny ampahany dia azo ekena aorian'ny fepotoana noferana ho 6 volana raha tsy amin'ny tranga manokana ary misy antoka hafa koa amin'ny famoriana ny trosan'ny Tahirimbolam-

panjakana.

Raha filazana ampahany ihany no nataony, ny mpandoa hetra dia tsy afaka tanteraka amin'ny andraikiny manolona ny Tahirimbolam-panjakana, raha tsy amin'ny andro nahavitany filazana feno sy mifarana amin'ny fanamafisana fahamarinana.

**II : Ireo andraikiry ny mpisolo vava, notera, vadintany, mpirakidraharaha-pitsarana, mpitantsoratra, mpitsara, arabitira, adiminisitiratera sy manamboninahitra hafa na mpirakitsora-panjakana
na tompon'antoka isan-tsokajiny amin'ny mpanao faneke na ireo mpandray vola**

Andinin I-58.- (andininy 02.04.01 amin'ny CGI) Ny notera, ny vadintany, ny mpirakidraharaha-pitsarana, ny mpisolo vava, ny mpirakitsora-panjakana, ny manampahefana ara-panjakana dia tsy mahazo manao na mirakitra an-tsortra taratasy noho ny na vokatry ny taratasy tsy maintsy raiketina am-boky amin'ny soratra to na matoa atovana amin'ny soratra to, mandray izany amin'ny firaketany na manome izany ho fanamarinampamoronana, toatsoratra, dika mitovy, mialoha ny iraiketana azy am-boky, na mbola tsy dila aza ny feptoana andreketana azy am-boky.

Avahana ny taratasy nampitaina sy ireo taratasim-paneke na izay mitovy aminy izay ampahafantarina ny ankolafiny roa, amin'ny petadrindrina na fanononana am-pahibemaso.

Na izany aza, ny notera dia afaka manao sora-paneke na taratasy voarakitra raha mbola tsy dila ny feptoana ahafahana manao ny fanoratana, nefy ny tsirairay amin'ireo sora-paneke na ireo dia tsy maintsy ampanarahina amin'ilay iray izay voamarika ao izy, tsy maintsy sandaina miaraka amin'ny fombafomba ara-panoratana ary ny notera dia tomponandraikitra feno, tsy amin'ireo haba amin'ny fanoratana ihany, na amin'ny lamandy mety ampiharina amin'io sorapanekena io ihany koa.

Mikasika ny sorapanekena ara-panjakana sy ny didy navaokan'ny fitsarana izay tsy maintsy voarakitra am-boky amin'ny soratra to, ary ny sara raha mbola tsy voarakitra an-tsortra eo am-pelatanan'ny tomponandraiki-panjakana sy ny mpirakidraharaha-pitsarana ao anatin'ny feptoana voafaritra amin'ny fandraketana am-boky, ny famorian-ketra dia ampanarahina ny andaniny tambesaran'ny sara sy ny sazy nahavoa azy.

Vokatr'izany, ny mpirakidraharaha sy ny tomponandraki-panjakana no manome ireo mpiasa miandraikitra izany ao anatin'ny hafoloana aorian'ny feptoana voafetra, ny tsoatsoratra nalaina tamin'ny sorapanekena sy ny didim-pitsarana voamarin'izy ireo izay mbola tsy nandoavan'ireo andaniny roa sara. Tsy maintsy mandoa ny lamandy mety hisy miaraka amin'izany izy ireo. Omena tapakila avy amin'ny taratasy tsotra izy ireo ho solon'ireo tsoatsoratra. Raiketina ao anatin'ny boky firaketana io tapakila io.

1 : Andraikiry ny notera na ny mpirakidraharaha-pitsarana

Andinin I-59.- (andininy 02.04.02 amin'ny CGI) Ny notera na ny mpirakidraharaha-pitsarana rehetra dia voarara, tsy handray sora-paneke na iray aza ho amin'ny fitahirizana raha tsy nahaforona sora-paneken'ny fitahirizana.

Tsy ao anatin'izany ny didy miafina napetraka tany amin'ny notera.

2 : Fanamarihana tsy maintsy apetraka amin'ny tapakila nandovana sara

Andinin I-60.- (andininy 02.04.03 amin'ny CGI) Marihina amin'ny fandefasana rehetra ny taratasim-panjakana, sivily na ara-pitsarana, izay tsy maintsy voarakitra am-boky tamin'ny soratra to, ny rosian'ny sara famindrana ara-bakiteny ary manontoloni'io rosia io.

Fanamarihana mitovy amin'io ihany koa izay vita ao anaty soratra to amin'ny taratasim-panjakana, sivily, ara-pitsarana na hafa ankoatra ny ara-pitsarana izay atao amin'ny sora-paneke na voasonian'ny olotsotra na nitranga ivelan'i Madagasikara izay raiketina am-boky.

Andinin I-61.- (andininy 02.04.04 amin'ny CGI) Amin'ny fisian'ny fahadisoana amin'ny fanamarihana ara-panoratana na amin'ny soratra to, na amin'ny fandefasana, ny mpandoa hetra dia enjehin'ny

fanjakana avy amin'ny fitoriana ny diso voalazan'ny Mpandray volan'ny heta.

Andininy I-62.- (andininy 02.04.05 amin'ny CGI) Ny sora-panekena rehetra amin'ny fifanarahampanofana amin'ny zavatra hofàna, fanolona, famelana na famerenana ny fifanarahampanofana dia tsy maintsy misy famosahana indray ara-bakiteny ny fanamariham-panoratana am-boky ny fifanarahampanofana navela amin'ny ampahany na manontolo.

Andininy I-63.- (andininy 02.04.06 amin'ny CGI) Isaky ny misy fanapahan-kevitra izay raisina ny sora-panekena voarakitra am-boky, ny didim-pitsarana na didy manokana izay voamarika dia milaza izany sy manambara ny vola naloa, ny vaninandro nandoavana sy ny biraо nandoavany azy. Raha nisy fanadinoana, ary raha toa ka sora-panekena apetraka ao anatin'ny fotoana voafetra, ny mpiasa mpiandraikitra dia mitaky ny haba, raha toa ny sora-panekena ka tsy vita fanoratana tao amin'ny biraony, izay averina ao anatin'ny fetrandro voafaritra, raha voamarina avy eo ny fanoratana am-boky ny sora-panekena izay voalazan'ny didi-pitsarana voatonona.

3 : Bokim-piraketan'ireo notera, vadintany, mpirakidrahara-pitsarana, mpirakidrahara ara tsora-panjakana, mpitantsoratra, mpampao lavanty, mpanelanelam-barotra

Andininy I-64.- (andininy 02.04.15 amin'ny CGI) Ireo notera, vadintany, mpirakidrahara-pitsarana, mpirakidrahara ara tsora-panjakana, ary ireo mpitantsoratra ara-panjakanan'ny vondromparitra itsinjarampahefana dia mitazona ny bokim-piraketana misy tsanganana, izay hanoratana isan'andro isan'andro, tsy asiana malalaka na elanelana andalatsoratra ary ampifanarahana araka ny laharana :

1° ho an'ireo notera sy ny mpirakidrahara ara tsora-panjakana, ireo rehetra sorapanekena sy fifanarahana izay noraisiny, na koa ireo nampandalovina fanamarinampamoronana aza ;

2° ho an'ireo vadintany, ny sorapanekena rehetra sy ny taratasy ampitaina avy amin'ny minisiterany ;

3° ho an'ireo mpirakidrahara-pitsarana, ny didy rehetra, didim-pitsarana, sorapanekena, taratasy ampitaina tsy misy ankanavaka, na voarakitra ara-panoratana am-boky, na tsy iharan'ny fombafomba ara-ketra ;

4° ho an'ireo mpitantsoratra, ny sorapaneken'ny fitantanandrahaharan'ny vondromparitra itsinjarampahefana voatondro ao amin'ny andininy 02.01.11 paragirafy III, 3, 4 sy 5 n'ity Fehezandalàna ity.

Votoatin'ny boky firaketana

Andininy I-65.- (andininy 02.04.16 amin'ny CGI) Ny andininy tsirairay avy ao anatin'ny bokim-piraketana dia hisy :

1- laharan'ny sorapanekena ;

2- ny datin'andro ;

3- ny momba azy ;

4- ny anarana sy fanampin'anaran'ireo mpifanaiky sy ny fonenany ;

5- fanondroana ireo fananana, ny toerana misy azy sy ny vidiny, raha toa ka sorapanekena mikasika io fananana io, ny fizakam-bokatra na ny fisitrahaha fananana tahiry ;

6- fanamarinana ny fanoratana am-boky.

Fampisehoana ny boky firaketana

Andininy I-66.- (andininy 02.04.17 amin'ny CGI) Ireo notera, vadintany, mpirakidrahara-pitsarana, mpirakidrahara ara tsora-panjakana, ary ireo mpitantsoratra ara-panjakanan'ny vondromparitra itsinjarampahefana dia mampahafantatra, isaky ny 3 volana, ireo bokim-piraketany amin'ny mpandray volan'ny heta, haba sy sara isan-karazany amin'ny faritra misy azy, izay manamarina sy manambara ao anatin'izany ny isan'ireo sorapanekena voasoratra. Izany fanambarana izany dia atao isan-taona ao

anatin'ny folo andro voalohany ny volana Janoary, Aprily, Jolay ary Oktobra.

Andininy I-67.- (andininy 02.04.18 amin'ny CGI) Ankoatra ny fanambarana voalazan'ny andininy teo aloha, ireo notera, vadintany, mpirakidraharaha-pitsarana, mpirakidraharaha ara tsora-panjakana, ary ireo mpitantsoratra dia tsy maintsy manolotra amin' ireo mpiasan'ny hetra tonga hanamarina ao aminy, ireo bokim-piraketana isaky ny misy ny filana izany.

Endriky ny boky firaketana

Andininy I-68.- (andininy 02.04.19 amin'ny CGI) Ireo bokim-piraketana dia misy marika sy sonia rango-pohy isaky ny pejy : ho an' ireo notera, dia ny filoha na ny mpitsara amin'ny ady heloka tsotra ao amin'ny faritra ; ho an'ireo vadintany sy ny mpirakidraharahan'ny sampan-pitsaran'ny tribonaly, dia ny mpitsara ao amin'ny fonenany ; ho an'ireo vadintany sy ny mpirakidraharaha-pitsarana amin'ny fitsarana ambony, dia ny filoha na ny mpitsara izay nampiandraiketiny azy, ary ho an'ireo mpitantsoratra ara-panjakana kosa, dia ny tompon'andraikitra ambony ara-panjakana ao aminy no manao izany.

Ireo olona hafa mitana boky firaketana

Andininy I-69.- (andininy 02.04.20 amin'ny CGI) Ireo fepetra mikasika ny fitazonana sy fametrahana ny bokipiraketana dia ampiharina amin'ireo mpamppanao lavanty sy ireo mpanelanelam-barotra, kanefa voatokana ho an'ny fitanana an-tsoratra ny fivarotana fanaka sy ireo entambarotra, ary ho an'ireo sorapanekena vita avy amin'ny fiantraikan'ireo varotra ireo ihany.

III: Taratasy ifanaovan'ny olon-tsotra

Andininy I-70.- (andininy 02.04.07 amin'ny CGI) Ny andaniny sy ankilany izay nanoratra ny taratasy ifanaovan'olon-tsotra izay entina ho soratana any amin'ny bokim-pandraiketana ao anatin'ny fotoana voafetra dia tokony hanaovana dika mitovy, izay misy ny sonia toy ilay sorapanekena ihany koa ary entina apetraka ao amin'ny birao miandraikitra ny fanoratana rehefa tontosa araka ny tokony ho izy.

IV : Fanamasifana araka ny hitsiny tokoa

Andininy I-71.- (andininy 02.04.08 amin'ny CGI) Ny andraikitra apetraka amin'ny olona iharan'ny hetra eo amin'ny lafiny fanamasifana araka ny hitsiny tokoa dia voamarika araka ny andininy 02.02.10 ao anatin'ny Fehezan-dalàna mikasika ny sora-panekem-pamindrana ny sara tena izy amin'ny fananana mifaka ary ao amin'ireo andininy I-56 sy I-57 ny mikasika ny famindrana aorian'ny fahafatesana.

Andininy I-72.- (andininy 02.04.09 amin'ny CGI) Ankoatran' ireo andraikitra izay voafaritry ny lalàna mifehy ny nôtera momba ny fanafenana, raha toa ka mandray taratasim-barotra, fifanakalozana sy fizarana dia tsy maintsy mampahafantatra ny andaniny sy ny ankilany ny fepetra ao amin'ny andininy 02.02.10 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra sy ny andininy 366 ny Fehezan-dalàna famaizana. Ampahafantarina mazava ao anatin'ny taratasy nifanaovan'ny andaniny sy ny ankilany izany fampahafantarana izany.

Andininy I-73.- (andininy 02.04.10 amin'ny CGI) Ny solontenam-panjakana sy ny mpiasam-panjakana miandraikitra ny fanoratana ny sora-panekena am-boky dia tsy maintsy manaraka ny fepetra takian'ny andininy 02.02.10 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra sy I- 72 voalaza etsy ambony.

Andininy I-74.- (andininy 02.04.11 amin'ny CGI) Alohan'ny famaranana, ny nôtera izay mandrafitra fitanisam-pananana aorian'ny fahafatesana dia tsy maintsy milaza mandritra ny asa fa tsy nahavoamarika ny fisian'ny vola na trosa ankoatran'ny izay efa voambara tamin'ilay sora-panekena, na koa ny fisian'ny kaonty petra-bola ankoatra ny eto an-toerana na kaonty manokana fametrahama-bola na sora-pampiasam-bola, na koa kaonty tambatra iombonana.

Ny solontenam-panjakana izay ninja nandika ny fepetra voatanisa etsy ambony na koa nanao fanambarana tsy feno sy tsy marina dia iharan'ny sazy izay apetraky ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, ankoatra izay mety ho sazy ara-pitsipi-pifehezana.

V : Taratasy fametrahana

Andininy I-75.- (andininy 02.04.12 amin'ny CGI) Rehefa maneho ny didim-pitsarana manaraka ny fenitry ny fanoratana ny nôtera, ny vadintany, ny mpiraki-draharaha dia tsy maintsy mametraka taratasy mamintina ny didim-pitsarana natao dika roa mitovy amin'ny taratasy vita printy mialoha avy amin'ny fandraraharana momba ny hetra.

Lavina ny fanaovana ny raki-tsoratra raha tsy voahaja ireo fepetra ireo.

VI Ireo soratra tsy maintsy hita amin'ny sora-panekena sy didim-pitsarana milaza famindram-pananana na fanolorana fananana mifaka

Andininy I-76.- (andininy 02.04.13 amin'ny CGI) Ny sora-panekena na didy rehetra izay mahakasika ny famindrana na fanolorana zo ho tompon'ny fananana mifaka, dia tsy maintsy ahitana amin'ny antsipirihany ny anaran'ny fananana, ny laharana fanamarinana ny fananan-tany na fangatahana laharam-pamantarana, ny toetra, ny habeny,, ny mombamomba ny tany, ny laharana fanondroantoerana, ny adiresin'ny trano ara-dalàna nomen'ny sampan-draharaha monisipaly. Raha toa ka tany vita kadasitra na andalam-panaovana izany, ny laharan'ny toko, ny anaran'ny sokajy sy ny toerana, dia tsy maintsy soratana. Ho an'ireo tany tsy manana laharanam-pamantarana na tsy vita kadasitra, ny fametrahana baorina sy ny toerana marina misy azy.

Toy izany koa ny sora-panekena sy ny didim-pitsarana dia tokony mirakitra ny nahazoana ny fananana sy ny fifandraisany amin'ny fanoratana.

VII : Olontsotra na orinasa izay manao asam-panelanelanana

Andininy I-77.- (andininy 02.04.14 amin'ny CGI) Ny olona na ny orinasa rehetra manao asam-panelanelanana, amin'ny fampanofana, fividianana na fivarotana fananana mifaka na tokotanim-barotra na koa amin'ny fividianana amin'ny anarany sy maha tompony azy ireo fananana ka ahafahany mivarotra azy indray dia tsy maintsy :

1° manao fampafantaranana ao anatin' ny fepotoana iray volana, manomboka amin'ny fiandohan'ireo raharaha voalaza etsy ambony, eny amin'ny birao fandoavam-bolan'ny hetra misy ny toeram-ponenany na eny anivon'ny sampana na masoivoho tsirairay, raha misy izany ;

2° takiana ny handrafetana isan'andro lisitra misy tsanganana roa, tsy misy banga na elanelan-tsipika ary manaraka laharana ireo fanomezam-pahefana, fanomezana tokim-barotra, sora-panekena mamindra fananana sy fisitrahana sy amin'ny ankabobeny, ireo sora-panekena rehetra mifandraika amin'ny asam-panelanelanana na amin'ny maha tompony azy : ny iray amin'ireo lisitra dia natokona ho an'ireo asam-panelanelanana, ny iray amin'ny maha tompony ;

3° mifanaraka amin'ny fampiasana ny fahefana mitaky ataon'ny mpiasan'ny Fandrahaharana ara-ketra amin'ireo voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

VIII: Famarotana ampahibemaso ny fanana-manaraka

Andininy I-78.- (andininy 02.04.23 amin'ny CGI) Tsy misy solontenam-panjakana afaka manao lavanty ampahibemaso ny fanana-manaraka raha tsy manao fanambarana mialoha eny amin'ny biraon'ny hetra amin'ny fari-piandidiana hanaovana izany.

Na izany aza, tsy ilaina ny fanambarana mialoha mahakasika ny lavanty ampahibemaso ny fananana tsy azo tsapain-tanana, ny fidiram-bola maharitra sy trosa, na koa ny fitambaran'ny mpanjifa tsy misy fanana-manaraka.

Ny fanambarana voalaza etsy ambony dia tsy maintsy atao farafaharatsiny iray andro mialoha amin'ny andro iasana.

Andininy I-79.- (andininy 02.04.24 amin'ny CGI) Atao dika roa mitovy ny taratasy filazana, takiana ny hisian'ny daty mazava sy sonian'ny mpanao taratasim-panjakana. Ny taratasy dia tsy maintsy ahitana ny anarana, andraikitra sy ny toeram-ponenan'ny mpiraki-draharam-panjakana, ny mpangataka ary ny olona tompon'ny entana amidy. Ilaina ihany koa ny famantarana ny toerana nanatontosana ny varotra, ny andro sy ny ora nisokafana. Tsy azo ampiasaina raha tsy amin'ireo entana voasoratra ao anatin'ilay filazana.

Ny taratasy filazana dia ahitana amin'ny antsipirihany ny karazan'entana hanaovana lavanty.

Aterina ao amin'ny birao ary raiketina an-tsoratra tsy misy sarany ny taratasy filazana. Ny iray amin'ireo dika mitovy, voarakitra an-taratasy tsotra misy ny fanamaranana ny fahavitan'ny fanoratana dia omena ny mpiraki-draharam-panjakana izay tsy maintsy mampiaraka izany amin'ny fitanana an-tsoratra nanaovana ny lavanty. Ny dika mitovy iray kosa mijanona ho tahiry ao amin'ny birao.

Andininy I-80.- (andininy 02.04.25 amin'ny CGI) mialohan'ny hanaovana lavanty ampahibemaso, ny mpanao taratasim-panjakana dia tsy maintsy mamaky an'ireo fepetra voalazan'ny andininy VII-53 mikasik'ireo andraikitr'ireo mpividy fiarakodia.

Marihina mazava ao anaty fitanana an-tsoratra ny famakiana.

Ny mpanao taratasim-panjakana izay mandika an'io fepetra voalaza io dia amin'ny fananany manokana an'ireo haba sy sazy ara-ketra azo takiana raha tsy hoe misy fitoriania atao amin'ny ananan-trosa.

Andininy I-81.- (andininy 02.04.26 amin'ny CGI) ny zavatra nomena amin'ny alalan'ny tolo-bidy dia atao anaty fitanana an-tsoratra tokony hisy ny anaran, ny toetra sy ny fonenana ny mpandray ny tolo-bidy; soratana mazava an-tsoratra sy ara- tarehimarika ny vidiny.

Ny favoriana rehetra dia faranana sy soniavin'ny mpanao taratasim-panjakana.

Ny varotra aorian'ny fitanisam-pananana dia marihina ao anaty fitanana an-tsoratra, manondro ny datin'ny fitanisam-pananana, ny anaran'ny nôtera izay nanontosa, ary ny marim-pandraisan'ny mpiandraikitra ao amin'ny hetra.

Andininy I-82.- (andininy 02.04.27 amin'ny CGI) Ny lalàna dia manome halalana ny mpiasan'ny hetra hidina hifotony eo anivon'ny toerana hanantanterahana ny lavanty ampabehimaso sy amin'ny fisoloana toerana ao amin'ny ny fitanana an-tsoratry ny lavanty sy ny taratasy fanambarana mialoha.

Andraikitr'izy ireo ny mandrafitra fitanana an-tsoratra ireo fandikan-dalàna izay fantany sy hitany ifotony. Azo ekena ny porofo amin'ny alalan'ny vavolombelona mikasika ny varotra mandika ireo voalaza teo aloha.

Andininy I-83.- (andininy 02.04.28 amin'ny CGI) Tsy voakasika amin'ny ny fanambarana didin'ny andininy I-78 ny mpiasam-panjakana izay hanantontosa ny varotra ny fanana-manaraka izay an'ny fanjakana sy ny an'ireo vondrom-paritra.

Tsy voakasika ihany koa ny mpiasa miandraikitra ny famarotana entana avy amin'ny fandovàna tantanana amin'ny alalan'ny fepetra manokana fiarovana an'ireo olona izay mila izany.

Andininy I-84.- (andininy 02.04.29 amin'ny CGI) Ny mpanelanelna izay manao lavanty ampahibemaso an'ireo entana ambogady sy ireo zavatra nomena ho antoka, arak'ireo fepetra voalazan'ny 28 mey 1858 na ny andininy 93 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny varotra novain'ny lalàna 23 mey 1863 dia tsy maintsy manaja ireo fepetra voalaza etsy ambony momba ny lavanty ampahibemaso ireo fananana manaraka.

IX: Ireo andraikiry ny mpangataka, ny nôtera, ny mpitahiry fananan-tany ary ny mpiraki-drahraham-pitsarana.

Andininy I-85.- (andininy 02.04.30 amin'ny CGI)

1° Ireo mpividy ireo zo amin'hy fananana mifaka na tokotanim-barotra ara-barotra miankina amin'hy fandovana eto Madagasikara dia tsy afaka mandoa ny vidiny raha tsy mampiseho taratasy fanamarinana nomen'ny Mpandray heta tsy misy sarany sy manamarina ifotony na ny fandoavana na ny fahazoana mitaky ny heta amin'ny famindram-pananana.

Sahala amin'izay ihany koa ny famindram-pananana, mikasika ny fiara, traktera, sambo, botry, sambo fitondrana entana, fiaramanidina miankina amin'ny fandovana, izay tsy atao raha tsy mampiseho ny taratasy fanamariana voalaza etsy ambony.

2° Ny fanoratana anarana eo amin'ny sehatry ny fiarovan-tany sy ny biraô mikarakara ny taratasy fanoratana anarana momban'ny fananan-tany na raki-tsoratra manambara famindram-panana na fanoratana anarana anaty bokim-pamindra-tany na ny fanoratana anarana anaty raki-tsoratra momban' ny famindram-pananana ara-barotra, ireo dia tsy afaka ny ho tanterahina raha tsy mitondra taratasy fanamarinana tsy misy sarany navoakan'ny mpandray heta

3° Ny mpitahiry fananana ara-barotra, ny mpiraki-drahraham'ny fitsarana ara-barotra, ny lehibehin'ny foibem-pisoratana anarana, ny lehiben'ny boriboritany an-dranomasina izay nandika ny volazan'ny lalana andalana voalahany sy faharoa etsy ambony dia tompon'andraikitra amin'ny tenany momba ireo zo sy sazy azo takiana. raha tsy hoe misy fitoriana mikasika ny ananan-trosa.

X : fepetra takiana raha misy famindrana fananan-jo

Andininy I-86.- (andininy 02.04.31 amin'ny CGI) 1 ° ny famindram-pananana, ny famindran-tompo, ny fiovan'ny mpitontra ny titra na ny famerenam-bola mikasika ny fanoratana ny fidiram-bola maharitra amin'ny fanjakana na fanamarinan-jo manendry ny orinasa na vondrom-paritra, avy amin'ny tompony efa maty na voambara ho tsy hita popoaka, dia tsy afaka tanterahina raha tsy manolotra taratasy fanamarinana omen'ny mpandray heta tsy misy sarany, izay manamarina ny fandoavana ny zo-pamindram-pananana.

Ito lalàna ito dia amin'ny ankapobeny, ary tsy ny famindram-pananana izay atao amin'ny anaran'ny olona voatondro manokana ihany no voakasika, fa ny famindram-pananana amin'ny anaran'ny mpandova, tsy misy fanendrena manokana.

Ny taratasy manamarina fandoavana dia tsy maintsy atao aorian'ny fahafatesan'ny vadîn'ilay tompom-pananana voasoratra, raha tsy hoe ny manam-pahefana izay mpanome taratasy fanamarinan-tompo no manamarina mazava fa ny fanamarinan-jo dia an'ny velona ho toy ny fananany manokana

Ny taratasim-panamarinan'ny mandray heta dia tsy hiaharan'ny sara-panoratana na dia efa voatovana amina taratasy fanamarinam-pananana aza.

2° raha toa ka ny famindram-pananana, ny famindran-tompo, ny fiovan'ny mpitontra ny titra na famerenam-bola miteraka fanomezana taratasy fanamarinam-pananana mifanaraka amin'ny fitsipika mifehy ny fanamarinan-jo mpanendry, dia adidin'ny mpanoratra an'io antontan-taratasy io mijery ny taratasim-panamarinan'ny mandray heta voalaza eo amin'ny paragirafy aloha raha toa ka nitranga

izany. Tompon'andraikitra noho izany ny mpanamarina, izany oe misolo vaika ny orinasa na vondrom-paritra.

3° na iza na iza mandika ny fepetra etsy ambony, dia voafatotry ny lalàna manokana handoa ny zo sy ny sazy mahakasika izany izy, ankoatra ny fitoriany ny ananan-trosa

Andininy I-87.- (andininy 02.04.32 amin'ny CGI) Rehefa ny famindram-pananana, ny famindran-tompo na ny fiovan'ny mpitondra ny titra no tanterahina ho amin'ny fifampiraharahana na rehefa misy fifampiraharahana ny fanamarinan-jo, ny taratasim-panamarinan'ny mpandray heta voalazan'ny andininy teo aloha dia afaka soloina fanambaranan'ny ankilany sy ny andaniny amin'ny alalan'ny taratasy tsy misy hajia, izay manondro mazava tsara ny fanamarinan-jo iharany ary manondro fa ny famotsorana fitompoam-pananana dia natao mba hanafaka ny saram-pamindran-tompo rehefa maty, ary ny vokatr'izany dia harotsaka ao amin'ny mpandray heta mahefa amin'ny fanambaram-pandovàna amin'ny alalàn'ny mpanelanena manana anjara raharaha amin'ny fifampiraharahana.

Ny famindram-pananana, ny famindran-tompo ary ny famadihana eritreretina dia ireo tanterahina ho amin'ny fifampiraharahana ny fanamarinan-jo na rehefa misy fifampiraharahana ny fanamarinan-jo ihany; Arak'izany dia tsy voakasik'izany ny famindram-pananana natao ho amin'ny fanoratana ny fanamarinan-jo amin'ny anaran'ny mpandova, ary koa ny fiovan'ny mpitondra ny titra izay tahirizin'ireo mpandova.

Ny fanambaran'ny andaniny sy ny ankilany, nomena ho solon'ny taratasy fanamarinana avy amin'ny Mpandray heta heta, dia tsy manaraka ny fenitra manokana. Ampy azy ny toro-dalana voafaritry ny lalàna

Ny fanambarana dia atao an-taratasy tsy misy hajia ; tsy mila atao sara-panoratana io taratasy io na dia voakendry na tovanana taratasy fanamarinam-pananana ataon'ny nôtera

Raha toa ka ny fanamarinan-jo manontolo na amin'ny ampahany no nanaovana fanavotam-bidy, ny fanolorana amin"ny mpanelanelana ny vola avy amin'ny famerenam-bola dia manafaka ny orinasa mpanome, toy ireo fepetra takiana ho amin'ny fanolorana ny fanamarinan-jo.

Andininy I-88.- (andininy 02.04.33 amin'ny CGI) Ny fanoratana anarana, ny famindran-pananana na famindram-trosa na taratasi-trosa amin'ny tombo trosa na ny tompon'ny fananana efa nody mandry na voamarika fa tsy hita popoaka, dia afaka tanterahina raha misy taratasy fanamarinana tsy misy sarany avy amin'ny mpandray heta. Ny mpandray heta no manamarina fa ny trosa sy ny maha tompon-trosa dia vorakitra ao amin'ny taratasy fanambarana fandovana.

Andininy I-89.- (andininy 02.04.34 amin'ny CGI) **1°** Ny fitantanan-draharaham-panjakana , toeram-piasana , antokon-draharaha dia samy eo ambany fifehezan'ny manam-pahefana amin'ny raharaha panjakana, ny orinasa, ny mpiasan'ny banky, mpanao esikaonty, ny mpanao taratasim-panjakana na mpiasa-mpandrahahala izay mpitahiry, mpitazona, na ananan-trosa na vola miankina amin'ny fandovana izay nosokafany, dia tsy maintsy manome ny lisitry ny fanamarinan-jo, ny vola any amin'ny Mpandray heta mahefa eny an-toerana. Misy rosia manamarinana ny fandohava-ketra omena.

2° io fepetra io dia mihatra amin'ny orinasa, ny tahirim-bola na ny sampan-draharaha fiantohana ary koa ny toeran-mpiasana, masohivoho, sampana, foibe pintananana ara-paritra na ivony eto Madagasikara, ho an' ny vola, fidiram-bola maharitra isan-karazany, izay tokony alohany nohon' ny fahafatesan'ny nihantohana.

3° ny fitondram-panjakana, ny toeram-piasàna, ny sampandrahahala na olona voatondro ao amin'ny paragirafy voalohany sy faharoa etsy ambony dia tsy afaka miala miala amin'io vola, sanda, fidiram-bola maharitra, tambin-karama io, na manantontosa ny fanolorana na famindrana ny fanamarinan-jo raha tsy maneho ny taratasim-panamarinana nomen'ny mpandray heta tsy misy sarany izay

manamarina, na fahafahana, na ny tsy fahazoana mitaky ny saram-pamindran-tompo rehetra maty na inona na inona toeram-ponenana'ny mpandova na mpisitraka ny lova.

4° izay rehetra mandika ny fepetra takian'ito andininy ito dia tsy maintsy mandoa ny zo sy ny sazy azo takiana, raha tsy hoe misy fitoriana atao amin'ny ananan-trosa.

Andininy I-90.- (andininy 02.04.35 amin'ny CGI) Ny Fandraharahana ara-panjakana, ny sampandrahahara, ny toeram-piasàna, orinasa, na olona voatondro ao amin'ny andininy teo aloha dia afaka, araka ny fangatahana an-tsoratra an*-taratasy tsy misy hajia ataon'ny mpandova, mpisitraka fananana avy amin'ny tobam-pananana, mpisitraka fanomezana maimaimpoana, na mpisitraka, mandoa ny vola manontolo na amin'ny ampahany izay tokony alohany amin'ny fahazoana ny saram-pamindran-tompo nohon'ny fahafatesana any amin'ny mpandray hetra mahefa mba ahazahoana ny taratasy fanambraram-padovana.,.

Ny iray amin'ireo dika mitovy izay hanamarihan'ny mpandray hetra ny sora-bola ny sara tsy maintsy takiana aminy dia soniavina rangom-pohy ary omena ny ananan-trosa mba ho haverina any amin'ny Fandraharahana na sampan-draharaha ho fanampin'ny fangatahana fandoavana. Ny dika mitovy iray hafa dia tahirizina any amin'ny birao mandra-pandoavan'ireo olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra voalaza etsy ambony ny vola.

Andininy I-91.- (andininy 02.04.36 amin'ny CGI) Ny mpitazona voalazan'ny paragirafy voalohan'ny andininy I-89 dia tsy maintsy mampahafantatra ny mpandray hetra an'ny toeram-ponenana, ny anarana, ny fanampin'anarana, ny trano fonenan' ireo mpametraka ary koa ny daty nisokafan'ny kaonty farafahatarany ao anatin'ny telo (3) volana aorian'ny fanokafana ny kaonty itambarana, na iraisana sy hiombonana

Manaraka izany ny mpitazona dia tsy maintsy manolotra any amin'ny mpandray hetra amin'ny toeram-ponenany ny lisity ny fanamarinan-jo, ny vola na sandam-bola misy tamin'ny fotoam-pahafatesana amin'ny troisan'ny mpihazona kaonty iombonana

XI: Andraikitr'ireo mpampandry an-tsoratra

Andininy I-92.- (andininy 02.04.37 amin'ny CGI) ny olona voakasikan'ny andininy I-64 ka hatramin'ny I-69 an' ito fehezan-dalàna ito sy 02.04.21 ka hatramin'ny 02.04.22 ny fehezan-dalàna mifehy ny hetra, ny mpanao taratasim-panjakana izay manamarina ny taratasy sy ny olona rehetra izay mandika ny taratasy dia tsy maintsy maneho an-taratasy ireto angom-baovao ireto:

a- Hoan'ny olon-tsotra manao fifanarahana na voakasika izany:

Ny anarana, ny fanampiny, ny andraikitra, ny laharam-pisoratana ho mpandoa hetra ao anaty aterinetu, ny tena tranom-ponenana na toerana nosafidiana, famantarana ny zom-pirenena, ny fahafaha-manao ara-dalàna, ny rohim-pihavanana mampifandray ny zaza amin'ny reniny na any rainy, ny daty sy ny toerana nahaterahana miaraka amin'ny anarany vady, ny andraikitrany, ny daty sy ny toerana nahaterahany, ny datin'ny fanambadiana, ny rafim-pipehezam-panambadiana napetraka, ary raha tahiany ka ilaina, ny daty ny fifanarahana sy ny anarana ary ny toeram-ponenanan'ny mpanao taratasim-panjakana naharay ny taratasy.

b- Hoan'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra manao fifanarahana na voakasika izany:

Fanehoana ny endrika ara-dalàna, ny foibe toerana, ny laharam-pamatarana fandoavan-ketra sy laharam-pisoratana any amin'ny rejisitra ara-barotra hoan'ny sosaiety ara-barotra.

XII: Fanafenana, tsy fahamarinanana, ary tsy fahampian'ny porofo

Andininy I-93.- (andininy 02.07.12 amin'ny CGI) Araky ny andalana voalohany amin' ny andininy 20.01.54.10 amin'ny fehezan-dalana momba ny hetra, dia azo ekena avokoa ny karazam-porofo rehetra momba ny fanafenana.

Andininy I-94.- (andininy 02.07.13 amin'ny CGI) ny tsy fahamarinan'ireo fanambarana na taratasy fanamarinana ny trova dia afaka atao amin'ny fomba fanaporofana rehetra izay eken'ny lalàna mifehy ny ankabem-bahoaka ankoatran'ny fihanianana.

Tsy voakasikan'ny famelana handingana fepetra ny andininy 02.07.21 ankoatra ny tranga izay tsy mahakasika ny dingana manokana apetrak'io andininy io.

Andininy I-95.- (andininy 02.07.14 amin'ny CGI) Amin'ny fotoana mitovy, raha ilaina miaraka amin'ny dingana voarakitra ao amin' ny andininy 02.07.21 sy ny manaraka ao anatin'ny famehezan-dalàna amin'ny ankabobeny , ao anatin'ny telo taona miantomboka amin'ny fotoana nanaovana sara-panoratana ny taratasy na fanambarana, ny Fandraharahana dia afaka manaporofa amin'ny fomba rehetra mifanaraka main'ny paikady manokana amin'ny sara-panoratana ny tsy fahampiam-bidy sy ireo tombana voalaza an-taratasy na fanambarana iharan'ny sara-panoratana arakaraky ny vidiny.

SOKAJY IV

SOMBIN'IREO REJISITRA, DIKA MITOVY AMIN'IREO TARATASY SY FANAMBARANA

Andininy I-96.- (andininy 02.04.39 amin'ny CGI) ny mpiasan'ny hetra dia afaka manome ny sombin'ireo rejisitra sy kopian'ireo taratasy sy fanambarana izay ananany amin'ny andaniny sy ny ankilany nanao fiharanahana na ireo manana antony na koa ireo manana hitsivolam-pitsarana izay manome alalana azy.

Ireo fepetra momba ny karaman'izy ireo dia ho faritan'ny didy amam-pitsipika.

SOKAJY V

FANDOAVANA NY HETRA

I- Fandoavana ireo sara mialoha ny fanoratana

Andininy I-97.- (andininy 02.07.01 amin'ny CGI) Ny saran'ireo sora-panekena sy ny famindrana amin'ny fahafatesana dia aloa mialoha ny fanoratana amin'ny taha sy anjara aloa araka ny fanasokajiana ataon'ny mpandray volan'ny hetra, izay tompon'antoka ara-bola amin'ireo raharaha izay iandraiketany.

Ny Mpandray volan'ny hetra mahefa ara-paritra ihany no afaka mandray ireo saram-panoratana amin'ny sora-panekena sy famindrana ary ireo sara amin'ny fandovana, na raikitra na mifanentana.

Andininy I-98.- (andininy 02.07.02 amin'ny CGI) Tsy misy afaka mampihena na mampihemotra ny fandoavan-ketra noho ny fandavana amin'ny anjara, na amin'ny antony hafa, ankoatra ny famerenambola, raha toa ka misy izany.

Andininy I-99.- (andininy 02.07.04 amin'ny CGI) Ny tapakilan'ny fanoratana dia atambatra amin'ilay taratasy noraiketina ny sombin'ny fanambarana ny tompony vaovao.

Ambara ao ny datin'ny fanoratana, fisoratana anarana folio, ny laharana, sy atao an-tsoratra ny tambatran'ny sara voaray.

Raha toa ka misahana fepetra maromaro samy miasa zo manokana, ny manam-boninahitra mahefa dia manondro ireo amin'ny ambangovangony ao anaty tapakilany ary manambara amin'ny fomba miavaka ny ampanhan'izay tsohahana amin'ny hetra voaray.

TOKO IX

NY FEPETRA MAHAKASIKA NY HETRA AMIN'NY FIFANARAHANA FIANTOHANA

SOKAJY I FANAMBARANA

Andininy I-100.- (andininy 02.06.09 amin'ny CGI) ny sosaiety momba ny fiantohana sy ny mpitantoka hafa, ny mpanelanelana sy ny mpanelanelana hafa voakendry eo amin'ny andininy 02.06.06, dia tokony hanao fanambarana any amin'ny biraon'ny hetra ny toeram-piasany foibe na ny toeram-ponenany milaza ny toetran'ny asa sy ny anaran'ny talen'ny orinasa na ny lehiben'ny toeram-piasàna mialohan'ny hanombohany ny asany.

Ny sosaiety momba ny fiantohana izay manana masoivoho maromaro dia tokony manao fanambarana miavaka eo anivon'ny biraon-ketra ny foibe misy ny masoivoho tsirairay sady manamarika ny anaran'ny mpiasa.

SOKAJY II FANKATOAVANA

Andininy I-101.- (andininy 02.06.10 amin'ny CGI) ny mpitantoka avy amin'ny fanjakana ankoatran'ny frantsa sy ireo fanjakana avy amin'ny vondrona afrikana sy Malagasy sy ny fikambanana afikana sy Malagasy fiaraha-miasa ara-toe-karena dia tokony, fanampin'izany, mba hankatoavin'ny Fandrahahahana ara-ketra ny solontena Malagasy tompon'andraikitra manokana amin'ny hetra sy ny sazy.

Ny fankatoavana sy ny fanesorana ireo solontena tompon'andraikitra dia avoaka amin'ny gazetim-panjakana, araka ny baikon'ny fitantanana-ketra. Ny fitondram-panjakana, raha ny tokony ho izy isantaona, dia mamoaka amin'ny gazetim-panjakana ny lisitry ny mpitantoka manana mpisolontena tompon'andraikitra tamin'ny 31 desambra teo aloha.

SOKAJY III FITAZONANA TARATASY FIRAIKETANA

Andininy I-102- (andininy 02.06.11 amin'ny CGI) ireo mpanelanelana voalaza ao amin'ny andininy 02.06.06 dia tsy maintsy mitazona ny lahatahiry voamarika, natao sonia rango-pohy ary nasian'iray amin'ireo mpitsara ao amin'ny fitsarana momban'ny ara-barotra fitomboka, izay noraketin'izy ireo isan'andro, amin'ny filaharan'ny daty sy eo ambanin'ny andiana isa tsy tapaka, ny asa rehetra nifampirahahana natao tamin'ny alalan'izy ireo; milaza ny datin'ny fiantohana izy ireo, ny fotoana, ny anaran'ny mpitantoka, ny anarana sy ny adiresin'ny iantohana, ny toetran'ny loza, ny tena zava-misy iainany na mety hitranga, araka ny fanavahana voalaza ao amin'ny andininy 02.06.03, ny habetsaky ny renivola azo antoka na ny fidiram-bola maharitra, ireo vola natokana hoan'ny mpitantoka sy ny fanampin-javatra, fehim-potoanan'ireo vola, ny volan'ny hetra tokony alohany any amin'ny tahirim-bolam-panjakana na ny antony tsy nandoavany hetra, ary raha tahiany ka misy izany, ny fangatahana fisarahana voambara ao amin'ny andalana faharoa ny andininy 02.06.06 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny hetra ho an'ireo fifanarahana milaza fepetra fanavaozana, ary raiketina ao amin'ny tsanganan'ny fe-potoana io fepetra io. Ny soso-panovàna, ny fepetra ara-tsakafo na fampiharana dia misy fanamarihana amin'ny fepetra taloha.

Hoan'ny fifanarahana ao anatin'izany ny fehezan-dalàna fanavaozana, voambara ao amin'ny fitsanganana maharitra. Isaky ny faran'ny telivolana, ny mpanelanelana dia mandrafitra filazana lahatahiry momban'ny telivolana manontolo ary mametraka izany filazana izany ho tohan'ny fandoavam-bola voambara ao amin'ny andininy 02.06.06 ao amin'ny fehezn-dalàna momba ny hetra.

TOKO X
FEPETRA TAKIANA MAHAKASIKA NY HETRA EO AMIN'NY ZAVA-PISOTRO
ALIKAOLIKA
SY MISY ALIKAOLA

Andininy I-103- (andininy 03.02.09 amin'ny CGI) ny mpamokatra zava-pisotro alikaolika sy misy alikaola dia tsy maintsy manao fanambarana momban'ny fetra iharan'ny hetra ary mandoa ny hetra mifanaraka amin'izany ao anatin'ny 15 andro voalohany ny volana mifanaraka ny fampidirana azy eo amin'ny tsenam-barotra. Raha tsy misy fandoavam-bola ao anatin'ny fotoana voafehin'ny lalàna dia ampiharina ny fepetra momba ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana.

TOKO XI
FEPETRA MIHATRA AMIN' IREO IHARAN'NY LALANA ARA-KETRA MAHAKASIKA
NY HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY

SOKAJY I
FEHIM-POTOAM-PANDOAVANA

Andininy I-104- (andininy 06.01.15 amin'ny CGI) Ny fandoavan-ketra dia tanterahina manaraka ny fepetra momban'ny fanambarana isam-bolana.

Ny fanambarana isam-bolana dia tsy maintsy manebo amin'ny ankabobeny ny fitamabaran'ny asa voakasikin'ny hetra sy ny tsy voakasikin'ny hetra izay tanterahin'ny iharan'ny lalàna ara-ketra amin'ny fomba samy hafa.

SOKAJY II
FILAZANA NY FISIANA

Andininy I-105- (andininy 06.01.25 amin'ny CGI) Ny olon-tsotra na fikambanana iharan'ny haba amin'ny tataom-bidy dia tsy maintsy manao filazam-pisiana any amin'ny sampan-drahahaha miandraikitra ny hetra mahefa ao anatin'ny 10 andro manaraka ny fiatombohan'ny asa iharan'ny hetra; ny fanovan-kasa, famindrana, fitsaharana, sy fanovana asa dia tsy maintsy manao filazana ao anatin'io fehim-potoana io.

TOKO XII
ANDRAIKITRA MIKASICA NY HETRA TANY

Andininy I-106- (andininy 10.01.08 amin'ny CGI) Tsy maintsy mandefa filazana isan-taona antoratra, na mandeha aterinetra, any amin'ny kaominina misy ny fananana mifaka, alohan'ny faha 15 oktobra, na ny tompon'ny tany, na izay tena mampiasa azy, ka ahitana ireto, farafaharatsiny :

- 1° Ny toerana misy ny na ireo tany ;
- 2° Ny haben'ny tany isan'ny karazam-boly, na fampiasana hafa ;
- 3° Ny anarana sy fanampinanaran'ny mpanofa miaraka amin'ny hofany.

Na izany aza, azo soloina filazana am-bava tsotra ireo filazana voalaza etsy aloha, any amin'ny kaominina ambanivohitra. Filazana izay ho raikezin'ny Ben'ny tanana, na ny solotenany anatina rejisitra roa mitovy natokana ho amin'izany.

Tsy maintsy manao filazana fanitsiana alohan'ny fiandohan'ny taona handoavana hetra ny tompon'ny tany raha misy fiovana eo amin'ireo fepetra mikasika ny fanofana ny tany ao anelanelan'ny faha 15 oktobra sy ny 1 january na taona handoavana ny hetra.

TOKO XIII

ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY HETRA TRANO

Andininy I-107- (andininy 10.02.11 amin'ny CGI) Tsy maintsy mandefa filazana isan-taona an-tsoratra, na mandeha aterineto, any amin'ny kaominina misy ny fananana mifaka, alohan'ny faha 15 oktobra, ny tompontrano , ka ahitana ireto, farafaharatsiny :

1°Ny anarana sy ny fanampinanaran'ny mpanofatrano, ny isa sy haben'ny efitra mihofa tsy misy fanaka, ny isa sy haben'ny efitra mihofa miaraka amin'ny fanaka, ary ny sandan'ny hofatrano ;

2°Ny isa sy haben'nyefitra onenan'ny mpanao filazana ;

3°Ny Ny anarana sy ny fanampinanaran'ireo olona tsy mandoa hofatrano, miaraka amin'ny isa sy haben'ny efitra tazoniny ;

4°Ny isa sy haben'ny efitra tsy misy olona.

Na izany aza, azo soloina filazana am-bava tsota ireo filazana voatanisa etsy aloha, any amin'ny tanana ivelan'ny renivohitrin'ny kaominina. Filazana izay ho raiketin'ny Ben'ny tanana, na ny solotenany, anatinza rejisitra roa mitovy natokana ho amin'izany

Tsy maintsy manao filazana fanitsiana, alohan'ny taona handoavana hetra ny tompontrano, raha misy fiovana amin'ireo fepetra mikasika ny fanofana trano, ao anelanelan'ny faha 15 oktobra sy ny 1january n'ny taona handoavana hetra.

Andininy I-108- (andininy 10.02.12 amin'ny CGI) Tsy maintsy ampanarahina taratasy fanamarinana avy amin'ny lalana, izay rehetra sorapanekena entina ao amin'ny sampandrahahara miandraikitra ny famerana ny hetra, raha mikasika famindrana fananana.

TOKO XIV

ANDRAIKITRA MIKASIIKA HABA ALOA AMIN'NY FIAROVANA NY ISAM-BATAN'OLONA

Andininy I-109- (andininy 10.03.04 amin'ny CGI) Tsy maintsy mandefa filazana an-tsoratra, alohan'ny faha 15 janoary, isan-taona, any amin'ny biraon'ny kaominina na fokotany misy ny toeraponenany, na ny foibetoerany ny olona rehetra mandoa ny haba amin'ny fiarovana ny isam-batan'olona. Filazana izay ahitana ireto manaraka ireto fara faha keliny :

- Ny anarana sy fanampinanaran'ny tompona alika, na biby masiaka hafa ompiana, na manana manana fiadiana mandratra ;
- Filazalazana fohy mikasika ireo alika na biby masiaka ompiana, na ihany koa, ireo fiadiana mandratra miaraka amin'ny isany isaky ny karazany avy.

Na izany aza, azo atao ny manao filazana am-bava, ho solon'ny an-tsoratra, any amin'ireo kaominina ambanivohitra. Filazana izay ho raiketina ao anaty rejisitra misokatra ao amin'ny fokontany.

TOKO XV

ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY HABA ALOA AMIN'NY FIORENAPONENANA HO FAMPANDROSOANA.

**SOKAJY I
FILAZANA**

Andininy I-110- (andininy 10.04.05 amin'ny CGI) Tsy maintsy mandefa filazana an-tsoratra isantaona, any amin'ny biraon'ny kaominina na fokotany, alohan'ny faha 15 jona, ireo olona mandoa haba amin'ny fiorenaponenana ho fampandrosoana. Filazana ahitana, fara-fahakeliny, ireto manaraka ireto :

- Ny anarana sy ny fanampiny ;
- Ny daty nahaterahana ;
- Manambady na mpitovo ;
- Anarana sy fanampinanaran'ny vady ;
- Ny fonenana ;
- Ny asa.

Tsy maintsy aloa avy hatrany, miaraka amin'ny fametrahana filazana, ny fitambaran'ny haba sahaza. Tsy maintsy soratana ao anaty karinempokotany na ao anaty boky fanarahamaso ny fandoavan'ny mpandoa hetra ny hestrany ka anomezana azy dika mitovy, ny vola naloany ho haba amin'ny fiorenaponenana ho fampandrosoana, mba ho singantaratasy fanamarinana.

Raha tany amin'ny kaominina no naloa ilay haba, dia anjarany ny mampandre ny fokotany amin'alalan'ny fandefasana ny lisitr'ireo rehetra nahaloa tao amin'ny fokotany.

Azo soloina filazana am-bava, tahirizina anaty rejisitra ao amin'ny fokotany ilay filazana an-tsoratra, any amin'ny kaominina ambanivohitra.

Rijanteny momba ny didy amam-pitsipika no mety hameno ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo.

SOKAJY II FANDOAVAM-BOLA

Andininy I-111- (andininy 10.04.07 amin'ny CGI) Misy ny haba rehefa namoaka baikofaoriam-bola ny mpanalalanan'ny kaominina misy ny fonenan'ny mpandoa hetra. Ny mpitantana ny famoriambolan'ny kaominina no miandraikitra ny fanangonana ny haba.

Tsy maintsy manome tapakila mirasanda amin'ny vola naloa voaray ny mpiasa mpamory hetra, mba ho singantaratasy fanamarinana ho an'ny mpandoa hetra.

TOKO XVI ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HABA ALOA AMIN'NY FIVAHINIANANA.

SOKAJY I FILAZANA

Andininy I-112- (andininy 10.05.04 amin'ny CGI) Tsy maintsy manao filazana fisiana any amin'ny biraon'ny kaominina misy azy, ao anatin'ny 30 andro aorianan'ny nisokafany, izay olona rehetra mitantana tranombahiny, efitra fandraisana vahiny, na trano hafa ahafahana mivahiny mandoa vola.

Tsy maintsy soratan'ny mpitantana ny toerana fivahiniana eo ambanin'ny faktiora nataony ny sandan'ny haba momba ny fivahinianana nalainy ary tsy maintsy aseho mibaribary ao anaty tahirinkevitra na rejisitra ara-kaontin'ny toby fivahiniana ihany koa.

Tsy maintsy mandefa filazana famintinana ireo taratasy filazalazananofenoin'ireo vahiny any amin'ny biraon'ny kaominina misy ny toerana fiasana, alohan'ny faha10 n'ny volana, sady mandrotsaka manontolo ny haba amin'ny fivahinianana voarainy, tao amin'ny orinasany, nandritra ny volana teo aloha, ny mpandoa hetra.

SOKAJY II FANDOAVAM-BOLA

Andininy I-113- (andininy 10.05.06 amin'ny CGI) Misy ny haba rehefa namoaka baikofamoriam-bola ny mpanalalanan'ny kaominina misy ny toerapiasana, miainga avy amin'ny filazana famintinana ireo filazalazana nambara tao amin'ny andininy teo aloha.

Ny mpitantana ny famoriambolan'ny kaominina misy ny toerapiasana no miandraikitra ny fanangonana ny hetra raha fidirambola madio, fa ny lehiben'ny boriborintany, na ny mpitana kaontin'ny tahirimbolam-panjakana mahefa araparitra kosa, no manao izany, raha fidirambola mifangaro.

Izay fandrotsahambola rehetra natao tao amin'ny trano fivahinianana, dia tsy maintsy anomezan'ilay mpiasa miandraikitra ny famoriana izany, tapakila mirasanda amin'ny hetra naloa mba ho singantaratasy fanamarinana ho an'ny mpandoa hetra.

Tsy maintsy ampiaranan'ny mpiasa miandraikitra ny famorian-ketra alohan'ny faha dimy ambinifolo ny volana manaraka ny filazana amin'ny antsipirihany ireo fandrotsaham-bola voarainy isam-bolana, ny dika mitovy ny filazana famintinana ireo baikopamoriam-bola alefany any amin'ny biraon'ny faritra, ho an'ny ampahany ananany fisitrahana.

TOKO XVII

HABA ISAN-TAONA ALOA AMIN'NY MILINA FIOKANA MANDEHA HO AZY.

Andininy I-114- (andininy 10.07.01 amin'ny CGI) Ny mpitantana ny famoriambola ao amin'ny Kaominina amin'ny faripiadihana ampiasanailay milina no miandraikitra ny famoriana ny haba.

Tsy maintsy anomezan'ilay mpamory hetra tapakila mirasanda izay rehetra fandrotsaham-bola natao, mba ho singan-taratasy fanamarinana, ho an'ny mpandoa hetra.

Azo takiana mialoha ny haba isan-taona, amin'ny fotoana anaovana ny filazana hampiasana ny milina.

Na manao ahoana na manao ahoana ny faharetan'ny fampiasana, sanda feno no takiana ho an'ireo fitaovana manomboka miasa ny enimbolana voalohany ary antsasany, kosa, ho an'ireo amin'ny enimbolana faharoa.

Ho an'ireo taona manaraka, dia sanda feno hatrany, izay tsy maintsy voaloa alohan'ny faha 31 january n'ny taona fandoavana ny haba.

TOKO XVIII

HABA AMIN'NY RANO MINERALY

Andininy I-115- (andininy 10.08.05 amin'ny CGI) Tsy maintsy manao filazana, isan-telovolana, ny isan'ny litatra, na ampahana litatra na rano mineraly, ny isan'ny latabatra fisakafoana isan'andro, isakin'ny mpanjifa, any amin'ny kaominina misy ny toerana iasana alohan'ny fifaranan'ny volana manaraka ireo telovolana, ka tsy maintsy androtsahany manontolo ihany koa, ny haba amin'ny rano mineraly voaray tao amin'ny orinasa nandritra ny telovolana nodiavina.

Andininy I-116- (andininy 10.08.06 amin'ny CGI) Tsy maintsy soratan'ny tompon'ny orinasa eo ambanin'ny faktiora ataony ny sandan'ny haba izay izy ihany koa no mandray azy, izay tsy maintsy asehony mibaribary, ihany koa, ao anatin'ireo tahirinkevitra sy fitanana kaontin'ny orinasa.

Andininy I-117- (andininy 10.08.08 amin'ny CGI) Ny mpitantana ny famoriambolan'ny kaominina no miandraikitra ny fandraisana ny haba.

Tsy maintsy anomezan'ny mpamory haba, tapakila mirasanda amin'ny haba naloa, izay rehetra fandrotsaham-bola, mba ho singantaratasy fanamarinana ho an'ny mpandoa hetra.

TOKO XIX
IREO ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY HABA MOMBA NY DOKAMBAROTRA

SOKAJY I
DOKAMBAROTRA AMIN'NY ALALAN'NY PETADRINDRINA, NY TAKELAKA
FILAZAMBAROTRA, NY FAMANTARANA MIREHIJIRO NA AMINA INDRAMBITY AZO
AFINDRA.

Andininy I-118- (andininy 10.09.05 amin'ny CGI) Aloa alohan'ny fametahana ny petadrindrina ny haba voalaza ao amin'ny 1 sy 2n'ny andininy teo aloha. Asian'ny mpamory hetra ao amin'ny kaominina misy ny orinasa, marika fanamarinana voasonia, misy daty ary ahitana ny sorabola naloa voasoratra, ho fanamarinana ny nandoavana ny haba amin'ny dokambarotra.

Ho an'ny petadrindrina, takelaka filazambarotra voalaza ao amin'ny paragirafy 3 sy 4 n'ny andininy teo aloha, aloa alohan'ny fametrahana azy na ny fanovana ny filazana nataon'ny mpisitraka ny dokambarotra na ny tompon'ny orinasa mpanao dokambarotra napetraka ao amin'ny kaominina misy ny toerana neverina hanaovana ny dokambarotra.

Io fomba fandoavana vola io no atao mikasika ny petadrindrina amin'ny paragirafy 2n'ny andininy teo aloha rehefa tsy mety ny fanisiana marika fanamarinana.

Tsy maintsy manome tapakila mirasanda amin'ny vola narotsaka ny mpiasa miandraikitra ny famoriana, ho singantaratasy fanamarinana ho an,'ny mpandoa hetra.

SOKAJY II
DOKAMBAROTRA AMIN'NY HAINOAMANJERY.

Andininy I-119- (andininy 10.09.10 amin'ny CGI) Tsy maintsy mandrotsaka manontolo isam-bolana eny amin'ny mpitana kaontin'ny tahirimbolam-paritra mahefa, alohan'ny faha 15 n'ny volana aorian'ny volana namoriana, ny haba sahaza, ny filazana mamintina ny sandan'ny haba voaray, ireo filazana na hafatra navoaka ampahibemaso miaraka amin'ireo datiny avy nandritra ny iray volana , ny mpandoa hetra. Ampanarahana amin'izany, tovana misy ny anarana, ny fonenana mazava, ny NIF na ny laharan'ny karapanondrom-pirenен'ireo mampahafantatra sy ny fitambaran'ny sorabola naloa isaky ny mpampahafantatra.

Tsy maintsy manome tapakila mirasanda amin'ny vola narotsaka ny mpiasa miandraikitra ny famoriana.

Rijanteny momba ny didy amam-pitsipika no mety hamaritra (hameno) ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo.

TOKO XX
ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY HABA AMIN'NY LANONANA, NY FAMPISEHOANA SY
FIHETSIKETSEHANA SAMIHAFA.

Andininy I-120- (andininy 10.11.07 amin'ny CGI) Tsy maintsy milaza, farafahakeliny, 24ora alohan'ny fanombohana, any amin'ny biraon'ny vondrombahoaka voakasika, ireo mpandamina na mpikarakara fampisehoana, loteria na tombola na seho hafa. Tsy maintsy mandoa mialoha ny 5% n'ny fitambaran'ny vidin'ireo tapakila amidy, ihany koa, rizareo.

Miankina amin'ny karazan'ny lanonana, na fampisehoana, ny andoavana ny vola, na ny andron'ny faharaisana ny fidirambola, na isan-kerinandro, na isam-bolana.

Tsy maintsy manana karaketra izay olona rehetra mikarakara seho mitarika olona, na ao anatina, na any ivelana tsenabe na fihetsiketsehana hafa.

Rijanteny momba ny didy amam-pitsipika no mety hamaritra (hameno) ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo.

Andininy I-121- (andininy 10.11.08 amin'ny CGI) Ny mpitantana ny famoriana ny hetra ao amin'ny kaominina no miandraikitra ny fandraisana ny haba.

Ny fandrotsahana vola rehetra dia tsy maintsy anomezan'ny mpiasa mpamory hetra, tapakila mirasanda amin'ny haba naloa, ho singantaratasy fanamarinana ho an'ny mpandoa hetra.

TOKO XXI
HABA ALAINA AMIN'NY JOALAMBY, FAMPITANA, TENDROMPAMPITA NA
SALAZANA

Andininy I-122- (andininy 10.12.04 amin'ny CGI) Izay rehetra olona manana joalamby, na fitaovana mifanaraka amin'ny voafaritry ny fepetra ao anatin'ny andininy 10.12.02, na dia anatina saha na fananana manokana aza, dia tsy maintsy manao filazana isan-taona, manambara ny isa, ny toerana, ny toetra mampiavaka azy ary ny daty nametrahana ireo fitaovana, ary tsy maintsy milazalaza ihany koa ny mombamomba ireo hetra aloany sy ny an'ireo mpanjifany ao amin'ny kaominina misy ny fitaovana, alohan'ny faha 15 oktobra. Ary mandoa manontolo ny haba takiana.

Andininy I-123- (andininy 10.12.06 amin'ny CGI) Misy ny hetra aorian'ny namoahan'ny mpanalalana mpandamina ny fidiram-bolan'ny kaominina ipetrahan'ireo fitaovana, sorapanekena hetra niainga tamin'ny filazana voasoritra ao amin'ny andininy 10.12.04 eo ambony.

Ny lehiben'ny boriborintany mpanapaka na ny mpitana kaontin'ny tahirimbolam-paritra mahefa ao amin'ny toerana misy ny fitaovana no miandraikitra ny famoriana ny haba.

Tsy maintsy anomezan'ny mpiasa mpamory hetra tapakila mirasanda amin'ny haba naloa ny fandrotsaham-bola rehetra natao, mba ho singantaratasy fanamarinana ho an'ny mpandoa hetra.

Ny dika mitovy amin'ny filazana mamintina ireo baikom-pamoriam-bola miaraka amin'ny filazana amin'ny antsipirihany ireo fandrotsaham-bola isam-bolana voaray dia tsy maintsy alefan'ny mpiasa miandraikitra ny famorian-kaba, alohan'ny faha 15 n'ny volana manaraka, any amin'ny biraon'ny faritra.

LOHATENY II : ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (D.A)

LOHATENY II: ANDRAIKITRA AMIN'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA	39
TOKO I: FAHAZOAN-DALANA MIOTY NA MANAMBOATRA, FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY FANAFARANA ENTANA	39
TOKO II: NY TOERAM-PAMOKARANA, NY FITAOVAM-PIOTAZANA SY NY FAMOKARANA	40
SOKAJY I: FANDRINDRANA NY TOERAM-PAMOKARANA	40
SOKAJY II: FANDRINDRANA NY TOERANA SY NY FAMPIASANA NY FITAOVANA	41
TOKO III: FEPETRA MANOKANA MIFEHY NY LALAMBIKA	41
SOKAJY I: FANAMBARANA NY ASA MPANAMBOATRA NA MPIVAROTRA LALAMBIKA	41
SOKAJY II: REJISITRY NY LALAMBIKA	42
SOKAJY III: FANAMBARAM-PANAMBOARANA NA FANANANA LALAMBIKA	42
SOKAJY IV: FIVEZIVEZENA	42
SOKAJY V: FAMETRAHANA TOMBOKASE, FANESORANA TOMBOKASE, FANDRAVANAIREO FITAOVANA	43
SOKAJY VI: FANDRAVANA IREO LALAMBIKA	43
TOKO IV: NY ASA AMIN' NY TOERA-PANAMBOARANA SY NY TOERAM-PAMOKARANA	44
TOKO V : NY AMIN'NY TRANO FITOBIAM-BOKATRA IVELAN'NY ORINASA SY NY TRANO FITEHIRIZAM- BOKATRA SAHANIN'NY SAMPANDRAHARAHAN'I HETRA	45
SOKAJY I: FANAMARITANA	45
SOKAJY II: FINTANTANANA	45
SOKAJY III: FEPETRA FANOKAFANA TRANO FITOBIAM-BOKATRA IVELAN'NY ORINASA NA TRANO FITEHIRIZANA	46
SOKAJY IV: FAHAFANTARANA NY VOKATRA EO AM-PAHATONGAVANA	46
SOKAJY V : NY FIHETSEHAN' NY VOKATRA-FIKIRAKIRANA SAMIHAFA	46
SOKAJY VI: NY FANISANA NY VOKATRA	46
TOKO VI : FITSIPIKA MIFEHY NY FANOVAUTOETRAN'NY VOKATRA IHARAN' NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANJIFAINA	47
SOKAJY I: FEPETRA ANKAPOBENY	47
SOKAJY II: ANDRAIKITRIN'NY MPANAO FANOVAUTOETRA	48
SOKAJY III: FANOMEZAN-DALANA HO FAMPIASANA VOKATRA NOVANTOETRA	48
TOKO VII: FEPETRA MIFEHY NY FIVEZIVEZEN'NY VOKATRA IHARAN' NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN' NY FANDANIANA	48
SOKAJY I: FEPETRA ANKAPOBE	49
SOKAJY II: ANTONTAN-TARATASY ILAINA	51
TOKO VIII: NY ANDRAIKITRA SAMIHAFA NY MPANDOA HETRA	55
SOKAJY I: FOMBA FITANANA NY REJISITRA	55
SOKAJY II:FAMETRAHANA FANAMBARANA FANJIFANA NY VOKATRAFANDOAVANA NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN' NY FANDANIANA	56
SOKAJY III: FITSIRIHANA SY FANARAHAMA SO	56
SOKAJY IV: FANOHZANA NY ASA MANARAKA NY FIZARAN-TAONA	56

SOKAJY V: FITSAHARANA AMIN'NY ASA	56
TOKO IX: FAMETRAHANA MARIKA ARA-KETRA SY SORITRA MITOETRA HO AN'NY VOKATRA NAFARANA SY VITA ETO AN-TOERANA	57
SOKAJY I: FOTO-KEVITRA	57
SOKAJY II: SEHATRA FAMPIHARANA	57

LOHATENY II
ANDRAIKITRA AMIN'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA
TOKO I
FAHAZOAN-DALANA MIOTY NA MANAMBOATRA, FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA
SY FANAFARANA ENTANA

Andininy II-01.- (Andininy 03.01.06) Tsy misy afaka mioty na manamboatra, mividy eto an-toerana na manafatra paraky sy alikaola, raha tsy nanao fanambarana eny amin'ny Ivon-ketran mahefa araparitra ary raha tsy nahazo alalana mialoha avy amin'ny Tale jeneralin'ny hetra, izay afaka mamindra ny fahefany. Kanefa, ny fividianana eto an-toerana ny paraky nahodin'ny orinasa eny amin'ireo mpanamboatra na mpivaratra dia tsy mila fahazoan-dalana.

Ny fahazoan-dalana mioty sy manamboatra dia mamaritra ny karazan'asa, ireo andro sy ora fiasan'ny orinasa.

Ireto ihany no afaka misitraka fahazoan-dalan manafatra :

- alikaola sy vokatra misy alikaola, ireo mpampiditra an-tavoahangy na mpanamboatra nahazo fankatoavana;
- alikaola ambony taha voafehin'ny lazam-bidin'ny fadi-tseranana 2207.10.00, ireo mpanamboatra ranon-javatra sy ranon-javatra mitapoka alikaola entina miady amin'ny otrik'aretina sy ireo fikambanana manokana mivaratra azy ireo tsy manao fanodinana intsony na mampiasa azy ireo ara indostria ka voafetra ho 20 000 litatra isan-taona.

Kanefa, amin'ny toe-javatra miavaka araky ny fanapahan-kevity ny governemanta, dia azo omena fahazoan-dalana manokana tsy azo havaozina ireo fikambanana manokana tsy miasa amin'ny sehatry ny fanamboarana na fanodinana ireo vokatra avy amin'ny alikaola.

- vokatra avy amin'ny alikaola, ireo mpivaratra manana fahazoan-dalana sokajy voalohany.
- paraky, ireo mpanamboatra nahazo fankatoavana. Kanefa, ny saran-panafarana ireo sigaran'izy ireo dia voafetra ho 5% an'ny lanjam-bidin'ny vokatra eto an-toerana nandritran'ny taom-piasana teo aloha.

Andininy II-02.- (Andininy 03. 01. 07) Ho an'ny vokatra atao ho fihinana, azo atao ny mamokatra ampahambokatra ho fanandramana izay alefa mialoha ho titian' ny laboratoara manana ny fahaiza manao amin'izany.

Ny fanomezan-dalana dia araky ny valin' ny fitiliana mahafa-po ny ampahambokatra natao fanandramana izay nalain' ny Sampandraharahan' ny hetra.

Andininy II-03.- (Andininy 03. 01.08) Ny fahazoan-dalana mividy eto an-toerana sy manafatr'entana voalaza ao amin' ny andininy II-01 etsy ambony dia omena amin'ny ankabobeny. Omena isan-taona, an'ny tena manokana sy tsy azo varotana, havaozina isan-taona mialohan'ireo fangatahana fahazoan-dalana raikitra izy ireo.

Isaky ny asam-barotra na fanafarana alikaola, vokatra azo amin'ny alikaola, sy paraky mbola tsy voaodina, ary isaky ny fanafarana paraky voaodina, ny fahazoan-dalana raikitra dia milaza isaky ny tranga misy, ny marik'ireo vokatra sy ny habetsahan'ny entana ho vidiana na afarana araka ny venty ampiasaina, sy ny biraon'ny fadin-tseranana izay hanaovana ireo asa famoahan'entana raha fanafarana entana no atao.

Ny fahazoan-dalana mioty na manamboatra dia manan-kery mandritran'ny fitrandrahana.

Amin'ny fotoana rehetra dia azo atao ny mampiato ny fahazoan-dalana amin'ny alalan'ny fanapahan-kevity ny manam-pahefana mahefa voalazan'ny ireo andininy II-01 sy II-05 nohon'ny tsy fandoavana

ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana na nohon'ny fandikana tafahotra ireo didy amantsipika manan-kery.

Na inona na inona antony, ny fanakatonana toeram-piasana ao anatin'ny fe-potoana voafetra araky ny fanapahan-kevitry ny fanjakana dia tsy manakana ny fandoavan'ny tompon'ny fanomezan-dalana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana azo takiana mandritran'ny fanantanterahany ny asany.

Kanefa, foana ny fanomezan-dalana raha misy tranga tsy fampiasana izany mandritran'ny fe-potoana iray taona, raha tsy hoe misy fanitarana, fanamboarana goavana na trangan-javatra tsy azo anoharana izay ampahafantarina amin'ny sampan-draharahan'ny hetra.

Ny fisintonana ny fahazoan-dalana manamboatra dia tsy mitarika fanenana na famerenana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana.

Andinin II-04 (Andinin 03. 01.09) Ny famindrana tempo ny fahazoan-dalana na ny famindrana ny toeram-pamokarana ho any amin' ny toeran-kafa dia eo ambanin' ny fanapahan' ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra ny fahefany amin' ny Tale misahana an'ireo fepetra ara-ketra manokana.

Andinin II-05 (Andinin 03. 01. 10) Ny olontsotra na ny fikambanana mikasa hanamboatra na hioty ny vokatra fehezin' izao fepetra izao dia tsy maintsy mandefa fangatahana milaza amin' ny Tale misahana an'ireo fepetra ara-ketra manokana:

- 1° Ny toeram-panamboarana na fiotazana sy ireo trano izay tsy maintsy ampiasaina amin' izany.
- 2° Ny fomba famokarana sy fiotazana izay hampiasaina ary ny fatra mety ho azon' ny mpanamboatra na ny mpioty isan' andro, isambolana, na isaky ny taom-pamokarana ;
- 3° Ny fepetra fanamboarana sy ny fiotazana mikasika ny andro sy ny ora iasana ;
- 4° Ny famaritana ny fitaovana ampiasaina.
- 5° Raha toa ka sosaiety na koperativa, ny anarana sy adiresin' ny mpitantanana na ny olona notendrena iandraikitra.

Isaky ny fangatahina dia tsy maintsy ampiarahina atao dika roa mitovy:

1° Ny sary manondro ny ao anatin'ny toeram-panamboarana na ireo faritra izay mamaritra ny toeram-pamokarana miaraka amin' ny fanondrona ireo momba azy rehetra

2° Raha toa ka sosaiety na kaoperativa, ny fanamarinan'ny fiforonany ara-dalana, ny sata, ny anarana, ny fanampin' anarana, ny adiresin' ny mpitantana ny sosiety na ireo mpikambana ao amin'ilay kaoperativa, ny dika iray mitovy ny fahefana nomena ny mpitantana ny sosiety na ireo olona notendrena

3° Raha toa ka ilaina, ny sary amin' ny antsipirihiny ny trano natokana iasana sy ipetrahan' ny mpiasa mpanara-maso ao amin' ny sampandrahaharan' ny hetra

TOKO II

NY TOERAM-PAMOKARANA, NY FITAOVAM-PIOTAZANA SY NY FAMOKARANA

SOKAJY I

FANDRINDRANA NY TOERAM-PAMOKARANA

Andinin II-06 (Andinin 03.01.13) Ny trano natokana ho an'ny fiotazana na ny fanamboarana ary koa ny trano fitahirizana miankina amin' ireo dia tsy maintsy mihiby tanteraka sy mikambana ao anaty fefy iray arakan' ny nameran' ny Talemparity ny hetra azy na ny solotenany mba ahamora ny fanarahamaso ataon'ireo mpiasan'ny hetra.

Voarara ary tsy maintsy foanana ny fifandraisana ao anatin' ireo toeram-piasana amin' ireo trano manodidina na ampiasaina na tsia ampiasain' ny mpanamboatra na ny mpamokatra na ny mpiasany.

Ny fanovana atao amin' ny firafitrin' ny toeram-pamokarana dia tsy maintsy anaovana filazana arahina sary vaovao ary hazoana ny fankatoavan' ny Talem-parity ny hetra, tsy miankina amin' ny fepetra hafa anaty fitsipiky nialana manankery.

Andininy II-07 (Andininy 03.01.14) Raha ilaina ny fanarahamaso maharity ny mpiasany' ny hetra iray na maro ny halehiben' ny famokarana na ny fanamboarana, dia takiana amin' ny mpamokatra na ny mpanamboatra ny fiantohana fanomezana, ao anatin'ny toeram-pamokarana na fitrandrahana, na ivelan'ireo fa faran'izay akaiky ny fidirana amin'ny toeram-pamokarana na fitrandrahana, trano fonenana misy efitra efatra farafahakeliny (efitra fandraisam- bahiny iray, efitrano roa, birao iray) miaraka amin' ny fanampiny (efitra fidiovana, lakozia, fanasana lamba, lava-piringa) izay hatao trano fonenana sy biraon' ny lehiben' ny fanarahamason' ny orinasa.

Ireo trano fonenana dia tsy maintsy hankatoavin' ny Talem-parity ny hetra ary voakarakara tsaran' ny mpanamboatra na ny mpamokatra.

Raha ohatra misy mpiasany' ny hetra hafa voatendry hanara-maso ny orinasa, ny mpanamboatra na ny mpamokatra dia tsy maintsy manome trano fonenana misy efitra telo farafahakeliny miaraka amin' ny fanampiny koa (trano fidiovana, lakozia, fanasan-damba, lava piringa).

Ho an'ireo asa fanaraha-maso ivelan'ny ora fiasana ara-dalàna, dia misy tambi-karama homen'ny orinasa ny mpanaramaso ary ny antsipirhan'ireo dia voafaritry ny fanapahan'ny Tale jeneralin'ny hetra.

SOKAJY II

FANDRINDRANA NY TOERANA SY NY FAMPIASANA NY FITAOVANA

Andininy II-08 (Andininy 03.01.15) Ny fitaovana natokana ho an' ny fiotazana na ny fanamboarana dia mahazo laharana miaraka amin' ny filazana ny fatrany amin' ny litatra raha misy, alohan' ny ampiasana azy.

Ny laharana sy ny marika filazana ny fatrany dia tsy maintsy voasoratra amin' ny loko, farafaharatsiny dimy santimetatra ny haavony, ary ny vola lany momba izany dia andraikitry ny mpanamboatra na ny mpioty.

Ny fatran'ny vilany be, lalambika, ny sinibe, ny fantsona, ny koveta ary ny fitaovana fanatatazana hafa dia amarinin' ny mpiasany' ny hetra amin' ny alalan' ny fitsapam-patra ara-drefy ary raha ilaina, amin' ny alalan' ny famindram-patra.

Eo amin' ny fanatanterehana amin' ny alalan'ny famindram-patra, ny mpiasany' ny hetra dia manao izany eo anatrehan' ny mpanamboatra na ny mpioty amin' ny fitsinjaram-patra miaraka amin' ny filazana ny hadirin' ny fanatatazana.

Ny fitaovam-pandrefesana na ny fandanjana izay efa voamarin' ny sampan-draharaha misahana ny fandrefesana dia tsy voakasik' io fepetra voalaza io.

Aorian' ireo fanamarinana ireo dia tsy maintsy misy fitanana an-tsoratra atao mirakitra ny filazalazana sy ny tsiahylaina rehetra ary voasonian'ny andaniny roa miaraka.

Andininy II-09 (Andininy 03.01.16) Tsy misy fanovana azo atao amin' ny fitaovana voarindra raha tsy misy ny filazana vaovao an-tsoratra ho an' ny mpiasany' ny hetra eo amin' ny faritra misy.

Io filazana io dia mirakitra ny fanekena ny tsy hampiasana ny fitaovana fanatatazana raha tsy aorian' ny fanamarinana ny fatran' izy ireo.

Andininy II-10 (Andininy 03.01.17) Hoan' ny fandanjana ny vokatra fototra sy ny vokatra vita ary ny fatran' ireo farany, ny mpioty na ny mpanamboatra dia tsy maintsy mamatsy ny fitaovana sy ny mpiasa ilaina amin' ny fanamarinana sy ny fanisana izay hitan' ny mpiasan'ny hetra fa tokony hatao.

TOKO III FEPETRA MANOKANA MIFEHY NY LALAMBIKA

SOKAJY I FANAMBARANA NY ASA MPANAMBOATRA NA MPIVAROTRA LALAMBIKA

Andininy II-11 (Andininy 03.01.18) Ireo mpanamboatra na mpivarotra fitaovana na ampaham-pitaovana ilaina amin' ny fanasitilina, amin' ny fanamboarana sy ny fampitana ny alikaola na ireo vokatra misy alikaola dia tsy maintsy manao filazana momba ny asa atao mialohan' ny fanombohana ny fanamboarana na ny fivarotana, manao fanambarana momban' ny asany amin' ny mpiasan' ny hetra eo amin' ny faritra misy azy ary milaza ny isa, karazana ary ny fatran' ireo fitaovana na ampaham-pitaovana izay ananany.

SOKAJY II REJISITRY NY LALAMBIKA

Andininy II-12 (Andininy 03.01.19) Ny mpamokatra na ny mpivarotra ny lalambika dia tsy maintsy mitana «rejisitry ny lalambika» izay handraisana an-tsoratra indrindra ny fotoana nanamboarana sy ny nandraisana azy ireo nifanesy, ny fanoloram-bokatra ary koa ny filazana voarakitra ao amin' ny fanomezan-dalana mivezivezy amin' ireo fitaovana ireo.

Ireo fanoratana ireo dia atao arakaraka ny fahavitana na fanaterana ny fitaovana na ny ampanan' ny fitaovana. Ny fitaovana rehetra na ny ampanan' ny fitaovana vaovao efa nampiasaina na eo ampanamboaranadia tokony ho hita eo amin'io kaonty io.

SOKAJY III FANAMBARAM-PANAMBOARANA NA FITAZONANA LALAMBIKA

Andininy II-13 (Andininy 03.01.20) Ny olon-tsotra izay manamboatra ny lalambika natokana ho ampiasainy manokana dia tsy maintsy manao filazana mialoha amin' ny mpiasan' ny hetra eo antoerana mikasika ny fanamboarana kasainy atao.

Rehefa vita ny fitaovana dia tsy maintsy manao filazam-pitazonana izy izay ho raisin' ny mpiasan' ny hetra ao amin' ny «rejisitra filazana ny lalambika».

Andininy II-14 (Andininy 03.01.21) Na iza na iza raha vao mihazona lalambika dia tsy maintsy manao filazana manambara ny isany, ny toetra sy ny fatran' ireo fitaovana na ampaham-pitaovana ireo izay ho raisin' ny mpiasan' ny hetra eo antoerana ao anatin' ny rejisitry ny filazana lalambika.

Andininy II-15 (Andininy 03.01.22) Ny filazana voalazan' ny andininy eo ambony dia tsy maintsy mahakasika ny fitaovana na ny ampahampitaovana fanasitiliana rehetra na toy inona na toy inona karazany na fatrany.

Ny lalambika fanandramana ihany no tsy voakasik' io fitsipika io.

Heverina ho toy ny lalambika fanandramana ireo fitaovana ampiasaina amin' ny famatrarana mitsitapitapy, tsy misy fitaovana fanitsiana na fampihenana izay tsy manome ny fatran' ny vilanibe mihoatran' ny iray litatra.

Andininy II-16 (Andininy 03.01.23) Ny filazana rehetra izay natao ao amin' ny « rejisitry ny filazana lalambika » dia hanaovan' ny mpiasan' ny hetra dika iray izay tsoahina amin' io rejisitra io ary alefa tsy misy atakandro amin' ny Talem-parity ny hetra izay mitana ny fitadidiana ankabopen'ny lalambika iray tazomina ao amin' ny Faritra.

SOKAJY IV FIVEZIVEZENA

Article II-17 (Andininy 03.01.24) Ankoatran' ireo lalambika fanandramana voafaritra ao amin' ny andininy II-15 eo ambony, ny fitaovana na ny ampaham-pitaovana mety ampiasaina amin' ny fanamboarana ,amin' ny fanitsiana, na amin' ny fampitana an' ireo alikaola na vokatra misy alikaola dia tsy afaka mivezivezy amin' ny toerana rehetra ivelan' ny faritra voatokana, na inona na inona anton' ny famindran-toerana , afatsy amin' ny alalan' ny fahazoandalana mivezivezy izay nomen' ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana.

Io fahazoan-dalana io dia takian' ny sampandrahaharan' ny fanditseranana alohan' ny hakana ny fitaovana sy ampaham-pitaovana nafarana avy any ivelany.

Andininy II-18 (Andininy 03.01.25) Ankoatran' ny anarana sy adiresin' ny mpandefa sy ny handefasana, ny fahazaondalana mivezivezy dia tsy maintsy manambara ny isa,ny toetra, ny fatra na halehiben' ny fitaovana ary koa ireo filazalazana voafaritra ao amin'ny taratasy fahazoan-dalana mivezivezy.

Andininy II-19 (Andininy 03.01.26) Raha toa ka tsy manaraka ny fepetra voasoritra ao amin' ny fahazon-dalana mivezivezy ireo entana, dia mety hanaovana fitanana an-tsoratra hoan' ny handefasana.

SOKAJY V FAMETRAHANA TOMBOKASE, FANESORANA TOMBOKASE, FANAPOTEHANA IREO FITAOVANA

Andininy II-20 (Andininy 03.01.27) Ny fitaovana na ny ampaham-pitaovana fanasitiliana dia tsy maintsy hasian' ny mpiasan' ny hetra fitombokase mandritry ny fotoana tsy hampiasana azy ;

Azo tehirizina an-trano na hapetraka any amin' ny toerana nankatoavin' ny Fanjakana izy ireo.

Ny fitombo-kase dia tsy azo kitihina, raha tsy nohon' ny antony voalaza ny andininy II-21 eo ambany ; tsy ho entina raha tsy eo anatrehan' ny mpiasa sampandrahaharan' ny hetra.

Andininy II-21 (Andininy 03.01.28) Ny fangatahana fanesorana tombo-kase dia manambara ny antony izay iantsoana ny sampandrahahara hanatanteraka io asa io .Valo andro mialoha fara faharatsiny no anaovana izany any amin' ny mpiasan' ny hetra eo amin' ny faritra iadidiany, ary raisina ao amin' ny « rejisitry ny filazana fanaovana ny tombo-kase sy ny fanesorana ny tombo-kase ny lalambika » izany.

Raha toa ka tsy tonga manala ny tombo-kase ny mpiasan' ny hetra, efatra amby roapoloo ora aoriana ny fotoana nomen' ny mpanao filazana, ito farany afaka manampotika izany fa kosa mamerina ny fira-mainty sy ny potikin' ny tombo-kase any amin' ny mpiasan' ny hetra.

Andininy II-22 (Andininy 03.01.29) Ny filazana fametahana tombo-kase, fanesorana tombo-kase ary koa ireo filazana fanapotehana dia raisina ao amin' ny « rejisitry ny filazana fanaovana ny tombo-kase sy ny fanesorana ny tombo-kase ny lalambika ».

SOKAJY VI

FAANAPOTEHANA IREO LALAMBIKA

Andininy II-23 (Andininy 03.01.30) Tsy misy fanapotehana lalambika azo ato raha tsy nanaovana filazana an-tsortra mialoha, voasonian' ny mpitazona eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra miandraikitra ny fandraisana ao amin' ny "rejisity ny filazana fametahana tombo-kase, sy filazana fanesorana ny tombo-kase ny lalambika".

Andininy II-24 (Andininy 03.01.31) Ankoatran ny toe-javatra voalazan' ny andininy II-21 eo ambony, ny asa fametahana tombo-kase, ny fanesorana tombo-kase ary koa ny asa fanapotehina dia tsy azo atao raha tsy eo anatrehan' ny mpiasan'ny hetra izay manao fitanana an-tsortra mikasika izany.

Andininy II-25 (Andininy 03.01.32) Ny mpanamboatra, mpivarotra ary mpitazona lalambika dia tsy maintsy mampiseho ireo amin' ny mpiasan' ny hetra raha vao takiana aminy izany ary raha mbola eo am-pelatanany ny fitaovana dia voatery izy ireo tsy maintsy manaiky ny fanaraha-maso ataon' ireo mpiasan' ny hetra ireo ihany, araka ny fepetra mifehy ny mpanamboatra na mpioty ny vokatra eo ambanin' ny satan' izao sokajy izao.

Tsy maintsy manamora ny asa fanamarinana izy ireo ary izy ireo ihany na ny solotenany no tsy maintsy manao ny filazana ny habetsahana sy ny karazana ary koa ny fatra na ny halehiben' ny fitaovana, na ny ampanhan' ny fitaovana eo am-pelatanany.

Andininy II-26 (Andininy 03.01.33) Na izany aza dia afaka tsy manaraka ny fitsipikin' ny fametahana tombo-kase na ny fisafona amin' ny alina:

1° Ny mpitazona lalambika andrana.

2° Ireo toeram-pikarohana ara-tsiansa na ara-pampianarana ho an' ny fitaovana manokana ampasaina amin' ny fanandramana.

3° Ny mpivarotra fanafody.

4° Ny olona izay manamarina ny antony izay tsy maintsy ampasaina tsy tapaka fitaovana fanasitiliana. ho amin' ny asa voafaritra ary tsy mampiasa akora misy alikaola.

Ny fahazoana io fanafahana io dia tsy azo omena afa tsy ho an' ny mpitazona manana fahazoan-dalana amin' ny anarany manokana ary azo foanan' ny Talem-parity ny hetra.

TOKO IV

NY ASA AMIN' NY TOERA-PANAMBOARANA SY NY TOERAM-PAMOKARANA

Andininy II-27 (Andininy 03.01.34) Ny atao hoe asa dia ny fitambaran' ireo raharaha izay andraikitrty ny mpiasan' ny hetra ny manara-maso azy mba hiantohana sy hahitana ny fototr' ireo haba.

Toy izao avy ireo raharaha ireo :

-Fampidirana ireo akora fotora ao amin' ny toeram-pamokarana na toeram-panamboarana na amin' ireo toerana fanampiny.

-Ny fanamboarana, ny famokarana, ny fampitana indray, ny fanitsiana na ny fandrendrehana ;

-Ny fampidirana ao amin' ny toeram-pitobina ivelan' ny orinasa na trano fitehirizana ;

-Ny fikirakirana isan-karazany izay atao ao amin'ny toeram-panamboarana, toeram-pamokarana, ao amin' ny trano fanangonam-bokatra na fitehirizana ;

-Ny fanondranana sy ny fivezivezen' ny vokatra.

Andininy II-28 (Andininy 03.01.35) Ny fampidirana ao amin' ny toeram-panamboarana na ao amin' ny toeram-pamokarana na ao amin' ireo fanampiny an' ireo akora fototra natokana ho an' ny fanamboarana ireo vokatra voan' ny haba dia tsy maintsy voamarina.

Arakarakan' ny fidiran' ireo akora fototra no andraisan' ny mpanamboatra na mpioty an-tsoratra ny isany, ny lanjany na hadiriny, ny vidiny sy ny karazany, ao, amin' ny rejisitry ny fanamboarana ao amin'ny fanoratana ny akora fototra. lo fanoratana io dia anesoran' ny mpanamboatra na mpioty arakarakan' ny habetsahan'ny akora ampiasaina na aondrana tsy misy fanovana any ivelany, omban' ny taratsy fahazoan-dalana mivezivezy.

Andininy II-29 (Andininy 03.01.36) Ny mpiasan' ny hetra dia afaka miditra an-tsehatra mba hanamarina ny toetry ny ambin' ny akora fototra ary manao ny fifandanjan' ny fanoratana isaky ny heverany ilana izany.

Ny mihoatra avokan' ny fifandanjan' ny fanoratana dia anampiana ireo miditra . Ny tsy ampy kosa dia soratana any amin' ny mivoaka. Raha voamarin' ny mpanamboatra fa ny tsy ampy ao amin' ny akora fototra diaavy amin' ny fisian' ny fahaverezana, ny Talem-parity ny hetra dia manafaka azy ireo amin' ny haba izay mety hiatra aminy.

Ny fahaverezana tsy voamarina dia tonga dia iharan' ny hetraavy hatrany. Ny haba dia kajiana amin' ny alalan' ny vokatraavy amin' famokarana azo nandritrin' ny volana teo aloha na mandritrin' ny volana manarakan' ny fahitana fototra.

Andininy II-30 (Andininy 03.01.37) Ny fanamboarana na fiotazana sy ny asa rehetra mifandray amin' izany na mivantana na tsy mivantana, dia tsy maintsy anaovan' ny mpanamboatra na mpioty filazana izay raisina ao amin' ny rejisitry ny fanamboarana na fiotazana, mba ahazoana manara-maso ny fanovana ny fitaovana, mahita fototra, ary mame tra ny azo avy amin' ny vokatra, ny faikany ary ny vokatra azo.

Andininy II-31 (Andininy 03.01.38) Amin' ny fivoahany eo amin' ny toeram-panamboarana na fiotazana, ny vokatra vita dia azo amidy avy hatrany na apetraka any amin' ny trano fitobiam-bokatra ivelan' ny orinasa na trano fitehirizana ankatoavin' ny sampandrahaharan' ny hetra araka ny fepetra voafaritra ao amin' ny andininy II-35 sy II-36 eo ambany.

Ny vokatra tsy lavorary kosa dia tsy maintsy tehirizina ao amin' ny magazay manokana eo am-piandrasana ny famerenana azy ireo indray amin' ny fanamboarana.

Andininy II-32 (Andininy 03.01.39) Eo amin' ny toeram-panamboarana na mpiotazana, ny fanisana ny vokatra vita dia azo tanterahina amin' ny fotoana rehetra sy arakaraky ny filan' ny sampandrahaharan' ny hetra azy.

Ny mpanamboatra na ny mpioty dia tsy maintsy manao filazana ny fatra-bokatra eo am-pelatanany. Ny sakana rehetra, ny fandavana rehetra, ny fahatarana rehetra avy aminy dia midika fandavana ny fanaovana ny asa.

Raha toa ka misy ny fatiantoka hita fototra avy amin' ny fanisana, ny fandoavana ny haba amin' ny tsy ampy, tsy voasaron' ny ampahany ekena izay hita ao amin' ny andininy II-33 manaraka, dia takiana araka ny rariny. Kanefa, ny fatiantoka avy amin' ny tsy. azo anoarana voamarina ara-dalana dia tsy tokony iaran' ny sazy na andoavana haba.

Ny mihoatra nekena dia soratana avy hatrany ao amin' ny "rejisitrin' ny fanamboarana na ny fiotazana". Raha misy fiahiahiana halatra, dia mety hanaovana fitanana an-tsortra noho ny tsy fision' ny filazana.

Andininny II-33 (Andininny 03.01.40) Afaka ekena ho faikam-panamboarana (fanamainana, fanajariana ho entona, fandrendrehana indray, ...) ny fihenana voakajy avy amin' ny vidim-bokatra voavotra izay mivoava ny taha amin' izany araka ny toetran' ny vokatra dia ho feran' ny fanapahan-kevitrin' ny Talem-parity ny hetra aorian' ny fanandramana hiadiankevitra.

Ny famotehana ireo vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana dia hatao eo anatrehan'ny mpiasan'ny hetra, hanaovana fintanana an-tsortra sy omen'ny Tale jeneralin'ny hetra alalana mialoha izay afaka manome ny fahefany. Ireo fepetra ireo dia tsy maintsy hajaina mba ahafahana manala ireo fandaniana mifanaraka amin'izany araka ny voalazan'ny andininny 01.01.10 ny Fehezan-dalana momba ny hetra.

Andininny II-34 (Andininny 03.01.41) Ny fepetra hita ao amin- ny andininny II-27 ka hatramin' ny II-33 eo ambony dia tsy azo ampiasaina amin ny orinasa tenany izay mampiasa ny fomba nentim-paharazana amin' ny famokarany.

TOKO V
NY AMIN'NY TRANO FITOBIAM-BOKATRA IVELAN'NY ORINASA SY NY TRANO
FITEHIRIZAM-
BOKATRA SAHANIN'NY SAMPANDRAHARAHAN'I HETRA

SOKAJY I
FANAMARITANA

Andininny II-35 (Andininny 03.01.42) Ny trano fanangonam-bokatra ivelan'ny orinasa na ny trano fitehirizana eo an-toerana dia ny fahefana omena ny mpanamboatra na ny mpamokatra ampiditra amin'ny fihantonan' ny fandoavana ny haba, ny vokatra vita avy amin' ny toera-panamboarana, ho ao amin' ny magazay iray miorina na eo anivon' ny toerapanamboarana na amin' ny toerana rehetra izay misy sampan-draharaha-pisafoana, fanarahamaso, foibe na toerana izay fehezin' ny fitondram-paritanin' ny hetra, na ny toerana rehetra maha-mora ny fifandraisana amin' ireo foibe ireo.

Ny lalana mankany amin'ilay trano fitehirizana dia tsy ilana fepetra manokana eo amin'ny fiarovana.

Andininny II-36 (Andininny 03.01.43) Ny trano fitehirizana sahanin' ny sampandrahaharan' ny hetra dia ny fahafahana omena ny mpanamboatra sy ny mpioty hampiditra amin' ny fihantonan' ny fandoavana ny haba, ny vokatra vita avy amin' ny fanamboarana, ho ao anaty magazay izay ilaina miorina eo amin' ny toerana iray izay misy biraon' ny hetra. Iray ihany ny fivoahana tokony hisy. Mba ahazoana antoka tsara dia asiana fitoerana fanalahidy roa nyvaravarana ka samy manana fanalahidy fray avy. Ny fanalahidy iray dia any am-pelatanan' ny mpiandraikitra ny trano fitehirizanam-bokatra, ny faharoa omena ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana. Ny fivoahana hafa rehetra (varavarambe, ny loaka ary ny varavarankely) dia tsy maintsy asiana fitombo-kase na vonoina avy any anatinny na asiana harato vy izay makarakara.

Ny trano fitehirizana sahanin' ny sampandrahaharan' ny hetra dia tsy azo sokafana raha tsy eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra. Ny ora izay hanaovana ny famoahana ny vokatra dia feran' ny mpiasan' ny hetra arakarkan' ny sokajy, sy ny habetsahan' ny fanekena momba ny varotra ;

SOKAJY II FINTANTANANA

Andininy II-37 (Andininy 03.01.44) Ny trano fitobiam-bokatra na fitehirizam-bokatra izay iharan' ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniana dia ny fitohizan' ny fanamboarana ary noho izany dia eo ambanin'ny tantanin' ny mpamokatra ihany.

Noho ny famelana handingana ny fepetra etsy ambony, ny Talem-parity ny hetra dia afaka manome alalana ho an' ny olon-kafa ny fitantanana ny trano fitobiam-bokatra, na fitehirizana miorina eny amin' ny toerana rehetra ankoatran' ny toeram-panamboarana, raha tsy hoe misoratra amin' ny anarana sy eo ambony fiandreketana tanteraky ny mpanamboatra ireo trano fiasana ireo.

SOKAJY III FEPETRA FANOKAFANA TRANO FITOBIAM-BOKATRA IVELAN'NY ORINASA NA TRANO FITEHIRIZANA

Andininy II-38 (Andininy 03.01.45) Ny fanokafana ny trano fitobiam-bokatra ivelaln'ny orinasana trano fitehirizana paraky sy ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny andaniana dia amin' ny alalan'ny fanomezan-dalan' ny Talem-paritanin' ny hetra araka ny fangatahana mazava ataon' ny mpanamboatra.

Ny isan' ny trano fitobiam-bokatra ivelaln'ny orinasana na ny fitehirizana dia azo sokafana ao anaty faritany iray amin' ny anaran' ny olona iray ihany, ary ferana amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Talem-paritanin' ny hetra araka ny toerana sy ny karazam-bokatra.

SOKAJY IV FAHAFANTARANA NY VOKATRA EO AM-PAHATONGAVANA

Andininy II-39 (Andininy 03.01.46)Tsy azo raisina ao amin' ny trano fitobiam-bokatra ivelaln'ny orinasacna fitehirizana ireo vokatra raha tsy aorian' ny filazan'ny andefasana sy ny misolo-tena azy any amin' ny mpiasan' ny hetra mpandefa. Io filazana ny trano fitobiambokatra na fametrahama-bokatra io dia tsy maintsy atao avy hatrany raha vantany vao tonga any amin' ny toerana andefasana azy ny entana ; izany dia fiantohana ho ao amin'ny trano fanangonam-bokatra na fitehirizana ny habetsahan' ny vokatra fantatra tamin'ny alalan' ny fanamarinana, mba ho fitsinjovana ny fahefan' ny Fanjakana amin' ny fahitana fototra ny fandikan-dalana.

Alohan' ny hampidirana ireo vokatra ao amin' ny trano fitobiam-bokatra na ny fitehirizana, ny mpiasan' ny hetra eo amin' ny toerana ahatongavana dia tsy maintsy manao fanamarinana amin' ny antsipirihany mikasika ny karazana, ny habetsahany, ny lanja, ny hadiry

Amin' ny lafiny rehetra, io fahafantarana io dia tsy maintsy atao mialohan' ny fanafahana ny taratasy fahazoan-dalana mivezivezy.

SOKAJY V NY FIHETSEHAN' NY VOKATRA-FIKIRAKIRANA SAMIHAFA

Andininy II-40 (Andininy 03.01.47) Voarakitra an-tsoratra ao anatin' ny rejisitrin'ny fitanana an-tsoratra ny trano fitobiam-bokatra ivelaln'ny orinasa tazonin' ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana ny fihetsehan' ny vokatra. Ny habetsahan' ny vokatra raisina an-tsoratra dia izay neken' ny mpiasan'ny hetra eo an-toerana ny fihetsehany, fa izay nivoaka kosa dia ireo nalefa niaraka tamin'ny taratasy filazana fivezivezena ary koa ny fatiantoka sy ny tsy ampy nekena teo amin'ny fanalana.

Andininy II-41 (Andininy 03.01.48)Afa tsy ny raharaha iharan'ny fepetra manokana, dia mety ho azo atao ao amin' ny trano fitobiam-bokatra na fitehirizana, ny fikirakirana rehetra mba hanomezana endrika ara-

barotra ilaina hoan' ny vokatra, kanefa ny fanaovana izany dia tsy tokony hitarika fiovana eo amin' ny karazan' ireo vokatra.

Ny raharaha famonosan' entam-barotra sy fametahaha soratra hilazana ny karazana atao amin'ny zavapisotro misy alikaola kosa dia tsy maintsy ahazoana alatana avy amin'ny fanapahin'ny Talem-parity ny hetra.

SOKAJY VI NY FANISANA NY VOKATRA

Andinin II-42 (Andinin 03.01.49) Mety hisy ny fanisana ny vokatra napetraka any amin' ny trano fitobiam-bokatra amin' ny fotoana tsy voafaritra ary matetika mihitsy araka izay heveran' ny sampandrahaharan' ny hetra ilana izany. Ny elanelana eo amin' ny miditra sy mivoaka no mandrafitra ny tahirim-bokatra tokony hita ao amin' ny trano fanangonambokatra, ka izany fitambaran' ny vokatra hita ao amin' ny trano fitobiam-bokatra izany dia tsy maintsy mifanaraka amin' ny fitambaram-bokatra tena misy ao.

Raha ao aorian' ny fanisana, ka hita avy amin' ny fampifandanjana ny kaonty ny mihoatra tena hita fototra na eken' ny mpiandraikitrin' ny trano fitobiam-bokatra, io mihoatra io dia azo tazonina ary anaovana fitanana an-tsoratra.

Ny tsy ampy hita dia voasazin' ny lalana raha tsy hoe voasaron' ny fanesorana voafetran' ny didy amampsipika . Azo raikefina amin' ny fitanana an-tsoratra koa izany.

Ny fatiantoka naterakin' ny fahaverezana tsy nahi voalaza tsy misy atak' andro sy voamari-pototry ny mpiasan' ny hetra dia tsy iharan'ny fitakian-ketra mihitsy.

Andinin II-43 (Andinin 03.01.50) Mety hisy fanisana atao araka ny filan' ny sampan-draharahan' ny hetra any amin' ny trano fitehirizana. Afa tsy ny tsy ampy avy amin' ny halatra na avy amin' ny teti-pamitahaha, ny fatiantoka rehetra na ny fahaverezana hita fototra tao aorian'ny asam-panisana dia afahana ary tsy voan' ny haba.

TOKO VI FITSIPKA MIFEHY NY FANOVAR-TOETRAN'NY VOKATRA IHARAN' NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANJIFAINA

SOKAJY I FEPETRA ANKAPOBENY

Andinin II-44 (Andinin 03.01.51) Ny olona rehetra mikasa hanova toeatra an' ireo vokatra na zavatra iharan' ny hetra dia tsy maintsy manao fangatahana avantana amin' ny Tale misahana ny fepetra manokana ara-ketra izay manapaka izany, sady afaka manome ny fahefany manapa-kevitra.

Ny fangatahana dia tsy maintsy manondro :

- Ny toerana izay tsy maintsy hanatanterahina ny fanovan-toetra ary ny magazay ho ampiasaina amin' izany ,
- Ny karazana, ny toeatra, ny habetsahan' ny vokatra ovana toeatra sy ny mety ampiasana ireo vokatra ireo ;
- Ny karazana ranon-javatra entina manova toeatra ;
- Ny satan' ny fanamboarana raha amin' ny andro sy ora fiasana ;

Tsy maintsy ampiarahana amin' io fangatahana io ny sary mampiseho ny toeram-panamboarana sy izay miankina aminy miaraka amin' ny fanondroana azy rehetra.

Andininy II-45 (Andininy 03.01.52) Raha misy hosoka sy tsy fanarahan-dalana tafahoatra hita fotraavy amin mpanova toetra dia azon' ny Tale misahana ny fepetra manokana ara-ketra na ny solontenany atao ny misintona ny fanomezan-dalana nomeny.

Andininy II-46 (Andininy 03.01.53) Azo atao ny fanovan-toetra na ao amin' ny toeram-pamokarana na ao amin' ny toeram-pitrandrahana, na ao amin'ny trano fiasana izay hikarakarana ny vokatra, na ao amin' ny trano fitobiam-bokatra ivelan'ny orinasa nosokafana amin' ny anaran' ny mpanova toetra.

Andininy II-47 (Andininy 03.01.54) Ny asa fanovan-toetra tsirairay dia tsy maintsy anaovana filazana mialoha eny anivon' ny mpiasan'ny hetra eo antoerana, izy no mampahafantatra ny mpanao filazana ny andro sy ny ora izay anatrehany ny asa.

Ny fanovan-toetra dia tsy maintsy atao eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra ka ny lany amin' izany dia anjaran' ny mpanova toetra.

Raha nohon'ny antony hafa ka tara ny fanovan-toetra dia tsy azon' ny mpanova-toetra atao ny mangataka onitra.

Andininy II-48 (Andininy 03.01.55) Ny vokatra natokana hovana toetra any amin'ny toeram-piasana ankoatran'ny toeram-panamboarana na toeram-pitobiam-bokatra ivelan'ny orinasa dia alefa amin' ny alalan' ny fira-maintin'ny fitantanan' ny hetra ary amin' ny alalan' ny filazana omban' antoka, ary misy fitombokasen' ny sampandrahaharan' ny hetra ny vokatra amin ny fandraisana azy.

Andininy II-49 (andininy 03.01.56) Ny fanovan-toetran' ny vokatra noraisina arak'ireo fepetra voalazan' ny andininy II-48 eo ambony dia tsy maintsy atao avy hatrany aorian' ny fahafantarana ny vokatra.

Raha tsy izany, ny vokatra dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny trano manokana eo ambany fanarahamason' ny mpiasan' ny hetra.

Ny vokatra dia tsy azo esorina amin' io toerana io raha tsy eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra ary raha tsy anaovan' ny mpanao fanovan-toetra filazana fanovan-toetra mialoha.

Andininy II-50 (Andininy 03.01.57) Ny mpanao fanovan-toetra dia tsy maintsy mahazo mivantana ny akora mpanova toetra ilainy amin' ny tao zavatra ataony.

Ny akora mpanova toetra voatana ampiasaina dia misy sombiny amarinina any amin'ny tranom-pitiliana aradalana ary nalain'ny sampandrahaharan' ny hetra maimaim-poana. Izy ireo dia afaka mitaky ny taratasin' entana milaza ny fiavin' ny entana na taratasy fanamarinana hafa.

Andininy II-51 (Andininy 03.01.58) Rehefa heveriny fa ilaina, ny sampandrahaharan' ny hetra dia maka maimaimpoana ao amin' ny trano fiasana na magazay ny sombiny amin' ny vokatra ampiasaina amin' ny akora manova toetra na eo andalam-panomanana. Afaka maka sombony amin' ny vokatra alefa ihany koa izy mandritrin' ny fotoana fanesorana na fitaterana.

SOKAJY II ANDRAIKITRIN'NY MPANAO FANOVAR-TOETRA

Andininy II-52 (Andininy 03.01.59) Ny mpanao fanovan-toetra nahazo alalana dia eo ambanin' ny fitsipik' asa fanaraha-maso sy fisafoana, sahala ny amin' ny mpanamboatra sy mpamokatra ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaliana. Fanampin' izany, izy ireo dia voafehin' ny andraikitra mitovy amin' ireto farany indrindra momban' ny fitazonana rejositra, ny fandoavana ny haba, ny fitsipika mifehy ny trano fitobiam-bokatra ivelan'ny orinasa na fitahirizana, ny fivezivezen' ny vokatra.

Andininy II-53 (Andininy 03.01.60) Ny mpanao fanovan-toetra rehetra izay mijanona amin' ny asany na izay nosintonina aminy ny fahazoandalana nohon' ny andininy II-45 dia tsy maintsy mandefa ny

tahirim-bokatra araka ny toetrary sy ireo vokatra novan-toetra any amin' ny mpanova toetra hafa na tonga dia mandoa avy hatrany ny hetra sy ny haba amin' ny tataom-bidy alaina araka ny karazam-bokatra.

SOKAJY III FANOMEZAN-DALANA HO FAMPIASANA VOKATRA NOVAN-TOETRA

Andininy II-54 (Andininy 03. 01. 61) Ny olona rehetra izay hampiasa vokatra novan-toetra voan' ny haba ao amin' ny industria ataony na ao amin' ny fambolena dia tsy maintsy manao fangatahana an' izany amin' ny Tale misahana ireo fepetra manokana ara-ketra izay manome na manda ny fanomezan-dalana. Azony atao ny manome ny fahefany manapa-kevitra.

Ny fangatahana dia manoro ny habetsahan'ny vokatra novan-toetra sy ny fampiasana izay anokanana ireo vokatra ireo.

Andininy II-55 (Andininy 03. 01. 62) Ho an' ny famokarana izay mety hitaky fampiasana vokatra voan' ny haba tsy misy fanovan-toetra mialoha ao amin' ny tao zavatra na ao amin' ny fambolena, ny Tale misahana ireo fepetra manokana ara-ketra na any mpisolo-toerana dia afaka manome alalana ny fampiasana ny vokatra amin' ny karazana maha izy azy raha toa ka ny mpampiasa :

1.manamarina ny filana ny fampiasana ny vokatra tsy novan-toetra amin' ny alalan'ny iray amin' ireo fomba nahazoan-dalana ;

2.mitana rejistry ny miditra sy mivoaka amin' ny vokatra tsy novan-toetra.

Amin' ny fotoana rehetra, ny mpiasan' ny hetra dia afaka manamarina ny habetsahan' ny vokatra misy. Ampiana amin' ny miditra ny ambiny izay voamarina. Raha mampiseho tsy fahampiana kosa ny fanamarinana, dia iharan'ny hetra manontolo io tsy ampy io.

TOKO VII FEPETRA MIFEHY NY FIVEZIVEZEN'NY VOKATRA IHARAN' NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN' NY FANDANIANA

SOKAJY I FEPETRA ANKAPOBE

PARAGIRAFY I FOTO-KEVITRA

Andininy II-56 (Andininy 03. 01. 63) Ny fanesorana, famindrana, na fitondrana vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandianana dia tsy azo atao manerana ny tany sy ny Fanjakana raha tsy misy taratasy fanamarinana ny fivezivezeny :

1° Ny taratasy fanesorana ho an' ny vokatra izay tsy maintsy takiana eo amin' ny fankana azy ny haba sy ny hetrany;

2° Ny taratasy mbay lalana hoan' ny vokatra izay efa nandoavan-kaba ;

3° Ny filazana omboh' antoka hoan' ny vokatra izay ahazoana fampihatona ny fitakiana sy ny fanefan-ketra ary haba amin' ny fitondrana azy ;

4° Ny taratasy fanafahan-ketra hoan' ny vokatra izay mivezivezy ka nafahana ny hetrany.

Andininy II-57 (Andininy 03. 01. 64) Nohon'ny famelana handingana ny fepetra etsy ambony :

1° Afahana amin' ny fomba arahina amin' ny fivezivezena :

- a.Ny vokatra na zavatra taterina, alefa na amidin' ny mpivarotra antsinarany ho an' ny olon-tsotra fotsiny ;
- b.Ny vokatra na zavatra efa nandoavana haba sy hetra entin' ny olon-tsotra ;
- c. Ny vokatra izay manana fototra divay na alikaola natokana ho fanao fanafody ka tsy afaka ho jifaina toy ny zava-pisotro.

Ho fampiharana ny fepetra voalaza ao amin' ny andalana a sy b n' ity andininy ity, ny fanafahan-ketra hoan' ny zava-pisotro misy alikaola dia tsy azo omena afa tsy hatramin' ny dimy litatra ny hadirin' ny zava-pisotro voasitily sy ny toa azy ary folo litatra hoan' ny zava-pisotro mandraotra ,

2° Taterina araka ny fatoran'ny filazana omban'antoka.

–Amin'ny toerana fakana ho ao amin' ny seranana fanondranana, ny vokatra tsy nandoa haba sy hetra , alaina sy taterina haondrana any ivelany ;

–Ny vokatra mivezivezy eto amin' ny tany sy ny Fanjakana manaraka ny fepetra ny seranam-tsambo mankeny amin'ny seranam-tsambo

Na izany aza nefà, ny filazan' omban' antoka dia tsy azo omena hakana ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana izay miditra ho akora sy kojakoja amin' ny fanamboarana vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fanjifana koa.

Andininy II-58 (Andininy 03. 01. 65) Ny fandefasana ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fanjifana na afarana izany, na voaochina eto an-toerana izany dia tsy maintsy hanaovan'ny mpandefa filazana mialoha ny hakana azy izay soniavin' ny mpandefa, ary arak'izay ny anaovana ny taratasy ahafahana mivezivezy.

Ireo fanoroana hita ao amin' ny filazana fanesorana dia manondro indrindra ny karazan' ny vokatra, ny isan' ny fonosan' entana, ny marika sy ny nomerao raha misy, ny ao anatin' ny fonosana, lanja na hadiry marina, ny havesarany, ny sandany..... ;ny anarana, fanampin' anarana, asa sy ny toerana ipetrahan' ny mpandefa sy ny andefasana, ny andro, ny taona sy ny ora fakana voasoratra amin' ny litera, ny fomba sy ny faharetan' ny fitondrana ary ny rangopohin' ny mpanao filazana.

Ho an' ny alikaola, ny filazana dia manondro koa ny maritry ny alikaola amin' ny mari-pana 15 ° santigirady sy ny mariky ny alikaola tsy mitampoka .

Ny famaritana ny habetsahan' ny alikaola tsy mitampoka dia tsy maintsy atao amin' ny santilitatra. Raha toa ny fikajiana ny alikaola manome ampahany santilitatra, ireo ambanin' ny isa dimy dia tsy raisina.

Andininy II-59 (Andininy 03. 01. 66)_Ny filazana fampidiram-bokatra amin' ny trano fitobiana izay ataon' ny mpamokatra dia mitovy lanja amin'ny taratasy fanamarinana fivezivezena ho fandraisana ny vokatra alefa avy amin' ny orinasa ho any amin' ny trano fitobiam-bokatra.

Andininy II-60 (Andininy 03. 01. 67)_Ny taratasy fanamarinana fivezivezena izay tsy maintsy ampanarahina ny fitondrana ny vokatra iharan' ny hetra dia tsy maintsy mamerina ny fanondroana hita ao amin' ny filazana fanesorana araka ny modely nataon' ny Fanjakana. Ireo dia tsoahina ao amin' ny rejisitra fototra izay manana fizarana telo :

- ny taratasy fototra izay mety, manan-danja filazana fakana araky ny zava-misy ;
- ny sosony izay ampanarahina ny vokatra;

–sy taratasy fazahoana mamoaka izay tsy maintsy alefa any amin' ny mpiasan'ny hetra izay misy ny toerana andefasana amin' ny fotoana indrindra hakana ny vokatra mba ahafahana manara-maso ny fandefasana sy ny fitaterana.

Ny taratasy fototra sy ny soson' ny taratasy fanamarinana ny fivezivezena dia tsy maintsy mitovy.

Andininy II-61 (Andininy 03. 01. 68) Ireo rejisitrin' ny filazan' omban' antoka sy ny filazana fanafahan-ketra dia tazomin' ny mpiasan' ny hetra.

Ny rejisitrin'ny taratasy fanamarinana fivezivezena izay ampiasain' ny mpamokatra, ny mpioty, ny mpanana trano fitobiana, sy ireo mpanana trano fitehirizam-bokatra dia omen' ny Sampandrahara han' ny Hetra.

Ny mpivarotra dia tsy maintsy miantoka ny rejisitrin'ny taratasy mbay lalana izay ilainy amin'ny andefasana vokatra.

Ny rejisitrin' ny taratasy fanamarinana ny fivezivezena dia tsy maintsy voamarika sy misy sonia rangom-pohy ny Talem-Parity ny Hetra ny faritra iайдидини.

Andininy II-62 (Andininy 03. 01. 69) Ireo mpitantitra ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaliana dia tsy maintsy mampiseho amin'ny fisavan' ny mpisia afaka manao fitanana an-tsoratra ny fandikan- dalana mikasika ny hetra, ny taratasy ahafahana mivezivezy manaraka ny vokatra hoentina. Ny mpitondra ankoatr'izany dia tsy maintsy manamora ny fanamarinana ny vokatra entina izay ataon' ny mpisia mahazo manao izany ka manisy sonia ny taratasy fanamarinana fivezivezena.

PARAGIRAFY II FE-POTOAN'NY FITANTERANA

Andininy II-63 (Andininy 03. 01. 70) Ny vokatra dia tsy maintsy entina any amin' ny toerana voalaza, anatin' ny fe-potoana voarakitra ao amin' ny taratasy fandefasana. Io fe-potoana io dia voafaritra arakin' ny fahalavirana aleha, ny fomba sy ny fitaovana itaterana.

Ny faharetan' ny fitanterana an-datamby sy amin' ny fiarakodia dia voafaritra araky ny ora ofisialin' ny lalana.

Andininy II-64 (Andininy 03. 01. 71) Raha tsy maintsy ampiasaina fomba fitaterana samihafa ny fitondrana ny vokatra dia misy fe-potoana manokana voafetra hoan' ny lalana izay aleha.

PARAGIRAFY III FAMPANDALOVANA

Andininy II-65 (Andininy 03. 01.72) Amin' ny hetra tsy mivantana, ny atao hoe fampandalovana dia ny fepetra voatokana amin' ny fampiantonana tsy maintsy atao amin' ny fitanterana entana ary noho izany antony izany dia mijanona mihoatra ny valo amby efapolo ora amin' ny toerana iray.

Ny fepetran' ny fampandalovana dia tsy ampiharina raha tsy ho an'ny taratasy filazana fivezivezena omena ny mpamokatra, mpioty vokatra, ny mpanana fitobiam-bokatra sy fitehirizana iharan'ny hetra.

Andininy II-66 (Andininy 03. 01. 73) Ny mpitondra ny entana izay mihantona ny fitaterana nohon' ny tsy fihetsehana voafetra na maharitrin' ny fiara dia tsy maintsy manao filazana any amin' ny mpiasan' ny hetra na ny tobin'ny zandarimaria akaiky indrindra ao anatin' ny fe-potoana valo amby efapolo ora sy alohan' ny fampidinana ny vokatra tanterina.

Ny fe-potoana omena hitondrana dia ampiana ny fe-potoana naharetan' ny fihantonan' ny fitaterana.

Tsy misy fepetra voatokana ho an' ny fampidinana ny vokatra alohan' ny filazana raha tsy misy loza tsy azo anoharana ilaina anaovana izany.

Andininy II-67 (andininy 03. 01. 74) Ireo filazana ny fampandalovana dia tsy maintsy atao an-tsoratra ary milaza ny toerana marina misy ny entana sy ny anton' ny fihantonana ;

Mba isian' ny fangatahana fampandalovana, ny vokatra dia tsy maintsy mivoaka avy any amin'ny mpandefa ary ny taratasy filazana ny fivezivezena izay ampiarahina azy dia manondro ho toerana aleha, toeran- kafa ankoatran'ny isian' ny fijanonan' ny fitaterana.

Raha toa ny vokatra lavin' ilay andefasan' entana, dia afaka hanaovana filazana fampandalovana izany, fa ny fametrahana izany dia tsy afaka atao any am in'iio nandefasan'entana io.

Ilaina koa ny filazana fampandalovana ho an' ireo vokatra izay nahato ny fitaterana nohon' ny loza

Andininy II-68 (andininy 03. 01. 75) Ny taratasy fandefasana asehon' ny mpitatitra dia apetraka ao amin' ny toeram-piasana misahana ny filazana hatramin' ny fanohizan'ny fitaterana indray.

Ny andraikitrty ny manana fametraham-bokatra dia maharitra hatramin' ny fotoana fitohizan' ny fitaterana.Izany fotoana izany (andro sy ora) dia voasoratra amin 'ny litera ao ambadikin' ny taratasy filazana fivezivezena ;

Ny naharetan' ny fijanonana, arakan'ny fanamarihan'ny mpiasan' ny hetra na ny tobin' ny zandarimaria dia miampy ny fe-potoana voasoratra ao amin' ny taratasy fandefasana ; Ny entana dia mijanona toy ny tamin' ny fotoana nametrahana ny taratasy fandefasana mandritra ny fe-potoana ambiny ijanona.

Andininy II-69 (andininy 03. 01. 76) Ny vokatra amin' ny fampandalovana dia tsy maintsy tehirizina anaty fitoerana misaraka amin' ireo vokatra hafa izay an' ny manana trano fametrahana.

Mandritra ny fampandalovana, tsy maintsy mijanona amin' ny toetra ohatran' ny tamin' ny nahatongavany ny vokatra.

Ny raharaha ilaina amin' ny fitahirizana ny vokatra no hany omena alalana, tsy maintsy atao izany eo anatrehan' ny mpiasan'ny hetra, raha tsy hoe loza tsy azo anoharana izay tsy maintsy hitan'ny mpiasan' ny hetra ifotony haingana na, raha toa tsy misy mpiasan' ny hetra dia ny zandarimaria.

SOKAJY II ANTONTAN-TARATASY ILAINA

PARAGIRAFY I NY TARATASY FAKANA SY NY TARATASY MBAY LALANA

Andininy II-70 (andininy 03. 01. 77) Ny taratasy fakana dia omen' ny mpamokatra, mpioty, manana fametraham-bokatra sy manana fitobiambokatra

Ny taratasy mbay lalana dia ataon' ny mpivarotra, ary amin'ny fakana ny vokatra iharan' ny hetra izay atao eny amin' ny ladoany alefa ho jifaina kosa dia ny mpisan' ny hetra na raha tsy eo ireo dia ny mpandray volan' ny ladoany na izay olona manao raharaha any amin' ny ladoany hoan' ny tenany na hoan'olon-kafa.

Ireo rejisitrin' ny taratasy fakana ny taratasy mbay lalana dia tsy maintsy voamarika sy misy sonia rangopohy mialohan' ny mpiasan' ny hetra an-toerana.

Andininy II-71 (andininy 03. 01. 78) Ny filazana fanesorana voalazan' ny andininy II-58 amin' ity lohateny ity dia tsy takiana raha ohatra ka ny Talem-parity ny hetra nanome alalana ny mpanao filazana, ny rejisitrin' ny taratasy mbay lalana na ny taratasy fanesorana .Amin' izany, ny taratasy fototra mikasika

ny fandefasana dia mitovy lanja amin' ny filazana fanesorana ka tsy maintsy mampiseho ny fanondroana izay ilaina amin' ny fanoratana azy.

PARAGIRAFY II NY FILAZANA OMBAN'ANTOKA

I — An kapoben-javatra

Andininy II-72 (andininy 03.01. 79) Amin'ny fanomezana ny filazan' omboantoka, ny mpamokatra ny mpioty, ny manana fametrahan' entana na fitobian' entana dia tsy maintsy manao fanekena ny hamerina amin' ny fe-potoana voalazan' ny andininy II-77 manaraka etoana ny taratasy fanamarinana nahitana fototra ny fahatongavan' ny vokatra any amin' ny toerana alehany izay voalaza ny fivoahany ny tany sy ny fanjakana malagasy, ary manao fanekena handoa, raha toa tsy misy fanamarinana, ny indroan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana izay iantohan' ny filazan' omboantoka.

Amin' ny tsy fisian' ny antoka, izay manao ny filazan' omboantoka dia tsy maintsy manoratra ao ny tontalin' ny indroan' ny haba izany.

Andininy II-73 (andininy 03.01.80) Ny rejisity ny filazan' omboantoka, alohan' ny ampiasana azy dia isaina sy asiana sonia rango-pohin' ny Talem-parity ny hetra amin' ny faritra iadidiany.izay afaka mamindra ny fahefany

Andininy II.74 (andininy 03. 01. 81) Alohan' ny anendahana ny fiazaan' omboantoka amin' ny taratasy fototra, ny sampandrahahara dia tsy maintsy mampao sonia ny rejisitrin'ny mpanao filazan' antoka raha toa ka tsy voasoratra ny totalin' ny voalazan' ny andininy II-72 voalaza etsy ambony;

Fa, ny sonian'ny mpandefa dia azo soloina amin' ny filazana lazain' ny andininy II-58 an' ity fehezan-dalana ity.

Andininy II-75 (andininy 03. 01. 82) Raha ohatra ka tsy misy mpiasan' ny hetra tokony hanome filazana omboantoka ao amin' ny toerana fanesorana na ny manodidina ny toerana, ny mpanamboatra, mpioty, mpanana tobin' entana na mpanana fametrahan'entana izay manana vokatra halefa amin' ny alalan' ny taratasy filazana fivezivezena, dia afaka omen' ny Talem-parity ny hetra alaiana ahafahan'izy ireo manao taratasy fanesorana vonjimaika hoan' ny tenany hatre amin' ny biraon' ny hetra handalovana voalohany.

Amin' izany, ny sampandrahaharan'ny hetra manome azy ireo ny rejisity ny filazana fanesorana izay tsy maintsy hamarininy ny fampiasana azy. Izany filazalazana fanesorana izany dia tsy maintsy misy ny toromarika rehetra.

Amin' ny toerana handalovana voalohany misy mpiasan' ny hetra, ny filazana fanesorana vonjimaika dia soloina filazana omboantoka izay omena araka ny fomba tsotra.

Raha toa tsy misy mpiasan' ny hetra amin' ny lalana handalovana, na any amin' ny toerana hanaterana, tsy misy filazana fanesorana. Amin' izany toe-javatra izany, ny mpandefa dia tsy maintsy manana filazan' omboantoka alohan' ny fanesorana raha tsy izany dia iharan' ny sazy natokana ho an' ny fitaterana tsy misy taratasy filazana fivezivezena.

Ireo vokatra mivezivezy miaraka amin' ny filazana fanesorana vonjimaika ivelan' ny toerana izay tsy maintsy hanoloana azy dia neverina ho tsy misy taratasy filazana fivezivezena miaraka amin' ka noho izany dia mety ho giazana. Toy izany koa raha toa ka ny taratasy filazana fanesorana vonjimaika tsy mihiatra manontolo amin'ny entana.

II — Taratasy fanamarinana fanalana arakaraka

Andininy II-76 (andininy 03. 01. 83) Ny filazan' omban' antoka omena mba ampanarahana ny vokatra iharan' ny hetra alefa any ivelany dia halana arakaraka aorian' ny fanondranana ireo vokatra ireo, fanondranana izay hita fototra ary hamarinin' ny sampandrahaharan' ny ladoany. Ny vokatra izay alefa eto an-toerana, na inona na inona fomba fitaterana, dia tsy halana arakaraka raha tsy aorian' ny fandraisana ny habetsahana voalaza, raha toa ny mpandefa voafehin' ny asan' ny mpiasan' ny hetra na aorian' ny fandoavana ny haba raha toa izany tsy maintsy efaina amin' ny fahatongavana, na aorian' ny fanamarinana materialy ny vokatra raha toa tsy misy fiantohana na tsy misy fandoavanketra.

Raha toa ny fitanterana atao amin' ny biraon' ny ladoany mankany amin' ny toerana izay misy ny biraon' ny ladoany hafa, na tsy misy biraon' ny hetra ao amin' io toerana io, na ny tompon' ny entana nalefa tsy manana toeram-pitobiam-bokatra, na fametraham-bokatry ny hetra, ny fanalana arakaraka dia ataon' ny mpandray volan' ny ladoany izay manao ny fitakian-ketra.

Izany fanalana arakaraka izany dia atao miaraka amin' ny fanalana arakarkin' ny omban' antokan' ny ladoany izay miaraka amin' ny entana.

Andininy II-77 (andininy 03. 01. 84) Tsy maintsy averina ao anatin' ny fe-potoana roa volana izay manaraka ny fahataperan'ny fe-potoana voafetra hoan' ny fitaterana ny fanamarinana fanalana arakaraka, raha toa ka ny toerana andefasana ny entana voalaza dia ao anatin' ny faritra, ary ao anatin' ny efa-bolana raha toa ivelan' ny faritra.

Raha misy izany trangan-javatra izany, ny fanalana arakaraka ivelan'ny fe-potoana voalaza amin'ny paragirafy voalohany an'ito andininy ito, ny Sampan-draharahan'ny hetra dia manatanteraka fanangonana ny taratasin'antok'ireo zo sy haba.

Andininy II-78 (andininy 03. 01. 85) Raha nomena fanamarinana fanalana arakaraka ny taratasy filazan' omban' antoka, na, raha toa misy fahaverezan' izany taratasy fandefasana izany, ka misy fampisehoana dikasolo ara-dalana an' ireo taratasy fanamarinana fanalana arakaraka, ny teny ifanomezan' ireo mpanao omban' antoka, sy ireo mpantoka dia foanana, na haverina ny vola napetraka ho antoka afa tsy ny notazonina ho an' ny haba amin' izay tsy hita tao amin' ny fanaovana fitiliana tamin' ny fahatongavana.

Andininy II-79 (andininy 03. 01. 86) Raha toa ka misy elanelany eo amin' ny habetsahana ary fantatra fa izany elanelana izany dia avy amin' ny fanovana, na fanampiana na fanesorana, alana amin' ny taratasy filazan' omban' antoka ny habetsahana izay hita ankoatran' ny fitanana an-tsoratra mety ho atao.

Raha toa ka ambany ny elanelany, tsy maintsy manefa ny habetsahana tsy ampy aorian' ny fanomezana fihenan-ketra aterakin' ny zava-miseho eo am-pitaterana ny mpandefa vokatra. Raha ambony ny elanelany, tsy maintsy manefa ny vola amin' ny mihaotra ny mpandray ny vokatra nalefa.

Andininy II-80 (03. 01. 87) Raiketina an-tsoratra eny amin' ny toerana ahatongavan' ny vokatra ny fanamarinam-panalana arakaraka. Tsy maintsy omena ny taratasy dikasolo isaky ny misy fitakiana.

III - Fandavana ny taratasy fanamarinana ny fanalana arakaraka

Andininy II-81 (andininy 03. 01. 88) Tsy mahazo manome taratasy fanamarinana ny fanalana arakaraka ho an' ny vokatra tsy naseho, na naseho fa taorian' ny fitsaharan' ny fotoana voafetran'

ny taratasy filazan' omban' antoka, na ho an' ireo izay tsy mitovy karazana amin' izay voalazan' ny taratasy filazan' omban' antoka ny mpiasan' ny hetra.

IV- Fahalaniana Paikandro

Andininy II-82 (andininy 03. 01. 89) Raha toa ka tsy tafaverina ao anatin' ny fe-potoana voalazan' ny andininy II-77 etsy ambony ny taratasy fanamarinana ny fanalana arakaraka ary raha toa tsy misy petrabola teo amin' ny fiaingana, ny mpiasan' ny hetra dia tsy manome taratasy fanefan-ketra ho an' ny mpandefa entana sy ny taratasy mandidy ny fandoavan-ketra ho an' ny mpandefa entana sy mpiray antoka aminy mba hanefa ny haba voalazan' ny faneke na natao.

Ny sampandrahaharan' ny hetra dia tsy maintsy mitory ao anatin'ny enim-bolana manomboka eo amin'ny fahataperan'ny fe-potonan'ny fitanterana raha tsy te ho maty paik'andro.

Andininy II-83 (andininy 03. 01. 90) Raha toa tafaverin' ireo mpandefa entana ao anatin'ny fe-potoana enimbolana aorian' ny fahataperan' ny fepotoana ambaran' ny filazana, ny taratasy fanamarinana fanalana arakaraka ara-dalana, dia averina amin'izy ireo ny vola naloa.

Aorian' ny enim-bolana dia tsy misy fitakiana azo atao, ny haba dia mirotsaka any amin' ny tahirim-bolampanjakana toy ny fakana ny hetra mahazatra hatramin' ny totalin' ny hetra, ary ny ambiny atao lamandy.

Andininy II-84 (andininy 03. 01. 91) Raha toa hita fa hosoka ny taratasy fanamarinana ny arakaraka, ny mpandefa sy ny mpiantoka dia tsy voatana afatsy amin' ny fanamelohana amin' ny ady tsotra fotsiny araka ny filazany, tsy manakana ny fanenjehana an' izay tokony hanaovana an izay, toy ny amin' ny fanaovana soratra an-kosoka na ovana.

Ny sampandrahaharan' ny hetra dia manana efa-bolana mba ahitana ny fahamarinan' ny taratasy fanamarinana fanalana arakaraka sy hanaovana fitoriana. Aorian' io fe-potoana io tsy afaka manao fangatahana intsony izy.

Andininy II-85 (andininy 03. 01. 92) Ny fahalanian' ny paikandro efabolana voalaza etsy ambony dia tsy ampiasaina amin' ny ady heloka tsotra izay aterakin' ny fandikan-dalana mikasika ny hetra.

Izany ady heloka izany dia atao ao anatin' ny fe-potoana sy ny fomba mahazatra.

V - Fihenan-ketra aterakin'ny zava misy eo am-pitanterana na Fahaverezana mandritra ny fitaterana

Andininy II-86 (andininy 03. 01. 93) Afatsy ny fisian' ny fiahiana hosoka sy ny fanararaotam-pahefana, azo omena amin'ny ny vokatra alefa miaraka amin' ny taratasy filazana omban' antoka ny fisitrahan' ny fanomezana fanafahan-ketra raha toa ny fantantoka dia avy amin' ny toetran' ny vokatra entina sy ny lalana nodiavina.

Ny tahan'ny fihenan-ketra ateraky ny zava-misy eo am-pitanterana araka ny toetran' ny vokatra dia feran' ny Tale jeneralin'ny hetra.

Andininy II-87 (andininy 03. 01.94) Afatsy ny fahaverezana tsy nahy voaporofa marina, ny fatiantoka rehetra ambonin' ireo taha ireo dia hanefana haba ary toy izany koa ireo voasaron' ny fanomezana araka izay voalaza etsy ambony nefo tsy voaporofa dia tsy heken'ny sampandrahaharan' ny hetra.

Na inona na inona, ny fampihenana voafetran' ny fihenan-ketra aterakin' ny zava misy eo am-pitanterana dia tsy azo omena raha toa ny fahabangana nozahana hita fototra ara-dalana dia tsy avy amin' ny fahasimbana azo mandritran' ny fitaterana.

Andininy II-88 (andininy 03. 01. 95) Raha miseho tsy nahy ny fahaverezan' ny entam-barotra hiaran' ny hetra izay mivezivezy amin' ny alalan' ny filazan' omboantoka, ny mpamily dia tsy maintsy mampizaha ifototra eo noho eo izany ny mpiasan'ny hetra na, raha tsy misy izany, ny mpiasam-panjakana nahavita fianianana ara-dalana.

Ny mpiasan' ny hetra na ny mpiasam-panjakana dia tsy maintsy milaza marina fa ny vokatra very dia izay voalaza ao amin' ny filazana omboantoka, manaraka tsara ny filazalazana voarakitra ao anaty taratasy fivezivezena, manaraka tsara ny lalana voatondro ary ny fe-potoana nomena amin' ny fitaterana dia tsy mbola tapitra.

Raha toa misy izany, tsy maintsy mandinika izy raha misy faritra ranon-javatra miraraka eo amin' ny tany, raha tsy nokitihina ny saron' ny fitoerana ary raha tsy misy tsentsina na faritra ranon-javatra mety heverana ny fisian' ny fanesorana.

Raha toa ampahany ny fahaverezana, ny fitaterana dia azo tohizana amin' ilay filazan' omboantoka tovanana fitanana an-tsoratra ara-panjakana milazalaza ny loza.

Raha izy rehetra no very, tazonin' ny mpiasan' ny hetra na ny mpiasam-bahoaka nanao ny fizahana ifototra ny filazan' omboantoka ary alefany miaraka amin'ny fitanana an-tsoratra ara-panjakana any amin' ny Talem-parity ny hetra.

PARAGIRAFY III TARATASY FANAFAHAN-KETRA

Andininy II-89 (andininy 03. 01. 96) Manome taratsy fanafahan-ketra hoan' ny fanesorana vokatra afahana amin' ny hetra ny mpiasan'ny hetra.

Ny rejisitory ny taratasy fanafahan-ketra dia isaina sy asiana sonia rango-pohin' ny mpiasan' ny hetra mpisafio na mpitsapa alohan' ny ampiasan'azy.

Raha misy taratasy fanafahan-ketra omena mba hitondrana vokatra na farana, dia tsy maintsy asiana sonia fanamarinan' ny mpandray hetran' ny ladoany alohan' ny fanesorana.

Torak' izany, rehefa any amin' ny toerana ahatongavana, ny sonia fanamarinan'izany taratasy izany dia tsy maintsy atao eo anivon' ny mpiasan' ny hetra amin' ny faritra iadidiany izay misy ny toerana ahatongavana.

Tsy maintsy misy sonia fanamarinana izay voalaza etsy ambony vao afaka mampiasa malalaka ny vokatra.

TOKO VIII NY ANDRAIKITRA SAMIHAFA NY MPANDOA HETRA

SOKAJY I FOMBA FITANANA NY REJISITRA

PARAGIRAFY I REJISITRIN'NY FANAMBOARANA

Andininy II-90 (andininy 03. 01. 97) Ireo izay mpamokatra, mpanomana na mpioty vokatra iharan' ny hetra eo ambanin' ny fitsipika ny asa dia tsy maintsy mitazona arak' andro rejisitrin' ny fanamboarana.

Ireo olona rehetra mividy ka mivarotra na ireo mividy ka manondrana volamena, vatosoa sarobidy sy vatosoa sarobidy amin'ny antsasany, dia tsy maintsy mitazona rejisi-mpanoratana ireo asa isan'andro.

Ny firafitr'io rejisitra io dia feran' ny fanapahan'ny Talem-parity ny hetra, ifanarahana amin' ny mpanamboatra, izay araka ny toetran' ny vokatra namboarina.

Andininy II-91 (andininy 03. 01. 98) Ny rejisitry ny fanamboarana alohan'ny ampiasana azy, voalaza eo aminin' ny andininy etsy ambony dia tsy maintsy asiana isa sy sonia rango-pohin' ny mpiasan' ny sampandrahaharan'ny hetra amin' ny faritra iadidiany ary ampiasaina tsy misy soratra sy elanelany.

Voarara ny fikikisana ary ny takosona na ny soratra mihoatra, ireo dia tsy maintsy voamarina.

Andininy II-92 (andininy 03. 01. 99) Hoan' ny vokatra ilana fitazonana kaonty manokana, ny firafitrin' ny rejisitrin' ny fanamboarana dia mety ahazoana alalana avy amin' ny Talem-parity ny hetra.

Andininy II-93 (andininy 03. 01. 100) Ny mpandoa hetra voakasik'izany no miantoka ny rejisitry ny fanamboarana ary torak' izany koa ny lany

PARAGIRAFY II REJISITRY NY FILAZANA FIVEZIVEZENA

Andininy II-94 (andininy 03. 01. 101) Ny amin' ny fandefasana vokatra iharan' ny hetra, ny mpanamboatra, ny mpanana trano fitobiam-bokatra dia tsy maintsy manome na omena taratasy filazana fivezivezena araka ny fepetra voalazan' ny andininy II-56 sy ny manaraka an' ity fehezan-dalana ity.

SOKAJY II FAMETRAHANA FANAMBARANA FANJIFANA NY VOKATRA FANDOAVANA NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN' NY FANDANIANA

Andininy II-95 (andininy 03.01.102) Ny mpanamboatra ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaliana sy ireo olona mividy sy mivarotra na mividy vatosoa sarobidy na vatosoa sarobidy amin'ny antsasany dia tsy maintsy manao filazana ny habetsahana, sara handoavan-ketra ary manefa ny haba mifanaraka amin' izany eny amin' ny mpandray vola ao amin' ny faritra iadidiany, farafahatarany ny dimy ambin' ny folon' ny volana manaraka ny volan' ny fanamboarana na ny fandefasana fanjifana ny vokatra na ny fividianana vatosoa sarobidy na vatosoa sarobidy amin'ny antsasany.

Ireo olona rehetra miondrana any ivelany, mitondra vatosoa sarobidy na vatosoa sarobidy amin'ny antsasany ka tsy nandoavan-ketra tsy mivantana alaina amin'ny fanjifana, sy ireo olona toy izany koa mitondra volamena, dia tsy maintsy mandoa ireo hetra voalaza ireo eny amin'ny birao misahana ny fanondranana an'ireo vokatra ireo.

Ankoatr'izay, mahakasika ireo vokatra vita azo avy amin'ny alikaola taha ambony vokarina eto an-toerana, dia arafitra ny fomba fitazomana any ambony ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fanjifana ka ny tombam-bola amin'izany dia atao araka ny sanda misoratra ao amin'ny tabilaon'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fanjifana ao amin'ny fanampiny. Io fitazomana ao ambony io dia hetra alaina mialoha amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fanjifana amin'ny fotoanam-pilazan-ketra isambolana ho fandaliana ireo vokatra.

Ho an'ireo alikaola taha ambony vokarina eto an-toerana, ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fanjifana dia ampiarana ny taha mifanaraka amin'ny sandany ka tsy ambanin'ny sora-bola kajiana amin'ny sanda fara-fahakeliny.

Ny fepetra fampiarana dia voalazan'ny fanapahan'ny Tale jeneralin'ny hetra

Nefa kosa, ho an' ny mpanafatr' entana, ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana dia tsy maintsy anaovana fanambarana ary efaina eny amin' ny sampan-draharahan'ny fadin-tseranana, mialohan'ny fanesoran'entana. Ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fanjifana dia azo hanaovana fifanarahana fanemora-panesorana na fifanarahana'jo.

Andininy II-96 (andininy 03.01.103) Ny fifanolanana amin' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana dia manaraka ny fitsipika voalazan' ny Lohateny VI sy IX an'ito fehezan-dalana ito.

SOKAJY III FITSIRIHANA SY FANARAHANA MASO

Andininy II-97 (andininy 03. 01. 104) Ileo mpanamboatra, mpamokatra, mpanana trano fitobiana na trano fitehirizana ny vokatra iharan' ny hetra dia tsy maintsy manaiky ny fitsirihana sy ny fanarahana maso izay tontosain' ny mpiasan' ny hetra araka ny fepetra mikasika ny famaizana ny fandikana an'ito fehezan-dalana ito.

SOKAJY IV FANOHIZANA NY ASA MANARAKA NY FIZARAN-TAONA

Andininy II-98 (andininy 03. 01. 105) Ileo mpioty na mpanamboatra mpanana trano fitobiam-bokatra na manana trano fitehirizam-bokatra nahazo alalana, isan-taona, iray volana, alohan' ny fanombohan' ny asa, raha toa izy tsy miasa amin' ny fotoana maharitra, dia tsy maintsy manao filazana amin' ny Talem-parity ny hetra mikasika ny fanohizan' ny asampiotazana na fanamboarana, ary raha toa misy fiovana entina amin' ny fandraharahana hatramin' ny fitsaharan' ny asa farany.

SOKAJY V FITSAHARANA AMIN'NY ASA

Andininy II-99 (andininy 03. 01. 106) Ileo mpanamboatra, mpioty, mpanana fitobiam-bokatra, na fitehirizam-bokatra izay mitsahatra amin' ny asany dia tsy maintsy manao filazana amin' ny mpiasan' ny hetra amin' ny faritra iadidiany, izay manao fitanana an-tsoratra ny isan' ny zavatra tafajanona ao amin' ny magazay, ary tsy maintsy manefa ny habetsaham-bokatra nisaina sy ny tsy ampy raha toa misy izany.

TOKO IX FAMETRAHANA MARIKA ARA-KETRA SY SORITRA MITOETRA HO AN'NY VOKATRA NAFARANA SY VITA ETO AN-TOERANA

SOKAJY I FOTO-KEVITRA

Andininy II-100.- (Andininy 03.01.107) Apetraka ho fanamafisana ny fanarahana-maso ny vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana ny fametrahana marika ara-ketra sy soritra mitoetra azo tsapain-tanana na ara-kajy mirindra ny vokatra. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

SOKAJY II SEHATRA FAMPIHARANA

Andininy II-101.- (andininy 03.01.108) Iharan'ny fametrahana marika ara-ketra, mba iantohana ny fahitan-tsoritra, ny vokatra vita na nafarana eto Madagasikara iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana.

Ho an'ny vokatra azo avy amin'ny paraky, ny paika napetraka dia mifanarakana amin'ny fepetran'ny

andininy faha 8 ao amin'ny fifanarahana tao amin'ny Fikambanambe Iraisam-pirenena momba ny Fahasalamana (OMS) mikasika ny ady atao momba ny fanaraha-maso atao amin'ny paraky sy hanafoanana ny fivarotana tsy ara-dalana ireto vokatra voalaza.

Andininy II-102.- (andininy 03.01.109 du CGI) Iharan'ny fametrahana marika ara-ketra sy soritra mitoetra ny mpamokatra, ny mpanafatra na mpaninjara ny vokatra izay iharan'ny hetra.

Ny fametrahana sy ny fanaraha-maso ny paikan'ny marika ara-ketra dia tarihin'ny Fandrahaharana ny hetra miaraka amin'ireo mpamokatra, mpanafatra na mpaninjara ny vokatra voalaza.

LOHATENY III : ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA

LOHATENY III :ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA	60
TOKO I:HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLASY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA	60
SOKAJY I: FEPETRA AMIN'NY FIVAROTANA ALIKAOLASY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA	60
SOKAJY II: TOERAM-PATOBIANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA	65
SOKAJY III: ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA	65
SOKAJY IV: DOKAM-BAROTRA	67
SOKAJY V: FANDRARANA	68
SOKAJY VI: SAMPAN-DRAHARAHANA MPAMANTATRA NY ALIKAOLA	69
TOKO II: IREO HETRA HAFA MAHAKASIKA NY FAHAZOAN-DALANA	69
SOKAJY I: NY FANDOAVANA	69
SOKAJY II: FEPETRA FAHAZOANA FAHAZOAN-DALANA	70
SOKAJY III: FEPETRA TAKIANA	70

LOHATENY III
ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA

TOKO I
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIIKA NY ALIKAOLA
SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA

SOKAJY I
FEPETRA AMIN'NY FIVAROTANA ALIKAOLA
SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA

PARAGIRAFY I
FIVAROTANA ALIKAOLA

Andininy III-01- (andininy 10.06.12 amin'ny CGI) Ny fivarotana ambongadiny alikaola tsy mitapoka, dia any amin'ny fanasitiliana, na any amin'ny fanatobian'entana ivelany, na any amin'ny fanatobian'ny sampandrahaharan'ny Hetra, ary amin'ny fampisehoan'ny mpangataka ny fanomezan-dalana hividy avy amin'ny Fandraharahana ny Hetra.

Ny fivarotana antsinarany ny alikaola tsy mitapoka dia any amin'ny fivarotam-panafody. Azo atao ihany ny manao izany, eny amin'ireo fametrahana fanafody nahazo alalana avy amin'ny lehiben'ny Faritra, raha voahaja ireto fepetra ireto :

1. Ny alikaola dia tsy maintsy atao anaty tavoahangy misy tombokasen'ny mpivarom-panafody vita fianarana, ary tsy mihoatra sy dimampolo amby zato santimetatra toratelo ny fiatany.
2. Ny olona mitazona ny fametrahana fanafody dia tsy maintsy manoratra ao anaty rejisitra voaisa takelaka sy vita sonia rangopohin'ny sampan-draharahan'ny hetra isaky ny misy fampidirana na famoahana alikaola.

Andininy III-02- (andininy 10.06.13 amin'ny CGI) Tsy misy olona afaka mivarotra alikaola nasiam-panovana raha tsy efa nahazo alalana avy amin'ny Lehiben'ny Faritra. Tsy maintsy ampahafantariny ny Talem-parity hetra izany fanomezan-dalana izany.

Ny fanomezan-dalana hivarotra ambongadiny ny alikaola nasiam-panovana dia tsy azo omena raha tsy amin'ireo mpivarotra manana karatra maha-matihanina mpamongady.

Ny fanomezan-dalana hivarotra amin'ny atsinjarany io vokatra io dia tsy azo omena raha tsy amin'ireo mpivarotra zava-manitra sy mpivarotra fanafody, ankoatr'izany dia tsy azo omena ihany koa ireo mpivarotra manana fahazoan-dalana mampisotro an-toerana.

Amin'ireo tranga roa ireo, ny fangatahana alalana, izay ilana ny hevity ny Lehiben'ny Distrika sy ny Sampandrahaharan'ny hetra, dia tsy maintsy manambara ny karazam-barotra efa ataon'ilay mpangataka, manoro ny toerana hametrahana na hivarotana ny alikaola nasiam-panovana. Voarara ny fitahirizana alikaola nasiam-panovana ivelan'ireo toerana voatondro ireo.

Andininy III-03- (andininy 10.06.14 amin'ny CGI) Tsy misy fivarotana alikaola nasiam-panovana azo atao, raha tsy misy fanomezan-dalana hividy nomen'ny Talem-parity ny Hetra, ho an'ny fivarotana ambongadiny ary avy amin'ny Ben'ny Tanana na ny solotenany, ho an'ny varotra antsinjarany.

Ny fahafantarana ny mombamomba ilay mpividy eo amin'ny lafiny faripiainana, ny anton-draharahany no hahafahana mametra ny hadirin'ny alikaola homena azy.

Rejisitra misy sosony no amoahana fahazoan-dalana mividy amin'ny antsinarany. Tsy maintsy omen'ilay mpividy an'ilay mpizara alikaola izany ary tehiriziny mba ho asehony ireo mpiasa mpanamarina.

Andininy III-04- (andininy 10.06.15 amin'ny CGI) Azon'ny mpiasan'ny hetra atao ny maka santonana alikaola nasiam-panovana, na vokatra hafa misy alikaola, any amin'ny mpivarotra, raha toa heveriny fa vokatra misy alikaola nasiam-panovana izany.

Andininy III-05- (andininy 10.06.16 amin'ny CGI) Ny mpivarotra alikaola nasiam-panovana dia **tsy** maintsy manaiky ireo fepetra natao ho azy ireo, amin'ny fitsidihana sy ny fanamarinana ataon'ny mpiasan'ny hetra.

PARAGIRAFY II FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA

I-Ireo karazana fivarotana zava-pisotro misy alikaola

Andininy III-06- (andininy 10.06.17 amin'ny CGI) Ny fahazahoan-dalana mivarotra zava-pisotro misy alikaola dia mizara ho sokajy roa sy kilasy roa ho an'ny sokajy faharoa :

1° Sokajy voalohany: fahazahoan-dalana hivarotra ambogadiny ny zava-pisotro misy alikaola.

2° Sokajy faharoa: fahazahoan-dalana hivarotra zava-pisotro misy alikaola amin'ny atsinjarany:

- Kilasy voalohany: entina mody
- Kilasy faharoa: sotroina eo an-toerana

Andininy III-07- (andininy 10.06.18 amin'ny CGI) Ny karazana fahazahoan-dalana misy fanambarana an-tsoratra mazava ny mombamomba azy, trandrahana ao anaty toeram-piasana dia tsy maintsy manondro amin'ny fomba mazava na amin'ny alalan'ny takelaby hita eny ivelany na amin'ny takelakazo ao anatiny, farafahakeliny dimy sentimetatra ny haavon'ny soratra.

Andininy III-08- (andininy 10.06.19 amin'ny CGI) Ny fahazahoan-dalana miserana ahafahana manokatra toeram-pisakafoanana sy fisstroana amin'ny fotoana isian'ny lanonana, foara, fandihizana, kerimesy, hazakazaka, sns... Omena alalana araka ny lahara-pamehan'ny tompon'ny fahazahoan-dalana sokajy faharoa araka ny voalazan' ny andininy III-06 etsy ambony.

Ny mpitazona ireo toeram-pivarotana ireo dia tsy afaka mivarotra afa-tsy zava-pisotro misy alikaola sotroina eo an-toerana.

Andininy III-09- (andininy 10.06.20 amin'ny CGI) Ireo fahazahoan-dalana voalazan'ny andininy III-06 etsy ambony dia tsy azo afangaro. Ny fampiasana fahazahoan-dalana anaty sokajy roa samihafa dia miteraka fandoavana sarany mifanaraka amin'izy roa tonta.

Andininy III-10- (andininy 10.06.12 amin'ny CGI) Marihana fa ny fahazahoan-dalana iray dia tsy natokana hoan'ny toeram-piasana iray ary tsy afaka na oviana na oviana hifehy toeram-piasana roa. Ny hoe toeram-piasana samihafa dia ivon-draharaha voafaritra ao anaty toeram-piasana samihafa sy fitantanan-kaonty manokana. Ny iray amin'ireo fepetra ireo ihany dia afaka amaritana ny maha toeram-piasana samihafa azy.

II-Fanomezana alalana

Andininy III-11- (andininy 10.06.22 amin'ny CGI) Tsy misy fivarotana zava-pisotro misy alikaola fitondra-mody na hohanina eo am-pitoerana afaka misokatra raha tsy mahazo alalana mialoha.

Ny fanomezana alalana voalaza etsy ambony dia mitaky fangatahana an-tsoratra ary eken'ny manampahefana mahefa arakan'ny andininy III-16 etsy ambany.

Andininy III-12- (andininy 10.06.23 amin'ny CGI) Ny fahazoan-dalana mivarotra eny amin'ny foara dia azo avy amin'ny Ben'ny tanana.

Ny Ben'ny tanana no mamaritra ny ora fisokana sy fikatonan'ny toeram-pivarotana zava-pisotro misy alikaola.

72 ora mifanesy no fehim-potoana voafetra itrondrahana ny fanomezana alalana mivarotra eny amin'ny foara . Raha te hanitatra izany fe-potoana izany ny mpitrandraka ny fahazahoan-dalana dia tsy maintsy manao fangatahana fahazahoan-dalana hivarotra zava-pisotro misy alikaola araka ny fepetra takian'ny andininy II-16 sy ny manaraka.

Anjaran'ny firaisansa ny mandefa isan-telovolana, alohan'ny faha 15 ny volana manaraka eo anivon'ny ivon-ketre mahefa. Ny listry ny fanapanahan-kevitra momba ny fahazahon-dalana foraine dia tokony ahitana ireto voalaza manaraka ireto:

Ny anarana,ny fanampin'anarana ,ny asa atao, ny toeram-ponenan'ny mpangataka ary ny toerana isian'ny fivarotana ho an'ny vatatenan'olona ;

Ny antony ara-tsosialy;ny foibe ary ny toerana misy ny fivarotana ho an'ny rafitra mizaka zo sy andraikitra

Ny daty nanombohana ny fandrahahana ary ny famaranana ny fitrandrahana;

Ny laharanam-pamatatarana ara-ketra ho an'ny olona manana laharan-ketra na laharan'ny karatra maha olom-pirenenavho an'ny olona tsy manana laharan-ketra

Andininy III-13- (andininy 10.06.24 amin'ny CGI) Ny fanapanahan-kevitra mikasika ny famindrana, fanamadihana, famindra-tombo, fitantanana, na fanovana ny fitantanana ny fahazahoan-dalana efa nisy dia voafehin'ny Tale Rejionaly misahana ny hetra na ny lehiben'ny ivon-ketre mahefa.

Andininy III-14- (andininy 10.06.25 amin'ny CGI) Ny fahazahoan-dalana mivarotra zava-pisotro misy alikaola ao amin'ny karazany voalohany dia omen'ny Tale Rejionaly misahana ny Hetra mahefa hoan'ny vatatenan'olona na ny rafitra mizaka zo sy andraikitra izay nahazo hanomezan-dalana hanamboatra alikaola na zava-pisotro misy alikaola.

Andininy III-15- (andininy 10.06.26 amin'ny CGI) Tsy voafehin'ny fepetra momba ny fanazavana ny fanapanahan-keviny ny manampahefana manome alalana.

III-Fepetra momban'ny fanomezana ny fahazahoan-dalana hivarotra

A. Fangatahana

Andininy III-16- (andininy 10.06.27 amin'ny CGI) Ireo vatatenan'olona sy rafitra mizaka zo sy andraikitra rehetra izay mikasa ny hivarotra zava-pisotro azo entina mody sy hohanina eo am-pitoerana dia tsy maintsy manao fangatahana amin'ny Tale Rejionaly misahana ny Hetra na ny Lehiben'ny Ivon-ketre mahefa izay maneho ireto singa manaraka ireto:

1° Ny anarana, fanampin'anarana, daty sy toerana nahaterahana, asa atao ary ny fonenan'ny mpanao fangatahana;

2° Ny toerana tokony isokafan'ny toeram-pivarotana sy ny faritra mazava misy ny fivarotana;

3° Raha toa ka mahakasika ny hanankina ny toeram-pivarotana amina mpitantana hafa ny mpanao fangatahana dia ambara avokoa ny mombamomba io mpitantana io toy ny anarana, fanampin'anarana, asa atao, fonenana, daty sy toerana nahaterahan'ny mpitantana notendreny;

4° Raha toa ka mahakasika ny rafitra mizaka zo sy andraikitra dia ambara ny anaram-pikambanana sy foibe toerana.

Ampiarahina amin'ny fangatahana ihany koa ireto manaraka ireto:

- a. Ny sombin'ny firaketan-tsazy izay nalaina tao anatiny 3 volana mialohan'ny fangatahana raha farany ela an'ny mpanao fangatahana na ny mpitantana izay atolotra amin'ny fankatoavan'ny fampandehanan-draharaha;
- b. Ny drafitrin'ny toeram-pivarotana zava-pisotro misy alikaola, ny magazay, ny toeram-pametrahana entana ary ny fanekena ny hanambara izay fanovana rehetra mety hatao amin'ny ho avy;
- c. Raha mahakasika sosaiety dia mila maneho kopia tena izy momba ny lalam-pikambanana sy ny fahefana apetraka amin'ny mpitantana.

Andininny III-17- (andininy 10.06.28 amin'ny CGI) Ny olon-tsotra na fikambanana izay maniry ny hanana fahazoan-dalana hivarotra amin'ny sokajy faharoa dia tsy maintsy, alohan'ny hanombohany ny fanorenana na fanamboarana ny toerana hiasany, mamory ireo antotan-taratasy araka ny voalazan'ny andininny III-16 etsy ambony sy mamenno izany amin'ny filazana ny vola sy ny karazan'asa hatao, ny famatsiam-bola hananany ary ny vokatra heveriny ho azo.

Ny Talem-paritra eny an-toerana no manana fahefana hanome fahazoan-dalana hivarotra zava-pisotro misy alikaola.

B- Fahafaha-manaon'ny mpangataka araka ny lalàna

Andininny III-18- (andininy 10.06.29 amin'ny CGI) Na iza na iza maniry fahazoan-dalana hanokatra fivarotana zava-pisotro misy alikaola dia tsy maintsy manamarina ny maha-olom-pirenena malagasy azy.

Na izany aza, ny fandinganana manokana ireo fepetra dia azon'ny Lehiben'ny Disitrika omena ireo vahiny izay maniry hanao ny asa fivarotana zava-pisotro misy alikaola.

Andininny III-19- (andininy 10.06.30 amin'ny CGI) Ireo olona tsy feno iraika ambin'ny roapolo taona marina, ankoatra ireo efa mahaleotena noho ny mariazy, ireo voarara, ny olona rehetra efa voaheloka noho ny antony samihafa amin'ny fampidirana am-ponja na ny olona rehetra voaheloka noho ny fandikan-dalàna lehibe amin'ny didy amam-pitsipika ara-ketra.

C- Fivarotana amin'ny toerana maromaro

Andininny III-20- (andininy 10.06.31 amin'ny CGI) Tsy misy olon-tsotra afaka, ankoatra ireo efa manana fahazoan-dalana taloha, manana na mivarotra mivantana na tsia na koa tantanin'olon-kafa toeram-pivarotana sokajy faharoa mihoatra ny iray.

Andininny III-21- (andininy 10.06.32 amin'ny CGI) Tsy misy sosaiety afaka, ankoatra ireo efa manana fahazoan-dalana taloha manana na mivarotra mivantana na tsia na koa tantanin'olon-kafa toeram-pivarotana sokajy faharoa mihoatra ny iray, raha tsy amin'ny fitambaran'orinasa misehatra amin'ny fizahan-tany, misy amin'ny toerana samihafa izay tantanin'ireo mpiasan'ny orinasa ihany.

D- Fitsirihana toeram-pivarotana zava-pisotro misy alikaola

Andininy III-22- (andininy 10.06.33 amin'ny CGI) Ny toerana misy ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola dia tsy maintsy manamorona ny lalam-bahoaka ary mora ho an'ireo mpiasa manam-pahefana aleha.

Andininy III-23- (andininy 10.06.34 amin'ny CGI) Ny toerana misy ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola sotroina eo an-toerana dia aorina eny amin'ny toerana isian'ny fandriam-pahalemana ho an'ny besinimaro amin'ny loza rehetra mety hitranga.

Ireo toeram-pivarotana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny ampiasana azy ary tsy afaka atao toeram-ponenana.

Andininy III-24- (andininy 10.06.35 amin'ny CGI) Raha toa ka atao amin'ny toerana iray ny fahazoan-dalana sokajy voalohany sy faharoa, dia tsy maintsy sarahina mazava izany ary tsy misy fifandraisana avy ao anatiny.

E- Faritra arovana

Andininy III-25- (andininy 10.06.37 amin'ny CGI) Ankoatra ireo efa manana fahazoan-dalana taloha, tsy misy fivarotana zava-pisotro misy alikaola sotroina eo an-toerana, natao ho fisotrona sy hivarotana amin'ny antsinarany miorina manodidina latsaky ny dimampolo amby zato metatra :

- amin'ireo toerana natokana ho toeram-pivavahana samihafa, ireo fasam-bahiny, ireo toerana fitaizana beantitra, ny toeram-pampianarana miankina amin'ny fanjakana na tsia, ireo hopitaly, toeram-pitsaboana, sanatoria sy preventoria, ireo antokon-draharampanjakana nantsangana ho fikolokolom-batan'ny tanora sy fiarovana ny fahasalamam-bahoaka, ireo fonja, ireo toby miaramila, ireo toerana fitahirizana fitaovam-piadiana sy ireo trano rehetra ampiasain'ireo miaramila an-tanety, an-dranomasina sy an'habakabaka, ireo polisy ary koa ny olona miasa amin'ireo sampandraharampanjakana.

Io elanelana io dia refesina isam-baravarana amin'ny lalam-bahoaka fohy indrindra.

Andininy III-26- (andininy 10.06.38 amin'ny CGI) Amin'ny lafiny manokana, dia azo dinganina ireo fepetry ny andininy III-25 etsy ambony noho ny antony manokana ara-pizahan-tany.

Andininy III-27- (andininy 10.06.39 amin'ny CGI) Ireo fepetra mikasika ny faritra arovana dia tsy ampiharina amin'ireo varotra miserana.

IV- Paika arahina amin'ny fangatahana fahazoan-dalana hivarotra

Andininy III-28- (andininy 10.06.40 amin'ny CGI) Ny antotan-taratasy fangatahana hivarotra zava-pisotro misy alikaola rehetra izay voafaritry ny andininy III-16 sy III-17 dia tsy alefa amin'ny Talem-paritry ny hetra aorian'ny fanamarihana ataon'ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Lehiben'ny sampana mпиrotsaka an-tsehatra eny an-toerana.

Ho an'ireo fahazoan-dalana sokajy faharoa ho an'ny toeram-pisakafoana, fandriam-bahiny - toeram-pisakafoana, fandriam-bahiny - toeram-pisotroana sy fisakafoana, toeram-pisotroana sy fisakafoana, dia ilàna ny fankatoavan'ny Talen'ny fizahan-tany. Ity farany no manome ny fankatoavana amin'ny fisokafana, ny fanamboarana sy ireo asa hatao amin'ny toeram-pivarotana.

V- Toetry ny fahazoan-dalana hivarotra

Andininy III-29- (andininy 10.06.41 amin'ny CGI) Ny fahazoan-dalana hivarotra dia manokana. Ny tompon'ny fahazoan-dalana hivarotra ihany no tsy maintsy mampiasa izany ho azy amin'ny toerana ivarotany ary azony omena ihany koa ny mpiasa karamaina sy ankatoavin'ny Fandraharahana ny

fitantanana izany, araka ny fitsipika faritan'ny andininy III-13 etsy ambony.

Ny fitantanana fampanofana na fitantanana malalaka dia tsy azo ekena ; raha toa ny toeram-pivarotana izay ampiasana ny fahazoan-dalana hivarotra ka ampanofaina na ampanofaina indray, ny mpanofa dia tsy maintsy manao ny famindrana ny fahazoan-dalana hivarotra amin'ny anarany.

Andininy III-30- (andininy 10.06.42 amin'ny CGI) Ny solontena araka ny lalàna amin'ny fandovana dia afaka manohy amin'ny anarany ny fampiasana ny fahazoan-dalana hivarotra hatramin'ny fahalanian'ireo tahirin-java-pisotro misy tamin'ny fotoana nanombohan'ny fandovana.

Raha toa bankirompitra na misy fandravonana ara-pitsarana, ny olona voatendry hitantana na ny mpitantana dia afaka manohy amin'ny anarany ny fampiasana ny fahazoan-dalana hivarotra hatramin'ny fahataperan'ny raharaha.

VI-Fandraràna

Andininy III-31- (andininy 10.06.47 amin'ny CGI) Voarara ary saziana arak'ireo andininy 20.01.60 sy 20.01.78 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra :

a. Ireo tompon'ny fahazoan-dalana hivarotra ankoatra ireo efa nahazoana alalana amin'ny varotra antsinarany sotroina eo an-toerana, amin'ny fametrahany ao anatin'ny toerana hivarotana sy ny miankina aminy, ireo latabatra, sezà, vera sy fanaka hafa na kojakoja amin'ny fihinana ahafana milaza ny fisotroana eo an-toerana ;

b. Ny olona rehetra tsy manana fahazoan-dalana hivarotra sokajy faharoa mampiasa tokotanim-barotra, ny mitazona na mamela hisotro ao amin'ny toeram-pivarotany zava-pisotro misy alikaola sotroina, ankoatra ireo izay voalaza manokana amin'ity lohateny ity.

Andininy III-32- (andininy 10.06.48 amin'ny CGI) Voarara ary iharan'izay voalazan'ireo andininy 20.01.71 sy 20.01.72 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, ny fanomezana na tsinahy aza ny zava-pisotro misy alikaola ho tambin'ny entana, na ny fandoavana ny fanampin-karama ataon'ny mpampiasa amin'ireo mpiasany, amin'ny alalan'ireo zava-pisotro ireo na ny fanomezana izany na amin'ny masonkarenany aza. Ankoatra ireo fanenjehana atao aminy, ireo mpandika lalàna dia raisina, araka ny zava-mitranga, ho toy ny tompon'ny fahazoan-dalana hivarotra sotroina an-toerana na entina ary terena handoa ireo sara nanaovana fandikana lalàna sy sazy voalazan'ny andininy 20.01.73 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

Andininy III-33- (andininy 10.06.49 amin'ny CGI) Voarara ao anatin'ny toeram-pivarotana zava-pisotro misy alikaola sotroina an-toerana ny fanaovana lottery, tombola, lalao mitsapa vitana sy amin'ny ankabobeny, ny hetsika rehetra mety hanohintohina ny filaminam-bahoaka.

Andininy III-34- (andininy 10.06.50 amin'ny CGI) Voarara ny :

- fivarotana zava-pisotro misy alikaola enti-mandeha ;
- ny fanomezana ny fahazoan-dalana miserana amin'ny olona rehetra tsy manana karatra ara-ketra amin'ny taom-piasana diavina.

SOKAJY II TOERAM-PATOBIANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA

Andininy III-35 (andininy 10.06.51 amin'ny CGI) Ireo mpamokatra zava-pisotro misy alikaola ankoatra ny labiera dia afaka mivarotra ambongandiny na antsinarany ary afahana amin'ny fandoavana hetran'ny fahazoan-dalàna hivarotra, ny vokatra vokarin'izy ireo manokana ao amin'ny trano fanatobiana entana misokatra amin'ny anarany ary eo ambanin'ny andraikiny feno araka ny fepetra voafaritra etsy ambany.

Andininy III-36 (andininy 10.06.52 amin'ny CGI) Ny fanomezan-dalana hanokatra toeram-pivarotana dia azo ekena amin'ny alalan'ny fangatahana mazava ataon'ny mpamokatra, araka ny fanapahan'ny Talem-parity ny hetra, izay tsy maintsy eken'ny Lehiben'ny Faritra.

Mahakasika ny isan'ny fitobian'ny entana amin'ny anaran'ny mpamokatra iray, araka ny maha zava-dehibe ny famokarana, dia faritan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneraly ny hetra, izay tsy maintsy havaozina isan-taona na amin'ny fotoam-piasana.

Andininy III-37 (andininy 10.06.53 amin'ny CGI) Tsy misy toeram-pivarotana afaka misokatra ao anatin'ny toeram-pamokarana.

SOKAJY III ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

PARAGIRAFY I FITANANA REJISITRA

Andininy III-38 (andininy 10.06.54 amin'ny CGI): Ny mpivarotra manana fahazoan-dalana dia tsy maintsy mitazona rejisitra (modely tovana 32) ahitana ireo fidirana sy fivoahan'ny alikaola na vokatra misy alikaola natao hamidy.

Andininy III-39 (10.06.55 amin'ny CGI): ny rejisitra dia tsy maintsy apetraka tsy tapaka tsy misy banga na famafàna. Manarak'izay, tsy maintsy voamarika, natao Sonia rango-pohy an'ny lehiben'ny foibenketa mahefa alohan'ny ampiasaina azy ny rejisitra.

Ny takosona, ny fanampiana ny efa voasoratra (surcharges), fanakikisana dia mila ankatoavina.

Andininy III-40 (10.06.56 amin'ny CGI): ny fanisàna ny vokatra sy ny ankora dia afaka atao amin'ny fotoana tsy voafaritra ataon'ny ny sampan-draharaha misahana ny hetra.

Ny mihoatra tsy voamarina dia afaka gihazina sy miteraka fitanana an-tsoratra.

Ny tsy fahampiana dia natao entana mivoaka mba ampifandanjàna ny kaonty, ankoatra ny oe misy ny fanaovana hosoka.

Andininy III-41 (10.06.57 amin'ny CGI) Ny mpivarotra alikaola voaova toetra dia tsy maintsy amin'ny fihazonana rejisitra fidirana sy fivoahana izay tsy maintsy hanoratany ny zavatra noraisiny sy ny varotra nataony manondro ny anarana, ny toeram-ponenan'ny mpividy, ny laharana sy ny datin'ny fahazoan-dalàna hividy ary koa ny habetsaky ny alikaola voaova hendrika lafo.

Andininy III-42 (10.06.58 amin'ny CGI) Ny mpivarotra dia tsy maintsy mamoaka taratasy manome alalana misaraka amin'ny rejisitra tsy maintsy tazominy rehefa amin'ny fotoanan'ny fisavàna ny zavapisotro misy alikaola izay ny habetsahany mihoatra ny fetra apetrakin'ny andininy fehezan-dalàna voalaza na rehefa nanao famarotana ny vokatra tamin'ny mpivarotra alikaola hafa.

Andininy III-43 (10.06.59 amin'ny CGI) Na dia misy aza ny fenitra voalazan'ny andininy etsy ambony, ny mpivarotra zava-pisotro dia afaka mahazo alalana avy amin'ny talem-parity ny hetra ny hampiasa ny faktiora izay manamarika ny taratasy manamarina ny fivezivezen'ny entana, misy laharana sy ny datin'ny fahazoan-dalàna.

Andininy III-44 (10.06.60 amin'ny CGI): Ny rejisitrin'ny fidirana sy fivoahan'ny alikaola na vokatra alikaolika ary ny rejistry ny taratasy manome alalana dia tsy maintsy ananan'ny mpiasan'ny hetra. Raha toa ka misy ny fitanana an-tsoratra dia afaka giazana mba ho porofo.

PARAGIRAFY II TSIRIKA SY FISAVÀNA

Andininy III-45 (10.06.61 amin'ny CGI): ny mpivarotra alikaola na vokatra alikaolika dia tsy maintsy manaiky ny tsirika sy ny fisavana ataon'ny mpiasan'ny hetra izay afaka manantanteraka amin'ny fotoana rehetra izay mety ao amin'ny trano fitehirizam-bokatra, ny fanatobiana na famarotana sy ny miankina aminy.

Ireo iharan'ny hetra dia tsy maintsy manambara ny habetsaka sy ny fahan'ny alikaola sy ny voakatra alikaolika izay hazoniny.

Andininy III-46 (10.06.62 amin'ny CGI): rehefa misy ny fitanana an-tsoratra izay miteraka fandavana mahakasika izany, ny toetra sy ny fahan'ny alikaola sy ny vokatra alikaolika, ireo mpiasan'ny hetra dia afaka manantanteraka (contradictoirement) amin'ny fakàna santonany telo amin'ireo vokatra misy fifandirana ka ny voalohany dia hazonina rehefa misy fandavana ara-pitsarana, ka ny faharoa dia natao famakafakana laboratory simika ofisialy, ka ny fahatelo dia atolotra ny olona voakasika, raha misy ny fangatahiny.

Ireo santonany ireo dia tsy maintsy misy fitombokon'ny mpiasan'ny hetra sy fitombo-kase, atao eo amin'ny sisin'ny fitanana an-tsoratra. Ny mpandika lalàna dia tsy maintsy mametraka ny soniany ao amin'io fintanana an-tsoratra io; raha misy fandavàny izany dia raiketina ao amin'ny fintanana an-tsoratra izany.

Ny fepetra voasoratra etsy ambony dia mihatra raha toa ka misy fifanolanana mahakasika ny alikaola na vokatra alikaolika tsikaritra mandritra ny fitaterana:

PARAGIRAFY III FANDOAVANA)

Andininy III-47 (10.06.63 amin'ny CGI) : ny mpivarotra zava-pisotro dia tsy maintsy mandoa mivantana any amin'ny fandoavam-bolan'ny mpandray hetra any amin'ny ivon-ketra mahefa, ny hetra ny fahazoan-dalàna famarotana zava-pisotro misy alikaola amin'ireto fem-potoana manaraka ireto :

- hoan'ny fahazoan-dalana famarotana efa misy, farafahatarany ny faha 15 andro ny isan-telovolana
- hoan'ny fahazoan-dalana famarotana vaovao, fara-fahatarany ny faha 15 andro mandritra ny fivarotana.

Ny fanambarana dia atao sy raisina ao anaty aterinetra fanaovana fanambarana natokana hoan'io na manaraka ny modely efa mivoaka taratasy sy ny rantsana voafaritry ny fitantanandraharaha mahakasika ny hetra.

Hoan'ny mpivarotra am-bongadiny sy ny fintrandrahana marobe voalaza ao amin'ny andininy izay manana toeram-pamokarana maro, ny fandoavn-ketra sy ny fahazoan-dalana dia miaraka amin'ny rantsana misy ireto mombamomba manaraka ireto : adiresy, kaominina, faritra misy ny toeram-pamokarana.

Andininy III-48 (10.06.64 amin'ny CGI) : ny hetran'ny fahazoan-dalana hivarotra zava-pisotro misy alikaola vonjimaika voafetra dia tsy maintsy aloa any amin'ny mpandray hetra voantendry ny kaominina mialohan'ny fintrandrahana ny ara-barotra.

PARAGIRAFY IV

TARATASY FANAMARINANA

Andininy III-49 (10.06.55 amin'ny CGI) : ny iharan'ny hetra voalaza ao amin'ny andininy etsy ambony dia tsy maintsy mangataka any amin'ny mpandray hetran'ny ivon-ketra mahefa ny taratasy fanamarinana manaporofa ny maha ara-dalàna ny mombamomba eo anoloan'ny hetra fahazoan-dalana hivarotra.

Io taratasy fanamarinana io dia tsy afaka atolotra raha tsy misy marim-pandraisana manamarika ny fandoavany manontolo ny hetra amin'ny fahataperan'ny telovolana.

Andininy III-50 (10.06.66 amin'ny CGI) : Ny fanaovana faktiora ny alikaola na vokatra alikaolika amin'ny samy iharan'ny hetra fahazoan-dalana hivarotra dia tsy maintsy maneho mazava tsara ny tarehimarika taratasy manamarina voankendry eo amin'ny andininy III-49 etsy ambony.

PARAGIRAFY V

FANAMBARANA FANOVARANA NY FANDAMINANA NY FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA

Andininy III-51(10.06.67 amin'ny CGI): Ny fikasana fanitsiana mikasika ny fandaminana ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola dia tsy maintsy anaovana fanambarana an-tsoratra arahan'ny drafitra ny toerana vaovao.

Hoan'ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola izay sotroina eo no eo, ny sampana fizahantany dia afaka manendry ny asa fampandrosoana izay heveriny ilaina oentina eo amin'ny toerana.

Ny mpivarotra dia tsy maintsy mananteraka izany raha tsy oe manana fahafahana izy hanajanona mazava tsara ny drafitra fanovàna.

PARAGIRAFY VI

FEPETRA TAKIANA MAHAKASIKI NY FIKIRAKIRANA NY ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA

Andininy III-52 (10.06.68 amin'ny CGI) Ankoatran'ny alikaola sy ny vokatra alikaolika voaray amin'ny tavoahangy sy ny siny voamarika, voasarona sy misy kapisiily nataon'ny mpamokatra, ny alikaola sy ny zava-pisotro alikaolika rehetra izay natao ao-am-pivarotana dia afaka afangaron'ny mpivarotra amin'ny zava-pisotro hafa, fa mila tanterahina ao anatin'ny rejisitra ny fidirana sy fivoahanan'ny fanambara an-tsoratra ireo asa.

Andininy III-53 (10.06.69 amin'ny CGI) Ireo mpivarotra dia tsy maintsy manisy amin'ny fomba mazava tsara eo amin'ny tavoahangy sy ny fonosana, ny barika manondro ny anarana hamarotana azy na hatobiana mba ho varotana ny alikaola sy ny vokatra alikaolika, ary hoan'ny rano misy alikaola sy ny fanahy isan-karazany, ny fanondroana ny tahan'ny alikaola.

Andininy III-54 (10.06.70 amin'ny CGI): ankoatra ny mpamokatra sy mpivarotra mpijinja, tsy azo ataon'ny mpivarotra rehetra ny mivarotra ambongadiny ny alikaola sy ny vokatra alikaolika misy fahany mihoatra ny 51 fahany.

PARAGIRAFY VII

NY FEPETRA TAKIANA REHEFA MISY FANATSAHARANA NY ASA

Andininy III-55 (10.06.71 amin'ny CGI): ny mpitahiry trano fanatobiana entana na mpanatoby alikaola na vokatra alikaolika izay manatsahatra ny asany dia tsy maintsy manaraka ny fenitra voalazan'ny andininy II-99 ito fehezan-dalàna ito.

-raha toa ka misy ny fanatsaharana asa, ireo mpivarotra zava-pisotro misy alikaola dia tokony mampahafantatra an-tsortra ny mpiasan'ny hetra mahefa. Raha to ka tsy misy ny fanambarana an-tsortra amin'ny fanatsaharana nandrity ny taona nitsaharana dia tokony mbola aloha ny hetra fahazoan-dalana hivarotra erintaona manontolo.

Andininy III-56 (10.06.72 amin'ny CGI): rehefa amin'ny zava-misy tsy azo ialàna, ny fiatoana vonjimaika ny asa dia miteraka tsy fadoavan-ketra fahazoan-dalana hivarotra mifanaraka amin'ny fotoana nikatonana, tsy misy ny famerenana ny sara efa voaloa.

SOKAJY IV

DOKAM-BAROTRA

Andininy III-57 (10.06.73 amin'ny CGI) Ny dokam-barotra hoan'ny zava-pisotro misy lalivay dia malalaka raha toa ka tsy aseho ho manana fiantraikany tsara amin'ny fahasalamana sy ny faharetana ireo vokatra ireo.

Andininy III-58 (10.06.74 amin'ny CGI) Ny dokam-barotra, na inona inona endrim-panehoana azy amin'ny hoan'ny zava-pisotro misy alikaola voatanika dia voarara.

Mitoetra ho hankatoavana anefa tahakan'ny zava-pisotro misy lalivay:

1° ny fandefasana any amin'ny mpitsinjara sy ny mpivarotra zava-pisotro alikaolika nataon'ny mpanafatra entana , mpamokatra, sy ny mpitahiry an'trano fanatobian'entana amin'ny alalan'ny tenimita ara-barotra manondro ny toetoetran'ny vokatra varotany sy ny fepetra famarotana.

2° ny fitsinjarana eny amin'ny mpitsinjara sy mpivarotra zava-pisotro alikaolika nataon'ny mpanafatra entana, mpamokatra sy ny mpitahiry trano fanatobiana entana ny entana fampiroboroboana hoan'ny zava-pisotro misy alikaona

3° ny fandratiana, ao anatin'ny fivarotana sy toerana fanjifana hafa na famarotana natao hoentina, ny anaran'ny zava-pisotro nankatoavina sy ny singa mandrafitra azy, ny anarana sy ny adiresin'ny mpamokatra, ny vidiny ankoatran'ny toetoetra ary indrindra ireo izay maneho azy ho hisy sanda arapahasalamana

4°ny fiparitahan'ny gazety mivoaka matetika nahazo fankatoavana ara-dalàna ary misy fanambarana hoan'ny zava-pisotro mahamamo.

5° ny dokam-barotra mahakisa ny divay misy kininina, divay voaova sy ny divay misy hanitra vita amin'ny divay mifatra latsakin'ny 23 fahany rehefa manondro manokana ny fiantso sy ny singa mandrafitra ny vokatra, ny anarana sy ny adiresin'ny mpamokatra, ny mpiasa sy ny mpanatoby izy

Ny fepetran'ireo zava-pisotro ireo dia tsy afaka vokarina raha tsy misy manokana ny fiantsoana sy ny singa mandrafitra ny vokatra, ny anarana sy ny adiresin'ny mpamokatra, ny mpiasa sy ny mpanatoby

SOKAJY V FANDRARÀNA (10.06.75)

Andininy III-59 (10.06.75 amin'ny CGI): raràna manerana ny nosy ny fihazonana, ny fivezivezena sy ny famarotana sy ny fanomezana maimaimpoana ny:

1° ny divay izay nampiana alikaola

Kanefa, tsy voakasika io fandraràna io ny divay marina sy hovarotana, sy mifatra latsakin'ny 12 fahany, rehefa nampiana alikaola miteraka fiakaran'ny fahan'ny divay latsakin'ny 1,5 fahany, ary ny fatrany dia tsy tokony hihotra mihintsy ny 12 fahany, raha tsy oe nampiana alikaola misy fanahy na rano misy alikaola avy amin'ny fitanihana divay fotsiny sy fatra azo varotana mihoatran'ny 45 fahany.

2° ny toaka maintso avy amin'ny zava-maniry sy ireo karazan-toaka mitovitovy aminy:

Heverina ho toan'ny rano misy alikaola mitovy aminy ny toaka « spiritueux » rehetra ka ny tsiro sy hanitra « anis » no mibahaha ary manome, rehefa ampiana fatra efatra amin'ny rano voatanika amin'ny 15 fahany, fangaro mikorontana izay tsy manjavona tanteraka rehefa ampiana fatra telo amin'ny rano voatanika amin'ny 15 fahany.

Heverina ho toan'ny rano misy alikaola ihany koa ireo toaka « spiritueux » misy hanitra « anis » izay tsy miteraka fangaro misy korontana amin'ny fanampiana rano amin'ny fepetra voalaza etsy ambony nefy misy « essence cetonique » ary indrindra ny iray amin'ireto « essence » manaraka ireto : « grande absinthe », « tanaisie », « carvi », ary ihany ko ny toaka spiritueux misy hanitra « anis » manana fiakaran'ny alikaola maherin'ny 40 fahany.

Ho fandinganana ny fepetra etsy ambony, tsy heverina ho toaka maintso avy amin'ny zava-maniry mitovitovy aminy, les liqueurs anisés an'ny fiakaran'ny alikaola manelanelan'ny 41 hatramin'ny 45 fahany miteraka fanakorotanana izay miala tanteraka rehefa ampiana 16 ny fatran'ny rano voatanika ka hatramin'ny 15 fahany izay manaraka ny fenitra manaraka eto :

- Azo avy amin'ny fampiasana alikaola misy fara fahabetsany 25 grama tsy fahadiovana isaky ny hektolitatra
- Voaomana eo ambanin'ny fanarahi-mason'ny mpiasan'ny fitantanan-draharahan-ketra.
- Namidin'ny mpivarotra tamin'ny tavoahangy misy kapisily, ny fara fahafaha-manao ny iray litatra ary misy fonosana misy anaran sy adiresin'ny mpamokatra

3° ny zava-pisotro apéritifa misy divay ary koa ny zava-pisotro mandevi-kanina izay misy fatra totaly amin'ny « essence supérieure » atsasa-grama isaky ny litatra na misy « essences » na vokatra voarara.

4° ny zava-pisotro rehetra apéritifa misy alikaola ankoatran'ny zava-pisotro misy hanitra « anis » eo anelanelan'ny 41 sy 45 fahany, izay manome fangaro mikorontana tsy manjavona tanteraka rehefa miampy 14 ny fatran'ny rano voatanika ka hatramin'ny 15 fahany, azo avy amin'ny fampiasana alikaola

misy tsy fahadiovana 25 grama isaky ny hektolitatra, nomanina eo ambany fanaraha-mason'ny mpiasan'ny Fandrahahahaha ary namidin'ny mpamokatra amin'ny tavoahangy misy kapisily mahazaka fara-fahabetsany 1 litatra sy mifono fonosana mitondra ny anarana sy ny adiresin'ny mpamokatra.

SOKAJY VI SAMPAH-DRAHARAHA MPAMANTATRA NY ALIKAOLA

Andininy III-60 (10.06.76 amin'ny CGI) : noforonina :

- Eo anivon'ny ministera miandraikitra ny fahasalamam-bahoaka izay sampan-draharaha mitondra ny anarana hoe « komity nasionaly ho fihadiana ny fisotroan-toaka »
- Eo anivon'ny lehibem-parity ny fahasalamam-bahoaka, sampana iray izay mitondra ny anarana oe komitim-paritra hoan'ny fihadiana ny fisotroan-toaka

Andininy III-61 (10.06.77 amin'ny CGI) : ireo olona mandrakitra sy ny fitsipim-pipehezana mampandeha ny sampana dia voafaritra mifanaraka amin'ny lalàna velona.

Andininy III-62 (10.06.78 amin'ny CGI) : ireo sampan-draharaha ireo indrindra dia manana andraikitra mba hanambatra ny singam-baovao amin'ny fanontaniana mahakasikan'ny fisotroan-toaka, dia manoraka hevitra ireo manam-pahefana mpiandraikitra, ny fepetra rehetra izay manena ny habetsakin'ny fisotroan-toaka sy mampahafantatran'ny be sy ny maro ny voka-dratsy ateraky ny firoboboran'ny fisotroan-toaka, ary amin'ny ankapobeany, manome soso-kevitre ireo manam-pahefana ny hevitra azo ampiharina sy fanampiana mahasoa.

TOKO II IREO HETRA HAFA MAHKASIKA NY FAHAZOAN-DALANA

SOKAJY I NY FANDOAVANA (10.06.82)

Andininy III-63 (10.06.82 amin'ny CGI) : Ny hetra dia miorina amin'ny alàlan'ny didy fampidiram-bola navoakan'ny tompon'andraikitra manome alalana ny fidiram-bola faharoa amin'ny vondrom-piarahamonina mahazo tombony ho an'ny fidiram-bola manokana ary avy amin'ny tompon'andraikitra manome alalana ny vola miditra faharoa ao amin'ny kaominina amin'ny toerana hanaovana ny asa ho an'ny fomba fanao iombonana.

Ny fanomezan-dàlana dia omena amin'ny fandoavana ny hetran'ny fahazoan-dàlana

Ny famoriam-bola dia ataon'ny tompon'andraikitra amin'ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny ambaratongan'ny vondrom-piarahamonina mahazo tombony ho an'ny fidiram-bolan'ny tenany fa ny lehiben'ny distrika ara-pitantanana na amin'ny kaonty amin'ny tahirim-bolam-panjakana manana fahefana ara-paritra ho an'ny fidiram-bola iombonana

Ny fandoavam-bola rehetra dia tsy maintsy iharan'hy famoahana tapakila mitovy amin'ny vola atao'n'hy mpandrahahaha tompon'andraikitra amin'ny fanangonana, ho antontan-taratasy fanohanana ho an'ny mpitrosa

Ny dika mitovy amin'ny famintinana ny didy fampidiran-ketra miaraka amin'ny fanambarana amin'ny antsipirany momba ny tapakila isam-bolana dia tsy maintsy alefan'ny mpiandraikitra ny fanangonana alohan'ny faha-15 amin'ny volana manaraka, tsirairay avy any amin'ny biraon'ny faritra sy ny faritany, ho an'ny antoko izay mpahazo tombontsoa azy ireo.

SOKAJY II FEPETRA FAHAZOANA FAHAZOAN-DALANA

Andininy III-64 (10.06.83 amin'ny CGI): Ny dika mitovy amin'ny famintinana ny didy fampidiran-ketra miaraka amin'ny fanambarana amin'ny antsipirany momba ny tapakila isam-bolana dia tsy maintsy alefan'ny mpiandraikitra ny fanangonana alohan'ny faha-15 amin'ny volana manaraka, tsirairay avy any amin'ny biraon'ny faritra sy ny faritany, ho an'ny antoko izay mpahazo tombontsoa azy ireo

Andininy III-65 (10.06.83 amin'ny CGI): Ny faharetan'ny fanomezan-dàlana dia miankina amin'ny toetry ny hetsika. Izy dia:

- isan-taona ho an'ny toeram-piasana amin'ny alina, "billiard" sy ny asa mitovy amin'izany, "video" sy fitaovana baolina kitra an-databatra
- amin'ny fampielezan-kevitra na vanim-potoana ho an'ny hetsika vonjimaika, vanim-potoana ary tsindraindray
- ara-potoana ho an'ny fametrahana vonjimaika, vanim-potoana ary tsindraindray ary koa ho an'ny fandaminana ny latsa-bato sy ny loteria

SOKAJY III FEPETRA TAKIANA

Andininy III-66 (10.06.85 amin'ny CGI): Ny manampahefana eo an-toerana itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mamolavola sy mametrakala alohan'ny 15 desambra isan-taona any amin'ny foibem-pahefan'ny faritany mahefa ny lisitr'ireo fanomezan-dàlana navoaka ahitana:

- ny anaram-bositra, ny anarana, ny asa ary ny toeram-ponenana'ny mpangataka ary koa ny toerana iasan'ny hetsika ho an'ny vatatenan'olona
- ny anaran'ny orinasa, ny birao voasoratra anarana ary ny toerana iasan'ny rafitra mizaka zo amanandraikitra
- ny laharam-pamantarana ny hetra ho an'ny olona voasoratra anarana

Andininy III-67 (10.06.86 amin'ny CGI): Ny mpandrahahaha amin'ny billiards sy ny mitovitovy amin'izany, fitaovana vidéo ary baolina kitra an-databatra dia takiana amin'ny fanaovana fanambarana isan-taona momba ny fitaovana ampiasaina amin'ny kaominina.

Andininy III-68 (10.06.87 amin'ny CGI): ho an'hy orinasa amin'ny alina, ny fanomezana ny fahazoan-dàlana dia miankina amin'ny fepetra voalazan'ny andininy sy ny fepetra mifandraika amin'ny fepetra hanomezana fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro misy alikaola amin'ity fehezan-dalàna ity.

Torak'izany koa, raha toa ka misy ny fanatontosana ny asa miverimberina atao'nireo olona voalaza ao amin'ny andininy faha-10.06.80 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny hetra, dia ilaina ny fisoratana anarana amin'ny foibem-pandrahahana mahefa amin'ny faritra.

Andininy III-69 (10.06.88 amin'ny CGI): ny fepetra fampiharana ny fepetra amin'ity toko II amin'ity lohateny ity dia mety ho lohahevity ny lahatsoratra mifehy

TITRE IV. FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO HAFA AN'NYFANDRAHARAHANA SY IREO ANDRAIKITRA HAFA AN'NY MPANDOA HETRA

LOHATENY IV : FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO HAFA AN'NY FANDRAHARAHANA SY IREO ANDRAIKITRA HAFA AN'NY MPANDOA HETRA	74
TOKO I :FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA	74
SOKAJY I :FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA IZAY ANGATAHINA	74
SOKAJY II: ANDRAIKITRA MANAO FAMPAHALALANA	75
SOKAJY III: FIKIRAKIRANA IREO ANTONTAM-BAOVAO AZO TAMIN'NY FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA	76
TOKO II: IREO ZO HAFA ANANAN'NY FANDRAHARAHANA	77
SOKAJY I: FANARAHA-MASO NY TOERAM-PITRANDRAHANA	77
SOKAJY II: SARAM-PANOMEZANA TARATASY DIKA MITOVY	77
TOKO III: ANDRAIKITRA HAFAN'NY MPANDOA HETRA	78
SOKAJY I: FANKATOAVANA NY MAHA ARA-DALANA AVY AMIN'NY FANDRAHARAHANA ARA-KETRA SY ANDRAIKITRA MIKASIKA NY KAONTIM-BOLA ANY AMIN'NY BANKY	78
SOKAJY II: ANDRAIKITRA AMIN'NY FAMPIASANA NY MILINA FANDRAISAM-BOLA ELEKTRONIKA	78
SOKAJY III: FITANAN-KAONTY MAMAKAFAKA SY FANOMEZANA FAKITIORA ARA-DALANA	78

LOHATENY IV
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO HAFA AN'NY FANDRAHARAHANA
SY IREO ANDRAIKITRA HAFA AN'NY MPANDOA HETRA

TOKO I
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA

SOKAJY I
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA IZAY ANGATAHINA

Andininy IV-01.- Ho amin'ny fameran-ketra, fikajiana ary ny famoriana, ny fahefana mitaky fampahalalana dia eken'ny Fandraharahana ara-ketra.

Ny fahefana mitaky fampahalalana dia azo hanaovana fangatahana na miendrika andraikitra fampahafantarana.

Andininy IV-02.- (andininy 20.06.01 amin'ny CGI) Ireo mpiasan'ny Hetra dia mana-jo ahazo ny mombamomba na ireo antotan-taratasy na koa ireo fampahafantarana, na inona na inona misy azy na iraiketany ao amin'ireo solosaina, mba ahafahana mahazo ireo antotan-kevitra hita amin'ireo tambazotra isan-karazany ary koa ireo fitaovana ilaina amin'ny fametrahana sy ny fanamarinana ireo hetra voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity, ho an'ireo olon-tsotra na fikambanana, miankina na tsia amin'ny fanjakana.

Ireo fampahafantarana na koa ireo antotan-taratasy angatahina dia tokony foronina ao anatin'ny 10 andro manomboka amin'ny daty nandraisana ny fangatahana ary eo ampandraisana ny taratasy fanirahana ho an'ny fandraiketana ireo antotan-taratasy ara – informatika.

Andininy IV-03.- (andininy 20.06.03 amin'ny CGI) Ireo nôtera, vadintany, mpiraki-draharaha ary ireo hafa manana andraikitra sy asa dia tsy maintsy mampahafantatra tsy misy sarany amin'ireo mpisia manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny, ireo fanambarana, tsoatsoratra na dika mitovy izay ilain'izy ireo.

Ireo orinasa, fiantohana, mpisia, solontena, tompon'andraikitra, mpivarotra an-tselika sy mpanelanelana dia tsy maintsy manome ireo fangatahana ataon'ireo mpiasan'ny hetra, ireo boky izay mirakitra izay hita ao amin'ny Lohateny II ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny varotra izay mifandraika amin'ny lalàna mikasika ny fitsirihana sy fanaraha-maso ireo fiantohana, ireo votoatin'ny fifanarahana na ireo dika mitovin'ireo votoatin'ny fifanarahana mahakasika ireo fifanekem-piaraha-miasa mitohy, torak'izany ihany koa ireo havaozina tsy misy fierana na ireo lany fetr'andro ao anatin'ny 6 taona, ny taratasy firaiketana izay voafaritry ny andininy 02.06.11 ary koa ireo boky na tahirin-kevitra ampiasaina amin'ny fitsirihan-kaba.

Ireo mpikambana ao amin'ny tranom-piantohana tsy manana toeram-piasana na masoivoho, na sampana na mpisolon-tena tompon'andraikitra dia tsy maintsy mampahafantatra ireo fangatahana nataon'ireo mpiasam-panjakana mahakasika ireo votoatin'ny fifanarahana mitohy, torak'izany ihany koa ireo havaozina tsy misy fierana na ireo lany fetr'andro ao anatin'ny enina taona.

Andininy IV-04.- (andininy 20.06.04 amin'ny CGI) Ny manam-pahefana ara-pitsarana dia tokony hampahafantatra ireo sampan-draharahan'ny hetra ireo fanoroana izay tokony ho azony, izay neverina ho fanaovana hosoka amin'ny hetra na ny antony sy ny vokany dia natao hialana amin'ny hetra, raha amin'ny ady madio na ara-barotra na fampahafantarana ady heloka na fanitsiana, nafahana noho ny fisalasalana.

Ao anatin'ny 15 andro manaraka ny namoahana ny didy ataon'ny fitsarana ady madio, ara-panjakana, masoivoho, arak'asa sy miaramila, ireo antotan-taratasy dia apetraka ao amin'ny mpiraki-draharaha; aorian'io fe-potoana io dia azon'ny sampan-draharahan'ny hetra ampiasaina.

Andininy IV-05.- (andininy 20.06.05 amin'ny CGI) Ny olona rehetra manao ny asa ao anatin'ny sehetra ampiharana ny hetra araka ny voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity dia tsy maintsy manome ireo fampahafantarana izay angatahin'ireo sampan-draharahan'ny hetra.

Ireo mpiasa manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny ary mitondra taratasy fanirahana dia manan-jo eo am-panatanterahana ny asany, ny mangataka :

- ny fampahafantarana ireo boky izay ny fampiasana azy dia voafaritry ny didy amam-pitsipika momba ny hetra ary koa ireo boky hafa, fanamarinana sy antotan-taratasy tovàna ;
- ny fanamarinana ny karatra ara-ketra ary ny fanatanterahana ny andraikitry ny mpandoa hetra.

Ireo mpiasa ireo ihany koa dia afaka, dia afaka manatanteraka ireo fombafomba voafaritr'ireo andininy V-75 sy V-76, amin'ny fitsirihana na fanagiazana mba hanaovana fanamarinana ireo toeram-piasana, ireo fitaovana sy tahirin'entana.

Andininy IV-06.- (andininy 20.06.06 amin'ny CGI) Ireo mpiasa manan-jo hikirakira ny fahefana mitaky fahalalana dia afaka atrehan'ireo mpiasa manana grady ambaniny, na mitovy aminy, ny fitazonana ny tsiambaratelon'ny asa, mba ampiandraiketana ny fanoratana, fansana sy fanaovana didy mitovy ireo antotan-taratasy.

Andininy IV-07.- (andininy 20.06.02 amin'ny CGI) Amin'izany tranga izany, ireo sampan-draharaham-panjakana, Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary koa ireo orinasa nomena na narahin'izy ireo maso, sy ireo toeram-piasana na vondrona samihafa iharan'ny fanarahi-maso ataon'ny tompon'andraikitra ara-panjakana dia tsy mahazo manafina ny tsiambaratelon'ny asa amin'ireo mpiasa manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny, izay mangataka amin'izy ireo ny antotan-taratasis-panjakana izay tazoniny.

SOKAJY II ANDRAIKITRA MANAO FAMPAHALALANA

1- Fepetra ankapobeny

Andininy IV-08.- (andininy 20.06.08 amin'ny CGI) Ny olona rehetra manana vola maty hafak'haba mitovy na mihoatra Ariary 100 000 000 isan-taona ary koa ireo orinasa miankina na tsia amin'ny fanjakana na ohattrinona na ohattrinona vola matiny hafak'haba isan-taona dia tsy maintsy manao filazàna fampahalalana.

Torak'izany koa ny olona manao asa voan'ny hetra eto Madagasikara nefà tsy manana toeram-piasana raikitra. Izany andraikitra izany dia tanterehin'ny solon-tenany nahazo fankatoavan'ny Ministèra miandraikitra ny fandraharahana ara-ketra."

Andininy IV-09.- (andininy 20.06.12, 20.06.15, 20.06.17 amin'ny CGI nofintinina) Ireo rehetra voatondro hanao filazàna fampahalalana dia tsy maintsy manambara ireo sora-bola rehetra :

- Fivarotana entana isaky ny mpanjifa sy ny fomba nandoavana sy/na ny saikin'asa natao.
- Totalin'ny sora-bola sy/na voatana kaonty, naloa sy narotsaka tamin'ireo olona izay nanaovana ny saikin'asa.
- Fividianana ireo vokatra na entana na koa ireo zavatra hafa novidiana, voasoratra sy/na voatana kaonty, toy ny :
 - Ireo zavatra novidiana tsy natao amidy ;
 - Ireo zavatra novidiana hovarotana ;
 - Ireo zavatra hafa mifàka novidiana ;
 - Ny fanangonana na fividianana ireo vokatry ny fambolena na fiompiana na fiotazana na ireo vokatra mbola ahodina toy ny fonosan'entana, akora fototra na amin'izay ampiasana azy.

Ireo taratasy filazàna ary koa ny antsipirihany isan-tsokajy dia faritan'ny didy amam-pitsipika ataon'ny Tale Jeneralin'ny Hetra.

Andinin IV-10.- Ireo filazàna dia tsy maintsy apetraka alohan'ny 30 Jona ny taona manaraka ny taom-piasana na inona na inona daty fiafarany'ny taom-piasana.

a. Fomba fanaovana filazàna

Ireo filazàna dia tsy maintsy apetraka sy hamarinina ara-tambazotra ao amin'ny sehatra ho an'ny filazàna ireo andraikitra amin'ny fampahalalana. Ireo taratasy fanaovana fanambarana dia alaina ao amin'io tambazotra io.

b. Fanitsiana irian'ny mpandoa hetra atao

Ireo mpandoa hetra manao fanambarana dia mana-jo hanao fanitsiana, araka ny faniriany, ireo fanambarany ireo dia ho fanitsiana ny diso na adino. Io fanitsiana io dia tsy maintsy atao mialohan'ny fikirakiran'ny fandraharahana ireo fampahafantarana.

Ny fikirakirana ireo fampahafantarana azo tamin'ireo fanaovana filazàna amin'ny fampahalalana no ahafahan'ny fandraharahana manambatra ireo filazàna isan'olona, izay mandalina sy manaparitaka ireo mba ho azo ampiasaina.

Amin'ny taona iray, ny daty hanombohana ny fikirakirana ireo fampahafantarana ataon'ny fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy hanaovan'ny Tale miandraikitra ny fahefana mitaky fampahalalana fampahafantarana.

c. Fanentanana ataon'ny fandraharahana

Raha toa ka tsy nanao ireo andraikitra filazàna fampahafantarana, ny fandraharahana dia manan-jo hanentana amin'ny alalan'ny taratasy izay azony atao ara-tambazotra, na amin'ny taratasy tsy verimandeha miaraka aminy fanamarinam-paharaaisana, na nomena an-tanana.

Ny fe-potoana 8 andro dia manomboka amin'ny naharaisana ny taratasy fanentanana izay manery ny mpandoa hetra hanao ny fanarenana.

Raha toa ka tsy nisy io fanarenana io tao anatin'izay fe-potoana izay dia mihatra avy hatrany ireo sazy voafaritry ny andininy 20.01.56.16.

2 - Fepetra manokana

Andinin IV-11.- (andininy 20.06.13 hatramin'ny 20.06.15 amin'ny CGI)

Ankoatra ireo andraikitra voalaza etsy ambony :

- 1- Mba tsy hiaran'ireo sazy voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity, ny antokon-draharaha sy orinasa mpampindram-bola sy/ha ara-bola, ary koa ireo olona izay mandray vidin'entana matetika, taratasim-bola na lelavola, dia tsy maintsy mametraka alohan'ny 30 jona isan-taona ao amin'ny sampan-draharaha misahana ny fahefana mitaky fampahalalana ny lisitr'ireo kaonty nosokafana any amin'ny banky, ary koa ireo kaonty hafa (kaonty tahiry, taratasim-bola, sns).

Ho fampanarahana toetr'andro ireo antontan-kevitra ao amin'ny Fandaraharrahana ara-ketra, ny fanokafana, ny fanovana na fanakatonana ireo kaonty na inona na inona karazany ao anatin'ny volana dia tsy maintsy amphafantarina ara-tambazotra araka ny modely sy fomba ara-elektronika omen'ny Fandaraharrahana, farafahataranay ny faha 25 ny volana manaraka.

- 2- Ireo orinasa, na sosaiety na fikambanana izay mandray vola sy mandrotsaka ireo zon'ny mpamorona na mpamorona dia tsy maintsy manao fanambarana ny totalin'ny vola mihoatra ny Ar 100.000 isan-taona ary mandrotsaka izany amin'ireo mpikambana na ireo solon-tenany nandritry ny taom-piasana teo aloha, alohan'ny 30 Jona isan-taona any amin'ny sampan-draharaha misahana ny fahefana mitaky fampahalalana.

Ny filazana dia tsy maintsy atao ara-tambazotra araka ny modely sy fomba ara-elektronika omen'ny Fandaraharaha.

- 3-** Ho an'ny hetsika nokarakaraina tamin'ny taom-piasana teo aloha, ireo mpikarakara hetsika ara-java-kanto sy/na ara-kolotsaina dia tsy maintsy manao filazana ny momba azy ireo, ny karazana fampisehoana nataony sy ny vola narotsaka isaky ny mpanakanto.

Ny filazana dia tsy maintsy atao ara-tambazotra araka ny modely sy fomba ara-elektronika omen'ny Fandaraharaha alohan'ny 30 jona isan-taona, any amin'ny sampan-drahara misahana ny fahefana mitaky fampahalalana.

- 4-** Ny olon-tsotra na fikambanana, iharan'ny TVA na tsia, izay mandrotsaka ny vola lany voafaritry ny andininy 06.01.11 dia tsy maintsy manao fanambarana manaraka ny fepetra mitovy amin'ireo vola voafaritry ny andininy IV-09 tsipika fahatelo.
- 5-** Mba tsy hiaran'ireo sazy voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity, ireo kaoperativa, ny fikamban'ireo kaoperativa sy ny fivondronamben'ireo kaoperativa, dia tsy maintsy mametraka isan-taona alohan'ny faha 30 jona eny amin'ny sampan-drahara miandraikitra ny fahefana mitaky fampahalalana ny lisitr'ireo mpikambana rehetra, ary koa ireo raharaha ataon'ny mpikambana na tsia.

Ireo fepetry ny andininy IV-10 b sy IV-10 c etsy ambony dia mihatra amin'ireto fepetra manokana ireto.

SOKAJY III

FIKIRAKIRANA IREO ANTONTAM-BAOVAO AZO TAMIN'NY FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA

Andininy IV-12.- Ireo vaovao azo avy amin'ny filazana fampahalalana dia ho kirakiraina sy hampiasan'ny Fandaraharaha ara-ketra mba ahafahana mametraka ny fikajiana sy ny fitakiana ny hetra.

Ireo antontam-baovao nampiasaina dia afaka hanaovan'ny mpandoa hetra voalaza fanoherana.

Andininy IV-13.- Raha tsy eken'ny mpandoa hetra voalaza ireo antontam-baovao nokirakiraina sy nampiasaina dia azony lavina ka hampanarahina ireto fombafomba manaraka ireto :

- Ireo fandavàna dia atao an-taratasy ary alefa any amin'ny Lehiben'ny sampan-drahara misahana ny fahefana mitaky fampahalalana atao'ilay olona vokasik'izany na ny solon-tenany nahazo fankatoavana. Izany fandavàna izany dia tokony atao alohan'ny fanaovana ny fampahafantarana raikitra ho an'ny fombafomba hifanarahana, izay nampiatoana mandram-pivoaka ny fanoherana; na ny fombafomba tsy misy fierana, alohan'ny fanapahan-kevitra avy amin'ny raharaha fifanolanana voafaritry ny andininy VI-20 izay ny fetr'andro voafaritr'io andininy io dia mampiantona azy ihany koa.

- Dika mitovy amin'ny taratasy fandavàna voafaritra etsy ambony dia tokony alefa any amin'ny antoko mpanao fanamarinana izay manatantekira ireo fombafomba fampiasana ireo antontam-baovao nokirakiraina tao amin'ny fombafomba hifanarahana; na any amin'ny antoko misahana ny fikrafikara ireo fifanolanana ao amin'ny fombafomba tsy misy fierana.

- Eo am-pandraisana ny taratasy, ny Lehiben'ny sampan-drahara misahana ny fahefana mitaky fampahalalana dia manao fiantsoana ny roa tonta, ny mpanao fanambarana sy ny nanaovana filazàna mba hampifanatrehana, izay tokony ho tonga amin'ny toerana sy ny daty faritra tao anatin'ny fiantsoana izay tsy mihoatra ny valo andro taorian'ny naharaisana ny fiantsoana.

- Ny fiantsoana dia tsy maintsy ahitana farafaharatsiny ny andro, ny ora sy ny toerana hanaovana ny fifanatrehana; ireo antony mazava, mba ahafahan'ny mpanao fanambarana mandrafitra ireo toha-keviny; ny mombamomba ny nanaovana filazàna izay manohitra; ny zony hanana mpanolo-tsaina araka ny safidiny mandritry ny fifanatrehana.

- Ny roa tonta dia tsy maintsy mamaly io fiantsoana io ary tsy maintsy mitondra ireo porofo mahakasika izany.
- Ny fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy atao aorian'ny fifanatrehana.
- Ny fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy manambara ireo fifanakalozana nisy teo amin'ny roa tonta sy ny Fandrahaharaha, mitanisa ireo toha-kevitra sy ireo teboka mampifanolana, mampiseho ireo porofo nananany.
- Ny fitanana an-tsoratra dia azo lavina na tsy manan-kery raha toa ka tsy nanatrika ny iray na ny roa tonta. Raha toa tsy mety manao sonia ny iray na ny roa tonta, dia hanaovana fanamarihana ao anaty fitanana an-tsoratra izany.
- Ny fitanana an-tsoratra dia tokony ampahalalan'ny sampan-draharaha miandraikitra ny fampahalalana ny roa tonta ary omena dika mitovy ny sampana mpanao fanadihadiana izay nanao ireo fombafomba nikirakirana ireo antontam-baovao nampiasaina tamin'ny fifanatrehana; na ny sampana izay miandrikitra ny fikirakirana ny fitarainana amin'ny fifolanana amin'ny fombafomba tsy misy fierana. Ireo fombafomba voatanisa etsy ambony dia mihatra manomboka amin'ny datin'ny fampahalalana ny fitanana an-tsoratra.
- Raha toa ka tsy teo amin'ny fifanatrehana ny nanaovana filazàna, dia tsy misy fitohizany intsony ny fanoherany. Torak'izany ihany koa ny tsy fahatongavan'ny roa tonta. Raha ny mpanao filazàna no tsy tonga amin'ny daty voatondro hanaovana ny fifanatrehana dia azy ny fahadisoana.

Raha toa ka voamarina ny fandàvana nataon'ny mpandoa hetra nanaovana filazàna, ny mpanao filazàna izay diso dia tsy maintsy hanaovana fanitsiana ao anatin'ny fetra fahalanian'ny paik'andro.

TOKO II IREO ZO HAFA ANANAN'NY FANDRAHARAHANA

SOKAJY II FANARAHAMA-SO NY TOERAM-PITRANDRAHANA

Andininy IV-14.- (andininy 20.06.32 amin'ny CGI) Ny fandrahaharaha ara-ketra dia afaka mitaky amin'ireo mpandrahahaha amin'ny harena an-kibon'ny tany sy ny solika eny ifotony ny fametrahana birao sy fanomezana trano fonenana ho an'ny mpiasa mpanara-maso, araka ny andininy II-07 amin'ity fehezan-dalàna ity.

Ny fombafomba fampiharana izany fepetra izany dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

SOKAJY II SARAM-PANOMEZANA TARATASY DIKA MITOVY

Andininy IV-15.- (andininy 20.06.07 amin'ny CGI) Ny mpiasan'ny sampan-draharahan'ny hetra dia afaka manome dika mitovin'ireo taratasy rehetra tantaniny eo am-pelatanany, amin'ireo tompony na amin'ireo afaka hisitraka izany ary koa ireo olon-kafa mitondra taratasim-pitsarana manome alalana.

Ny fepetra fanomezana ny sara azy ireo dia faritana ara-pitsipi-dalàna.

TOKO III ANDRAIKITRA HAFAN'NY MPANDOA HETRA

SOKAJY I

FANKATOAVANA NY MAHA ARA-DALANA AVY AMIN'NY FANDRAHARAHANA ARA-KETRA SY ANDRAIKITRA MIKASIIKA NY KAONTIM-BOLA ANY AMIN'NY BANKY

Andininy IV-16.- (andininy 20.06.19 amin'ny CGI) Ny filazana toe-bola apetraka amin'ireo sampan-draharaha miankina na tsia amin'ny fanjakana mba ho famenon'ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra

dia tsy maintsy mahazo mialoha ny fankatoavana ny maha ara-dalàna avy amin'ireo tompon'andraikitra mahefan'ny Ivon-ketra mitantana ireo antontan-taratasiny.

Andininy IV-17.- (andininy 20.06.20 amin'ny CGI) Ireo mpandoa hetra amin'ny fameran-ketra tena izy sy ireo mandoa hetra tambatra manana vola maty voafaritry ny didy amam-pitsipika, dia tsy maintsy manana kaontim-bola any amin'ny banky, misoratra amin'ny anarany, izay ampiasainy farafahakeliny mandritry ny taom-piasana.

SOKAJY II

ANDRAIKITRA AMIN'NY FAMPIASANA NY MILINA FANDRAISAM-BOLA ELEKTRONIKA

Andininy IV-18.- (andininy 20.06.30 amin'ny CGI) Ny Fandrahahahaha ara-ketra dia afaka mametraka milina fandraisam-bola elektronika eny amin'ny mpandoa hetra raha ilaina izany, araka ireo masonsivana sy fomba nofaritan'ny didy amam-pitsipika. Ny fampiasana ireo fitaovana ireo dia tsy maintsy ataon'ireo olona voakasik'izany, raha tsy izany dia hanaovana ny fameran-ketra tsy misy fierana izy.

Andininy IV-19.- (andininy 20.06.31 amin'ny CGI) Ny mpiasan'ny Fitantanana ankapobe momba ny hetra nahazo alalana dia voatendry hanao fanaraha-maso ireo fitaovana ao amin'ny toeram-piasan'ny mpandoa hetra, raha ilaina izany.

SOKAJY III

FITANAN-KAONTY MAMAKAFAKA SY FANOMEZANA FAKITIORA ARA-DALANA

Andininy IV-20.- (andininy 20.06.16 amin'ny CGI) Ireo mpanao taozava-baventy dia tsy maintsy mitazona fitanan-kaonty mamakafaka sy taratasy mirakitra ny tahirin'entana. Ny fitazonana ny taratasy mirakitra ny tahirin'entana dia tsy maintsy ataon'ny mpivarotra mandoa TVA ihany koa.

Andininy IV-21.- (andininy 20.06.18 amin'ny CGI) Ireo mpanao taozava-baventy, mpanao asatanana, mpanao saikin'asa sy ireo mpivarotra ivelan'ireo fepetran'ireo mpaninjara dia tsy maintsy manome fakitora ara-dalàna na antontan-taratasy ho an'ireo mampiasa fitaovana informatika ho an'ireo varotra sy ny raharaha rehetra nataony.

Ireo mpanao taozava-baventy, mpanao asa-tanana sy mpivarotra ambongadiny sy atsinjarany miaraka dia tsy maintsy manome fakitora ara-dalàna araka izay voafaritr'ity andininy ity, amin'ireo varotra rehetra ataony na inona na inona ireo fepetra anaovany izany na amin'ny toerana iray na samy hafa.

Heverina ho toy ny ara-dalàna ireo fakitora :

- atao dika roa mitovy ;
- misy daty sy nosoniavin'ny mpivarotra na mpanao saikin'asa ;
- misy laharana mitohy araka ny namoahana ireo fakitora izay mitohy isan-taona ;

Tsy maintsy ahitana sy azo vakiana :

- ny anarana na anaran'ny orinasa, ny adiresy, ny laharana statistika, ny laharam-pamantarana araketa amin'ny aterinetra an'ny mpivarotra na ny mpanao saikin'asa, toy izany koa ho an'ny mpividy ;
- ny habetsahany, ny vidy atsinjarany sy ny fitambaram-bidy natao an-tarehimarika sy an-tsoratra amin'ireo entana lafo sy ireo raharaha natao ;
- ny daty tsy maintsy handoavam-bola ;
- ny fomba fandoavam-bola.

Ireo mpanao taozava-baventy, mpivarotra, mpanao asa-tanana sy mpanao saikin'asa dia tsy maintsy mitaky fakitora araka ny voalazan'ny andalana etsy ambony ho an'ny fividianana entana rehetra izay mbola hamidy amin'ny toetrany na nasiam-panovana, sy ho an'ireo raharaha nampanao. Ireo fakitora dia tsy maintsy aseho amin'ny fitakiana rehetra ataon'ny mpiasan'ny Fitantanana ankapobe

momba ny hetra izay manana laharana mpanara-mason'ny hetra fara-fahakeliny na misahana ny andraikitry ny Lehiben'ny ivon-ketra.

**LOHATENY V: IREO PAIK'ADY AMIN'NY
FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA
ARA-KETRA**

LOHATENY V: IREO PAIK'ADY AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA ARA-KETRA	82
TOKO I : FANAMARINANA AMIN'NY ANTONTAN-TARATASY	82
SOKAJY I : ZO AMIN'NY FANAMARINANA	82
SOKAJY II : IREO PAIK'ADY AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA ARA-KETRA	82
SOKAJY III : PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANARENANA IFANATREHANA AMIN'NY FANAMARINANA AN-TARATASY	82
TOKO II : FANAMARINANA ENY AN-TOERANA	84
SOKAJY I : ZO AMIN'NY FANAMARINANA	84
SOKAJY II : PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ENY AN-TOERANA	84
SOKAJY III : PAIK'ADY MANOKANA ATAO AMIN'NY FANAMARINANA NY VIDIN'NY FAMINDRANA	84
TOKO III : FEPETRA IRAISANA AMIN'IREO PAIKA AMIN'NY FANAMARINANA SY NY FANITSIANA IFANATREHANA	86
TOKO IV : FOMBA FAMERANA NY HETRA TSY MISY FIERANA	87
SOKAJY I : FAMERAN-KETRA TSY MISY FIERANA	87
SOKAJY II : FANOMBANANA TSY MISY FIERANA	88
SOKAJY III : PAIKA ARAHINA	89
TOKO V : PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANENJEHANA HOSOKA ARA-KETRA	89
SOKAJY I : FEPETRA ANKAPOBE	89
SOKAJY II : FIKAROHANA SY FAHITANA IFOTONY IREO FANDIKAN-DALANA ANAOVANA FITANANA AN-TSORATRA	90
SOKAJY III : FITSIDIANA SY FISAVANA	93
SOKAJY IV : NY FANAGIAZANA SY FITAZONANA FANANANA	96
SOKAJY V : ANDRAIKITRA SY FIOMBONANA	97
SOKAJY VI : NY FISAMBORANA	98
SOKAJY VII : FANDAVANA FANAOVANA NY ASA	98

LOHATENY V
IREO PAIK'ADY AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA ARA-KETRA TOKO I
FANAMARINANA AMIN'NY ANTONTAN-TARATASY
SOKAJY I
ZO AMIN'NY FANAMARINANA

Andininy V-01.- (andininy 20.06.21 amin'ny CGI) Ireo mpiasan'ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra, nanao fianianana sy manana fahazoan-dàlana, manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny dia manan-jo hanao ny fanamarinana amin'ireo antotan-taratasy ara-ketra napetraky ny mpandoa hetra araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, izay tsy mivoaka ny toeram-piasany, afaka manao fitsirihana eny an-toerana ny raharaha ara-ketran'ny mpandoa hetra sy manampahefana amin'ny famaritana ny fotora amerana ireo hetra, sara sy haba tokony naloan'ny mpandoa hetra izay nanaovana fitsirihana.

SOKAJY II
FANGATAHAM-PANAZAVANA SY FANAMARINANA

Andininy V-02.- (andininy 20.06.21 bis amin'ny CGI) Ny mpiasan'ny hetra manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny dia afaka manao fanamarinana an-taratasy ireo filazàna ary afaka managataka amin'ny mpandoa hetra am-bava na an-tsoratra ireo fanazàvana sy ireo fanamarinana. Raha toa ka mandà ny mpandoa hetra ny hamaly ny fangatahana am-bava na ny valin-teny ataony dia neverina ho toy ny fandàvana tsy hanome fanazàvana amin'ny ampahany na manontolo, ny mpiasa dia tsy maintsy manavao ny fangatahany atao an-taratasy.

Ireo fangatahana an-taratasy dia tsy maintsy ahitana mazàva ireo teboka izay ilan'ny mpiasa fanazàvana na fanamarinana sy manery ny mpandoa hetra hanome valin-teny ao anatin'ny 15 andro katroka.

SOKAJY III
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANARENANA IFANATREHANA
AMIN'NY FANAMARINANA AN-TARATASY
PARAGIRAFY I
VOLAVOLAM-PANITSIANA

Andininy V-03.- (andininy 20.06.21 ter amin'ny CGI) Ny mpiasa miandraikitra ny fameran-ketra dia manan-jo hanitsy ireo fanambarana.

Afa-tsy amin'ny fanaovana tombana na ny fameran-ketra tsy misy fierana, amin'ny fanitsiana ny diso ara-materialy na amin'ny fampihenana ny fameran-ketra nolazaina, ny mpiasa miandraikitra ny fameran-ketra dia tsy maintsy mampahalala ny mpandoa hetra ny endriny sy ireo antony neverina hanaovana ireo fanarenana ao anatin'ny fampahafantarana voalohany.

Andininy V-04.- (andininy 20.06.21 ter amin'ny CGI) Ny fampahafantarana voalohany dia tsy maintsy ahitana :

- ny karazana fanamarinana ara-ketra ampiasaina;
- ny endriny, ireo antsipirihin'ny fikajiana sy ireo anton'ny fanarenana mba ahafahan'ny mpandoa hetra manao ireo fanamarihany na mampahafantatra ny fanekeny ;
- ny fiantsoana ny mpandoa hetra hanao ny fanekeny na ireo fanamarihany ao anatin'ny 30 andro, isaina manomboka ny daty nandraisana ny fampahafantarana voalohany;

- ny fiantsoana ny mpandoa hetra amin'ny adi-hevitra am-bava hifanatrehana dia tsy maintsy atao manomboka ny daty nametrahana ny valin-tenin'ny mpandoa hetra izay tsy tokony hohoatra ny 5 andro aorian'ny fahataperan'ny zo hamaly ny fampahafantarana ;
- ny fahafahana mitondra mpanolo-tsaina araka izaynofidiany mandritry ny adi-hevitra am-bava ifanatrehana.

PARAGIRAFY II FANAMARIHANA ATAON'NY MPANDOA HETRA

Andininy V-05.- (andininy 20.06.21 ter amin'ny CGI) Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy mampahafantatra ao anatin'ny valin-taratasiny :

- ireo anton'ny fanitsiana lehibe nekeny sy/na ireo tsy nekeny miaraka amin'ireo teny entiny mandresy lahatra sy ireo fanamarihana heveriny ilaina ;
- ny vinavina amin'ny daty hanaovana ny adi-hevitra am-bava hifanatrehana amin'ireo mpanao fanamarinana araka ny voalaza ao amin'ny fampahafantarana voalohany, amin'ny fihaonana sy ireo fitaovan-tserasera hampiasaina amin'izany raha misy tsy fitovian-kevitra amin'ny teboka sasantsasany.

Ny fanamarihana rehetra, ireo mombamomba na antotan-taratasy nomena taorian'ny fe-potoana dia tsy azo raisina. Na izany aza, ireo mpanao fanamarinana dia afaka mitazona ireo mombamomba na antotan-taratasy nomen'ny mpandoa hetra taorian'ny fe-potoana raha toa heveriny ilaina amin'ny fampahafantarana raikitra izany.

PARAGIRAFY III ADI-HEVITRA AM-BAVA SY IFANATREHANA AORIAN'NY FANAMARIHANA ATAON'NY MPANDOA HETRA

Andininy V-06.- (andininy 20.06.21 ter amin'ny CGI) Ny adi-hevitra am-bava sy ifanatrehana dia atao any amin'ny biraon'ireo mpanao fanamarinana ary aorian'izany no tsy maintsy hanaovana ny fitanana an-tsoratra izay soniavin'ny roa tonta.

Ny fitanana an-tsoratra dia atao araka ny modely voafaritra avy amin'ny Fandrahahahana ara-ketra, izay tsy maintsy ahitana ireo fifandaharana ataon'ny mpandoa hetra sy ny Sampan-draharaha, milaza ireo fandikan-dalàna hita sy ireo antony, manome ny heviny ny Fandrahahahana, ireo fanamarihana ataon'ny mpandoa hetra sy ireo teny entiny mandresy lahatra, ireo fanitsiana lehibe nekeny sy ireo teboka tsy nifanarahana.

Raha toa ka mandà ny tsy hanao sonia ny mpandoa hetra dia raikefina ao anatin'ny fitanana an-tsoratra izany.

PARAGIRAFY IV FANAOVANA NY FAMPAHAFANTARANA RAIKITRA

Andininy V-07.- (andininy 20.06.21 ter amin'ny CGI) Raha tsy misy ny valin-teny ao anatin'ny fe-potoana telopolo (30) andro amin'ny fanaovana ny fampahafantarana voalohany, ny mpiasa dia mamaritra ny fototra amerana ny hetra sy manao ny fampahafantarana raikitra.

Raha ka mitondra fanamarihana ny mpandoa hetra momba ny fampahafantarana voalohany ny mpiasa dia afaka manova na mitazona na manajanona ireo fanitsiana lehibe araka ny valin-tenin'ny mpandoa hetra sy raha ilaina izany, ny votoatin'ny fitanana an-tsoratra amin'ny adi-hevitra am-bava sy ifanatrehana.

Mba hampanankery azy, ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy ahitana :

- Ireo singa noraisina ho fototra amerana sy ireo fepetra ara-dalàna nadrafetana ireo fanarenana;

-Ireo antony nandavana ireo fanamarihan'ny mpandoa hetra izay voalaza ao amin'ny fitanana antoratra ifanatrehana;

- Raha notazonin'ny Fandraharahana ara-ketra avokoa ireo fanamarihana nentin'ny mpandoa hetra dia tsy misy ny fanarenana.

- Fampahafantarana ny amin'ireo fitarainana azony atao voafaritry ny andininy V-30 amin'ity fehezan-dalàna ity.

Raha toa ny mpandoa hetra ka manaike manontolo an-tsitra-po ireo fanarenana ao anatin'ny fampahafantarana voalohany amin'ny valin-teniny, dia atao avy hatrany ny fampahafantarana raikitra.

Ny fanamarinana an-taratasy dia tsy sakana amin'ny fanaovana fanamarinana eny an-toerana aty aoriana ao anatin'ny tsy fahalaniana paik'andro.

**TOKO II
FANAMARINANA ENY AN-TOERANA
SOKAJY I
ZO AMIN'NY FANAMARINANA**

Andininy V-08.- (andininy 20.06.21 amin'ny CGI) Ireo mpiasan'ny Foibem-pitondrana Ankabobe momba ny Hetra, nanao fianianana sy manana fahazoan-dàlana, manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny dia manan-jo hanao ny fanamarinana eny an-toerana, ny raharaha ara-ketran'ny mpandoa hetra sy manam-pahefana amin'ny famaritana ny fototra amerana ireo hetra, sara sy haba tokony naloan'ny mpandoa hetra izay nanaovana fitsirihana.

**SOKAJY II
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ENY AN-TOERANA
PARAGIRAFYI
ANTOKA MIFANDRAIKA AMIN'IREO FANAMARINANA ENY AN-TOERANA**

Zana-paragrafy I : Taratasy fampahafantarana amin'ny fanamarinana

Andininy V-09.- (andininy 20.06.22 amin'ny CGI) Ny famakafakana ifanatrehana ny fitanan-kaontin'ny orinasa na ny fanamarinana ny fandoavan-ketrany rehetra, sara sy haba dia tsy tokony atao raha tsy nampahalalana ny mpandoa hetra na nomena taratasy fampahafantarana.

Io taratasy fampahafantarana io dia tsy maintsy misy daty, ireo hetra sy haba voakasika izany, ireo taom-piasana hanaovana fitsirihana, ny lisitr'ireo antotan-taratasy nangatahina, ny fe-potoana hanomezana ireo antotan-taratasy nangatahina, ny anaran'ireo mpiasa hanao ny fanamarihana, ny tombon-kasen'ny Foibem-pitondrana Ankabobe momba ny Hetra sy ny sonian'ny lehiben'ny toeram-piasana manao ireo asa fanamarinana.

Amin'ny fitsirihana tampoka izay ahitana ireo fitaovam-pamokarana na ny fisiany sy ny fitazonana ireo antontan-taratasy mirakitra kaonty, ny taratasy fampahafantarana dia omena amin'ny fiatombohan'ny asa.

Zana-paragrafy II : Fanatrehen'ny mpanolon-tsaina

Andininy V-10.- (andininy 20.06.22 amin'ny CGI) Ny mpandoa hetra dia manan-jo hatrehana mandritry ny fitsirihana ny kaonty sy ny aoriana na ny famakafakana ny raharaha ara-ketra manokana, sara sy haba, ny Mpanolo-tsaina araka ny safidiny dia tsy maintsy ampahafantarina io fahafahana io ao anatin'ny taratasy fampahafantarana ny fitsirihana eny an-toerana, mba hampanakery ny fomba arahina.

Amin'ny fitsirihana tampoka, ny mpandoa hetra dia ampahafantarina an-tsoratra io zo io amin'ny fiandohan'ny asa fanamarinana sy fitsirihana.

PARAGIRAFY II

FANAMARINANA ENY AN-TOERANA

Zana-paragrafy I

Ny faharetan'ny asa fanamarinana

Andininy V-11.- (andininy 20.06.23 andalana 1 amin'ny CGI) Ny fanamarinana eny an-toerana ireo taratasy, boky sy antontan-taratasy dia tsy afaka mihoatra ny telo volana amin'ny fitambaran'ny taom-piasana telo tsy lany paik'andro. Afaka itarina io fe-potoanan'ny fitsirihana io amin'ny alalan'ny fanomezan-dalana manokana nomen'ny Tale Jeneralin'ny Hetra. Io fe-potoana io dia manomboka amin'ny andro ahazoan'ireo mpanao fitsirihana ny antontan-taratasy nangatahiny. Na izany aza, ny fahataperan'ny fe-potoana 3 volana amin'ny fitambaran'ny taom-piasana telo tsy lany paik'andro dia tsy mihiatra amin'ny Fandraharahana amin'ny fanomezany ireo fanamarihana na ireo fangatahana atolotry ny mpandoa hetra taorian'ny fahataperan'ireo asa fitsirihana.

Zana-paragrafy II

Fampahafantarana ireo antontan-taratasy mandritry ny asa fanamarinana eny an-toerana

Andininy V-12.- (andininy 20.06.23 andalana 2 amin'ny CGI) Ny fampahafantarana ireo antontan-taratasy nangatahina nandritry ny fanamarinana eny an-toerana dia tsy maintsy atao ao anatin'ny 12 andro farafahabetsany raha tsy izany dia iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana voafaritr'ireo andininy V-34 sy ny manaraka amin'ity fehezan-dalàna ity. Na inona na inona antony, io fe-potoana io dia tsy mahakasika ireo voafaritry ny andininy V-24 amin'ity fehezan-dalàna ity. Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy manome ireo antontan-taratasy ara-kaonty araka ny fangatahan'ny mpanao fanamarinana izay faritan'ny lalàna ara-ketra mandidy ny fitazonana izany mba hanamarinana ireo fanambarana, raha toa ka nisy zany, ireo taratasy isan-karazany no hanamarinana ireo valiny nambarany.

Andininy V-13.- (andininy 20.06.23 andalana 3 amin'ny CGI) Ny fanomezana ireo antontan-taratasy fanampiny nangatahina nandritry ny fanamarinana dia tsy mampiova ny fikajiana ny fe-potoana hanaovana ny fanamarinana arak'ireo fepetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity.

Andininy V-14.- (andininy 20.06.23 andalana 4 amin'ny CGI) Raha toa ny fitanan-kaonty ka natao araka ny rafitra ara-solosaina, dia tsy maintsy omena ireo mpanamarina any am-piandohan'ny asa fanamarinana, ireo antontan-taratasim-pitanankaonty ara-informatika sy ny marika fidirana mifanaraka amin'izany, raha misy.

Zana-paragrafy III

Paika arahina amin'ny fanitsiana ifanatrehana atao amin'ny fanamarinana eny an-toerana

Andininy V-15.- (andininy 20.06.24 andalana 1 amin'ny CGI) Ny valin'ny fanamarinana dia ampahafantarina ny mpandoa hetra, na dia tsy nisy fanitsiana natao aza.

Andininy V-16.- (andininy 20.06.24 andalana 2 amin'ny CGI) Raha toa ka nisy fanitsiana eritreretina hatao, ny mpanamarina dia mandefa taratasy fampahafantarana any amin'ny mpandoa hetra izay milaza ireo singa amerana ny hetra ahafahan'itsy farany manao fanamarihana na mampahafantatra ny fanekeny, ao anatin'ny fe-potoana 30 andro katroka manomboka amin'ny daty naharaisana ny fampahafantarana.

Andininy V-17.- (andininy 20.06.25 amin'ny CGI) Ny paika arahina amin'ny fanitsiana ifanatrehana voalazan'ireo andininy V-03 hatramin'ny V-07, mikasika ny fanamarihana atao amin'ny antontan-taratasy, dia azo ampiharina ihany koa amin'ny fanamarinana eny an-toerana.

Ireo taratasy sy antontan-taratasy izay tsy maintsy omena sy ireo nangatahan'ny Fandraharahana mandritry ny asa fanamarinana eny an-toerana izay azo taorian'ny fe-potoana ara-dalàna, dia tsy azon'ny Fandraharahana raisina ho porofo amin'ireo fototra notanana noheverina ho mihoampampana.

Andininy V-18.- (andininy 20.06.26 amin'ny CGI) Rehefa tapitra ny fanamarinana eny an-toerana ny fitanan-kaonty ao anatin'ny fotoana voafetra atao amin'ny hetra na haba iray, ny Fandraharahana dia tsy afaka manao fanamarinana vaovao momba ireo hetra na haba ireo, sy amin'ny vanim-potoana iray.

Na izany aza, azo atao ny mandingana izany raha toa ka ny fanamarinana eny an-toerana dia voafetra tamin'ireo asa voafaritra sy tamin'ny fanaovana hosoka.

SOKAJY III

PAIK'ADY MANOKANA ATAO AMIN'NY FANAMARINANA NY VIDIN'NY FAMINDRANA

PARAGIRAFY I

FE-POTOANA AMIN'NY FANATANTERAHANA NY FANAMARINANA AMIN'NY VIDIN'NY FAMINDRANA

Andininy V-19.- (andininy 20.06.23 andalana 5 amin'ny CGI) Ny fe-potoana hanaovana ny fanamarinana amin'ny vidin'ny famindrana dia enim-bolana (6) na firy na firy isan'ny taom-piasana tsy lany paik'andro hanaovana fanamarinana.

Andininy V-20.- (andininy 20.06.23 andalana 5 amin'ny CGI) Io fe-potoana io dia manomboka amin'ny andro nahazoana fanampin'ireo antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana nangatahina sy nomena an'ireo mpanao fanamarinana.

Andininy V-21.- (andininy 20.06.23 andalana 5 amin'ny CGI) Izany fe-potoana izany dia azo halavaina manokana araka ny fanomezan-dalana omen'ny Tale jeneralin'ny hetra. Amin'io tranga io, ny fe-potoana vaovao dia manomboka amin'ny daty naharaisan'ny mpandoa hetra nanaovana fanamarinana ny fahazoan-dalana nohalavaina.

PARAGIRAFY II

TARATASY FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY FANAMARINANA

Andininy V-22.- (andininy 20.06.23 andalana 6 amin'ny CGI) Ny taratasy fampahafantarana amin'ny fanamarinana dia milaza ireo fomba arahina, zo sy andraikitra mikasika ny fanamarinana ara-ketra, anisan'izany ireo fampahafantarana ireo fomba arahina amin'ny fanamarinana amin'ny vidin'ny famindrana. Milaza ny daty hanombohana ny fikajiana ny fe-potoana manokana amin'ny fanamarinana ny vidin'ny famindrana raha toa ny mpanamarina nahita nandritra ny fanamarinana, tranga mitarika amin'ny fanamarinana lalina kokoa.

Andininy V-23.- (andininy 20.06.23 andalana 6 amin'ny CGI) Tsy ilana taratasy fampahafantarana manokana intsony ho an'ny vidin'ny famindrana raha toa ka misy fivadihana amin'ny fomba arahina amin'izany.

PARAGIRAFYIII

ANTONTAN-TARATASY AMIN' NY VIDIN'NY FAMINDRANA

Andininy V-24.- (andininy 20.06.23 andalana 7 amin'ny CGI) Amin'ny fandefasana ny taratasy fampahafantarana amin'ny fanamarinana na mandritra ny asa fanamarinana ny fitanan-kaonty, ny mpanamarina dia afaka mangataka amin'ny orinasa anaovany fanamarinana, ireo antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana tsy napetrany mandritra ny fotoana nanaovany fanambarana ny vola miditra na ireo fanampin'antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana.

Andininy V-25.- (andininy 20.06.23 andalana 8 amin'ny CGI) Ny fe-potoana lava indrindra amin'ny fanomezana ireo fanampin'antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana dia iray (1) volana manomboka amin'ny naharaisana ny taratasy fampahafantarana amin'ny fanamarinana na ny fangatahana manokana amin'izany ataon'ireo mpanamarina mandritra ny asa fanamarinana eny an-toerana.

Io fe-potoana fanomezana antontan-taratasy io dia azo halavaina amin'ny alalan'ny fangatahana milaza ny antony ataon'ny mpandoa hetra izay tsy tokony hihatra ny roa (2) volana.

Andininy V-26.-(andininy 20.06.23 andalana 9 amin'ny CGI) Ny fivadihana amin'ny fomba arahina amin'ny fanamarinana ankaboney ho fanamarinana amin'ny vidin'ny famindrana dia atao'ny mpanamarina ary atao amin'ny alalan'ny fangatahana manokana ny fanampin'antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana izay alefa any amin'ny mpandoa hetra.

Andininy V-27.-(andininy 20.06.23 andalana 10 amin'ny CGI) Raha tsy misy ny fangatahana fanampin'antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana atao'ny mpanamarina, ny fe-potoana dia manomboka amin'ny daty nanombohana ny asa teny an-toerana ka nampahafantarina mazava ny mpandoa hetra ny fanapahan-keviny hiroso amin'ny fanamarinana amin'ny vidin'ny famindrana. Atao anaty fitanana an-tsoratra izany.

Andininy V-28.-(andininy 20.06.23 andalana 11 amin'ny CGI) Ireo mpanamarina dia tsy maintsy mametraka ao amin'ny fangatahana fanampin'antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana ireo fampahafantarana famenony rehetra izay ilainy ary mampilaza amin'ny orinasa hanaovana fanamarinana ny fe-potoana hamaliana araka ny voalazan'ny andininy V-25 amin'ity fehezan-dalàna ity.

Araka izay azo atao, ireo mpanamarina dia tsy maintsy mampilaza isaky ny sokajin'asa na ny vokatra, ny firenena na toerana voakasika, ny orinasa, ny soasiety na ny vondrona voalaza ary koa ny sora-bola noresahina, raha misy izany.

Raha toa ka tsy ampy ny valin-teny nomen'ny orinasa, ny Fandrahaharana dia manome taratasy fampitandremana ny hamenoana izany ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro hanomezany ireo fanampim-baliteny tadiaviny. Ity taratasy fampitandremana ity dia tsy maintsy mampatsiahysazy ampiharina amin'ny tsy fisiana na tsy fahampian'ny valiteny araka ny voalazan'ny andininy 20.01.56.8 2° amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

TOKO III FEPETRA IRAISANA AMIN'IREE PAIKA AMIN'NY FANAMARINANA SY NY FANITSIANA IFANATREHANA

Andininy V-29.-(andininy 20.06.27 amin'ny CGI) Azo heverina ho tapitra ny fanamarinana raha toa efa raikitra ireo fanitsiana.

Raha tsy nisy ny fanitsiana, ny fanamarinana dia noheverina ho tapitra rehefa nampahafantarina ny mpandoa hetra izany toe-javatra izany.

Raha toa ny fanamarinana ka voafetra tamin'ireo asa voafaritra, ireo izay tsy mbola nanaovana fanamarinana dia afaka hanaovana izany any aorianao anatin'ny fe-potoana tsy lany paik'andro.

Andininy V-30.-(andininy 20.06.27 bis amin'ny CGI) Ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy milaza ao anatin'ny miaraka amin'ireo fe-potoany avy :

- ny fangatahana amin'ny fifanolanana, fandavana ny sora-pamerana sy ny fangatahana famindram-po, eny amin'ny Fandrahaharana ara-ketra .
- ny fahafahana manao fitarainana eny amin'ny Vaomiera ara-ketra ho fakan-kevitra. Ny fampahafantarana raikitra dia ampiarahina amin'ny sora-pamerana sy ny taratasy mampahafantra izany.

Andininy V-31.-(andininy 20.06.28 amin'ny CGI) Na eo aza ireo fepetry ny andininy V-29, ny Fandrahaharana dia manana ny zony hiverina hitaky ireo hetra efa nanaovana fanamarihana, ary ireo fehiny tany am-boalohany tamin'ny fanamarinana efa vita dia azo ovaina ao anatin'ny fe-potoana iverenana, raha toa ka ireo fanovana naroso dia tsy natao tamin'ireo fanadihadiana vaovao tao amin'ireo fanoratana na antontan-taratasim-pitanakaonty. Na izany aza, tsy misy fampiakarana azo atao mifototra amin'ny fiovana fomba fijery raha toa ka ireo fehiny tany am-boalohany dia nifototra tamin'ny fandikana ny fitsipika ara-ketra tena nekena ary tsy mifanohitra amin'ny fehezan-dalàna ankabobe ny hetra tamin'ny fotoan'androny nataon'ny Fandraraharana.

Andininy V-32.-(andininy 20.06.29 amin'ny CGI) Raha toa tsy nisy ny fanamarinana ara-ketra noho ny antony avy amin'ny mpandoa hetra na avy amin'ny olon-kafa, dia atao ny fanombanana tsy misy fierana amin'ireo fototra amerana araka ny fomba arahina voalaza isaky ny hetra na haba. Ny fanoherana ny fanamarinana dia anaovana fitanana an-tsoratra.

Andininy V-33.-(andininy 20.06.29 bis amin'ny CGI)

I- Ny mpandoa hetra izay nanaovana fanamarinana eny an-toerana araka ireo andininy V-09 hatramin'ny V-17 amin'ity fehezan-dalàna ity na fanamarinana atao amin'ny antontan-taratasy araka ireo andininy V-02 hatramin'ny V-07 amin'ity fehezan-dalàna ity dia afaka manao fitarainana amin'ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro manaraka ny daty naharaisana ny fampahafantarana raikitra.

Ny Fandraharahana no manome ny porofo amin'ny fomba arahina amin'ny fanitsiana ifanatrehana amin'ny lafiny fifanolanana.

II- Ny mpandoa hetra tsy namaly tamin'ny fampahafantarana voalohany ary tsy nanao fitarainana tamin'ny Vaomiera ara-ketra tao anatin'ny fe-potoana voatondro no manome porofo raha misy ny fitarainana. Etsy an-kilany, raha toa ka nitondra fanamarihana tao anatin'ny fe-potoana telopolo (30) andro ny mpandoa hetra kanefa mbola nisy tsy fitovian-kevitra, ary tsy nanao fitarainana tamin'ny Vaomiera ara-ketra izy, dia anjaran'ny Fandraharahana no manome ny porofo.

III- Ireo fepetra mikasika ireo mpikambana ao aminy, ny andraikitra sy ny fampandehanana io vaomiera io dia voafaritry ny Sokajy 3 ny Toko III amin'ny Lohateny VI.

TOKO IV FOMBA FAMERANA NY HETRA TSY MISY FIERANA

Andininy V-34.-(andininy 20.03.01 amin'ny CGI) Ireo vola miditra na tombom-barotra iharan'ny hetra ary koa ireo singa nentina hikajiana ny haba amin'ny vola maty, ny sara-panoratana sy ny haba toa azy, ary koa ireo hetra alaina amin'ny fandaniana dia tombanana na hakana haba tsy misy fierana arak'ireo fepetra voalaza eo ambany.

Ny fototra amerana ny hetra na ny fanombanana tsy misy fierana dia atao araka ireo singa eo am-pelatanan'ny Fandraharana na raha tsy ampy izany, ny fototra amerana dia atao amin'ny alalan'ny fampitahana ny orinasa mitovitovy aminy.

SOKAJY I FAMERAN-KETRA TSY MISY FIERANA

Andininy V-35.-(andininy 20.03.01 bis amin'ny CGI) Iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana, mandritry ny fanatanterahana fanamarinana sy ny fanitsiana ifanatrehana, voafaritr'ireo andininy V-01 sy ny manaraka, na araka ny paika fanenjehana ireo hosoka ara-ketra voalazan'ireo andininy V-44 sy V-45 amin'ity fehezan-dalàna ity, ireo olona voakasik'ireto antony tanisaina eto ambany ireto.

PARAGIRAFY I TSY FISIANA NA FAHATARAN'NY FAMETRAHANA FILAZANA, TSY FANAJANA IREO ANDRAIKITRA MANOKANA, FANAOVANA HOSOKA

Andininy V-36.-(andininy 20.03.02 amin'ny CGI) Iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana amin'ny vola miditra sy ny toa azy, ny haba amin'ny vola maty, ireo saram-panoratana sy ireo hetra alaina amin'ny fandaniana ireo olona na orinasa izay :

- tsy nametraka ara-potoana ny filazana ara-ketra na ireo antontan-taratasy ahafahana mikajy ny hetra izay tsy maintsy atao;

- tsy nametraka ny filazana mikasika ny saram-panoratana na ireo haba mitovy aminy na tsy nanao ny fombafombam-panoratana tao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna ;
- tsy nametraka tao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna ny filazàna ireo vokatra iharan'ny hetra alaina amin'ny fandaniana sy ny toa azy.

Andininy V-37.- (andininy 20.03.03 amin'ny CGI) Iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana amin'ny hetra rehetra ihany koa, ireo sara sy haba voafaritry ny boky I amin'ity fehezan-dalàna ity :

1- Ny olona na orinasa izay :

- tsy mitazona fitanan-kaonty ara-dalàna raha toa ka tokony hitana izany izy na ny antontan-taratasy voafarir'ty Fehezan-dalàna ity, na rehefa ahitana tsy fanarahana-dalàna lehibe sy miverimberina ny fitanan-kaonty ka tsy ahitana ny fahamarinana na mampanan-kery azy, na ny tsy fanaovana ny fanoratana, na fanoratana zavatra tsy marina na noforonina ao amin'ny taratasy fitanan-kaonty;
- ny fividianana na fivarotana tsy misy fakitora, ny fampiasana na ny fanomezana fakitora na ireo antontan-taratasy izay tsy mifanaraka tamin'ireo raharaha tena izy;
- ny tsy fanajana ireo andraikitra manokana voalazan'ny Sokajy II amin'ny Lohateny IV amin'ity Fehezan-dalàna momba ny hetra ity.

2- Ireo tompon'antoka, ireo mpiara-miombon'antoka sy ireo mpiray tsikombakomba amin'ny fanaovana hosoka voalazan'ny andininy V-44 sy ny manaraka, ary izany amin'ny fotoana hanaovana fanamarihana, amin'ny fotoana rehetra tsy lany paik'andro, na ireo filazana tokony atao izay mbola tsy lany fetrandro.

3- Raha tsy tanteraka ny fitsirihana ara-ketra izay tokony natao tamin'ny mpandoa hetra noho ny antony avy aminy na ny solon-tenany. Ity fepetra ity dia ampiharina avy hatrany raha misy fandavana amin'ny fanatanterahana ny fitsirihana na fanakatsakanana ny fahazoana ireo antontan-taratasy izay voafaritry ny andininy V-11 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

PARAGIRAFY II

FAHATARANA NA TSY FISIAN'NY VALINTENY AMIN'IREEO FANGATAHAM-PANAZAVANA NA FANAMARINANANA

Andininy V-38.- (andininy 20.03.04 amin'ny CGI) Ireo mpandoa hetra tsy nanome valinteny na namaly ivelan'ny fe-potoana tamin'ireo fangataham-panazavana na fanamarinana voalazan'ity fehezan-dalàna ity, dia iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana.

Ilo fepetra io dia azo ampiharina amin'ireo hetra rehetra, sara sy haba voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

Andininy V-39.- (andininy 20.03.05 amin'ny CGI) Ny paik'ady dia arahina arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy V-42 etsy ambany.

SOKAJY II FANOMBANANA TSY MISY FIERANA

Andininy V-40.- (andininy 20.03.06 amin'ny CGI) Afaka hanaovana fanombanana tsy misy fierana :

- raha toa tsy voapetraka ara-potoana sy ara-dalàna ny filazàna izay nanaovana fampatsiahivana araka ny voalazan'ny andininy V-42 etsy ambany.
- ny fotora ilaina amin'ny fameran-ketra, sara sy haba voafaritry ny Boky I amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra ary koa ny fameran-ketra mifanaraka amin'izany.

Andininy V-41.-(andininy 20.03.07 amin'ny CGI) Ny fanombanana dia atao araka ireo singa ananan'ny sampan-draharaha na, amin'ny tsy fahampian'izany, amin'ny fampitahana ny fototra amerana amin'ireo orinasa mitovy aminy, raha misy izany.

SOKAJY III PAIKA ARAHINA

Andininy V-42.-(andininy 20.03.08 amin'ny CGI) Ho an'ny fameran-ketra tsy misy fierana, ny fitanana an-tsoratra mirakitra ireo fadikan-dalàna voalazan'ireo andininy V-37 sy V-38 etsy ambony, izay nanaovana ny fameran-ketra tsy misy fierana,dia tokony efa natao mialoha.

Amin'ny fanombanana tsy misy fierana, ny fanombohan'ny fanenjehana mifandraika amin'izany dia tokony ialohavan'ny fampahatsiahivana izay ataon'ny sampan-draharaha mpitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra.

Amin'ireo fameran-ketra tsy misy fierana, ireo antony amin'ny paika arahina ary koa ireo fototra na ireo singa nampiasaina amin'ny fikajian-ketra dia ampahafantarina ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny taratasy fampahafantarana araka ny fomba voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny fampahafantarana ny fanombanana tsy misy fierana dia mitovy lanja amin'ny filazàna ara-ketran'ny mpandoa hetra voakasik'zany ary azo hanaovana ny paika arahina izay voafaritry ny andininy V-01 sy ny manaraka amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra. Ny fampahafantarana dia mampiato ny fahalaniana paik'andro.

Andininy V-43.-(andininy 20.03.09 amin'ny CGI) Tsy tohinina ireo fepetra manokana, ny mpandoa hetra iharan'ny fandoavan-ketra tsy misy fierana dia mbola afaka manao fitarainana ao anatin'ny 15 andro aorian'ny nandraisany ny taratasy fampahafantarana miaraka amin'ny sora-pamerana, arak'ireo fepetra voalazan'ireo andininy VI-15 hatramin'ny VI-16, VI-18 hatramin'ny VI-46, sy IX-23 amin'ity Fehezan-dalàna ity ary misy ireo porofo manamarina fa mihoampanpana ny hetra notakiana taminy.

TOKO V PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANENJEHANA HOSOKA ARA-KETRA SOKAJY I FEPETRA ANKAPOBE

Andininy V-44.-(andininy 20.02.45 amin'ny CGI) Amin'ny fandikan-dalàna ara-ketra, lazaina fa fandikana ireo voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra sy ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, mifehy ny hetra, ny sara sy haba isan-karazany ary ireo rijan-teny fampiharana. Miteraka fandikan-dalàna amin'ny lafiny toe-karena na mikasika ny filaminam-bahoaka izany.

Andininy V-45.-(andininy 20.02.45 amin'ny CGI) Lazaina fa fanaovana hosoka, izay tsy voafetran'ity lisitra manaraka ity :

- ny finiavana hanafoana na hampihena ny hetra aloa na hahazoana famerenam-bola tsy marim-pototra avy amin'ny Fanjakana,
- na ny fanafenana fandikan-dalàna ara-ketra amin'ny raharaha neverina ho ara-dalàna mba hampanjavozavo sy hanasarotra ny fanaraha-maso ataon'ny Fandrahaharana,
- Ny fanaovana tetika tsy andoavana sy ny fametrahana sakana amin'ny fanatanterahana sy/na famoriana ny trosa ara-ketra.

Azo engehina ho mpanao hosoka ihany koa, toy ireo tompon'antoka tamin'ny fadikan-dalàna sy ireo mpiara-miombon'antoka taminy ireo mpiray tsikombakomba na ireo nandray ny zavatra nanaovana hosoka.

Ny fomba fanenjehana ireo hosoka voalazan'ity toko ity dia tsy azo tanterahina raha tsy aorian'ny fanomezan-dalana mialoha avy amin'ny Voamiera miady amin'ny hosoka ara-ketra izay faritan'ny fanapahan'ny Tale Jeneralin'ny Hetra ny fandaminana sy ny fampandehanana azy.

SOKAJY II

FIKAROHANA SY FAHITANA IFOTONY IREO FANDIKAN-DALANA ANAOVANA FITANANA AN-TSORATRA

PARAGIRAFY I

MPIASA MANANA FAHEFANA AMIN'NY FIZAHANA IFOTONY IREO FANDIKAN-DALANA ANAOVANA FITANANA AN-TSORATRA

Andininy V-46.-(**andininy 20.02.46 andalana 4,5,6 amin'ny CGI**) Mba hahafahana mahita ny paipaikan'ireo hosoka, ireo mpiasan'ny hetra manana laharan'ny mpisafotra farafahakeliny no afaka mandray ny filazalazana sy fanamarinana avy amin'ireo olona neverina ho afaka manome izany ary ireo mpandoa hetra voakasik'izany. Io paika arahina io dia maka endrika fihainoana ireo olona nantsoina.

Ireo fihainoana ireo dia hanaovana fitanana an-tsoratra.

Ny fiantsoana dia ahitana ny datin'ny fanadihadiana, ny antony, ny toerana nosafidian'ny mpiasan'ny hetra, ny zon'ny mpandoa hetra hisafidy ny olona hanampy azy hiatrika ny fanadihadiana ary ny laharantariby an'ny sampan-draharaha mandefa ny fiantsoana mba ahafahany mifandray aminy, ny sampan-draharaha nandefa ny fiantsoana, raha ilaina izany. Ny fiantsoana dia avantana avy hatrany any amin'ilay olona amin'ny alalan'ny taratasy tsotra, farafahakeliny dimy andro mialohan'ny daty voatondro. Raha toa ka tsy tonga amin'ny daty voatondro ity farany dia halefa avy hatrany amin'ny fomba rehetra ny fiantsoana faharoa izay avantana any amin'ny mpandoa hetra miziriziry. Ny tsy fahatongavana na ny fandavana aorian'ny fiantsoana faharoa dia atao anaty fitanana an-tsoratra izay ampahafantarina ny mpandoa hetra araka ny voalazan'ny andininy V-56 miaraka amin'ny sazy voafaritry ny andininy 20.01.56-11 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

Andininy V-47.-(**andininy 20.02.46 andalana 7 amin'ny CGI**) Ireo mpiasan'ny hetra amin'ny sokajy II nahavita fianianana miandraikitra ny asan'ny Lehiben'ny Birao na ny Fanamarinana amin'ny sampan-draharahan'ny hetra, izay asan'ny Mpanara-mason'ny hetra, ary manatontosa izany araky ny lalàna sy ara-panjakana ny asany ao anatin'ny faritra iadidiany. Manao fitanana an-tsoratra amin'ireo mpandika lalàna izy ireo aorian'ny asa fisafoana sy fanamarinana nataony.

Andininy V-48.-(**andininy 20.02.46 andalana 8 amin'ny CGI**) Afaka ihany koa manao fitanana an-tsoratra amin'ireo fandikan-dalàna mikasika ny paraky sy ny zava-pisotro misy alikaola avy amin'ny hosoka na ny mitovy amin'izany ankoatr'ireo ilàna fanamarinana any amin'ireo mpandoa hetra, ireo mpiasa rehetra ao amin'ny sokajy II hatramin'ny VIII ny Fadintseranana, ny Zandary, ny mpiasan'ny Harena an-kibon'ny tany sy ireo mpiasa manam-pahefana ara-pitsarana (OPJ).

Andininy V-49.-(**andininy 20.02.47 amin'ny CGI**) Ireo mpiasan'ny hetra sy ireo Mpiasam-panjakana hafa volazan'ny andininy teo aloha ao amin'ny sokajy I izay tsy manao fanamarinana an-tsoratra dia afaka mandray anjara amin'ny fanenjehana toy ny fanampiana ireo mpiasa mpanao fitanana an-tsoratra ; na izany aza, dia afaka manao tatitra an-tsoratra izay mitovy lanja amin'ny angom-baovao izay fototra amin'ny fitanana an-tsoratra izy ireo.

Ny fianianana dia afaka atao amin'ny fitsarana ampahibemaso na an-tsoratra. Manan-kery manerana ny tany sy ny firenena izany.

Andininy V-50.-(**andininy 20.02.48 amin'ny CGI**) Ireo mpiasa manana fahefana amin'ny fahitana ifotony ireo fandikan-dalàna ara-ketra dia tsy maintsy mitondra ny fanendrena azy na ny karatra manamarina ny asany sy ny momba azy. Tsy maintsy mampiseho izany izy ireo raha misy ny fangatahana izany.

PARAGIRAFY II

PAIKA ARAHINA AMIN'NY FITANANA AN-TSORATRA

Andininy V-51.-(andininy 20.02.46 andalana 1,2,3 amin'ny CGI) Ireo fandikan-dalàna heverina ho fanaovana hosoka, ny fandikan-dalàna amin'ny paraky sy ny alikaola izay takian'ny mpiasan'ny sampandraharan'ny hetsira dia karohina arak'ireo paika arahina voalaza ao amin'ity Fehezan-dalàna ity, indrindra amin'ny alalan'ny paika arahina amin'ny famotorana. Atao anaty fitanana an-tsoratra izany. Na izany aza, ny fitanana an-tsoratra dia afaka milaza trangan-javatra, firosoana amin'ny fanagiazampanana na mitana an-tsoratra ireo voalaza, araka ny voalazan'ireo fepetra amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny paika arahina amin'ny famotorana voafaritr'ireo andininy V-46, V-47, sy V-48 dia tsy ao anatin'ireo paika arahina amin'ny fanamarinana voalaza amin'ireo andininy V-01 sy ny manaraka.

Andininy V-52.-(andininy 20.02.49 amin'ny CGI) Ireo fitanana an-tsoratra izay milaza ireo fadikan-dalàna ao amin'ireo didy aman-dalàna mifehy ny sampan-draharahan'ny hetsira dia tsy maintsy dika mitovy maromaro arak'izay ilana azy ary amarinin'ireo mpanao fitanana an-tsoratra izany. Ny fitanana an-tsoratra dia atao amin'ny anaran'ny Lalàna, fanenjehana sy fitarian'ny Tale Jeneralin'ny hetsira.

Andininy V-53.-(andininy 20.02.50 amin'ny CGI) Ireo fitanana an-tsoratra ara-ketra dia afahana amin'ireo fomba arahina amin'ny fanoratana.

Andininy V-54.-(andininy 20.02.51 amin'ny CGI) Ireo fitanana an-tsoratra dia azo atao any amin'ny biraon'ny sampan-draharahan'ny hetsira na ny toerana nahita ny fadikan-dalàna. Afaka atao any amin'ny tobin'ny Zandarimaria na any amin'ny biraon'ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Vola na koa any amin'ny biraon'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana.

Andininy V-55.-(andininy 20.02.52 amin'ny CGI) Ireo fitanana an-tsoratra, na inona na inona antony, dia tsy maintsy ahitana farafaharatsiny :

1. Ny toerana, ny daty, ny antony.
2. Araka ny antony, na ny famaritana ireo tranga hita ; na ireo na ireo toe-draharaha nisy tamin'ny fitanana an-tsoratra ; na ireo fanontaniana napetraka sy ny valiny nentina ; na ny antony marina nanaovana ny fanagiazana ; na ny karazan'ny fandikan-dalàna hita.
3. Ny fanambaran'ny mpandika lalàna sy ny fanagiazana na ny olona voatanisa ao anatin'ny fitanana an-tsoratra, raha misy izany.
4. Ny anarana, fanampin'anarana, andraikitra sy toeram-ponenana ary koa ny filazalazana sy ny mombamomba ny mpandika lalàna na ny (ireo) olona voatanisa ao anatin'ny fitanana an-tsoratra.
5. Ny anarana, fanampin'anarana, andraikitra sy toerana nosafidian'ny mpiasa hanaovana ny fitanana an-tsoratra.
- 6° Ny anarana sy toeram-piasan'ny Tale Jeneralin'ny hetsira miandraikitra ny fanenjehana na ny toerana nosafidiny.
7. Ny filazalazana ireo entana nogiazana : karazany, lanjany na refiny sy ireo tombany na fitanisana ireo fandikan-dalàna sy ny hetsira aloa, sara sy haba, nanaovana hosoka na very ary koa ireo didy aman-dalàna ara-ketra nodikaina sy ireo fepetra manasazy amin'ireo fandikan-dalàna, raha ilaina izany.
8. Ny fanerena natao tamin'ny mpandika lalàna, na tamin'ny solon-tenany na izay nomeny fahefana hanatrika ny fanoratana ny fitanana an-tsoratra any amin'ny toerana notondroina.

9. Ny fanazavana atao'ny mpandika lalàna, ny solon-tenany, na izay nomeny fahefana amin'ny fandikan-dalàna nisy, na raha tsy misy izany, ny soratra milaza fa tsy manan-kolazaina izy ireo.

10. Ny tolotra amin'ny fanalana tsatoka amin'ireo fitaovam-pitanterana nogiazana hiantohana ny fandoavana ny lamandy ary koa ny tolotra amin'ny fanalana tsatoka entana nogiazana, raha ilaina izany.

11. Ny anarana, andraikitra sy fonenan'ny mpiambina raha misy ny fanagiazan'entana.

12. Ny fiantsoana ny mpandika lalàna, na ny solon-tenany na olona nomeny fahefana na ny (ireo) olona voatanisa ao anatin'ny fitanana an-tsoratra hanao sonia izany. Ao anatin'izany ihany koa ny filazany ny fanakeny na ny fandavany hanao sonia.

13. Ny daty sy ora nahavitan'ny fitanana an-tsoratra

Andininy V-56.- (andininy 20.02.53 amin'ny CGI) Raha toa ka nanatrika ny fanoratana ny fitanana an-tsoratra ny mpandika lalàna, dia milaza izy fa namaky izany ary nasaina nanao sonia sy nahazo ny dika mitovy amin'izany izy. Ao anatin'izany ihany koa ny filazany ny fanakeny na ny fandavany hanao sonia.

Ny fitanana an-tsoratra natao tsy teo anatrehan'ny mpandika lalàna dia tsy mantsy ampahafantarina azy any amin'ny fonenany, na lazaina amin'ny any amin'izay toerana misy azy, na atao peta-drindrina any amin'ny biraon'ny Fokontany, ny Fivondronana na Faritany misy ny fonenany na ny Kaominina.

Ny fitanana an-tsoratra sy fampahafantarana dia afaka atao miaraka isan'andro. Ny fonenana nolaizan'ny mpandoa hetra tamin'ny mpanao fitanana an-tsoratra no ampiharina amin'ny eo anatrehan'ny lalàna.

Andininy V-57.- (andininy 20.02.54 amin'ny CGI) Raha toa ka ny anton'ny fanagiazan dia mikasika ny hosoka na fanovàna ny taratasy manaraka ny entana na sora-pamerana hafa, ny fitanana an-tsoratra dia milaza ny kazana hosoka na fanovàna na fanovanana.

Ireo taratasy manaraka ny entana ireo na ireo sora-pamerana hafa, vita voasonia sy rangompohin'ireo mpanao fanagiazan, dia tovànana amin'ny fitanana an-tsoratra izay ahitana ny fampahafantarana natao taminy mba asiany rangomphoy sy hamaliany azy.

Andininy V-58.- (andininy 20.02.55 amin'ny CGI) Raha toa ny mpandoa hetra ka nandositra ary tsy nisy nahalala na nanajanona ny asany, ny fitanana an-tsoratra dia atao amin'ny olon-tsy fantatra ary alefa any amin'ny Tale Jeneralin'ny hetra izay mangataka ny fanagiazan na fitazonana ireo fananana manaraka na fananana mifaka eny amin'ny Fitsarana mahefa.

Raha misy ny fahafatesan'ny mpandika lalàna alohan'ny fanatanterahana ny didim-pitsarana raikitra na ny fahataperan'ny raharaha, ny sampan-draharahan'ny hetra dia afaka manohy ny raharaha amin'ireo nanjoanina eny amin'ny fitsarana izay mandidy amin'ny fandoavana ny vola mitovy amin'ny hosoka nataony, raha tsy efa nisy fifampiraharahana natao tao anatin'ny fandovana amin'ny fandoavana izany.

PARAGIRAFY III POROFON'IREO FITANANA AN-TSORATRA

Andininy V-59.- (andininy 20.02.56 amin'ny CGI) Ireo fitanana an-tsoratra nataon'ny mpiasa iray araka ny voalazan'ireo andininy V-46 hatramin'ny V-48 amin'ny lafiny ara-ketra dia manan-kery mandram-pisian'ny porofo manohitra izany sy filazana atao'ny fitsarana ny maha hosoka ny fitanana an-tsoratra nataon'ny mpiasa roa farafahakeliny. Amin'ny fahitana fadikan-dalàna aorian'ny fanamarinana tamin'ny fanoratana, ny porofo manohitra izany dia tsy afaka entina raha tsy amin'ny alalan'ny antontan-taratasy misy ny daty tena marina talohan'ny fanoratana.

Raha toa ny mpandika lalàna ka mangataka ny hitondra porofo, ny fitsarana dia manemotra ny raharaha dimy ambinifolo farafahakeliny.

Ao anatin'ny fe-potoana 3 andro katroka amin'ny fotoam-pitsarana izay nanaovana ny fanemorana, ny mpandika lalàna dia tsy maintsy mametraka any amin'ny Mpiraki-draharaha ny lisitr'ireo vavolombelona tiana henoina, miaraka amin'ny anarany, fanampin'anarany, andraikiny sy fonenany.

Andinin V-60.-(andinin 20.02.57 amin'ny CGI**)** Amin'ny tsy fahampiana na tsy fananan-kerin'ireo fitanana an-tsortra tamin'ny fomba arahina, ny fadikan-dalàna dia mbola mitoetra ary azo arahina amin'ny fomba rehetra araka ny lalàna.

Raha toa ka nofoanana ny fitanana an-tsortra natao tamin'ny fanagiazana ireo entana voarara, ny fitazonana ireo entana ireo tsy misy lamandy dia ambaran'ny Mpampanoa lalànan'ny Repoblika amin'ny famaranana ny raharaha ataon'ny mpanenjika.

SOKAJY III FITSIDIANA SY FISAVANA

PARAGIRAFY I AN-DALAMBE SY AMIN'NY TOERANA MISOKATRA HO AN'NY DAHOLOBE

Andinin V-61.-(andinin 20.02.58 amin'ny CGI**)** Ireo fanamarinana sy fahitana trangan-javatra dia azo atao amin'ny fotoana rehetra na andro na alina ary tsy misy fanakanana na fomba arahina raha eny an-dalambe ; azo ato ihany koa ny manao izany tsy misy fomba arahina eny amin'ny toerana misokatra ho an'ny daholobe nef amin'ny ora fisokafan'ireo toerana ireo ihany.

Andinin V-62.-(andinin 20.02.59 amin'ny CGI**)** Ireo mpiasan'ny hetra mpisava dia afaka, tsy ilàna fomba arahina, eny amin'ny lakan-drafitra, lakana, lakana mpitondra entana, fiarakodia, sarety, fiaramanidina sy ireo fitaovam-pitanterana hafa, na toerana na fotoana ahitana izany manao fitsidiana, fikarohana, fisavana ilaina mba iantohana ny tsy fisian'ny entana hosoka. Ny mpanamory ireo fitaovana ireo dia tsy maintsy manamora ny fanamarinana ataon'ny mpiasan'ny hetra, mba ialana amin'ny fandikan-dalana amin'ny fandavana na fanakanana amin'ireo asa ireo izay voafaritry ny andinin V-103.

Andinin V-63.-(andinin 20.02.60 amin'ny CGI**)** Ireo mpiasan'ny hetra dia afaka miditra amin-kalalahana eny ireo toeram-piantsonana sy ny gara, toeram-pijanonana, magazay sy toeram-piasana hafa na ireo toerana miankina amin'ny lalamby na ny toeram-pikarakarana fiarakodia na fitanteram-bahoaka.

Ao anatin'ny fanatanterahana ny asany, dia afaka mandeha na mivezivezy amin'ny lalamby amin'ny fotoana rehetra ilàna izany izy ireo sy mitondra ny taratasy manamarina ny momba azy ary tsy maintsy manaraka ireo fepetra amin'ny fiarovana izay voafaritra amin'izany.

Manan-jo izy ireo hanao fitsidiana amin'ireo gara, toeram-pijanonana na ny foiben'ny toeram-piasana isaky ny toeram-pikarakarana na kaompaniam-pitanterana ary koa afaka manitatra ny fikarohana sy fanamarinana amin'ireo asa fitanan-kaonty mikasika ny fitanterana.

Andinin V-64.-(andinin 20.02.61 amin'ny CGI**)** Ao anatin'ny fanatanterahana ny asany, ireo mpiasan'ny hetra dia manan-jo handalo amin'ireo toeram-ponenana manokana, toeram-pambolena, tanety, tanin-kazo, tany mifefy na tsy miaraka amin'ny faritra honenana aza.

PARAGIRAFY II
FITSIDIHANA AN-TOKANTRANO
A- Fitsidihana any amin'ny olona manokana

Andininy V-65.-(andininy 20.02.67 amin'ny CGI) Ankoatra ireo fepetra voafaritra manokana, ireo fitsidihana atao'ireo mpiasan'ny hetra nahazoana alalana dia tsy azo atao raha tsy amin'ny 6 ora maraina hatramin'ny 06 ora hariva.

Kanefa, ny raharaha rehetra natomboka talohan'ny 06 ora hariva dia afaka tohizana aorian'izany raha toa hitan'ireo mpiasa fa ilaina ny fanohizana ny fanadihadiana indrindra raha momba ny fanoratana ny fitanana an-tsoratra izany. Azo atao amin'ny andro maromaro ny fanaovana ireo fitsidihana an-tokantrano ireo.

Andininy V-66.-(andininy 20.02.68 amin'ny CGI) Ny fitsidihana na fisavana rehetra any amin'ireo toerana manokana misy ireo olona tsy iharan'ny hetra dia tsy azo atao raha tsy mahazo ny fankatoavana mazava avy amin'ilay olona tompon'ny toerana hanaovana izany na ny didy fisavana nomen'ny Mpampanoa lalàna ny repoblika amin'ny toerana hanaovan'ny mpiasan'ny hetra ny raharaha.

Izany fankatovana izany dia tsy maintsy hanaovany fanambarana an-tsoratra na amin'ny alalan'ny fanamarinana ataon'ny vavolombelona roa ka ny iray mety ho mpiasa manam-pahefana ara-pitsarana na Filohan'ny Fokontany, na Ben'ny tanana na ireo solontenany manatrika ny fitsidihana.

Ny didy fisavana dia omena aorian'ny fanomezana any amin'ny Fampanoavana ny fangatahana an-tsoratra ataon'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fanenjehana izay milaza ireo antony tsotsotra nahatonga ny ahiahy amin'ny fisian'ny hosoka.

Andininy V-67.-(andininy 20.02.69 amin'ny CGI) Ny fitsidihana rehetra dia tsy maintsy hanaovana fanambarana fitsidihana ary amin'ny no hilazany ny fanaovany ny raharaha.

Andininy V-68.-(andininy 20.02.70 amin'ny CGI) Ny fitsidihana na fisavana rehetra atao any anatin'ny toeram-ponenana dia tsy maintsy atrehan'ny Filohan'ny Fokontany, na Ben'ny tanana na ireo solontenany na ny mpiasa manam-pahefana ara-pitsarana, izay mandefa ny fangatahana an-tsoratra natao tamin'izy ireo ary tsy maintsy soratana amin'ny lohan'ny fitanana an-tsoratra izany, mba hampanan-kery azy.

Andininy V-69.-(andininy 20.02.71 amin'ny CGI) Na izany aza, ireo entana notanterina nanaovana hosoka, tamin'ny fotoana nanagiazana azy, izay nampidirina tany amin'ny trano fonenana mba tsy ho hitan'ireo mpiasan'ny hetra, dia azon'izy ireo enjehina na tsy manaraka ireo fepetra faritan'ireo andininy V-65 hatramin'ny V-68 etsy ambony aza.

Torak'izany koa ho an'ny olona manana raharaha na asa ataony ao an-tranony izay faritan'ny lalàna ara-ketra na mametrakta entana, fitaovana na akora ilainy amin'ny fandrahahary. Amin'izany tranga izany, ny trano honenany dia raisina toy ny toeram-piasany fa tsy toeram-ponenana tsotra ipetrahana.

Andininy V-70.-(andininy 20.02.72 amin'ny CGI) Ny fanambarana ny fitsidihana araka ny andininy V-67 dia atao amin'ny anaran'ilay olona manokana, misy daty sy voasonia. Mba hampanan-kery azy, izany fanambarana izany dia tsy milaza ireo antony tsotsotra nahatonga ny ahiahy amin'ny fisian'ny hosoka.

Andininy V-71.-(andininy 20.02.73 amin'ny CGI) Aorian'ny fitsidihana natao tany an-trano araka ny fepetra voalazan'ireo andininy teo aloha, ireo mpiasan'ny hetra dia tsy maintsy mamerina amin'ny laoniny indray ireo toerana nanaovany fitsidihana.

Ny mpiasa manam-pahefana ara-pitsarana na ny Filohan'ny Fokontany, na Ben'ny tanana na ireo solontenany manoratra ireo fanoherana mety hitranga ao anatin'ny taratasy milaza ny antony ary omena dika mitovy amin'izany ilay olona.

Andininy V-72.-(andininy 20.02.74 amin'ny CGI) Ny fitsidihana an-trano rehetra izay tsy nahitam-bokany dia tsy maintsy soratana ao anatin'ny tatitra milaza ny daty sy ora nanaovana ny fitsidihana, ny anarana sy laharin'ireo mpiasan'ny hetra nanao izany, ny anarana, fanampin'anarana, asa atao sy fonenan'ny olona noahiahina, ireo anton'ny fitsidihana sy ny ora marina nahavitan'izany.

Io tatitra nosoniavin'ny mpiasan'ny hetra nanao ny fitsidihana io sy raha misy ny fankatoavin'ny manam-pahefana nanatrika izany dia alefa any amin'ny Tale miandraikitra ny fifolanana.

Andininy V-73.-(andininy 20.02.75 amin'ny CGI) Raha misy tsy fahafahana, ny mpiasam-panjakana nangataka ny didim-Pitsarana dia afaka mamindra amin'ny alalan'ny taratasy fanomezan-dalana hanao fitsidihana, amin'ny mpiasa iray eo ambany fahefany hanolo azy.

B- Fitsidihana atao any amin'ireo mpandoa hetra

Andininy V-74.-(andininy 20.02.76 amin'ny CGI) Ny atao hoe mpandoa hetra dia ny olon-tsotra na fikambanana rehetra, noho ny amin'ny asany na amin'ireo raharaha ataony dia tsy maintsy manaraka ny didy amam-pitsipika momba ny hetra.

Andininy V-75.-(andininy 20.02.77 amin'ny CGI) Ny mpandoa hetra ao amin'ny Fandrahahahana araketa dia maintsy manaiky amin'ireo fotoana hisokafany ho an'ny besinimaro, ireo fitsidihana sy fanamarinana ataon'ny mpiasan'ny hetra na andro na alina. Ireo Tale na Mpitantana ny toeram-piasana dia tsy maintsy manokatra amin' ny fangatahana ireo trano, toerana fanaovana asa, magazay, lakavy sy toerana fitahirizana.

Andininy V-76.-(andininy 20.02.78 amin'ny CGI) Ny zo amin'ny fitsidihana etsy ambony dia mitatra tsy amin'ireo faritra rehetra sy toerana hanovana taozava-baventy na tsia na amin'ny varotra sy ireo toerana miankina amin'ny ao anatin'ny faritra, ny toerana mihidy, ny tokontany na zaridaina irery ihany, fa indrindra koa amin'ireo trano tsy anaovan-drahahaha miankina aminy aza ary miorina latsaky ny 300 metatra ao anatin'ny faritra, ary mandritra ny fitsidihana, tsy nisy ny fampisehoana ny ffanaraham-panofana natao tamin'ny olona hafa.

C- Fitsidihana ara-batana

Andininy V-77.-(andininy 20.02.79 amin'ny CGI) a) Ny fitsidiana ara-batana dia tsy azo atao raha tsy nisy ny ahiahy amin'ny hosoka hita amin'ny endrika ivelany.

b) na amin'ny fahitana ireo singa ivelany mamaritra ny fomba fainana : trano natao itoerana tena izy sy ny fanampiny, fananganana trano, fividianana trano, tokotanim-barotra na ireo fananganana mitovy aminy, ny fiara, ny fiaramanidina sy ny sambo fitsangatsanganana, ny fiarakodia, mpiasa an-trano, fivoahana any ivelany ka ny mpandoa hetra ihany no mandoa ny saran-dalana, fandefasana vola vahiny any ivelany.

Andininy V-78.-(andininy 20.02.80 amin'ny CGI) Ny fitsidihana ara-batana dia atao eo an-toerana na koa amin'ny fangatahana ataon'ny mpiasan'ny hetra, atao eny amin'ny biraon'ny Fokontany, Fivondronana na Faritany na koa eny amin'ireo biraon'ny Kaominina, na ny Polisy na ny Zandarimaria, na eny amin'ny biraon'ny hetra. Raha mandà ny hanaraka ireo mpiasan'ny hetra ilay olona ahiahiana dia afaka mampiasa hery izy ireo.

Ny fanatrehan'ny mpiasa manam-pahefana ara-pitsarana dia tsy takiana amin'ny fahamarinan'ny fitsidihana. Ny fitsidihana ara-batana rehetra dia tsy azo atao raha tsy amin'ny olona mitovy fitaovalpanahanana. Ny fitsidihana ara-batana dia afaka atao na andro na alina.

PARAGIRAFY III

FAKANA SINGA SY FANAMARINANA ATAON'NY MANAM-PAHAIZANA MANOKANA

Andininy V-79.-(andininy 20.02.62 amin'ny CGI) Ireo fanoherana rehetra mikasika :

- ny toetrary,
- ny endriny,
- ny kalitaony,
- ny karazany,
- ny marika,
- ny firafiny ,
- ny niaviany,
- ny fomba nanamboarana azy,
- na koa ireo toetoetra ara-tekinikan'ireo entana sy vokatra tanterina, iharan'ny hetra tsy mivantana ilaina amin'ny fandaniana, tazonina, amidy na efa lafo, dia afaka alefan'ny Fandraharahana ara-ketra amin'ny fotoana rehetra, hanaovana fanadiadiana izay ataon'ireo manam-pahaizana manokana nahazo fankatoavana eny amin'ireo Fitsarana na eny amin'ny laboratoara ofisialy manana fahaizana manokana amin'izany.

Andininy V-80.-(andininy 20.02.63 amin'ny CGI) Ny fanadiadiana izay ataon'ireo manam-pahaizana manokana na fitiliana ataon'ny laboratoara dia atao amin'ireo entana na vokatra ireo ihany ka koa amin'ireo singa nalaingana manaraka ny voalazan'ireto Andininy manaraka ireto.

Andininy V-81.-(andininy 20.02.64 amin'ny CGI) Ny fakana ireo singa rehetra tamin'ireo vokatra na tamin'ireo entana iharan'ny hetra tsy mivantana ilaina amin'ny fandaniana amin'ny dingana rehetra amin'ny famarotana dia tsy maintsy ahitana singa efatra mitovy ary tena mitovy karazana raha azo atao :

- 1- amin'ny fanadiadiana ataon'ny manam-pahaizana manokana na amin'ny fitiliana ;
- 2- amin'ny fitsinjovana mialoha ny famerenana ny fanadiadiana ;
- 3- amin'ny olona izay nakana ny singa hanaovana fanadiadiana ;
- 4- amin'ireo sampan-draharahan'ny hetra. Ireo singa hanaovana fanadiadiana ireo dia mihidy sy asiana fitomboka ary asiana soratra apetaka aminy.

Andininy V-82.-(andininy 20.02.65 amin'ny CGI) Ny fakana ireo singa rehetra hanaovana fanadiadiana dia hanaovana fanoratana ny taratasy atao hoe : "Fitana an-tsoratra amin'ny fakana ireo singa" izay tsy maintsy ahitana ireto soratra manaraka ireto :

- 1- ny daty sy ny ora nanaovana ny fakana ireo singa;
- 2- ny anarana, fanampin'anarana, grady sy andraikitry ny mpiasan'ny hetra nanao ny fakana ireo singa,
- 3- ny anarana, fanampin'anarana, asa atao, andraikitra sy fonenan'ny olona nanaovana ny fakana ireo singa ;
- 4- ny anton'ny fakana singa ;

5- ny toerana, ny fomba nitazonana, ny kalitao sy ny fiavian'ireo entana sy vokatra nanaovana fakana ireo singa ;

6- ny famaritana amin'ny antsipirihany ireo fomba nanovana ny fakana ireo singa ;

7- ny fatra sy ny sandan'ireo singa nalaina ;

8- ny filazana ny fision'ny olona na tsia teny amin'ny toerana nanaovana fakana ireo singa ary ny filazana natao taminy ny hanaovany sonia ny taratasy, ny fanekeny na ny fandavany ny hanatanteraka izany ;

9- ny daty sy ny ora nifaranan'ireo asa fakana singa ;

10- ny sonian'ny mpiasa nanao ny fakana ireo singa ;

11- ny handefasana ireo singa nalaina.

Ny fitomboka napetraka tamin'ireo singa sy ireo soratra apetaka amin'ny fakana singa dia atao apetraka indray amin'ilay taratasy.

Andininy V-83.-(andininy 20.02.66 amin'ny CGI) Amin'ny hosoka hita mazava taorian'ny fanamarinan'ny manam-pahaizana na ny fitiliana, dia soratana ny fitanana an-tsoratra amin'ny fanerena. Ny saran'ireo dia aloan'ny mpandika lalàna, ankoatra ireo sazy hafa voalazan'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka na ireo didy amam-pitsipika manan-kery.

SOKAJY IV NY FANAGIAZANA SY FITAZONANA FANANANA

Andininy V-84.-(andininy 20.02.81 amin'ny CGI) Ireo fadikan-dalàna amin'ny didy amam-pitsipika ara-ketra dia mitarika amin'ny fanagiazana ireo entana nambara ho misy hosoka.

Ny fanagiazana dia lazaina tena izy raha mikasika ireo entana nambara ho misy hosoka ka nogiazan'ireo mpiasan'ny hetra izany. Raha toa nisy fanakatsakanana nataon'ny mpandika lalàna ka tsy nahafahan'ireo mpanao fitanana an-tsoratra nanatanteraka ny fanagiazana tena izy tamin'ireo entana nanaovana hosoka, ireo mpanao fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy manambara ny fanagiazana an'eritreritra. Ny fanagiazana an'eritreritra dia manana fiantraikany mitovy amin'ny fanagiazana tena izy.

Andininy V-85.-(andininy 20.02.82 amin'ny CGI) Azo atao ny fanalana tsatoka amin'ireo entana na vokatra nogiazanana ankoatra ireo voarara, amin'ny alalan'ny fanomezana antoka ara-bola manokana na fandrotsahana vola sy, amin'ny antoka atao am-pianianana ataon'ny mpandika lalàna amin'ny fanombanana natao am-pihavanana amin'ireo entana nogiazana.

Andininy V-86.-(andininy 20.02.83 amin'ny CGI) Mba ahazoana antoka amin'ny fandoavana ny lamandy, amin'ny tsy fision'ny antoka afahana mandoa trosa na amin'ny famerenana araka izay betsaka indrindra ny lamandy, ny fanagiazana ireo sambo, ireo fiaramanidina, soavalny na fiara hafa na biby ampisaina amin'ny fitanterana ireo entana hosoka dia atao.

Na izany aza, raha ny tompon'ny fitaovam-pitanterana no sady tompon'ireo entana hosoka na ihany koa tamin'ny fandraisany anjara tamin'ireo hosoka, dia azo ambara ho toy ny mpiray antoka amin'ny fandikan-dalàna izy, ireo fitaovam-pitanterana dia azo giazana toy ireo entana nanaovana hosoka. Azo hanaovana fanalana tsatoka ireo fitaovam-pitanterana voalaza ireo amin'ny alalan'ny antoka ara-bola na famerenana amin'ny vidiny voafaritra nifanarahana na tsy nisy fierana.

Andininy V-87.-(andininy 20.02.84 amin'ny CGI) Raha toa ka mikasika ny biby na ireo entana mora simba ny fanagiazana, ny fanalana tsatoka vonjimaika dia azo omena araka izay voalazan'ny andininy V-85.

Andininy V-88.-(andininy 20.02.85 amin'ny CGI) Raha toa ka nofoanana ny fitanana an-tsoratra mikasika ny fangiazana entana voarara noho ny tsy fahampian'ny pepetra amin'ny endriny, dia ambara ihany ny fitazonana azy ireo tsy misy lamandy araka ny fehin-kevitra ataon'ny sampan-draharahan'ny hetra na ny Mpampanoa lalàna ny Repoblika. Ny fitazonana ireo entana nogiazana noho ny fandikan-dalàna dia ambara ihany koa na teo aza ny fanafoanana ny fitanana an-tsoratra raha toa ka voamarina mazava tsara ao anatin'ny fanadihadiana ny fandikan-dalàna .

Andininy V-89.-(andininy 20.02.86 amin'ny CGI) Ny fitazonana ireo entana nogiazana dia azo tohizana sy ambara amin'ireo mpamily na mpitatitra entana ary ny Fandraharahana ara-ketra dia tsy voatery hitazona ny tompon'ny entana, raha tsy hoe nuditra an-tsehatra ny tompon'entana nogiazana na nantsoin'ireo olona nitondra ny entana nogiazana, hanapaka araka ny lalàna amin'ny fidirana an-tsehatra na fitarainana.

Andininy V-90.-(andininy 20.02.87 amin'ny CGI) Ireo entana, na nogiazina noho ny hosoka, na fadikan-dalàna, na notazonina, dia tsy azon'ireo tompony takiana, na ny vidiny, na nanovana famerenam-bola na tsia, na ireo tompon-trosa manana tombon'antoka, ankoatra ireo fitarainana atao amin'ireo tompon'antoka amin'ny hosoka.

Andininy V-91.-(andininy 20.02.88 amin'ny CGI) Ireo zavatra, entana na vokatra hafa tsy nanaovana hosoka izay hita niaraka taminy, dia tsy maintsy averina amin'ny tompony, ankoatra ireo nampiasaina hanafenana ny hosoka.

Andininy V-92.-(andininy 20.02.89 amin'ny CGI) Ny sampan-draharahan'ny hetra dia afaka mangataka amin'ny Fitsarana amin'ny alalan'ny fangatahana tsotra ny fitazonana ireo entana nanaovana hosoka nogiazana tamin'ireo olona tsy fantatra, mba hanaovana lavanty ampahibemaso.

Andininy V-93.-(andininy 20.02.90 amin'ny CGI) Ireo fitaoval-pitanterana nogiazana izay ny famerenana azy dia atao amin'ny fanaovana antoka ara-bola hita tao anatin'ny fitanana an-tsoratra saingy tsy neken'ny ankilany dia tsy azo tazonina mihoatra iray volana.

Raha dila io fe-potoana io, araka ny didim-pitsarana dia atao ny lavanty ampahibemason'ireo fiara nogiazana ka ny Fandraharahana ara-ketra no mitarika izany.

Andininy V-94.-(andininy 20.02.91 amin'ny CGI) Ny didim-pitsarana manome alalana amin'ny lavanty dia ampahafantarina ny olona mifanandrina miaraka amin'ny fanambarana fa atao avy hatrany ny lavanty na manatrika izany izy na tsia.

Ny didim-pitsarana dia tanterahana na nisy fanohanana na fampiakarana ny raharaha.

Andininy V-95.-(andininy 20.02.92 amin'ny CGI) Ny vola azo tamin'ny lavanty dia apetraka any amin'ny Mpandray volan'ny hetra mandra- pisian'ny didim-pitsarana raikitra.

SOKAJY V ANDRAIKITRA SY FIOMBONANA

Andininy V-96.-(andininy 20.02.93 amin'ny CGI) Ny mpitana ireo entana nanaovana hosoka dia heverina ho tompon'andraikitra amin'ny hosoka. Na izany aza, ireo tompon'ny entana dia tompon'andraikitra amin'ireo mpiasany, mpanatitra entana, mpisia na mpanampy an-trano mikasika ireo zo, fitazonana, lamandy sy saram-pitsarana.

Andininy V-97.-(andininy 20.02.94 amin'ny CGI) Ireo mpitatitra, izy ireo sy ny mpanampy azy na mpisia, dia tsy azo heverina ho toy ny mpandika lalàna raha tsy amin'ny fanondroana mazava sy aradàna ataon'ireo mpaniraka azy ireo, ka ahafahan'ny sampan-draharahan'ny hetra manao ny fanenjehana amin'ireo tena nanao ny hosoka.

Andininy V-98.- (andininy 20.02.95 amin'ny CGI) Ireo tompon'ny toerana nahitana ireo entana hosoka dia neverina ho tompon'antoka amin'ny fandikan-dalàna naterak'izany, raha tsy misy ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny sampan-draharahan'ny hetra, mba hitadiavana ny tena tompon'antoka marina amin'ny fandikan-dalàna.

Andininy V-99.- (andininy 20.02.96 amin'ny CGI) Raha toa ka olona roa na maromaro no miaratompon'antoka amin'ny fandikan-dalàna, ny fanamelohana atao amin'ireo olona ireo amin'ny tranga fanaovana hosoka iray dia iombonana araka ireo fepetra voalazan'ny andininy VII-33

Article V-100.- (article 20.02.97 du CGI) Neverina ho mpiara mpandika ny lalàna ara-ketra, ireo olona ninia nanamora ny hosoka na nanome ireo fitaovana hanantanterahana izany.

Neverina ho mpiray tsikombakomba, ireo olona izay nanamora ny hosoka, amin'ny fomba tsy misy fihetsehana mazava, ka tsy izy ireo no mpandika lalàna na mpiara mpandika lalàna.

Neverina indrindra ho mpiara mpandika lalàna :

- Ireo manampahaizana manokana amin'ny fintanana kaonty, ireo mpitana kaonty nahazo fankatoavana, ireo mpanolotsaina ara-ketra ary amin'ny ankapoben-javatra ireo olona rehetra, amin'ny maha tsy mpikarama azy, izay misolo ny toeran'ny mpandoa hetra na manampy azy ireo amin'ny fanaovana fanambarana ara-ketra, amin'ny fandrafetana ireo antontan-taratasy ara-kaonty na amin'ireo andraikitra samihafa voalazan'ito fehezan-dalàna ito, sy/na nandray anjara mivantana na tsia amin'ny fandrafetana ny fanambarana atao ara-potoana na tsindraindray ho famerana ireo hetra, zo, sy haba. ;
- ireo olona izay mikarakara ny fantiantoky ny mpandoa hetra mba tsy andoavany ny trosany na izay mametraka sakana , amin'ny alalan'ireo fitaka hafa ny amin'ny fandoavan-ketran'ito farany, manampy azy /Les personnes qui, en organisant l'insolvabilité d'un contribuable ou en mettant obstacle, par d'autres manœuvres, au paiement de l'impôt de ce dernier, l'aide à se soustraire ou à tenter de se soustraire frauduleusement au paiement de ses impôts ;
- ireo olona rehetra tena mitantana araky ny lalàna na araky ny zava-misy, mivantana na tsia, ny orinasa, ny rafitra mizaka ny zo aman-andraikitra na vondrona rehefa tompon'andraikitra amin'ny fanaovana hosoka, sy amin'ny tsy fanajàna tafahoatra sy miverimberina an'ireo andraikitra ara-ketra izay tsy nafahana nanangona ny fameran-ketra sy sazy. Toy izany koa ireo mpikambana na mpiombon'antoka ao amin'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra na vondrona.
- Ireo olona manao fifanarahana amin'ny fampindramana anarana ka mirona amin'ny fanaovana hosoka, ary tsy ilaina akory ny fahazoana ny fifanarahana miafina eo amin'ny mpandoa hetra manana laharam-pamantarana sy ny mpanome fahefana azy. Amin'izay tranga izay, ny rohy manamarina io fifandraisana io dia tsy maintsy hazavain'ny Fandraharahana.

Andininy V-101.- (andininy 20.02.98 amin'ny CGI) Ny sazim-panagadrana voalazan'ny didy amampsipika ara-ketra dia tsy mihatra amin'ny tompom-pananana sy mpitatitra voalazan'ny andininy V-97 sy V-98, afa tsy amin'ny ireo mpiara –mandika lalàna.

SOKAJY VI NY FISAMBORANA

Andininy V-102.- (andininy 20.02.99 amin'ny CGI) Rehefa sazy famonjana no iharan'ny fandikan-dalàna ara-ketra, ny mpandika lalàna tratra am-body omby dia samborina sy gadraina. Hoentina avy hatrany manoloanan'ny mpiasa manam-pahefana ara-pitsarana na atolotra ny hery mitam-piadiana izay mitondra azy manoloana ny Mpitsara mahefa izay mitsara avy hatrany amin'ny alalan'ny fanapahana voazava tsara ny amin'ny famonjana na famotsorana azy. Ireo didim-pamotsorana dia ampafantarina amin'ny Fandraharahana ny hetra arak'ireo fe-potoana sy fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny famotorana ireo heloka be vava.

SOKAJY VII FANDAVANA FANAOVANA NY ASA

Andininy V-103.- (Andininy 20.02.100 amin'ny CGI) Le droit de visite ou d'exercice ne peut être retardé ou paralysé par un obstacle quelconque, prétexte, excuse, opposition verbale ou de fait, menace ou acte de rébellion.

Andininy V-104.- (article 20.02.102 amin'ny CGI) Ireo fandavana fitsidihana na fanaovana ny asa, famokarana na fifandraisana antontan-taratasy dia hamarinina ifotony amin'ny fitanana an-tsoratra izay mirakitra fa ny mpandika lalàna dia nangatahana na nampitandremana ny amin'ny fanantanterahana ireo andraikitra ireo ary nanohatra izany izy.

Ireo fikomiana, fampiasan hery amin'olonkafa tsy manaiky izany, fanompana, , fanevatevana sy fandrahonana amin'ny mpiasan'ny hetra dia hamarinina ifotony amin'ny alalan'ny tatitra tsotra omena ny Tale jeneralin'ny hetra ary henjenhina eny amin'ny Fitsarana ho fampiarana ireo sazy voalazan'ny lalàna famaizana, ankoatran'ireo sazy ara-bola sy fitazoman-pananana mety hiaran'ny mpandika lalàna.

Raha sanatria misy fandikan-dalàna ara-ketra hita ifotony, arafitra arak'ireo fomba takian'ny lalàna ara-ketra ny fintanana an-tsoratra ary voarakitra ao : fikomiana, fampiasan hery amin'olonkafa tsy manaiky izany, fanompana, , fanevatevana na fandrahonana.

Andininy V-105.- (andininy 20.02.103 amin'ny CGI) Raha ny olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra iaharan'ny lalàna ara-ketra no manao fikomiana, mampiasa hery amin'olonkafa tsy manaiky izany, manompa, mandrahona, manevateva, ny Fitsarana dia tsy maintsy mandidy ny fanakatonana ny toeram-piasana mandritran'ny fe-potoana iray volana fara-fahakeliny sy enim-bolana fara-fahabetsany.

Amin'ny trangan-javatra rehetra, ny Fandrahahahana momba ny hetra dia afaka misintona vonjimaika na hatramin'ny farany nohon'ny filaminam-bahoaka, ny fahazoan-dalana manamboatra, mitrandraka, , mamokatra na mivarotra nomena ny mpandika lalàna ary izany dia tsy manakana ny fampiharana sazy ara-ketra mety ho azo sy ny fandoavana ny zo, hetra sy haba na sara amin'ny vokatra izay mety haloan'ny ananan-trosa.



LOHATENY VI. – PAIKADY FANOLANANA SY FAMINDRAM-PO

LOHATENY VI: PAIKADY FANOLANANA SY FAMINDRAM-PO	102
TOKO I: ANKAPOBEN'JAVATRA	102
TOKO II: PAIKADY FANGATAHANA FAMINDRAM-PO	102
SOKAJY I: SEHATRA FAMPIARANA NY FANGATAHANA FAMINDRAM-PO	102
SOKAJY II: FAMELANA FAMINDRAPO	102
SOKAJY II: FANAFOANAN-KETRA	103
TOKO III: PAIKADY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA	103
SOKAJY I: SEHATRA HAMPIARANA NY PAIKADY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA	103
SOKAJY II: PAIKADY MIALOHA ENY FANDRAHARAHANA	104
SOKAJY III : PAIKADY MANOLOANA NY FITSARANA MIANDRAIKITRA NY ADIM-PITSARANA AMIN'NY FANJAKANA	106
SOKAJY IV: PAIKADY AMPIASAINA ENY AMIN'NY FITSARANA MISAHANA NY ADY MADIO	108
SOKAJY V : FANDRAVONANA IREO FIFANOLANANA ARA-KETRA EO ANIVON'NY VAOMIERA ARA-KETRA	108
TOKO IV: FAMAIZANA FANDIKAN-DALANA	111
SOKAJY I: FEPETRA ANKAPOBENY	111
SOKAJY II: PAIKADY FAMAIZANA	111
SOKAJY III: FIFANARAHANA	112
SOKAJY IV: FAHALANIANA PAIK'ANDRO	112
TOKO V: FAMPIHARANA IREO DIDIM-PITSARANA ARA-KETRA	113
TOKO VI: FEPETRA FIAROVANA	113
TOKO VII: PAIKADY FANAKATONANA TOERAM-PIASANA	113

LOHATENY VI PAIKADY FANOLANANA SY FAMINDRAM-PO

TOKO I ANKAPOBEN'JAVATRA

Andininy VI-01(Andininy 20.02.01 amin'ny CGI).- Ny hetra, ny haba, sy ny vola rehetra tokony alohan'ny mpandoa hetra dia azon'izy ireo hanaovana fitakiana, na tolo-kevi-panafohanana avy amin'ny ireo tompon'andraikiry ny fikajiana ny hetrambondromparitra, na avy amin'ny Fandrahaharana miandraikitra ny hetra-panjakana foibe.

TOKO II PAIKADY FANGATAHANA FAMINDRAM-PO

SOKAJY I SEHATRA FAMPIARANA NY FANGATAHANA FAMINDRAM-PO

Andininy VI-02 (Andininy 20.02.03 amin'ny CGI).- Ny fangatahana dia lazaina fa mamindra fo rehefa mangataka izany amin'ny Fandrahaharana ny mpandoa hetra manana fahasaratana ara-bola tsy ahafahan'izy ireo mandoa amin'ny tokony ho izy ireo hetra tokony aloany sy mety hampikatso ny orinasa na mety hanakana ny atom pivelomany.

Andininy VI-03 (Andininy 02.07.03.- I amin'ny CGI)– Amin'ny sara-panoratana, tsy azon'ny ireo manam-pahefana ara –panjakana, na ny Fandrahaharan'ny hetra, na ireo mpiasam-panjakanany atao ny manome famelana na fihenan'ny sara-panoratana sy ireo sazy mety ho azo, na mampiato izany na mpampapiato ny fanangonana izany raha tsy te ho tompon'andraikitra amin'ny tenany manokana amin'izany.

Andininy VI-04 (Andininy 20.02.04 amin'ny CGI).-Ao anatin'ny fangatahana famindram-po ihany koa :

- Ireo fangatahana ataon'ireo mpiasan'ny tahirim-bolam-panjakana mikendry ny fanafoanan-ketra ireo zaran-ketra tsy voavory intsony,
- Ireo fangatahana fanemorana fe-potoana atolotry ny Tale parity ny hetra momba ny hetra tambatra
- ary ireo fangatahana napetrak'ireo mpandoa hetra mba ho :
 - fampihenana manontolo na amin'ny ambahany ireo lamandy, sazy amin'ny endriny rehetra, voafaritr'ity fehezan-dalàna ity ary iandraiketan'izy ireo ;
 - fandoavana tsikelikely ireo vola tokony aloa ;
 - fanalavana ireo fe-potoana takian'ny fanatanterahana ireo andraikiny ;
 - fampihatoana ny fitakiam-bola atao aminy

Andininy VI-05 Ny mpandoa hetra dia mahazo mangataka famindram-po amin'ny manam-pahefana mpanapa-kevitra fandeferana momba ny fampiasan'ny zony ivelan'ny fe-potoana.

Amin'izany, ny manam-pahefana mpanapa-kevitra dia afaka manome fe-potoana vaovao tsy mihoatra ny dimy amby folo andro (15) miatomboka amin'ny fampahafantarana ny fanapahan-kevitra.

SOKAJY II

FAMELANA FAMINDRAPO

PARAGIRAFY I

FEPETRA ARA-POMBAFOMBA AN'IREO FANGATAHANA FAMELANA FAMINDRAPO

Andininy VI-06 (Andininy 20.02.06 amin'ny CGI).- Tsy azo raisina ny fangatahana raha tsy :

- mirakitra ny karazan-ketra, ny taon-ketra sy ireo hetny sora-bola-ketra voakendry
- mirakitra ny fanambarana tsotsotra ny anton'ny fangatahana
- ampiharahana amin'ny sora-pitakiana ny hetra, sy/na ny filazana fitakiana hetra mikasikaireo hetra-bondro-paritra
- misy ny sonian'ny mpanoratra, ny anarany, sy ny andraikiny.

Ny fangatahana famindrampo dia angalana ny hevity ny Sampan draharaha miandraikitra ny antontan-taratasy na Sampandrahara miandraikitra ny filazana fameran-ketra sy/na ny baikom-pamorian-ketra, zo, haba isan-karazany voalazan'ny Boky faha llan'ito fehezan-dalàna ito.

Andininy VI-07 (Andininy 20.02.05 amin'ny CGI).- Ny fangatahana fanalefahana fanenam-tsazy dia apetraky ny nanjoanina na ireo olona rehetra tokony andoa hetra nahazo antso fampitandremana, eny amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny filazana fitakian-ketra sy/na baikom-pamoriam-bola ho an'ny hetra, haba sns voarakitry ny Fehezam-dalàna ny hetra, na eny amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny mpandoa hetra ho an'ireo hetra hafa voarakitra ao amin'io fehezan-dalàna io. Ireo olona rehetra manao fangatahana amin'ny anaran'olon-kafa dia tsy maintsy mitondra taratasy fanomezam-pahefana ara-dalàna tsy misy hajia, sy nosoratana am-boky tao amin'ny sampandrahara miandraikitra ny mpandoa hetra na eny amin'ny sampandrahara mahefa alohan'ny ametrary ny fangatahany. Tsy ilaina kosa anefa ny fanomezam-pahefana ho an'ireo mpisolovava.

PARAGIRAFY II

FAHEFANA MANDRAY FANAPAHAN-KEVITRA

Andininy VI-08 (Andininy 20.02.07 amin'ny CGI).- Ny fahefana mandray fanapahan-kevitra dia an'ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka manome io fahefana mandray fanapahan-kevitra io

PARAGIRAFY III

FAMPAHAFANTARANA NY FANAMPAHAN-KEVITRA

Andininy VI-09.- (Andininy 20.02.08 amin'ny CGI) lo fanapahan-kevitra io dia ampahefantarina amin'ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny taratasy alefa manokana na amin'ny alalan'ny ireo rohi arapanjakana.

Andininy VI-10.- (Andininy 20.02.09 amin'ny CGI) ireo fanapahan-kevitra momba ny fangatahana famindram-po dia tsy azo anaovana fampakarana.

SOKAJY III

FANAFOANAN-KETRA

Andininy VI-11 (Andininy 20.02.10 amin'ny CGI).- Ny mpiasa miandraikitra ny famorian-ketra mivantana sy ireo miandraikitra ny famoriania ireo hetra hafa voalazan'ny Fehezan-dalàna ny hetra dia afaka mangataka fanafohanana ireo zaran-ketra sy zo ketra sy sazy tsy voavory intsony ao anatin'ny fe-potoana telo taona fahalianian'ny paik'andro. Ireo fangatahana fanafohanan-ketra mirakitra ny famelabelarana ny antony dia avantana any amin'ny Tale miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra ary mirakitra famelabelarana tsotsotra ireo antony. Hanaovan'ireo mpiasa miandraikitra fanadihadiana ireo

fangatahana ireo. Ny Tale miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra dia mandray fanampahan-kevitra amin'ireo fangatahana ireo amin'ny anaran'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra.

TOKO III PAIKADY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA

SOKAJY I SEHATRA HAMPIARANA NY PAIKADY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA

Andininy VI-12 (Andininy 20.02.01 amin'ny CGI).- Ny hetra, zo sy haba, sy ireo vola tokony aloa eto Madagasikara dia afaka hanaovan'ny mpandoa hetra fangatahana fitarainanana, sy tolo-kevi-panafoanam-ketra avy amin'ny mpiasan'ny Sampan draharaoha miandraikitra ny fameran-ketram-bondrom-bahoaka, na avy amin'ny Sampandraharaoha miandraikitra ny hetram-panjakana.

Andininy VI-13 (Andininy 20.02.02 amin'ny CGI).-Ny fangatahana dia lazaina am-pifanolanana ny fameran-ketra rehefa mikendry ny fanarenana ireo hadisoana tamin'ny famerana ny hetra, na rehefa mikendry ny hisitraka zo voalazan'ny lalàna aman-didy mahakasika ny fandoavan-ketra na mahakasika ny fanoherana ny toetra maha tsy maintsy takiana ny hetra.

Voakasiky ito andininy ito ny fitarainana am-pifanolanana ny fameran-ketra sy ny fangatahana am – panoherana ny sora-pitakiana ny hetra .

Ny fangatahana mahakasika ny fameran-ketra, zo, haba dia avantana any amin'ny Fandraharahana miandraikitra izany araka ny voalazan'ny Sokajy II an'ny Toko II an'ito Lohateny ito. Afaka misafidy ny mangataka ny hevity ny Vaomiera ara-ketra anefa ny mpandoa hetra araky ny andininy VI-47 sy ny manaraka amin'ito fehezan-dalàna ito.

Andininy VI-14 (Andininy 06.01.32 amin'ny CGI). - Ny fifanolanana momba ny haba alaina amin'ny fanafarana entana dia fehezin'ny lalàna mahakasika ny Sampan-draharahana'ny fadin'tseranana.

Ny fifanolanana momba ny haba alaina nohon'ireo asa tanterahina eto Madagasikara dia manaraka an'ireo fepetra voalazan'ny andininy VI-65 sy ny manaraka amin'ito fehezan-dalàna ito, ireo hetsika sy fanenjehana dia atao araky ny lalàna, ny fanenjehana sy ny hafainganan-draharahana'ny Tale jeneralin'ny hetra. Ireo mpiasa mahefa amin'ny fizahana ifotony ny fandikan-dalàna voalazan'ito lohateny ito sy mahefa amin'ny fandrafetana ny fitanana an-tsoratra dia ireo mpiasa voalazan'amin'ny andininy V-46 ka hatramin'ny V-50 an'ito fehezan-dalàna ito.

SOKAJY II PAIKADY MIALOHA ENY ANIVON'NY FANDRAHARAHANA

PARAGIRAFY II FE –POTOANA ANAOVANA NY FANGATAHANA

Andininy VI-15 (Andininy 20.02.14 amin'ny CGI).-Ny fe-potoana mialoha eny anivon'ny fandraharahana, na amin'ny fameran-ketra na amin'ny sora-pitakiana hetra , dia iray (1) volana miatomboka amin'ny fandraisana ny taratasy fampahafantarana raikitra ny fameran-ketra sy ny sora-pitakiana ny hetra ombar'ny taratasy fampahafantarana ny sora-pitakiana ny hetra.

Io fe-potoana io dia telo (3) volana miatomboka amin'ny fandraisana ny taratasy fampahafantarana-ketra na ny sora-ketra, ho an'ny hetram-bondrom-paritra.

PARAGIRAFY II

FEPETRA ARA PAIK'ADY AMETRAHANA NY FITAKIANA MOMBA NY FAMERAN-KETRA SY NY FANOHERANA NY SORA-PIATAKIANA NY HETRA

Andininy VI-16 (Andininy 20.02.15 amin'ny CGI).- Ny fitakiana tsy manaraka an'ireto fepetra ireto dia tsy azo raisina :

- mahakasika mpandoa hetra iray
- mahakasika fampahafantarana fameran-ketra raikitra iray ihany
- mirakitra ny karazan-ketra, ny taon-ketra, sy ny fameran-ketra hifolanana
- mirakitra ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny anton'anton'ny fangatahana, ireo toha-kevitra sy fehi-kevitra.
- Mirakitra ny tolota ara sora-bola-ketra sy/na manazava tsara ny fototry ny fanafoanana angatahana raha toa ka fitakiana ara pifolanana fameran-ketra no atao.
- Mirakitra ny sonia, ny anarana, sy ny andraikiry ny ny mpanoratra
- Ampanarahana ny taratasy manamarina ny fandoavana ny ampanhan-ketra ekena raha misy izany
- Ampanarahana ny dika mitovy amin'ny sora-pitakiana hetra, ny taratasy fampahafantarana an'io sora-pitakiana ny hetra io, miaraka amin'ny taratasy manamarina ny nandraisana an'izany.
- Ampanarahana ny dika mitovy amin'ny sora-pitakiana ny hetra sy ny taratasy manamarina ny nandraisana an'izany.
- Ampanarahana ny filazana ara-ketra, ny sora-pameran-ketra ho an'ireo hetram-bondrom-bahoaka sy/na ny dika mitovy amin'ny sora-pitakiana hetra

Raha toa ka ny ampanhan'ny hetra tokony alohany ihany no hanaovany fangatahana ara pifolanana ny fameran-ketra, ny mpandoa hetra dia tsy maintsy mandoa ny ampanhan'ny hetra ekeny alohan'ny ny hanaovany io fangatahana fitarainana io, na izany eny anivon'ny Fandraharahan'ny hetra, na mialohan'ny hanaovana fangatahahan fampiantoana ny fandoavan-ketra

Andininy VI-17 (Andininy 20.02.05 amin'ny CGI).-Ny fangatahana dia ataon'ny mpandoa hetra, ny nanjoanina, na ny olona nahazo antso fampitandremana manokana amin'ny fandoavana ny hetra voalazan'ny fangatahana

Foana ny fangatahana amin'ny anaran-olonkafa raha tsy omban-taratasy fanomezan-dalana ara-dalàna, nosoratana am-boky tao amin'ny Sampan-draharaha mintantana ny antontan-taratasin'ny ny mpandoa hetra, mialohan'ny ametrahana ny fitarainana.

Tsy ilaina ny taratasy fahazoan-dalana ho an'ny mpisolovava ara-dalàna

PARAGIRAFY III

TOERANA AMETRAHANA NY FANGATAHANA SY FANDINIHINA NY FANGATAHANA

Andininy VI-18 (Andininy 20.02.13 amin'ny CGI).-Ho an'ny hetram-bondrom-paritra voalazan'ny lalàna ara-ketra, ny fangatahana fanalàna na famihenana dia apetraka eny amin'ny Foibe miandraikitra ny fifolanana ara-ketra rehefa avy nampandalovina eny amin'ny Sampandrahara miandraikitra ny fameran-ketran'ny kaominina. Ny fangatahana dia tsy maintsy omban-taratasim-panadihadihan'ny Kaominina.

Ny fitarainana mialoha mahakasika ny fameran-ketra na/ny fanoherana ny sora-pitakiana ny hetram-panjakana voafariry ny lalàna ara-ketra dia apetraka eny amin'ny Foibe miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra zay manamarina ny fandraisana izany,

Ny Sampan-draharaoha miandraikitra ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra dia handefasana dika mitovy amin'ny fitarainana mba ahfahan'izy ireo manao fanadihadiana. Ny taratasi-panadihadiana dia tsy mainsty ampitaina eny amin'ny Foibe miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra.

Article VI-19(Andininy 20.02.17 amin'ny CGI).-Ny fangatahana mahakasika ireo hetra, zo, haba voarakitry ny Boky II an'ny Fehezan-dalàna ny hetra dia hanaovan'ny Sampan-draharaoha mintantana ny antontan-taratasin'ny **ny mpandoa hetra na ny Sampandraharaoha miandraikitr** ny fameran-ketran'ny kaominina mahefa **fanadihadiana**.

PARAGIRAFY IV FANAPAHANA

Andininy VI-20 (Andininy 20.02.18 amin'ny CGI).- Ny fe-potoana andraisan'ny Fandraharahana fanapahana dia roa (2) volana aorianan'ny fametrahana ny fitarainana.

Ny fahefana manapaka dia an'ny Tale jeneralin'ny Hetra izay afaka manakina ny andraikitra rehetra na amin'ny ampahany.

Article VI-21 (Andininy 20.02.19 amin'ny CGI).- Io fanapahan-kevitra io dia ampanafantarina amin'ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny taratasy alefa manokana na amin'ny alalan'ny rohin'ny sampan-draharaham-panjakana ary tsy maintsy mirakitra ny famelabelarana tsotsotra ny anton'anton'ny fanapahana raha toa ka fandàvana ny fitarainana rehetra na amin'ny ampahany no atao.

PARAGIRAFY V FANAFOANAN-KETRA

Article VI-22 (Andininy 20.02.16 amin'ny CGI).- Mba ahafahana manarina ireo fahadisoana tamin'ny fameran-ketra dia afaka manao fanafoanan-ketra ireo tompon'andraikitra mahefa amin'izany.

Ny fanafoanan-ketra nohon'ny fahadisoana amin'ny fameran-ketra dia azo atao aorianan'ny fe-potoana voafetran'ito fehezan'dalàna ito mahakasika an'ireo fanapahana momban'ny ny fitarainana arapifanolanana ny fameran-ketra.

Article VI-23 (Andininy 20.02.17 amin'ny CGI).- Ny fanafoanana ireo hetra voalazan'ny Boky II ny Fehezan-dalànan'ny hetra dia hanaovan'ny Sampandraharaoha miandraikitra ny antontan'taratasin'ny mpandoa hetra na ny Sampandraharaoha miandraikitr ny fameran-ketran'ny kaominina mahefa fanadihadiana.

Andininy VI-24 (Andininy 20.02.18 amin'ny CGI).- Ny fe-potoana handraisan'ny Fandraharahana fanapahana dia roa (2) volana aorianan'ny fandraisana ny tolo-panafoanan-ketra ataon'ny mpiasa mpiandraikitra ny fameran-ketra. Ny fahefana manapaka dia an'ny Tale jeneralin'ny Hetra izay afaka manankina amin'olon-kafa ny fahefany rehetra na amin'ny ampahany.

Andininy VI-25 (Andininy 20.02.19 amin'ny CGI).- Io fanapahan-kevitra io dia ampanafantarina amin'ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny taratasy alefa manokana na amin'ny alalan'ny rohin'ny sampan-draharaham-panjakana ary tsy maintsy mirakitra ny famelabelarana tsotsotra ny anton'antony raha toa ka fandàvana ny fangatahana rehetra na amin'ny ampahany no atao.

SOKAJY III
PAIKADY MANOLOANA NY FITSARANA MIANDRAIKITRA NY ADIM-PITSARANA
AMIN'NY FANJAKANA

PARAGIRAFY I
FAMPIDIRANA NY FANGATAHANA

Andininy VI-26 (Andininy 20.02.20 amin'ny CGI).- Ny fanapahana raisin' ny Fandraharahana amin'ny fitarainana makasika ny fifolanana amin'ny fameran-ketra ka tsy mahafa-po an'ny mpangataka dia azo hoentina eny amin'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony ho an'ny hetra-panjakana, ary eny amin'ny Fitsarana miandraikitra ny adim-pitsarana amin'ny Fanjakana ho an'ny hetram-bondrom-paritra.

Ny fanapahan-kevitra momba ny fanoherana ny sora-pitakiana hetra dia azo hoentina eny amin'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony. Raràna ny fanafoanan'ny Mpitsara ny sora-pitakiana hetra raha toa ka tsy misy fanapahana mialoha, ary tompon-andraikitra manokana amin'ny fandoavan-ketra izy ireo raha manao izany.

Ny mpanao fitarainana dia afaka manao an'io fampakaran-drahahaha io ra toa ka tsy naharay ny fanapahana roa volana aorianan'ny fametrahany ny fitarainany izy.

Ny Fandraharahana dia afaka mitondra ny fitarainan'ny mpandoan hetra momba ny fameran-ketra eny anivon'ny Fitsarana.

Ny Foibe miandraikitra ny fifolanana ara-ketra no misolotenan'ny Fandraharahana eny anivon'ny Fitsarana.

Andininy VI-27 (Andininy 20.02.21 amin'ny CGI).- Ny fitoriana eny amin'ny Fitsarana dia tsy maintsy apetraka ao anatin'ny roa (2) volana miantomboka amin'ny fandraisana ny fampahanfantanrana ny fanapahana na miatomboka amin'ny fahataperan'ny fe-potoana voalazan'ny andininy VI-26 eo ambony.

Ny fitoriana eny amin'ny Fitsarana mialohan'ny fahataperan'ny fe-potoana roa volana voalaza etsy ambony na mialohan'ny fahapafantarana ny fanapahan-kevitra na aorianan'ny fahataperan'ny fe-potoana ahafahan'ny mpangataka mitory eny amin'ny Fitsarana dia azo foanana sy tsy azo raisina.

PARAGIRAFY II
ENDRIKY NY FANGATAHANA SY PAIKADY

Andininy VI-28 (Andininy 20.02.23 amin'ny CGI).- Ny fangatahana dia tsy maintsy ampiharahana raha misy izany amin'ny fanapahana ny manam-pahefana mahefa ara-pitantanana voalazan'ny andininy VI-24, votoatin'ny fifolanana. Avantana eny amin'ny Mpiraki-draharahana'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony izay manamarina ny fandraisana izany ny fangatahana. Ireo fepetra arak-endriky ny fitarainana hafa takian'ny andininy VI-16 et VI-18 dia takiana amin'ny fitoriana eny amin'ny Fitsarana Tampony. Ny sora-bola angatahana fanafoanan-ketra dia tsy mahazo mihoatran'ny sora-bola nangatahana fanafoahanan-ketra tamin'ny fangatahana voalohany.

Andininy VI-29 (Andininy 20.02.24 amin'ny CGI).- Ny fanadihadihana ny rahahaha dia iandraiketan'ny Mpanoro hevitra eo anivon'ny Fitsarana Tampony.

Andininy VI-30 (Andininy 20.02.25 amin'ny CGI).- Ny fangatahana dia ampitaina eny amin'ny Foibe miandraikitra ny fifolanana ara-ketra izay mamerina ny fehin-kevitra eny amin'ny Mpiraki-draharahana'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony rehefa avy nanome ny heviny.

Andininy VI -31 (Andininy 20.02.26 amin'ny CGI).- Ny Mpiraki-draharahana'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony dia miantso ny mpitory handray ny fehi-kevitry ny Sampan-drahraham-panjakana

ao anatin'ny folo (10) andro miantomboka amin'ny fandraisana'ny mpitory ny taratasim-pahafantarana ny hevity ny Mpiraki-draharahan'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony.

Andininy VI-32 (Andininy 20.02.27 amin'ny CGI).- Raha manome fanamarihana ny mpitory dia ampitaina any amin'ny Fandrahahana ara-ketra izay afaka mamaly izany ao anatin'ny fe-potoana folo (10) andro miantomboka amin'ny fandraisana an'ireo fanamarihana. Raha toa ka milaza zava-baovao na antony vaovao ny Fandrahahana ara-ketra dia arahina indray ireo paikady voalazan'ny andininy VI -31 etsy ambony.

Andininy VI-33 (Andininy 20.02.28 amin'ny CGI).- Ny mpitory sy ny Fandrahahana ara-ketra dia tsy maintsy ampilazan'ny Mpiraki-draharahan'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony ny andro sy ora hiantsoana ny raharaha-pitsarana. Io fampilazana io dia alefa valo (8) andro mialohan'ny raharaha-pitsarana.

Andininy VI-34 (Andininy 20.02.29 amin'ny CGI).- Aorianan'ny tatitra ataon'ny Mpanoro hevity ny Fitsarana Tampony dia afaka manao ny fanamarihana am-bava ny mpifanolana. Ny Kaomiseran'ny lalàna dia manolotra fehin-teniny.

Andininy VI-35 (Andininy 20.02.30 amin'ny CGI).- Ny fangatahana mahakasika ny hetra miankina amin'ny vola miditra dia tsaraina amin'ny fotoam-pitsarana tsy azo atrehan'ny be sy ny maro.

Andininy VI-36 (Andininy 20.02.31 amin'ny CGI).- Ny mpanao fangatahana rehetra dia afaka misintonia ny raharahan'ny mialohan'ny didi-pitsarana amin'ny alalan'ny fangatahana atao an-taratasy tsy misy hajia apetraka eny amin'ny Mpiraki-draharahan'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony. Io fisintonana io dia atao tsotra sy mazava ary soniavin'ny mpangataka na ny solontenany.

PARAGIRAFY III

PAIKADY HANAOVAN'NY MANAM-PAHAIZANA FANADIHADIANA IZAY DIDIN'NY FITSARANA

Andininy VI-37 (Andininy 20.02.32 amin'ny CGI).- Ny fanadihadiana ataon'ny manam-pahaizana no hany lalana tokana hanaovana fanadihadiana lalina azo atao amin'ny hetra mivantana.

Azo didin'ny Fitsarana mivantana io fanadihadiana ataon'ny manam-pahaizana io na angatahan'ny mpitory na angatahan'ny Tale miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra. Ny Fitsarana Tampony dia mametra mazava tsara ny andraikit'reo manam-pahaizana. Tsy misolo ny Fandrahahana ara-ketra kosa anefa ny manam-pahaizana amin'ny fanombanana ny ny fameran-ketra.

Andininy VI-38 (Andininy 20.02.33 amin'ny CGI).- Ny Vaomiera ara-ketra no manam-pahaizana manao fanadihadiana lalina ara-ketra tendren'ny Filan-kevi-panjakana.

Andininy VI-39 (Andininy 20.02.34 amin'ny CGI).- Araky ny fangatahan'ny Filohan'ny Filan-kevi-panjakana dia manendry mpiasa iray miandraikitra ny fanadihadiana lalin'ny manam-pahaizana ny Tale miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra. Io Mpisa voatendry io no manondro ny daty, ora, sy toerana hanombohan'ireo manam-pahaizana manokana ny asany, ary ampahafantariny amin'izy ireo sy ny mpitory izany ao anatin'ny fe-potoana folo (10) andro mialoha fara fahakeliny.

Andininy VI-40 (Andininy 20.02.35 amin'ny CGI).- Ireo manam-pahaizana dia manantanteraka ny asa nampandraiketina azy ireo ary manao tatitra momba izany. Ny lehiben'ny manam-pahaizana dia manao fintanana an-tsoratra milaza ny fandehan'ny asan'izy ireo ary manome ny heviny mahakasika ny fifanolanana ao anatin'io fintanana an-tsoratra io. Ny tatitra sy ny fintanana an-tsoratra dia tsy maintsy apetraka eny amin'ny Mpiraki-draharahan'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony ao anatin'ny fe-potoana folo (10) andro aorianan'ny fahataperan'ny asa.

Amin'ny trangan-javatra rehetra, ny asa fanadihadiana lalina ataon'ireo manam pahaizana dia tsy maintsy tanterahina ao anatin'ny enim-bolana miantomboka amin'ny fandraisana ny didi-panendrena.

Andininy VI-41 (Andininy 20.02.36 amin'ny CGI).-Ny Mpiraki-draharahan'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony dia miantso ny mpitory hijery ireo antontan'taratasy eny amin'ny firaketan'draharaha ao anatin'ny fe-potoana folo (10) andro miatomboka amin'ny fandraisan'ny mpitory ny taratasin' ny Mpiraki-draharahan'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony. Afaka manome fanamarihana ny mpitory.

Andininy VI-42(Andininy 20.02.37 amin'ny CGI).- Rehefa dila io fe-potoana io, ny antontan'taratasy ombana ny fanamarihan'ny mpitory raha misy izany, dia ampitaina any amin'ny Foibe miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra izay manome ny valiny any amin'ny Mpiraki-draharahan'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy VI-40 sy manararaka azy etsy ambony.

Andininy VI-43 (Andininy 20.02.38 amin'ny CGI).- Raha mihevitra ny Fitsarana Tampony fa tsy ampy na tsy ara-dalàna ny fandalinana lalina ataon'ireo manam-pahaizana, dia afaka mandidy fandalinana lalina vaovao ataon'ireo manam-pahaizana izy araka ireo fepetra voalaza amin'ny andininy VI-37 hatramin'ny VI-41 etsy ammbony.

Andininy VI-44 (Andininy 20.02.39 amin'ny CGI).- Ny saran'ny fandalinana lalina ataon'ny manam-pahaizana dia aloan'ny mpifanolana izay tsy mahazo rariny eny amin'ny Fitsarana. Ireo sarany ireo dia azo ampifamenoana manontolo na amin'ny ampahany noho ny fanadihadiana ny raharaha.

Andininy VI-45 (Andininy 20.02.40 amin'ny CGI).- Ny paikady ankapobeny ampiasaina eny amin'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony dia azo ampiharina amin'ny fifanolanana amin'ny hetra mivantana raha toa ka tsy mifanohatra amin'ito fehezan-dalàna ito.

SOKAJY IV

PAIKADY AMPIASAINA ENY AMIN'NY FITSARANA MISAHANA NY ADY MADIO

Andininy VI-46 (Andininy 20.02.42 amin'ny CGI).- Ireo fombafomba sy ireo taratasim-paikady ampiasaina amin'ny anaran'ny Sampan-draharahan'ny hetra dia tsy andoavam-bola.

SOKAJY V

FANDRAVONANA IREO FIFANOLANANA ARA-KETRA EO ANIVON'NY VAOMIERA ARA-KETRA

I- FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy VI-47 (Andininy 20.09.01.- I amin'ny CGI).- I .Ny Vaomiera ara-ketra dia mahefa amin'ny fandravonana ireo fifanolanana eo amin'ireo zava-misy mety hitranga amin'ny paikadim-pisavana ara-ketra eto Madagasikara araka ny andininy V-01 hatramin'ny VI-33.

II. Ny Vaomiera ara-ketra dia tsy azo hanaovana fangatahana rehefa :

- nanaovana fameran-ketra tsy misy fierana ny mpandoa hetra arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy V-34 sy ny manaraka.
- niharan'ny sazy nohon'ny osoka ara-ketra.

Andininy VI-48 (Andininy 20.09.02 amin'ny CGI).-Ny Vaomiera ara-ketra dia manambara ny heviny sy ny anton-kevitra amin'ireo fifanolanana izay omena ho dinihany.

Andininy VI-49 (Andininy 20.09.18 amin'ny CGI).-Ny saran'ny antotan'taratasy voaray no miantoka ny fampiodinana ny vaomiera ara-ketra ka voafaritry ny rijan'teny momba ny didy aman-pitsipika ny momba izany.

II- FIRAFITRY NY VAOMIERA

Andininy VI-50 (Andininy 20.09.03 amin'ny CGI).-Ny mpikambana ao anatin'ny Vaomiera ara-ketra dia tendren'ny Minisisitra misahana ny lalana ara-ketra hiasa mandritran'ny fe-potoam-piasana roa (2) taona araka izao manaraka izao:

Afaka mandray fanapahan-kevitra :

- Filoha iray (1) eo anivon'ny mpikambana amin'ny Vaomiera ara-ketra ;
- Mpampianatra iray (1) eny anivon'ny oniversite manana fahaiza-manao voamarina amin'ny lalàna na fintantanana , na mpitsara iray manana ny grady voalohany ;
- Mikambana roa (2) solontenan'ny Foibem-pintantanana ankapobeny momba ny hetra;
- Solotena iray (1) avy amin'ny Federasiona ny antenimieran'ny varotra sy ny industria eto madagaskara;
- Solotena iray (1) avy amin'ny fikambanana sy/na vondrona matihanina;
- Solontena iray (1) avy amin'ny Filan-kevitra Ambony momba ny fitantanam-bola;

Ny fintanana an-tsoratra dia iandraiketan'ny mpiasa iray (1) avy amin'ny - Fandrahahana ara -ketra Ny Vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy mampita ny lisitr'ireo mpikambana any amin'ny Sampan-draharan'ny hetra.

Ny mpikambana amperinasa dia manohy vonjimaika ny asa ao amin'ny Vaomiera mandritran'ny fe-potoam-piasana telo (3) taona azo havaozina mandram-panendry ireo mpikambana vaovao.

Andininy VI-51 (Andininy 20.09.04.- I amin'ny CGI).- Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy manaja ny tsimbarantelon'ny asa, ny fitsipiky ny fifanoherana sy ny adidy amin'ny fanambaram-pananana izay hitovizany amin'ireo mpiasam-panjakana izay tsy maintsy manao izany araky ny lalàna.

II. Momba ny fitsipiky ny fifanoherana dia tsy mahazo manatrika ny fotoam-pivoran'ny ny Vaomiera ny vady, ny havana hatramin'ny ambaratonga fahatelon'ny mpandoa hetra sy ny mpitantana sy ireo mpiara miasa amin'ny orin'asa nanaovana fitsrihana ara-ketra.

Andininy VI-52 (Andininy 20.09.05 amin'ny CGI). Ny fanadihadiana lalina atao'ny manam-pahaizana dia azo ampisain'ny Vaomiera ara-ketra-arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy VI-37 an'ito fehezan-dalàna ito.

III- FAMPANDRENESANA NY VAOMIERA ARA-KETRA

Andininy VI-53 (Andininy 20.09.06.-1 amin'ny CGI).-Ny fampandrenesana ny Vaomiera ara-ketra dia azo atao ao anatin'ny fe-potoana dimy ambinifolo (15) andro aorianan'ny daty nandraisana ny fampandrenesana ara-ketra rakitra miaraka amin'ny sora-pitakiana ny hetra sy ny fampahanfantarana an'io sora-pitakiana io. Ny taratasy fampandrenesana napetraka aorianan'io fe-potoana io dia tsy azo raisina.

2. Tsy voatery mampandre ny Vaomiera ara-ketra ny mpandoa hetra.
3. Ny fampandrenesana ny Vaomiera ara-ketra dia ao anatin'ny paikady fangatahana fakan-kevitrainana momba ny fameran-ketra araka ny voalazan'ny andininy VI-13 an'ito fehezan-dalàna ito. izay dingana mialohan'ny fitondrana ny raharaha eny amin'ny Fitsarana araka ny andininy VI-26 sy ny manaraka an'ito fehezan-dalàna ito.

4. Ny taratasy fampandrenesana dia hapetraka eny amin'ny Fandraharahana mpitan'tsoratry ny Vaomiera ara-ketra izay mampita dika mitovy amin'izany any amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny Fifanolanana.

5. Ny fangatahana apetraka eny amin'ny Vaomiera ara-ketra dia tsy mampiato ny fitakiana hetra. Afahana mampiato izany fitakiana hetra izany dia apetraka eny amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny Fifanolanana ara-ketra ny fangatahana fampiatoana mitokana mifanaraka amin'ny sora-bola-ketra hifanolanana eny amin'ny Vaomiera ara-ketra.

Andininy VI-54 (Andininy 20.09.07.- 1 amin'ny CGI).- Azo raisina ny fampandrenesana ny Vaomiera ara-ketra raha manaraka ireto fepetra ireto :

- mahakasika mpandoa hetra iray ;
- mahakasika fampahafantarana fameran-ketra raikitra iray ihany ;
- Ampanarahana ny taratasy manamarina ny fandoavana ny fanitsiana ara-ketra ekena, raha misy izany ;
- Ampanarahana ny fintànana an-tsoratry ny adi-hevitra natrehin'ny mpandoa hetra voakasik'izany araka ny voalazan'ny andininy VI-03 hatramin'ny V-07 ho an'ny fanaraha-maso ara-ketra ny antontan-taratasy momban'ny kaonty, ary voalaza amin'ny andininy V-17 ho an'ny fanaraha-maso ara-ketra eny an-toerana. ;
- mirakitra ny karazan-ketra, ny taon-ketra, sy ny sora-bolan-ketra hifanolanana
- mirakitra ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny anton'anton'ny fifanolanana, ireo toha-kevitra sy fehi-kevitra.
- Ampanarahana ny porofo manamarina ny toha-kevitra
- Mirakitria ny sonia, ny anarana, sy ny andraikirity ny mpanoratra

2. Ireo olona mampandre ny Vaomiera ara-ketra amin'ny anaran'olonkafa dia tsy maintsy mitondra miaraka amin'ny fampandrenesana taratasy fanomezan-dalana ara-dalàna natao an-taratasy tsy misy hajia nosoratana am-boky ao amin'ny biraon'ny hetra mintantana ny antontan-taratasin'ny ny mpandoa hetra mialohan'ny fampandrenesana ny vaomiera ara-ketra. Marihina anefa fa ireo tsy fahatomombanana ara-pombafomban'paikady, ankoatran'ny fahalanian'ny paik'andro, dia azo amboarina mialohan'ny fotoam-pivoriana voalohany apetraky ny Vaomiera ara-ketra.

Andininy VI-55 (Andininy 20.09.08 amin'ny CGI).- Ny taratasy fampandrenesana sy ireo taratasy dia ampitaina any amin'ny Sampan-draharaha mintantana ny antontan-taratasin'ny ny mpandoa hetra na any amin'ny mpanao fitsirihana ara-ketra ao anatin'ny fe-potoana roa (2) andro katroka miantomboka amin'ny daty fampandrenesana ny Vaomiera, ho fampahafantarana. Ny mpanao fitsirihana dia tsy maintsy mampita ny dika mitovy amin'ny fintànana an-tsoratra ny adi-hevitra natrehan'ny mpifanolana any amin'ny Vaomiera, izay heverina ho toin'ny fanadihadihana.

Andininy VI-56 (Andininy 20.09.09 amin'ny CGI).- Ny fitarainana eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra dia mampiato ny fahalanian'ny paik'andro araka ny voalazan'ny IX-21 sy VI-53-3 an'ito fehezan-dalàna ito.

IV- FANADIHADIANA NY ANTONTAN-TARATASY

Andininy VI-57 (Andininy 20.09.10 amin'ny CGI).- Ny Vaomiera dia mivory amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana isak'herinandro rehefa mampiantso favoriana ny Filoha. Mivory tsy ara-potoana ny Vaomiera raha ilaina ny fandinihana fandaharam-pivoriana manokana araky ny fangatahan'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra na araky ny fangatahan'ny mpikambana maro an'isa.

Andininy VI-58 (Andininy 20.09.11 amin'ny CGI).- Manana fe-potoana iray volana miatomboka amin'ny daty fampandrenesana na ny daty nandraisana ny dika mitovy amin'ny fintanana an-tsoratra ny adihevitra natrehin'ny mpifanolana, raha misy izany, ampfantarana ny heviny amin'ny roa tonta ny Vaomiera

Andininy VI-59 (Andininy 20.09.12 amin'ny CGI).- Tsy mihiatra amin'ny Fandraharahana ny fitsipiky ny tsiambarantelon'ny asa manoloana ny Vaomiera manokana. Mihatra aminy kosa anefa fitsipiky ny tsiambarantelon'ny asa manoloana ny mpandoa hetra manam-draharaeo anivon'ny Vaomiera ara-ketra mahakasika indrindra ny angom-baovaon'ny mpandoa hetra hafa.

Andininy VI-60 (Andininy 20.09.13 amin'ny CGI).- Ny mpanara-maso ara-ketra solontenan'ny Sampan-draharaeo mpitantana ny antontan'taratasin'ny mpandoa hetra dia mampita any amin'ny Vaomiera ny fintanana an-tsoratra ny adihevitra natrehin'ny mpifanolana miaraka amin'ny ireo antontan'taratasin'ny paikady sy ireo porofo. Afaka hakana hevitra amin'ny fotoana rehetra ny ny mpanara-maso ara-ketra fa tsy manatrika ny adi-hevitra.

1. Ny Vaomiera dia afaka mampiantso ny mpanara-maso ara-ketra sy ny mpandoa hetra. Manome ny fanamarihany ny mpandoa hetra na ny solontenany mahakasika ny fanitsiana ara-ketra tsy ekeny eny am-piandohany ny fivoriana, fa tsy afaka manatrika ny adi-hevitra izy.

2. Tsy afaka manadihady olana hafa ankoatran'ireo voarakitra ao anaty taratasy fampandrenesana azy ny Vaomiera ara-ketra. Ny fanitsiana ara-ketra tsy niadian-kevitra tao anatin'ny fintanana an-tsoratra fa voarakitra ao anaty taratasy fampahafantarana voalohany sady voarakitra ao anaty fanitsiana ara-ketra raikitra dia heverina ho toy ny neken'ny mpandoa hetra.

Andininy VI-61 (Andininy 20.09.14.-1 amin'ny CGI).- Aorianan'ny fanadihadihanan'ny antontan'taratasin'adin'ireo mpifanolana dia mamoaka hevitra ny Vaomiera rehefa eo ny mpikambana efatra (4) fara-fahakeliny ka ao anatin'izany ny solontena roa (2) avy amin'ny Foibe pintantanana ny hetra. Tsy azo atrehin'ny be sy ny maro ny fanapahan-kevitra.

2. Ny hevity ny Vaomiera ara-ketra dia raisin'ny mpikambana maro an'isa, ka manan-danja amin'izany ny safidin'ny Filoha.

V- HEVITRY NY VAOMIERA ARA-KETRA

Andininy VI-62 (Andininy 20.09.15 amin'ny CGI).- Ny hevity ny Vaomiera ara-ketra dia ampfahafantarina amin'ireo mpifanandrina ao anatin'ny fe-potoana roa (2) andro miantomboka amin'ny fanaovan-tsonian'ny Filohan'ny Vaomiera ara-ketra ny taratasin-kevitra.

Andininy VI-63 (Andininy 20.09.16.- 1 amin'ny CGI).- Ny taratasin-kevitry ny Vaomiera ara-ketra dia manambara ireo anton'ny fanapahan-kevitra sady milaza amin'ireo mpifanandrina ny anton'ny faharesen-dahatr'ireo mpikambana.

2. Ny taratasin-kevitry ny Vaomiera ara-ketra dia tsy mihiatra amin'ireo mpifanandrina.

3. Ny taratasin-kevitry ny Vaomiera ara-ketra dia ampfahafantarina amin'ny Fandraharahana misahaha ny fifanolana ara-ketra mba afahan'ireo manam-pahefana mandray fanapahan-kevitra araka ny voalazan 'ny andininy VI-24 an'ito fehezan-dalàna ito.

Manana fe-potoana roa (2) volana miantomboka amin'ny fandraisana ny hevity ny Vaomiera ny Fandraharahana handraisana fanapahana. Mitohy ny paikady toy ny amin'ny fangatahana mialoha eny amin'ny Fandraharahana araka ny voalazan'ny andininy VI-26 sy ny manaraka.

Tsy azo atao ny mampifanitsy ny fangatahana mivantana eny amin'ny Sampandrahaham-panjakana sy ny fampahafantarana ny Vaomiera ara-ketra.

Andininy VI-64 (Andininy 20.09.17 amin'ny CGI).- Raha toa ka tsy mamoaka heviny ao anatin'ny fe-potoana voafaritry ny lalàna ny Vaomiera ara-ketra dia afaka mandray an-tanana ny taratasy fampandrenesana ny vaomiera ara-ketra araka ny andininy VI-18 sy ny manaraka ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra. Ny tsy fisian'ny fanapahan-kevitra raisin'ireo manam-pahefana ao anatin'ny fe-potoana roa (2) volana miantomboka amin'ny fahataperan'ny fe-potoana voafetran'ny lalàna hamoahan'ny Vaomiera ara-ketra ny heviny miaraka amin'ny fanazavana dia toy ny fanapahan-kevitra fandàvana izay azo hoentina manoloana ny Fitsarana.

TOKO IV FAMAIZANA FANDIKAN-DALANA

SOKAJY I FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy VI-65 (Andininy 20.02.105 amin'ny CGI).- Ireo fitoriana sy fanenjehana ara-ketra nohon'ny fandikàna ny lalàna misy ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny hetra sy fehezan-dalàna momba ny paikady ara-ketra, sy ny tsy fanarahana ny rijan-teny fampiharana dia hatao avy hatrany araky ny lalàna, fanenjehana, amin'ny anaran'ny Tale jeneralin'ny hetra.

Andininy VI-66 (Andininy 20.02.108 amin'ny CGI).- Raha toa ka nodimandry ny mpandika lalàna mialohan'ny nanaovana ny fifampiraharahana na mialohan'ny didim-pitsarana raikitra, dia afaka mangataka amin'ny Fitsarana ny hanagiazana ny fanana-manaraka na fanaka mifaka napetraky ny nodimandry ny Fandrahahahana.

Andininy VI-67 (Andininy 20.02.129 amin'ny CGI).- Raha misy toe-javatra tsy voafehin'ito Fehezan-dalàna ito dia ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka no ampiharin'ny Sampan-draharahan'ny hetra ho famaizana.

Andininy VI-68 (Andininy 20.02.121 amin'ny CGI).- Ny mpiasan'ny hetra dia afaka manao ny taratasy ampitain'ny vadi-tany sy ireo taratasi-pitsarana izay fanaon'ny vadi-tany mahazatra ; Afaka mampiasa ireo vadi-tany kosa anefa izy ireo indrindra rehefa misy famarotana entana voageja.

SOKAJY II PAIKADY FAMAIZANA

PARAGIRAFY I FAMPILAZANA HIATREHANA FITSARANA

Andininy VI-69 (Andininy 20.02.109 amin'ny CGI).- Tsy manan-kery ny fampilazàna hiatrehana Fitsarana raha tsy atao ao anatin'ny fe-potoana iray (1) taona miatomboka amin'ny daty famaranana ny fitànanana an'tsoratra. Raha manao fangatahana mazava fifampiraharahana mialohan'ny didi-pitsarana ny mpandoa hetra dia miantona io fe-potoana io mandram-piverin'ny antontan'taratasy fanangonan-ketra nalefan'ny mpitana kaonty miandraikitra ny fandraisana ny fifanarahana eny amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra.

Andininy VI-70 (Andininy 20.02.110 amin'ny CGI).- Raha toa ka voasambotra ireo tompon'antoka amin'ny fandikan-dalàna dia tsy manan-kery ny fampilazàna hiatrehana Fitsarana raha tsy omena ao anatin'ny fe-potoana roa (2) volana miatomboka amin'ny daty nanaovana ny fisamborana

Andininy VI-71 (Andininy 20.02.111 amin'ny CGI).- Ny fampilazàna hiatrehana Fitsarana dia mampiato ny fahalanian'ny paikandro roa (2) volana na iray (1) taona voalaza etsy ambony.

Andininy VI-72 (Andininy 20.02.112 amin'ny CGI).- Raha tsy azo atao kosa anefa ny fiafrehana fitsarana amin'ny daty voalaza etsy ambony dia hanaovana fiantsoana vaovao lazaina hoe « avenir » manaraka ireo fepetra amin'ny fampilazana hiatrehana Fitsarana.

Andininy VI-73 (Andininy 20.02.113 amin'ny CGI).- Ny fampilazàna hiatrehana Fitsarana dia azo halefa amin'ny alalan'ny vadi-tany na amin'ny alalan'ny mpiasa mahefa hanao ny fizahana ifotony ny fanadikan-dalàna ara-ketra.

PARAGIRAFY II PAIKADY ENY AMIN'NY FITSARANA

Andininy VI-74 (Andininy 20.02.118 amin'ny CGI).- Ny fandikan-dalàna dia hoentina tsarain'ny Fitsarana araky ny voalazan'ny andininy VI-26 sy ny manaraka.

Andininy VI-75 (Andininy 20.02.119 amin'ny CGI).- Ny lalàna manan-kery eto Madagasikara mahakasika ny fampiakarana ny raharaha sy ny fandravàna didy ninon'inona ny Fitsarana nandehanana (fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana na fitsarana misahana ny ady tsotra) dia ampiharina amin'ny fandikàn-dalàna ara-ketra.

Andininy VI-76 (Andininy 20.02.120 amin'ny CGI).- Na eny amin'ny ambaratonga voalohany, na eny amin'ny fampiakarana, ny fanadihadihana dia hatao an-tsoratra araka ny fehinteny na tahirin-kevitra. Ny Fitsarana kosa anefa dia afaka manome alalana ireo mpifanandrina hitondra ny fanazavana amin'ny tenany manokana na amin'ny alalan'ny mpisolovava. Ny fotoam-pitsarana dia tsy azo atrehan'ny be sy ny maro.

Andininy VI-77 (Andininy 20.02.104 amin'ny CGI).- Eo amin'ny sehatry ny hetra, ho fampiharana ny andininy 463 ny Fehezan-dalalàna famaizana, raha miseho fa manamaivan-tsazy ny zava-miseho, dia azon'ny Fitsarana atao ny mampihena ny sazy ara-ketra sy manafaka ny fitazomam-pananana ankoatran'ireo zavatra voarara, amin'ny fandoavana araka izay voafetran'ny Fitsarana, raha toa ka mazava, voaporofa sy voazava tsara ny fahatsoram-po an'ny mpandika lalàna. Ny sazy fanamelohan'ny Fitsarana dia tsy azo atao ambanin'ny vola-panjakana niharan'ny hosoka na very. Tsy miatra io fepetra io raha misy famerenan-keloka ao anatin'ny fe-potoana iray (1) taona.

Andininy VI-78 (Andininy 20.02.122 amin'ny CGI).- Raha tsy te ho tompon'andraikitra amin'ny fananany manokana dia tsy azon'ny Mpitsara atao ny mampihena ny hetra very.

SOKAJY III FIFANARAHANA

Andininy VI-79 (Andininy 20.02.114 amin'ny CGI).- Ny fandikàna ny lalàna ara-ketra dia azo hanaovana fifanarahana mialoha na aorianan'ny didim-pitsaràna. Manajanona ny fanenjehana ny fandikan-dalàna rehetra hatramin'ireo izay mety ahazohana sazim-pamonjana voalazan'ny lalàna manan-kery ny fifanarahana mialohan'ny didim-pitsarana raikitra. Ny fanamelohana ara-bola ihany no azo hifanarahana aorianan'ny didim-pitsrana raikitra. Raha tsy misy ny fandoavana manontolo ny vola nifanarahana ao anatin'ny fe-potoana napetraka dia foana ny fifanarahana ary miverina man-kery ny fitanana an-tsoratra. Ny fanagonana ny vola tokony aloa anefa dia tohizana arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy VII-33 sy VII-35.

Andininy VI-80 (Andininy 20.02.115 amin'ny CGI).- Ny fahefana manao fifanarahana dia an'ny Tale jeneralin'ny hetra izay afaka mamindra ny fahefany mandray fanapahana.

SOKAJY IV FAHALANIANA PAIK'ANDRO

Andininy VI-81 (Andininy 20.02.116 amin'ny CGI).- Ny fandikana ny lalàna ara-ketra dia azo hamarinina ifotony raha mbola tsy lany ny paik'andro mahakasika ny fombafomba ankabobeny na manokana amoahana ny sora-pitakiana hetra na hafa (filazana omban'antoka) azo amin'ny anantan-trosa momba ny hetra, zo, haba, sara azo amin'ny vokatra sy ireo fitakiana hafa tsy nataon'ny Sampan-

draharahan'ny hetra ao anatin'ny fe-potoana telo (3) taona miatomboka amin'ny daty ahazoana mitaky ireo hetra, zo, haba, sara azo amin'ny vokatra sy ireo fitakiana hafa ireo.

Andininy VI-82 (Andininy 20.02.117 amin'ny CGI).- Ny sazim-pitsarana nohon'ny fandikàna ny lalàna ara-ketra, sy ireo zo nanaovana hosoka dia lany paik'andro ao anatin'ny fe-potoana telo (3) taona miatomboka amin'ny andro nahalasa didy raikitra ny didim-pitsarana araka ny andininy 676 ny fehezan-dalàna momba ny fanadihadiana ireo heloka bevava.

TOKO V FAMPIHARANA IREO DIDIM-PITSARANA

Andininy VI-83 (Andininy 20.02.123 amin'ny CGI).- Ny fampiharana ireo didim-pitsarana ara-ketra dia azo tanterahina amin'ny dingana ara-dalàna rehetra sy amin'ny alalan'ny fanenjehana ara-batana.

Andininy VI-84 (Andininy 20.02.124 amin'ny CGI).- Ny fahapahafantarana ny didim-pitsarana, ny fanoherana sy ny fanatanerahana ireo didy sy taratasy paik'ady voalazan'ito Fehezan-dalàna ito dia fehezin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka.

Andininy VI-85 (Andininy 20.02.125 amin'ny CGI).- Ny didim-pitsarana manameloka amin'ny fandoavana ireo sazy ara-ketra ho fanarenana ireo fahasimbana sy famerenana ny vola lany amin'ny adim-pitsarana dia tanterahina araka ny lalàna manan-kery.

Ny fanamelohana ara-bola zakain'ny olona maro nohon'ny hosoka niaraha natao dia hiraisansa.

TOKO VI FEPETRA FIAROVANA

Andininy VI-86 (Andininy 20.02.130 amin'ny CGI).- Amin'ny fotoana rehetra fanenjehana hosoka dia afaka mandray fepetra fiarovana, fanagiazam-pananana na fanakanana fananan' ireo olona ahiadiana nanao hosoka ny Fandraharahana ara-ketra. Ny mpiasa miandraikitra ny famaizana ny hosoka dia afaka mandray an-tanana ny fanagiazam-pananana izay tsy ilàna fanomezan-dalana mialoha avy amin'ny mpitsara. Azo ataon'ny Fandraharahana ara-ketra na ny mpitsara miandraikitra ny raharaha amehana ny mamotsota ny fanagiazana natao. Ny famotsorana ny fanagiazam-pananana anefa dia tsy manakana ny zon'ny Fandraharahana ara-ketra hanao fanaraha-maso ara-ketra. Rehefa nampahafantarina ny fampahatsiahivan-ketra, zo sy haba mifanaraka amin'ny hosoka sy ny sora-pitakiana hetra dia azo ovaina ho fanagiazana manome fananana ny fanagiazam-pananana araky ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka.

TOKO VII PAIKADY FANAKATONANA TOERAM-PIASANA

Andininy VI-87 (Andininy 20.02.133 amin'ny CGI).- Ny fanakatonana toeram-piasana izay didin'ny Tale jeneralin'ny hetra araky ny voalazan'ny andininy 20.01.56.2. 2° sy 20.01.56. 20. 2° ao amin'ny Fehezan-dalànan'ny hetra dia tanterahin'ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra voalaza alalana.

Mitovy amin'izay no atao raha araka ny didim-pitsarana voafaritry ny andininy V-105.

Andininy VI-88 (Andininy 20.02.134 amin'ny CGI).- Tendrena amin'ny alalan'ny didi-piton-drana raisin'ny Minisitra misahana ny lalàna arak-hetra io mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra voalaza amin'ny andininy teo aloha io.



LOHATENY VII. – FITAKIANA HETRA

LOHATENY VII: FITAKIANA HETRA	116
TOKO I: FITAKIANA HETRA ATAON'NY KITAPO BOLAM-PANJAKANA	116
SOKAJY I: TOETRA MAHA TSY MAINTSY TAKIANA NY HETRA	116
SOKAJY II: FANDOAVANA HETRA	117
SOKAJY III : TOMBON'ANTOKY NY KITAPO BOLAM-PANJAKANA	117
SOKAJY IV: ANDRAIKITRY NY OLONKAFA	120
SOKAJY V: PAIKADY FANENJEHANA	120
SOKAJY VI: SARAM-PANENJEHANA	121
TOKO II: FANANGONAN-KETRA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA	121
SOKAJY I: FOTO-KEVITRA	121
SOKAJY II: SORA-PITAKIANA HETRA	122
SOKAJY III: FANENJEHANA	123
SOKAJY IV:TOMBON'ANTOKY NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA SY ANTOKA AMIN4NY FANANANA MIFAKA	124
SOKAJY V: ANDRAIKITRY IREO OLONKAFA	125
SOKAJY VI: FEPETRA MANOKANA	127
TOKO III: FANGATAHANA FAMPIATOANA NY FANDOAVAM-BOLA	128

LOHATENY VII FITAKIANA HETRA

TOKO I FITAKIANA HETRA ATAON'NY KITAPO BOLAM-PANJAKANA

SOKAJY I TOETRA MAHA TSY MAINTSY TAKIANA NY HETRA

Andininy VII-01 (Andininy 20.01.01 amin'ny CGI).- Ny hetra mivantana sy ireo haba mitovitovy aminy voarakitra ao amin'ny Lohateny I sy II ao amin'ny Fehezan-dalan'an'ny hetra dia azo takiana manomboka ny 1 martsa ny taom-pameran-ketra ary miankina amin'ny fepetra manokana mifehy ireo karazan-ketram-bondrom-paritra tsirairay. Ny sora-bola dia ampahafantarain'ny Sampan-draharaha misahana ny famerana ny hetra ao amin'ny Kaominina amin'ireo mpandoa hetra amin'ny alalan'ny filazana fameran-ketra nandalo teo imason'ny Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa ary soniavin'ny Ben'ny Tanàna izay afaka manome fahefana hanao sonia amin'ny iray amin'ireo lefiny. Foana tsy misy fiantraikany ny filazana fameran-ketra tsy nandalo teo imason'ny Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa. Ny Lehiben'ny Ivon-ketra dia afaka manome fahefana hanao sonia an'ireo mpiasan'ny hetra manana girady mpisava ara-ketra fara-fahakeliny.

Mahafeno ireto fepetra ireo ny filazana fameran-ketra vao manan-kery :

- Anarana na anaram-pikambanan'ny mpandoa hetra ;
- Laharam-pisoratana ho mpandoa hetra, na laharan'ny kara-panondrom-pirenena ;
- Anaran'ny Kaominina;
- Taom-pameran-ketra ;
- Famantarana ny zavatra iharan'ny hetra ;
- Ireo tena mipetraka (Tompony na mpanofa) ho an'ny trano miorina;
- Fampiasana (trano ipetrahana na hafa) ho an'ny trano miorina ;
- Sokajy ho an'ny tany ;
- Fotra amerana ny hetra ;
- Tahan'ny hetra na sanda-ketra;
- Sora-bola.

Ireo mpandoa hetra dia tsy maintsy mandoa ny retrany ao anatin'ny fe-potoana telo (3) volana miantomboka amin'ny daty fandraisana ny filazana fameran-ketra.

Andininy VII-02(Andininy 20.01.02 amin'ny CGI).- Araky ny fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna voakasika dia azo aloa atao lefilany kajiana amin'ny hetra tamin'ny taon-dasa ny retrantany tokony aloa amin'ny taona iray.

Andininy VII-03 (Andininy 20.01.03 amin'ny CGI).- Ho famelana handigana fepetra etsy ambony dia azo ahemotry ny Ben'Tanàna ny fandoavana hetra ho fitsinjovana ny vanim-potoana hananan'ny mpandoa hetra fidiram-bola betsaka. Kanefa, ireo fanapahan-kevitra dia tsy tokony anemotra ny daty farany fandoavan-ketra aorianan'ny 1 novambra.

Andininy VII-04 (Andininy 20.01.04 amin'ny CGI).- Ny fameran-ketra rehetra dia azo takiana avy hatrany araka ireto tranga ireto :

1° Fiovana trano fonenana na toeram-ponenana ivelan'ny Kaominina.

2° Fiondranana raikitra ivelan'ny faritanin'i Madagasikara antenantenan-taona

3° Varotra an-tsitraro na an-tery.

4° Bankiropitra na fandravonana ara-pitsarana

5° Foana.

6° Ho solon-tsazy, rehefa ampiharahana amin'ny tataon-ketra ny hetra nohon'ny tsy fahampiana na tsy fanaovana ny fanambarana ara-ketra

SOKAJY II FANDOAVAN-KETRA

Andininy VII-05 (Andininy 20.01.05 amin'ny CGI).- Ny hetra mivantana sy haba mitovy aminy dia tokony aloan'ny mpandoa hetra eny amin'ny sampan-draharahan'ny hetra sy azo takiana aminy.

Andininy VII-06 (Andininy 20.01.06 amin'ny CGI).- Ny hetra mivantana sy haba mitovy aminy dia aloa amin'ny vola manan-kery fampiasa eto Madagasikara na araka ny fomba fandoavam-bola eken'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra any amin'ny kitapom-bolan'ny Mpitantana ny famoriam-bola miandraikitra ny fanangonan-ketram-bondrom-paritra, tendren'ny Ben'Tanàna misy ny fanana-mifaka amin'ny alalan'ny didi-pitondrana ary mifanaraka amin'ny tenimita iraisan'ny Ministera n°68-2008/MID/MFB tamin'ny 19 jona 2008.

SOKAJY III TOMBON'ANTOKY NY KITAPO BOLAM-PANJAKANA

Andininy VII-07 (Andininy 20.01.07 amin'ny CGI).- Ny tombon'antoky ny kitapo bolam-panjakana mahakasika ny hetra mivantana sy haba mitovitovy azy dia mihatra amin'ny fanaka sy fanana-manaraka an'ny ananan-trosa naizanaiza misy azy ireo, mialohan'ny tombon'antoka hafa mandritran'ny fe-potoana roa (2) taona miantomboka amin'ny datin'ny sora-pitakiana hetra.

Andininy VII-08 (Andininy 20.01.08 amin'ny CGI).- Ny tombon'antoka voalaza etsy ambony momba ny retrantany dia ampiharina arak'ireo fepetra voalaza etsy ambony ihany amin'ny vokatra, voankazo, hofany sy amin'ny vola miditra avy amin'ny fananana mifaka.

Andininy VII-09 (Andininy 20.01.09 amin'ny CGI).- Ampiharina ihany koa ireo tombon'antoka ireo rehefa tsy misy antoka amin'ny fananana mifaka hifanarahana amin'ny fitaovana ampiasaina amin'ny fampandehanana ny orinasa, na rehefa heverina ho toy ny fanaka mifaka ireo fitaovana ireo araky ny andalana farany amin'ny andininy faha 524 ny Fehezan—dalan momba ny zo isan-batan'olona.

Andininy VII-10 (Andininy 20.01.10 amin'ny CGI).- Ny foto-kevitra voafaritra amin'ny andininy VII-08 sy VII-09 etsy ambony dia ampiharina ihany koa amin'ny fanangonana ny sazin-ketra, rehom-bola sy tataon-ketra, saran-panenjehana sy ny tataon-ketra noho ny fahadisoam-potoana.

Andininy VII-11 (Andininy 20.01.11 amin'ny CGI).- Manoloanan'ny trangan-bankiropitra na fandravonana ara-pitsarana dia manana fahafahana manenjika mivantana ny fanangonana ny fananam-bola amin'ny hafa misy tombon'antoka amin'ny fananana enti-mihetsika rehetra ny Kitapombolam-panjakana.

Andininy VII-12 (Andininy 20.01.12 amin'ny CGI).- Ny tombon'antoka omena ny Kitapombolam-panjakana mba afahany manangona ireo hetra mivantana sy haba mitovitovy azy dia tsy manakana ny zoany hafa azony ampiharina amin'ny fananan'ireo ananan-trosa, toy ny ataon'ireo tompon-trosa hafa.

Andininy VII-13 (Andininy 20.01.13 amin'ny CGI).-Ireo fepetra voalaza teo aloha dia azo ampiharina amin'ny hetra, haba sy fandraisana anjara-hetra ampidirina ao amin'ny teti-bola ankapobe, sy amin'ny Vondrombahaoaka itsijaram-pahefana sy antokon-drahraham-panjakana.

Ny tombon'antoka noforonina ho an'ny Teti-bola ankapobe dia maka laharana mialohan'ny

tombon'antoka sitrahan'ny teti-bolan'ny Vondrombahoaka itsijaram-pahefana ; Ny tombon'antoka noforonina ho an'ny teti-bolan'ny Vondrombahoaka itsijaram-pahefana dia maka laharana mialohan'ny tombon'antoka sitrahan'ny teti-bolan'ny antokon-draharam-panjakana.

Andininy VII-14 (Andininy 20.01.14 amin'ny CGI).- 1° Ny tombon'antoka omena ny Tahirim-bolam-panjakana dia tsy maintsy avoaka araka ireo fepetra voalazan'ny Toko faha V amin'ny Didim-panjakana mikasika ny famoahana ireo fampisamboram-bola hoenti-mividy fanana-manaraka , ho an'ireo ambib-bola misy tombon'antoka tokony aloan'ireo mpivarotra sy fikambanana mizaka zo aman'andraikitra ifampitondran'ny isam-batan'olona.

2° Ny Fandrahahana miandraikitra ny fanangonana no manao amin'ny fomba malaky ny famoahana.

3° Tsy azo atao ny fanoratana, araka ny karazam-bola ananana amin'ny hafa, raha tsy miatomboka amin'ny daty izay :

- a. nahazoan'ny ananan-trosa tataon-ketra noho ny tsy fandoavana ny hetra mivantana;
- b. namoahana ny sora-pitakiana hetra araka ny andininy VII-33 ho an'ny hetra angonon'ny Sampan-drahaharan'ny hetra na ny Sampan-drahahaha miandraikitra ny fanangonana ny hetra-bondrom-paritra.

4° tsy maintsy anaovana ny famoahana rehefa mihoatran'ny Ar 30.000.000 amin'ny andro faran'ny telovelana sivily ny vola mety anaovana famoahana tokony alohan'ny ananan-trosa miasa amin'ny toeram-pitantanam-bola na Sampan-drahahaha mitovitovy. Azo anaovana famoahana ihany koa ny lelabola tsy mihoatra ny fetrabola farafahakeliny.

5° Raha misy fisolon-toerana amin'ny fandoavam-bola, ninon'inona ny lelavola naloa, dia tsy maintsy manatanteraka ireo fepetra hiandraiketan'ny Fandrahahana voalazan'ito andininy ito ny mpisolo toerana amin'ny zoan'ny kitapom-bola panjakana,

Raha tsy namoahana sora-pitakiana azo ampiharina voalaza ao amin'ny 3° ny fandoavambola nataon'ny mpisolo-toerana dia tsy azo atao raha tsy enim-bolana aorianan'hy fandoavam-bola farafahakeliny ny fanoratana.

6° Ny Tahirim-bolam-panjakana no miandraikitra ny fanefana ny sara-panoratana ny tombon'antoka.

7° Raha misy trangan-bankiropitra, fandravonana ara-pitsarana, fanitsiana na famaranam-pananana ara-pitsarana, ny Tahirim-bolam-panjakana na ny mpisolo-toerana azy dia tsy afaka mampihatra ny tombon'antoka ananany amin'ny fananam-bola amin'ny hafa izay tsy maintsy nanaovana famoahana voalaza amin'ny 1° hatramin'ny 5° ka tsy notakiana amin'ny fomba ara-dalàna tamin'ny ananan-trosa ny famoahana.

8° Ny fanoratana natao araky ny 1° hatramin'ny 5° dia mitahiry ny tombon'antoka mandritran'ny roa taona. Azo havaozina ny fanoratana.

Andininy VII-15 (Andininy 20.01.15 amin'ny CGI).- 1° Ny fanoratana ny lelavola misy tombon'antoka tokony aloa amin'ny Kitapom-bolam-panjakana sy amin'ny Sampan-drahaharan'ny hetra dia atao :

- a. eny amin'ny Mpiraki-drahaharan'ny Fitsarana ara-barotra izay mahefa amin'ny fari-piadidiana misy ny toeram-piasana ara-barotra foibe, raha olon-tsotra ny ananan-trosa.
- b. eny amin'ny Mpiraki-drahaharan'ny Fitsarana ara-barotra izay mahefa amin'ny fari-piadidiana misy ny foibe, raha rafitra mizaka zo aman'andraikitra tsy miankina amin'ny fanjakana manana laharan-pamantanarana eny amin'ny rejisitra ara-barotra sy ny orinasa ny ananan-trosa.
- c. eny amin'ny Mpiraki-drahaharan'ny Fitsarana ara-barotra izay mahefa amin'ny fari-piadidiana misy ny foibe, raha rafitra mizaka zo aman'andraikitra tsy miankina amin'ny fanjakana tsy manana laharan-pamantanarana eny amin'ny rejisitra ara-barotra sy ny orinasa ny ananan-trosa.

2° Rehefa tsy maintsy atao ny famoahana, araky ny voalazan'ny 4° amin'ny andininy teo aloha, ny fanoratana ny lelavola faritan'ny 3° ao amin'ny anidininy voalaza dia tsy maintsy angatahana fahatarany :

- a. Ny 28 na ny 29 febroary ho an'ny lelavola tokony aloa ny 31 désambra ny taona lasa;
- b. Ny 31 may ho an'ny lelavola tokony aloa ny 31 martsa ny taona diavina;
- c. Ny 31 aogositra ho an'ny lelavoa tokony aloa ny 30 jona ny taona diavina;
- d. Ny 30 novambra ho an'ny lelavola tokony aloa ny 30 septambra ny taona diavina.

-Ny fanomezana fe-potoana andoavam-bola dia tsy manakana ny fampiharana an'ireo fepetra voalazan'ito andininy ito.

3° Ho fangatahana ny fanoratana ny lelavola misy tombon'antoka tokony aloa amin'ny Kitapom-bolam-panjakana dia manome na mandefa taratasy, alefa amin'ny fomba manokana miaraka amin'ny fangatahana filazam-pandraisana izany, natao dika roa mitovy, ny mpitana kaontim-bolam-panjakana miandraikitra ny fanangonam-bola, ary misy ireto famantarana ireto:

- a. Daty nanaovana ny taratasy ;
- b. Fanendrena ny mpitana kaontim-bolam-panjakana mpangataka;
- c. Anarana, fanampiny, anaran'ny orinasa, adiresin'ny toerampisana foibe na ny foibe piasan'ny ananan-trosa;
- d. Ielavola tokony aloa amin'ny Kitapom-bolam-panjakana amin'ny telovolana sivily mialohan'ny fanoratana.

Ny mpitana kaontim-bolam-panjakana dia mampandre ny mpandoa hetra fa nangatahiny fanoratana izy

4° Ny dika mitovy iray amin'ny taratasy voalaza amin'ny 3° dia averin'ny Mpiraki-drahara han'ny Fitsarana na alefany any amin'ny mpitana kaontim-bolam-panjakana, rehefaavy vita sora-panoratana izay mirakitra ny datin'ny fanoratana sy ny laharam-panmantarana azy. Ny dika mitovy faharoa izay mitovy sora-panoratana aminy dia tahirizina eny amin'ny Firaketan-draharam-pitsarana ho fananganana ny rejisyry ny fanoratana ; Ankoatrizay dia mitana lahatahiry manaraka ny abidy ny mpiraki-drahara han'ny Fitsarana.

5° Rehefa tsy manaiky ny fameran-ketra izay nanaovana fanoratana ny ananan-trosa sady misitraka fampiatoana fandoavan-ketra izy dia azony atao ny mampanoratra an'ny mpiraki-drahara han'ny fitsarana ny fisian'ny fifanolana;; atao amin'ny sisin'ny taratasi-panoratana ny raki-tsoratra milaza izany.

Ho fiantraikan'izay dia tsy maintsy mitondra taratasy fanamarinana omen'ny mpitana kaonty miandraikitra ny fanangonana ny fameran-ketra hifanolana ny ananan-trosa.

Ny ampahany amin'ny fameran-ketra mbola tsy voaloa nanaovana raki-tsoratra ao amin'ny rejisyry ny daholobe dia atao miavaka tsara eo amin'ny taratasy nataon'ny Mpitana kaonty mba hahafahana manao fanorantana mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny andalana voalohany amin'ny 6°.

6° Ny fanoratana vaovao angatahan'ny mpitana kaonty mitovy amin'ny ananan-trosa mitovy dia tsy mampanan-kery ny fanoratan teo aloha.

Ivelan'ny tranga voalazan'ny 7° dia azon'ny ananan-trosa angatahina amin'ny fotoana rehetra ny fikosehina iray manontolo ny fanoratana raha mitondra taratasy manamarina ny fandoavan-ketra nataon'ny mpitana kaonty nangataka ny fanoratana.

Ts azo atao ny fikosehina amin'ny ampahany afa tsy ho an'ny lelavola mitovy amin'ny sorabola fahakeliny voalazan'ny fanoratana.

Ny mpitana kaonty nangataka ny fanoratana no mandray an'tanana ny fangatahana fikosehina

nohon'ny fanafoanan-ketra. Toy izay ihany ny fandraisany mpitana kaonty an'tanana ny fangatahana fikosehana ra misy fahadisoana nataony amin'ny sora-bola misy tombon'antoka na amin'ny anaram-pamantarana ny ananan-trosa.

Soratan'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana eo amin'ny sisin'ny fanoratana ny fikosehana mifanaraka amin'izany.

7° Ny mpisolo-toeran'ny zoan'ny Tahirim-bolam-panjakana ho fanoratana ny tombon'antoka ananany, dia manome taratasy fanamarinana ny fisolon-toeranaataon'ny mpitana kaonty mpanao fanangonana, any amin'ny mpiraki-dragharahan'ny fitsarana. Raha voarakitra ao anaty fanoratana ny trova nanaovana fisoloan-toerana, ny taratasy fanamarinana dia mitovy lenta amin'ny fanakosehana an'io fanoratana sy mitovy tombam-bidy..

8° Ny taratasy fanamarinana na taratasy vavolombelona voalaza amin'ny 5°, 6° sy 7° dia atolotra dika roa mitovy na alefa amin'ny Mpiraki-draharaha-pitsarana amin'ny alalan'ny taratasy alefa amin'ny fomba manokana miaraka amin'ny taratasy fanamarinana ny nandraisana izany. Vao azony ny dika mitovy iray dia omena na averina alefa amin'ny mpangataka, rehefa avy nosoratana ny daty manamarika ny fanantanterahana ny fombafomba angatahina. Ny dika mitovy faharoa dia tehirizina any amin'ny Firaketan-draharahan'ny Fitsarana.

9° Ny Mpiraki-draharaha-pitsarana dia tsy maintsy manome ho an'izay mpangataka izany ny filazana fisoratana misy na ny taratasy fanamarinanana ny tsy fisian'ny fisoratana ary ny saran'izany dia aloan'ny mpangataka. Ny fangatahana tsirairay dia tsy mikendry afa-tsye ny ananan-trosa iray voatendry mazava amin'ny anarany.

Ny filazana fisoranatana omen'ny Mpiraki-draharahan'ny Fitsarana dia tsy maintsy mirakitra ny fanondroana ny mpitana kaonty na ny olonkafa mpisolo-toerana nangataka ny fanoratana, ny datin'ny fanoratana, ny mari-bola voasoratra sy ny firaketana ny fifanolanana raha misy izany.

10° Ny modely taratasy, taratasy fanamarinana, fangatahana, filazana fanoratana voalaza amin'ny 3°, 5°, 6°, 7° sy 9° dia ho raikevina amin'ny alalan'ny didi-pitondrana iraisan'ny Minisitra misahana ny volam-panjakana sy ny Mpitahiry ny Tombo-kase-mpanjakana, Minisitry ny Fitsarana.

SOKAJY IV ANDRAIKITRY NY OLONKAFA

Andininy VII-16 (Andininy 20.01.16 amin'ny CGI).- Ny sora-pitakiana hetra izay fototry ny filazana fameran-ketra nampahafantarina dia azo tanterahina amin'ny mpandoa hetra izay voasoratr'ao sy amin'ny nanjoaniny. Ny mpandoa dia miombon' andraikitra amin'ny fandoavana ny hetra mivantana sy haba tokon'haloan'ny maty namela lova.

Andininy VII-17 (Andininy 20.01.17 amin'ny CGI).-Ny mpamboly, mpanofa, ny mpandray, ny mpitantam-bola sy ireo ananan'ny mpandoa hetra trova hafa nosoratana ho tombon'antoky ny Tahirim-bolam-panjakana dia tsy maintsy mandoa amin'ny anaran'ny ananan-trosa ny vola tazominy na tokony aloany, rehefa manao fangatahana amin'izany ny mpiasa mpanangon-ketra.

Andininy VII-18 (Andininy 20.01.18 amin'ny CGI).-Ireo fepetra voalan'ny andininy teo aloha dia mihatra amin'ny mpitantana, mpitantan-draharaha, tale na mpamara-pananan'ny orinasa nohon'ny hetra tokony alohan'ny orinasa.

Andininy VII-19 (Andininy 20.01.19 amin'ny CGI).-Ny vadi-tany, mpanao lavanty, nôtera, syndika, mpitantana ny fandravonana ara-pitsarana sy ireo nametrahama-bola hafa nohon'ny asa tsy maintsy ataony, mpitazom-bolan'ny ananan'trosa dia tsy mahazo mamerina izany vola napetraka na notazominy izany raha tsy manamarina ny fandoavan-ketra misy tombon'antoka tokony aloan'izay tokony hanao izany.

Article VII-20 (Andininy 20.01.20 amin'ny CGI).-Ny mpividy misitraka ny zo azo avy amin'ny fananana mifaka sy fananana ara-barotra dia tsy maintsy miantoka fa efa voaloa daholo ny karazan-ketra rehetra mifanaraka amin'ireo fananana ireo mialohan'ny andoavana ny vidin'ireo. Raha tsy izany dia izy ireo no tsy maintsy mandoa ny hetra tsy voaloa amin'ny andro anaovana ny taratasim-pamarotana, sy mitaky izany any amin'ny mpamarotra avy eo.

SOKAJY V PAIKADY FANENJEHANA

Andininy VII-21 (Andininy 20.01.23 amin'ny CGI).- Ny mpandoa hetra tsy nandoa ny anjara-hetrany amin'ny fotoana voafaritry ny lalàna dia azo engehina araky ny fepetra voalazan'ny andininy VII-33 sy ny manaraka an'ito Fehezan-dalàna ito.

Andininy VII-22 (Andininy 20.01.25 amin'ny CGI).- Ny fanenjehana misy sarany avy amin'ny sora-pitakiana hetra nataon'ny mpiasa miandraikitra ny famorian-ketra dia ampiharina araky ny paikady voalazan'ireo fepetra ao amin'ny andininy VII-33 et VII-35 etsy ambany, ankoatran'ireo fanapahan-kevitra voalazan'ny andininy VII-03 etsy ambony.

Andininy VII-23 (Andininy 20.01.26 amin'ny CGI).- Ireo taratasi-panenjehana rehetra dia heverina fa nanaovana fampahafantarana makasika ny fanangonana ny ampanhan'ny zaran-ketra azo takiana sy ny ampanhan'ny zaran-ketra rehetra mitovy izay tonga fe-potoana mialoan'ny andoavan'ny mpandoa hetra ny trosany.

Andininy VII-24 (Andininy 20.01.27 amin'ny CGI).-Ny fanohanana avy amin'ny ananan-trosa mahakasika ny hetra mivantana misy tombon'antoka dia anaovana fangatahana voalazan'ny andininy VII-17 izay miendrika fampandrenesan'olonkafa mpitazo-trosa.

Io fampandrenesan'olonkafa mpitazo-trosa io dia azo ampafantarina manaraka ireo fepetra voalazan'ny andininy VII-22 mahakasika ny fampandrenesana fanerena. Nohon'ny fampahafantarana ny fampandrenesan'olonkafa mpitazo-trosa dia tsy maintsy omena ny mpiasa mpanango-ketra ny volan'ny ananan-trosa tazominy mifandraika amin'ny hetra mivantana misy tombon'antoka.

Andininy VII-25 (20.01.28 amin'ny CGI).- Ny mpiasa mpandray hetra na ny mpiasa mpanangon-ketra voalazan'ny Boky II an'ito Fehezan-dalàna ito izay tsy nanao fanenjehana ny ananan-trosa iray misy fahataràna mandritran'ny telo taona mifanesy, miatomboka amin'ny andro nampahafatanrana ny filazana fameran-ketra na taratasy fameran-ketra, dia tsy manan-jo sy tsy mahazo manao fanenjehana intsony amin'ny ananan-trosa.

Andininy VII-26 (Andininy 20.01.29 amin'ny CGI).- Ny mpiasa mpandray hetra miandraikitra ny fanangonana ny hetra mivantana sy haba mitovitovy azy dia tompon'andraikirity ny fanangonana ny latsa-kemboka sady tsy maintsy manaporofa ny fanaovana izany iray manontolo mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny fitsipika manan-kery.

Andininy VII-27 (Andininy 20.01.29 bis amin'ny CGI).-Ny fanangonanana ny hetra alaina amin'ny hajia sy ny tataon-ketra aman-tsazy mifanaraka amin'izany dia engehina amin'ny alalan'ny sora-pitakiana hetra, ary raha misy fanohanana dia hadihadiana sy tsaraina ny tranga misy arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy VIII-05 sy ny manaraka an'ito Fehezan-dalàna ito.

SOKAJY VI SARAM-PANENJEHANA

Andininy VII-28 (Andininy 20.01.35) amin'ny CGI.- Ny saram-panenjehana iandraiketan'ny mpandoa hetra dia kajiana amin'ny sora-bola-ketra azo takiana araka ny sanda voafaritry ny didim-panjakana.

Andininy VII-29 (Andininy 20.01.36 amin'ny CGI).- Ny saram-panenjehana fanampiny iandraiketan'ny

mpandoa hetra dia voafaritry ny didim-panjakana.

Andininy VII-30 (Andininy 20.01.37 amin'ny CGI).- Ny saram-panenjehana iandraiketan'ny mpandoa hetra dia fanampi-ketra ankoatran'ny trosan'ny mpandoa hetra misy fahataràna ary mitovy fiafaràna amin'ny renin-ketra arak'izany.

Ny fanangonana ny saram-panenjehana dia azo atao toy ny hetra, na dia nandoa ny renin-ketra aza ny ananan-trosa kanefa tsy manaiky mandoa na manao tsirambina ireo saram-panenjehana ireo.

Andininy VII-31 (Andininy 20.01.38 amin'ny CGI).- Ny mpiasa manao fanenjehana dia manan-jo ahazo karama isaky ny taratasim-panenjehana nampahafantariny araky ireo fepetra sy sanda voafaritry ny Didim-panjakana.

TOKO II FANANGONAN-KETRA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA

SOKAJY I FOTO-KEVITRA

Andininy VII-32 (Andininy 20.01.40 amin'ny CGI).- Na dia eo aza ireo fepetra manokana volazan'ito fehezan'dalàna ito, ny hetra, zo sy haba sy sora-bolan-ketra hafa tokony ato anatin'ny sisin-tanin'i Madagasikara ka ny mpiasan'ny Sampan-draharaohan'ny hetra no miandraikitra ny fandraisana azy dia hanaovan'ny ananan-trosa fanambarana sy fandoavan-ketra eny amin'ny Ivon-ketra miandraikitra ny fintantanana ny antontan-taratasiny, araky ny fitsipika manan-kery.

Ireo mpandoa hetra rehetra dia afaka manao fandoavan-ketra amin'ny alalan'ny haba aloa mialohan'ny fe-potoana voalazan'ito Fehezan-dalàna ito.

Ny fanangonana an'ireo hetra, haba sy sora-bolan-ketra isan-karazany tokony aloa dia iandraiketan'ny mpiasa miandraikitra ny asan'ny Mpandray hetra na ny Sampan-draharaoha foibe miandraikitra ny fanangonan-ketra an-tery na ny vondrom-panangonan-ketra. Izy ireo dia tsy maintsy mandrotsaka ny hetra voaangona eny amin'ny Ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra.

Ny Mpandray hetra dia tompon'antoka feno amin'ny tenany manokana sy amin'ny fanànany amin'ny asa izay iandraiketany.

Ny andro, ora fisokafana sy fikatonan'ny biraon'ny fidiran-ketra dia voafaritry ny Fanapahana raisin'ny Minisitra miandraikitra ny lalàna ara-ketra sy hanaovan'ny Ivon-ketra tsirairay peta-drindrina

Rehefa mifanojo amin'ny andro Asabotsy, Alahady na andro tsy fiasàna ny fetrandro hanatanterahana ireo fepetra ara taratasy takian'ito Fehezan-dalàna ito dia ahemotra hatramin'ny ny andro voalohany iasàna io fetrandro io

Ny hetra, zo, sy haba dia aloa amin'ny vola manan-kery fampiassa eto Madagasikara amin'ny alalan'ny sheky na taratasim-bola fampiasan'ny banky, na taratasim-bola fampiasan'ny Paositra, na amin'ny fomba elektronika ary sokajiana amin'izany ny fandoavam-bola amin'ny Finday na fandoavam-bola amin'ny tranon-kalam—pifandraisana, na amin'ny alalan'ny fandrotsaham-bola na famindram-bola ao amin'ny kaonty ivelany fisian'ny vola izay misokatra amin'ny anaran'ny Mpitana kaontim-panjakana, na arak'ireo fepetra fanaovana fanambarana sy fandoavam-bola nomen'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra alàlana. Ny lalàna fampiharana no mamaritra ny fombafomba fanaovana fandoavan-ketra amin'ny alalan'ny tranon-kalam-pifandraisana na amin'ny alalan'ny finday.

Ny fandoavan-ketra tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny famindram-bola atao ao amin'ny kaontin'ny Tahirim-bolam-panjakana misokatra ao amlin'ny Bokin'ny Banky Foiben'i Madagasikara dia atao miatomboka amin'ny fetra fandoavan-ketra faritan'ny fanapahana raisin'ny Minisitra miandraikitra ny lalàna ara-ketra.

Ny fombafomba fampiharan'ireo mpandoa hetra mahazo alàlana hanao ito fomba fandoavan-ketra

amin'ny alalan'ny famindram-bola any amin'ny banky dia voafaritry ny fanapahan'ny Minisitra miandraikitra ny lalàna ara-ketra.

Ireo mpandoa hetra voalaza amin'ny andalana teo aloha, rehefa mahazo alàlana mialoha avy amin'ny Tale jeneralin'ny hetra, dia afaka mampiasa ny famindram-bola mandeha hoazy amin'ny fandoavanketra, haba isam-banim-potoana amin'ny alalan'ny vola alopia isam-bolana raikitra araky ny fanambaranketra natao ny taona lasa. Ny fanitsiana atao amin'ny ny vola tokony alopia marina mifanaraka amin'ny taon-pameran-ketra dia tsy maintsy atao mandritran'ny roa volana voalohan'ny taona manaraka ho an'ny hetra hafa ankoatran'ny hetra alaina amin'ny vola miditra.

Ho an'ny mpandoa hetra nahazo alàlan'ny Minisitra miandraikitra ny lalàna ara-ketra hanao ny fanambarana ara-ketra amin'ny tranon-kalan-pifandraisana dia tsy maintsy mirakitra isa laharan'ny antontan-taratasy na isa miafina amin'ny alalan'ny tsipika omen'ny rafitra informatika ny taratasy pirty elektronika izay alefa any amin'ny Sampan-draharahan'ny hetra, ary misy taratasy omena manamarina ny fandraisana izany ny fandefasana azy.

Ny sonia elektronika eo amin'ny antontan-taratasy avy amin'ny Sampan-draharahan'ny hetra dia manan-kery sy ara-dalàna raha manaraka an-tsakany sy an-davany ireo fepetra voalaza amin'ny andininy 6 ny lalàna n°2014-025 momba ny sonia elektronika.

SOKAJY II SORA-PITAKIANA HETRA

Andininy VII-33 (Andininy 20.01.43 amin'ny CGI).- Ny fananam-bola amin'ny hafa voalazan'ny andininy VII-01 sy VII-32 an'ito Fehezan-dalàna ito dia handrafetana sora-pitakiana hetra isambatan'olona na iraisana, ary lasa azo takiana vokatr'izany. Ny sora-pitakiana hetra dia avoaka aorianan'ny Fampandrenesana farany, ny taratasy fameran-ketra tsy misy fierana, na ny filazana fameran-ketra voalazan'ny andininy 20.01.56.16 ao anatin'ny fe-potoana voalazan'ito Fehezan-dalàna ito. Ny sora-pitakiana hetra dia avoaka aorianan'ny taratasy fameran-ketra ho an'ireo tranga hafa, ary tsy misy fahavoazana amin'ny fe-potoana voalazan'ito Fehezan-dalàna ito. Ny mpiasa miandraikitra ny fandraisana ny hetra na ny mpiasa tompon'andraikiray ny fanangonana ny hetram-bondrom-bahoaka miasa eny amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no mandrafitra ny sora-pitakiana hetra izay tsy maintsy mandalo eo imaso sy mahazo toetra tsy maintsy tanterahina avy amin'ny Tale na ny Lehiben'ny sampan-draharahan'ny hetra miasa ifotony mitantana ny antontan-taratasin'ny ananantrosa, ary ny Lehiben'ny sampan-draharahan'ny hetra miasa ifotony mahefa eny an-toerana ho'an'ny hetra sy haba voalazan'ny Boky II. Ny sora-pitakiana hetra dia arafitra isakin'ny taratasy fameran-ketra iray, isaky ny karazan-ketra iray, ary tsy maintsy mirakitra ireto manaraka ireto :

- Anaran'ny mpandoa hetra na anarana iantsoana ny orinasan'ny mpandoa hetra;
- Laharam-pisoratana ho mpandoa hetra na laharan'ny kara-panondrom-pirenena;
- Taratasy fameran-ketra fototry ny fanananm-bola amin'ny hafa ;
- Karazan-ketra, taon-ketra sy sorabolan-ketra.

Ny sora pitakiana hetra dia ampahafantarina :

- ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra na mpiasan'ny kaominina ho'an'ny hetram-bondrom-bahoaka ary misy fanoratana ny fandraisana izany eo amin'ny dika mitovy amin'ny taratasy na eo amin'ny kahie fanaovana fampitana na taratasy manamarina ny fandraisana;
- Na arak'ireo fitsipika fampandrenesana ny taratasim-pitsarana araky ny voalaza ao amin'ny andininy 144 ny Fehezan-dalàna momba ny paikady madio sy araky ny fahefana omena ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra araky ny voalazan'ny andininy VI-68 an'ito Fehezan-dlana ito ;

- Na amin'ny alalan'ny taratasy alefa amin'ny fomba manokana miaraka amin'ny taratasy manamarina ny fandraisana izany;
- Na amin'ny fomba elektronika miaraka amin'ny fanamarinana ny nandraisana izany ho'an'ny mpandoa hetra mahazo alalana hanao fanambaran-ketra amin'ny fitaovan-tseraseram-pifandraisian-davitra.

Ny sora-pitakiana hetra dia neverina ho toy ny voarain'ny hananan-trosa amin'ny alalan'ireo fomba voalaza mialoha ireo.

Ny taratasy fampahafantarana dia toy ny antso fampitandremana. Ny sora-pitakiana hetra dia mirakitra ny fandidiana ny andoavana tsy misy hatak'andro ny sora-bolan-ketra voarakitra ao anatin'y. Azo takiana avy hatrany io sora-bola io.

Ny fampahafantarana ny sora-pitakiana hetra dia mampiato ny fe-potoana azoan'ny Fandraharahana ampiharana ny didy aman-dalàna ary lasa misolo ho fe-potoana hahazoana mampiatura ny didy aman-dalàna amin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka izany fe-potoana izany.

Ny sora-pitakiana hetra rehetra dia neverina fa nanaovana fampahafantarana ho an'ny fanangonana ny sora-bola voarakitra azo takiana, sy ho an'ny fanangonana an'ireo hetra, zo, na haba mitovy karazany izay tonga fetrandro na izay mipoitra ny fahazoana mitaky izany aty aoriania, mialohan'ny andoavana ny mpandoa hetra ny trosany.

Ny sora-pitakiana hetra nomena, nandalo imaso sy nampahanfantarina amin'ny fmiba ara-dalàna dia manan-kery hatrany raha tsy foana ny taratasy fameran-ketra fototry ny nandrafetan'azy araky ny fanapanah-kevi-panafoanan-ketra na araky ny didim-pitsarana na foana nohon'ny fahataperan'ny fe-potoana telopolo taona ahazoan'ny Sampan-draharahan'ny hetra ampiharana ny didy aman-dalàna.

Ny sora-pitakiana hetra dia ampiasaina ihany koa ho fototry ny fanangonana ireo trosan-ketra tsy voaloa amin'ny alalan'ny fitazonana ifotony ireo loavola nohon'ny fandaniam-bolam-panjakana. Misy paikady manokana napetraka ho fanatanterahana foana an'io fanitsiana io ao anatin'ny fe-potoana latsaky ny roa volana.

Ny sora-pitakiana hetra dia tanterahina araka ny lalàna ary midika fananan'antoka amin'ny fananana mifaka toy izay voarakitr'ireo fepetran'ny didim-pitsarana raikitra navaokan'ny fitsarana. Na izany aza, ny fivarotana ireo entana nogiazana dia tsy azo atao raha tsy mahazo alalana manokana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra izany fahefany izany

Ny saram-panenjehana aloan'ny mpandoa hetra, ho fampiaharana ny sora-pitakiana hetra, dia fanampin-ketra miampy amin'ny trosan'ny mpandoa hetra ary mitovy fiafarana amin'ny renin-ketra. Mitovy amin'ny fitakiana ny hetra ny fanenjehana an'ireo saram-panenjehana ireo.

Andinin VII-34 (Andinin 20.01.43 bis amin'ny CGI).- Rehefa olon-tsotra sy/na rafitra mizaka zo aman'andraikitra roa na maromaro no mpiara tompon'antoka amin'ny fandikan-dalàna iray dia andrafetana sora-pitakiana hetra iray amin'ny anaran'izy ireo hiraisan' izy ireo. Vokatr'izay dia miombona izy ireo amin'ny fandoavana ny hetra azo takiana.

Azon'ny Fandraharahana ny mitaky ny hetra rehetra amin'ny iray amin'izy ireo, ary tsy afaka manohatra izany amin'ny fisitrahana ny fizarana afahana mamaritra ny hetra tokony aloan'ny tsiraray izy ireo mansdriran'ny fanenjehana. Na izany aza, azon'ny mpandoa hetra izay nandoa ny trosan-ketra rehetra ny mitovy ireo mpiray trosa aminy eny amijn'ny Fitsarana.

SOKAJY III FANENJEHANA

Andinin VII-35 (Andinin 20.01.45 amin'ny CGI).- Ireo fanenjehana amin'ny alalan'ny sora-pitakiana hetra dia azo atao ao anatin'ny 15 andro manaraka ny fampandrenesana io sora-pitakiana io na ny baiko handoa vola rehefa tsy voahefan'ny mpandoa hetra ny vola tokony haloany.

Io fe-potoana 15 andro io dia tsy voatery arahina raha ohatra atahorana ho very ny antoky ny Sampandrahaharan'ny hetra.

Ireo fanenjehana ireo dia tanterahin'ny vadintany na ny mpiasan'ny Fandraharahana ny hetra afaka manatanteraka izany araka ny fangatahan'ny mpitana kaonty miandraikitra ny famoriana.

Andininy VII-36 (Andininy 20.01.45.1 amin'ny CGI)- Ireo taratasim-panenjehana dia tokony hanaraka ny fomba araky ny lalàna momba ny ankabobe-bahoaka. Na izany aza, ireo fanerena ireo dia tokony ampafantarina amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandehan'ny paositra miraka amin'ny fanamarinam-pandraisana. Ireo taratasim-panenjehana ireo dia tsy iharan'ireo fepetra ankaboben'ny fananan-kerin'ireo taratasy ampitain'ny vadintany izay voafaritry ny Fehezan-dalàna momba ny Paik'ady madio.

Andininy VII-37 (Andininy 20.01.45.2 amin'ny CGI).- Ny fivarotana ireo entana nogiazana dia atao ao anatin'ny 5 andro nanaovana ny fanagiazana.

Andininy VII-38 (Andininy 20.01.45.3 amin'ny CGI).- Mba hanatanterahana ny antoka amin'ny anarany, ny Fandraharahana ara-ketra dia mampandre na mampahafantatra ilay olona na an-tranon'ny mpandoa hetra, fanerena handoa, izay ahitana ihany koa fampitandremana fa ny tsy fandoavana izany ao anatin'ny 10 andro, dia hirosoana amin'ny fivarotana ny entana nogiazana..

Andininy VII-39 (Andininy 20.01.45.4 amin'ny CGI).- Ny taratasim-panerena atao voalohany dia amarinina sy soratana amin'ny titra fanoratana ny fizakan-tany ataon'ny Mpikajy ny toetry ny tany, araka ny fangatahan'ny fandraharahana ara-ketra.

Andininy VII-40 (Andininy 20.01.45.5 amin'ny CGI).- Ao anatin'ny 15 andro aorian'ny fanoratana ny fanerena any amin' ny Mpikajy, ny fandraharahana dia afaka mametraka any amin'ny naotera miandraikitra ny fanomezana amin'ny alalan'ny tolo-bidy, ny bokin'andraikitra misy ireo fepetra amin'ny fomba voalaza ao amin'ny lalàna ankabobe, ho fandoavana ny vola ananany.

Andininy VII-41 (Andininy 20.01.45.6 amin'ny CGI).- Aorian'ny fametrahana ny bokin'andraikitra sy 30 andro farafahakeliny alohan'ny andro hanaovana ny lavanty, ny Fandraharahana ara-ketra amin'ny maha tompon-trosa mpanenjika azy dia afaka manao fampahafantarana amin'ny alalan'ny filazàna sy peta-drindrina ka ny fomba sy ireo fepetra dia manaraka ny lalàna mifehy ny ankabobem-bahoaka.

Andininy VII- 42 (Andininy 20.01.45.7 amin'ny CGI).- Ny vidy iaingana dia tsy tokony ho latsaky ny vidy voafaritry ny fanjakana mikasika ny fananana mifaka.

Andininy VII-43 (Andininy 20.01.45.8 amin'ny CGI).- Ny lavanty dia ataon'ny Naotera notendren'ny Tale Jeneralin'ny hetra. Atao ao amin'ny toeram-piasan'ity farany izy io,na amin'ireo toerana an'ny Fandraharahana ara-ketra voatondro hanaovana izany, ao anatin'ny 30 andro nametrahana ny bokin'andraikitra.

Andininy VII-44 (Andininy 20.01.50 bis amin'ny CGI). – Na dia eo aza ny fanapahan-kevitra manaoanana ireo zaran-ketra tsy voavory intsony araky ny voalazan'ny andininy VI-11, dia azo takiana foana ny troisan-kera hananana amin'ny hafa rehefa mihatsara ny toe-pananan'ny ananan-trosa mialohan'ny fahalanian'ny paikandro.

SOKAJY IV
TOMBON'ANTOKY NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA SY ANTOKA AMIN4NY
FANANANA MIFAKA ARA-DALANA

Andininy VII-45 (Andininy 20.01.48 amin'ny CGI).- 1° Ny tombon'antoky ny sampandrahaharan'ny hetra, zo momba ireo hetra, sara sy haba, izay iantohany ny famoriana azy, dia mitovy fanatanterahana amin'ny tombon'antoky ny Tahirim-bolam-panjakana, mialoha ny hafa rehetra, mandritra ny roa taona, manomboka amin'ny tranga rehetra, amin'ny daty nanaovana ny famoriana aorian'ny fampahafantarana ny sora-pamerana amin'ny fanaka sy ireo fitaovan'ny mpandoa hetra na aiza na aiza misy azy, ankoatra ny saram-pitsarana, izay amin'ny hofan-trano 6 volana ihany afatsy ny fitakiana natao sy misy ny'anton'antony ataon'ireo tompon'entana izay mbola ahitana mari-pamantarana, marika, laharana sy ireo singam-panavahana hafa hamantarana ny maha izy azy ary hamaritana ny fiandohany sy ny fiavihany.

Ampiharina ihany koa izany tombon'antoky ny sampandrahaharan'ny hetra izany, raha toa ka tsy misy antoka nifanarahana amin'ireo fitaovana sy fanaka ampiasaina amin'ny fampandehanana ny toerampiasana industrialy na varotra ;

Ny foto-kevitra voafaritra eo ambony io dia azo ampiharina ihany koa amin'ny famoriana ireo sazy, lamandy, sazy amin'ny fahatarana, fanerena sy tataovan-tsazy ara-ketra, amin'ireo saram-panenjehana.

2° Raha toa ka bankirompitra na nisy fampitsaharana ara-pitsarana, ny fandraharahana ara-ketra dia manana fahafahana mialoha amin'ny fanenjehana avy hatrany ny famoriana ireo trosa amin'ny fananana rehetra.

Ny tombon'antoka mifandraika amin'ireo hetra, sara sy haba, tamberim-bidy izay ny fitakiana azy dia ankinina amin'ny fandraharahana ara-ketra dia tsy manala ny zon'ireo tompon-trosa hafa izay afaka mampihatra izany amin'ireo fananan'ny mpandoa hetra ;

Ireo fepetra voalazan'ireo andininy VII-14 sy VII-15 dia ampiharina amin'izay niova ary tokony tsy maintsy ovàna eo amin'ireo sampan-draharahan'ny hetra;

Andininy VII-46 (Andininy 20.01.48.1 amin'ny CGI).- Amin'ny famoriana ireo hetra, zo sy haba, sazy, ny fandraharahana ara-ketra dia manana antoka ara-dalàna amin'ireo fananana mifakan'ny mpandoa hetra sy ny an'ireo olona voalazan'ny lalàna ho mpiara-miombon'antoka aminy, amin'ny fandoavana ny hetra.

Andininy VII-47 (Andininy 20.01.48.2 amin'ny CGI).- Ny antoka amin'ny fananana mifaka dia soratana ao amin'ny bokin'ny fanantanany, araka ny fanapahan'ny Tale jeneralin'ny hetra, dia manome ny zo amin'ny fanohizana sy ny zo amin'ny fakana mialoha amin'ireo fananana nampiharana ireo tombon'antoka ireo, ny fandraharahana ara-ketra.

Andininy VII-48 (Andininy 20.01.48.3 amin'ny CGI).- Ny fanoratana dia mitahiry ny antoka amin'ny fananana mifaka mandram-panomezan'ny Tale misahana ny fifanolanana ny fanalana tsatoka. Na izanizany aza, io fanoratana io dia manan-kery ao anatin'ny folo taona. Ny fanavaozana azy dia mitovy lanja amin'ny fanoratana tany am-boalohany hatramin'ny daty vaovao nofaritan'ny Fandraharahana".

Andininy VII-49 (Andininy 20.01.48.4 amin'ny CGI).- Ny Antoka amin'ny fananana mifaka aradalanan'ny sampandrahaharan'ny hetra dia voasoratra manomboka amin'ny daty nanaovana ny famoriana, aorian'ny fampahalalana ny sora-pamerana, ho an'ny hetra, lamandy sy sazy.

Andininy VII-50 (Andininy 20.01.48.5 amin'ny CGI).- Ny fanoratana ny antoka aradalana dia atao araky ny fangatahan'ny Tale jeneralin'ny hetra.

Rehefa hangataka ny fanoratana ny antoka, ny fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy manome ireo taratasy ilaina izay manome antoka marina, izay ahitana:

- ny fangatahana mba hanoratana ny antoka amin'ny fananana mifaka ;
- ny dika mitovin'ireo sora-pitakiana hetra;
- ny fanapahan'ny Tale jeneralin'ny hetra manome alalana ny fanoratana ny antoka amin'ny fananana mifaka ;
- ny taratasy manamarina araka ny lalàna ny fananana mifaka.

Andininy VII-51 (Andininy 20.01.48.6 amin'ny CGI). - Ny fangatahana mba hanoratana ny antoka, atao dika roa mitovy dia tsy maintsy ahitana ireto fanoroana manaraka ireto:

- ny daty anaovana ny fangatahana,
- ny anaran'ny ananan-trosa,
- ny filazana ny trosa
- ny vola tsy maintsy aloa
- ny mombamomba ny na ireo sora-pitakiana hetra,
- ny famaritana ny na ireo tany miaraka amin'ireo mombamomba azy..

Andininy VII-52 (Andininy 20.01.48.7 amin'ny CGI). - Ny fanoratana ny antoka amin'ny fananana mifaka ara-dalana amin'ny anaran'ny fandraharahana ara-ketra dia atao tsy misy sarany na fandoavambola eny amin'ny Sampan-draharahan'ny fananan-tany ara-paritra mahefa..

SOKAJY V ANDRAIKITRY IREO OLONKAFA

Andininy VII-53 (Andininy 20.01.49 amin'ny CGI). - Ny fanohanana amin'ny fandoavam-bolan'ny ananan-trosa voatazona any an-kafa, tanterahina arak'ireo fepetra voalazan'ny andalana faha 3 sy ny manaraka an'ito andininy ito dia miendrika filazana fitazonam-bola any amin'olon-kafa. Io filazana io dia amapahafantarin'ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra na ny mpiasan'ny Kaominina ho'an'ny hetram-bondrom-bahoaka, na arak'ireo fitsipika fampahafantarana an'ireo taratasim-pitsarana, na amin'ny alalan'ny taratasy alefa manokana miaraka amin'ny taratasy manamarina ny nandraisana an'izany.

Nohon'ny fampahafantarana ny filazana fitazonam-bola any amin'olon-kafa dia tsy maintsy atolotr'izy ireo eny an'tananan'ny mpiasa miandraikitra ny fanangonan-ketra ireo vola tsy maintsy alohan'izy ireo na tazomin'izy ireo na ho tazomin'izy ireo mandrapaha-voahefa ireo hetra, zo na haba misy tombon'antoka.

Ny fanohanana izay natao dia ampahafantarina amin'ny ananan-trosa nanaovana fanagejana fananana ao anatin'ny fe-potoana valo andro raha monina ao anatin'ny fari-piadidian'ny birao namoaka ny sora-pitakiana hetra ny nanaovana fanagejam-pananana, ary ao anatin'ny fe-potoana dimy amby folo andro raha monina ivelany io faritra voalaza io eto Madagasikara izy, ary ao anatin'ny fe-potoana iray volana raha monina any am-pitan-dranomasina izy ; io fampahafantarana io dia atao miendrika an'ireo fampahafantarana fanerena.

Ny Mpamboly sy mpiompy, ny mpanofa trano, mpandray vola, mpitantam-bola, orinasa mpampidram-bola sy ireo mpitazom-bola hafa ananan'ny mpandoa hetra vola sady misy tombon'antoky ny Fandraharahana, rehefa misy fangatahana ataon'ny mpiasa miandraikitra fanangonan-ketra amin'izy ireo dia tsy maintsy mandrotsaka amin'ny anaran'ny mpandoa hetra ireo vola ananany aminy na

tazominy na ho tazominy na ireo vola hoa avy maintsy ho alohany mandrampaheh-voahefa an'ireo hetra tokony alohan'ny mpandoa hetra, raha tsy hoe misy fanalana tsatoka ny fanohanana fandoavambola.

Rehefa apetraka any amin'ny orinasa mampidram-bola iray na maromaro ny vola dia manana zo mivantana amin'ny hanisisa misy vola amin'ireo kaonty misokatra amin'ny anaran'ny mpandoa hetra ny Sampan-drahaharan'ny hetra.

Na dia izany aza ny voalazan'ny andalana faharoa amin'ny andininy teo aloha, raha manana kaonty iray na maromaro ao amin'ny orinasa mampidram-bola iray ny mpandoa hetra, ny hanisisa misy vola isaky ny kaonty dia atokana ho an'ny Fandrahahana mandrapaha-voahefa ny hetra tokony alohan'ny mpandoa hetra.

Noho izany dia tsy azo atao ny mampitambatra kaonty raha tsy misy fifanarahana ara-dalàna mialoha eo amin'ny banky sy ny mpanjifa, alohan'ny fanagejana fananana ary ny dika mitovy amin'izany dia tsy maintsy ampitaina amin'ny Sampan-drahaharan'ny hetra ao anatin'ny fe-potoana 24 ora nanaovana ny fanagejam-pananana.

Rehefa tsy misy vola na tsy ampy hanefan-trosa azo takiana ny hanisisa ao amin'ny kaonty iray na maromaro an'ny mpandoa hetra nanaovana filazana fitazonam-bola any amin'olon-kafa dia tsy maintsy manome ny asa marika natao rehetra tamin'ny kaontin'ny mpandoa hetra miatomboka tamin'ny andro nanaovana ny fanagejam-pananana ny orinasa mpampidram-bola mpitazona ny kaontin'ny mpandoa hetra ary tsy azony atao ny mampirangaranga ny fitsipika mifehy ny tsiambaratelon'ny asa. Ankoatrizay dia azon'ny Sampan-drahaharan'ny hetra ny mangataka fanazavana fanampiny raha ilaina.

Ny tsy fanajan'ny olonkafa nanaovana ny fanagejana an'ireo andraikitra voalazan'ito Fehezan-dalàna ito dia azo saziana amin'ny sazy ara-bola mifandraikika amin'ny sora-bola tokony aloa amin'ny Sampan-drahaharan'ny hetra, na dia eo aza ny fitakiany izany amin'ny mpandoa hetra ananan-trosa.

Ireo fanambarana tsy marina na mifono lainga dia fandikan-dalàna voalaza sy sazian'ny andininy 20.01.56-5 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

Ny fanagejana dia atao amin'ny vola ananana voatazona any amin'ny olon-kafa, ahitana ireo vola ananana misy fepetra, misy fe-potoana na misesisesy ny fanatanterahana azy. Ireo fepetra manokana amin'nireo andraikitra ireo dia mihatra amin'ny tompon-trosa manao fanagejana.

Ireo fepetra ireo dia mihatra ihany koa amin'ny mpitantana sy mpitantan-drahahaha, tale sy mpamarampanan'ny orinasa ho'an'ny hetra tokony alohany. Ny mpamara-mpananana dia tokony tsy maintsy mandoa ireo hetra sy haba hanisisa an'ny orinasa mandritran'ny famarana-pananana.

Ireo mpahazo ny zo amin'ny fananana mifaka sy ny tokotanim-barotra eto Madagasikara, na io amin'ny alalan'ny varotra an-tery na an-tsitrano dia tsy afaka mandoa ny vidin'izany raha tsy mampiseho taratasy tsy misy sarany avy amin'ny Sampan-drahahaha eo anivon'ny Foibe miandraikitra ny vola miditra amin'ny hetra izay mizaha ifotony ny tsy fananan-trosan-ketra, zo, haba na tataon-ketra izay angonin'io Sampan-drahahaha io.

Ny hetra sy ny tataon-ketra dia azo takiana amin'ireo rehetra mandika ireo fepetra ireo raha tsy hoe misy fangatahana atao amin'ny ananan-trosa.

Ho famelana handinganana ireo fepetra teo aloha, ny lehiben 'ny Sampan-drahahaha miandraikitra ny fananganan-ketra, rehefa nahazo famindran-jo avy amin'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra, dia

afaka manome baiko amin'ny famerenana ireo vola mihoatra amin'ny alalan'ny fampizakana amin'ny hetra, zo sy haba tokony aloany amin'ny Sampan-draharaha.

Raha misy fifanolanana amin'ny fepetra fandraisana ny fangatahana dia afaka mitondra ny raharaha eny amin'ny Fitsarana ny mpandoa hetra.

Ny raharaha-pitsarana mitaky ny famerenam-bola dia tsaraina arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy VII-33 sy ny manaraka.

**SOKAJY VI
FEPETRA MANOKANA**

**PARAGIRAFY I
SARA-PANORANATANA**

Andininy VII-54 (Andininy 20.01.50 amin'ny CGI).- Ny fangatahana famerenam-bola amin'ny sara-panoratana mihoatra na voaray tsy araka ireo fitsipika noho ireo hadisoan'ireo andaniny sy ankilany na ny hadisoan'ny Fandraharahana dia lany paika'andro aorianan'ny fe-potoana reo (2) taona miatomboka amin'ny fandoavan-ketra.

Ireo sara-panoratana azo averina nohon'ny trangan-javatra miseho aty aorianan, ny fangatahana femerenana azy ireo dia lany paik'andro erintaona aorianan'ny andro niantombohan'ny fahazoana mamerina izany, ary fahafahatarany telo taona miantomboka amin'ny fandraisana ny sara-panoratana.

Ny fahalanian'ny paik'andro dia miato amin'ny alalan'ireo fangatahana nampahafantarina aorianan'ny fisokafan'ny zo hamerenenam-bola.

Miato ihany koa ny fahalanian'ny paik'andro amin'ny alalan'ireo fangatahana, alefa an-taratasy manokana miaraka amin'ny taratasy milaza ny nandraisana izany, voazava tsara ataon'ireo mpandoa hetra amin'ny lehiben'ny Ivon-ketra mehefa ao amin'ny fari-piadiany.

Tsy azo angatahana famerenam-kosa ireo sara-panoratana voaray ara-dalàna mifandraika amin'ireo taratasim-pifanarahana foana na tratin'ny fanafoanana aty aorianan nohon'ireto antony ireto :

1° Fanafoanana ireo fanomezana eo amin'ireo samy mbola velon'aina, nohon'ny tsy fanatanterahanira ireo fepetra na nohon'ny tsy fahaizan-mankasitraka.;

2° Fanafoanana ireo fifanarahana nohon'ny fanatanterahan'ny fepetra iray fanafoanana.;

3° Fanafoanana ny fifanarahana miteraka zo sy andraikitra eo amin'ny andaniny sy ankilany nohon'ny tsy fanatanterahan'ny andaniny iray ny andraikiny;

4° Fanafoanana ny fifanaraham-barotra nohon'ny tsy fandoavana ny vidiny;

5° fahazoan'ny mpivarotra mividy indray ny fananana novarotana.

Raha misy tranga fanafoanana fifanarahana nohon'ny tsy fifandanjan'ny ny andraikitra aman'jo voarakitra ao, na fanafoanana fifanaraham-barotra nohon'ny kileman-pifanarahana miafina, sy amin'ireo trangan-javatra rehetra miteraka fanafoanana ny fifanarahana dia tsy azo averina intsony ireo saran-panoratana naloa tamin'ireo fifanarahana foana raha tsy hoe didim-pitsarana ambaratonga voalohany raikitra na ny didim-pitsarana fampiakarana raikitra no manafoana ireo fifanarahana ireo.

Ny fanafoanana rehetra amin'ny alalan'ny didim-pitsarana ambaratonga voalohany na didim-pitsarana fampiakarana ninon'inona antony dia tsy miteraka fandoavana saran-panoratana tsy mitanila amin'ny fampindram-pananana.

Raha toa ka miverina ny noevertin'ny ny Fitsarana fa tsy eo, dia averina ireo saran-panoratana naloa araky ny voalazan'ny I-42 etsy ambony rehefa nalàna ny saran-panoratana nahatonga ny fisitranan'ny mpandova.

PARAGIRAFY I

HABA ALAINA AMIN'NY FIFANEKEM-PIANTOHANA

Andininy VII-55 (Andininy 02.06.13 amin'ny CGI amin'ny CGI).- Ireo haba sy tataon-kaba tsy tokony naloa dia azo averina ao anatin'ny fe-potoana 3 taonan'ny nandoavana azy.

Sahala amin'izay ihany koa ireo haba naloan'ny mpianoka raha tsy afaka atao ny fampizakana voalazan'ny andalana alohan'ny farany amin'ny andininy 02.06.04 ny Fehezan-dalàna ny heta.

Andininy VII-56 (Andininy 02.06.14 amin'ny CGI).-Ankoatran'ny fampiharana ny voalazan'ny andalana faharoa amin'ny andininy teo aloha, ny haba voaloa dia tsy azo averina raha tsy foana arapsarana ny fifanarahana mifanaraka amin'ny ampahambola mahakasika ny :

- a. Sora-bola ho tombontsoan'ny mpianoka sy ireo fanampiny ka ny famerenana izany amin'ny hiantohana dia didin'ny Fitsarana ;
- b. Sora-bola ho tombontsoan'ny mpianoka sy ireo fanampiny ka, nahatonga fandoavana marina ny haba, na dia tsy mbola voaloan'ny mpianoka dia tsy azony takiana intsony amin'ny hiantohana araka ny voalazan'ny didim-ptsarana.

Ny fampidirana raharahanam-pitsarana voalazan'ito andininy ito dia maty paikandro aorianan'ny iray taona miatomboka amin'ny andro maha raikitra ny didim-pitsarana, ary na inona na inona mitranga telo taona fara faha ela aorianan'ny fandoavam-bola.

Ireo voalazan'ito andininy ito dia tsy manakana an'ireo voalazan'ny andininy 02.06.04 momba ny fanalana ireo sora-bola voasoratra ho an'ny mpianoka sy ireo fanampiny nofoanana na naverina.

Andininy VII-57 (Andininy 02.06.12 amin'ny CGI).- Ny fampidirana raharahanam-pitsarana ataon'ny Fandrahahana ho fanangonana haba sy tataon-kaba dia maty paik'andro ao anatin'ny fe-potoana 3 taona miantomboka amin'ny fahazoana mitaky azy ireo.

Lasa 10 taona io fe-potoana io mahakasika an'ireo haba sy tataon-kaba mivesatra amin'ny mpianoka, mpanelanelana tsy nanao fanambarana voalazan'ny andininy I-100.

Andininy VII-58 (Andininy 02.06.15 amin'ny CGI).-Ny fanangonana ireo haba sy tataon-kaba dia hiantohan'ny Fandrahahana ary ireo raharaha dia ampidirina sy tsaraina toy ny amin'ny sarampanoratana.

TOKO III

FANGATAHANA FAMPIATOANA NY FANDOAVAM-BOLA

Andininy VII-59 (Andininy 20.02.44).-Ny fametrahana fitarainana momba ny fifanolanana amin'ny fototra amerana ny heta na fangatahana manoloana ny Fitsarana dia tsy mampiato ny fanangonana ireo heta. Ny fangatahana fampiatoana ny fandoavam-bola dia aterina eny amin'ny biraon'ny Foibe-mpitantanana miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra miaraka amin'ny dika mitovy amin'ny fitarainana momba ny fifanolanana amin'ny fototra amerana ny heta ary voamarina ara-taratasy ny nandraisany biraon'ny heta mintantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa heta izany.

Kanefa, ny mpandoa heta mametraka fitarainana ara-pifanolanana dia mahazo fampiatoana mampifanolana raha manao fangatahana mazava :

- manoloanan'ny Fandrahahana, ao anatin'ny fitarainana mialoha alefa eny amin'ny sampan-draharaha mpitantanana ny antontan-taratasin'ny mpandoa heta na eny amin'ny sampan-draharaha miandraikitra ny famerana ny heta ;
- raha mampandre ny Vaomiera ara-ketra, kanefa dia mangataka amin'ny alalan'ny taratasy miavaka eny amin'ny sampan-draharaha misahana ny fifanolanana ara-ketra izy ;

raha manome miaraka amin'ny fangatahany taratasy manamarina ny fandoavana ny ampanan-ketra nekeny izy raha misy izany, miaraka amin'ny fangatahany;

raha maneho ao anatin'ny fitarainany na faritany ny fototry ny fangataham-panafoanana tiany sitrahana ; raha manome miaraka amin'ny fitarainana ara-pifanolanana taratasy fanamarinana miantoka mialoha ny fandoavana amin'ny alalan'ny fomba eken'ny lalàna tsy miteraka zana-bola izay mira amin'ny atsasakin'ny fameran-ketra mampifanolana izy, na antontan-taratasy manamarina ny sora-paneken'ny orinasa fitrosana vola iray na maromaro mba hiantoka ny fandoavana ny antsasakin'ny fameran-ketra mampifanolana amin'ny tahirimbolam-panjakana mandritran'ny fe-potoana iray taona fara fahakeliny izy. Ny antoka dia tsy maintsy havaozin'ny mpandoa hetra, atao mitovy faharetany, ao anatin'ny fe-potoana iray volana mialohan'ny fahataperany, ary mandra paivoakan'ny fanapahan-kevitra raikitra mahakasika ny fifanolanana amin'ny fameran-ketra mandritran'ny ny dingana ara-panjakana na ara pitsarana.

Raha tsy misy fanavaozana ny antoka apetraka eny amin'ny Foibem-pitantanana misahana ny fifanolanana ara-ketra araka ireo fepetra voalaza eo ambony dia tsy afaka mampiato ny fanantanterahana an'ireo hetsi-panongan-ketra ny fampiatoana fandoavam-bola lasa tsy manan-kery intsony.

Ny Tale misahana ny fifanolanana ara-ketra, manam-pahefana ara-ketra mahefa, dia mampahafantatra ny tohin'ny fangatahana fampiatoana fandoavam-bola ao anatin'ny fe-potoana folo andro miatomboka amin'ny nandraisana ny fangatahana. Raha misy fandavana dia azon'ny mpandoa hetra atao ny mampiakatra ny raharaha eny amin'ny Filan-kevi-panjakana izay manapa-kevitra ankamehana. Manana an'io zo io ko ny mpandoa hetra raha tsy misy fanapahan-kevitry ny Sampan-draharaha ao anatin'io fe-potoana io.

Ny fangatahana eny amin'ny Fitsarana dia tsy maintsy ampidirina ao anatin'ny fe-potoana folo andro miatomboka amin'ny nandraisana ny fanapahan-kevitra na ny fahataperan'ny fe-potoana voalazan'ny andalana eo aloha.

Ireo fepetra voalazan'ito andininy ito dia azo ampiarina amin'ny fanaovana antoka amin'ny fitarainana ara-pifanolanana amin'ny fameran-ketra, eny amin'ny Fandraharahana na eny amin'ny Fitsarana.

Ny fampiatoana fanatanterahana, paikady amin'ny lalàna mifehy ny ankabobem-bahoaka ampiarina eny amin'ny Fitsarana Tampony sy ireo karazam-pitsarana ao aminy dia tsy mihatra amin'ny hetra.



LOHATENY VIII. – FIFANOLANANA ARA PANANGONAN-KETRA

LOHATENY VIII: FIFANOLANANA ARA PANANGONAN-KETRA	132
TOKO I: FANOCHANANA ARA-PANENJEHANA MOMBA IREO HETRA ANGONON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY KITAPOM-BOLAM-PANJAKANA	132
TOKO II: FIFANOLANANA ARA-PANANGONANA HO AN'IREO HETRA ANGONIN4NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA	132
SOKAJY I: FITARAINANA	132
SOKAJY II: FAMPIATOANA IREO HETSI-PANANGONAN-KETRA	132
TOKO III: FEPETRA IRAISAN'NY FANOCHANANA	133

LOHATENY VIII. –
FIFANOLANANA ARA PANANGONAN-KETRA

TOKO I

FANOHANANA ARA-PANENJEHANA MOMBA IREO HETRA ANGONON'NY SAMPANDRAHARAHAN'NY KITAPOM-BOLAM-PANJAKANA

Andininy VIII-01 (Andininy 20.01.30 amin'ny CGI).- ireo fitarainana mahakasika ny fanenjehana dia miendrika fanohanana amin'ny taratasim-panenjehana na fanohanana sora-pitakiana hetra.

Foana ny fanohanana raha tsy atao anatin'ny volana nanaovana ny fampahafantarana ny taratasy.

Andininy VIII-02 (Andininy 20.01.31 amin'ny CGI).- ireo fitarainana mahakasika ny sora-pitakiana hetra sy ireo taratasim-panenjehana dia tsy mikendry afa-tsy ny fahalavorarian'ny endriky ny taratasy.

Ny fanohanana ny taratasim-panenjehana dia hoentina eo anivon'ny Fitsarana misahana ny raharahan'olon-tsotra ary ny fanohanana ny sora-pitakiana hetra dia hoentina eo anivon'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana.

Kanefa, rehefa tsy manaiky ny andraikitra amin'ny trosan'ny mpandoa hetra misoratra amin'ny filazana fameran-ketra ny olonkafa voasaringotra nohon'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka, dia mampiato ny fanapanhan-kevitra ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana mandrapahatapa-kevitry ny Fitsarana misahana ny ady madio momba ny olana ara-andraikitra. Ny Fitsarana ady madio dia tokony hapandrenesina ao anatin'ny volana nanaovana ny fampahafantarana ny fanapanhan-kevitra mampiato fitsarana, raha tsy zany dia foana.

Andininy VIII-03 (Andininy 20.01.32 amin'ny CGI).- Na fanohanana taratasim-panenjehana io na fanohanana sora-pitakiana hetra, ny mpandoa hetra dia tsy afaka mitondra ny raharaha eny amin'ny Fitsarana misahana ny raharahan'olon tsotra na ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana mialohan'ny fitondrana ny fangatahany miaraka amin'ny porofon-kevitra rehetra eny amin'ny Tale jeneralin'ny hetra izay afaka manankina ny fahefam-panapahan-kevitra amin'olonkafa.

Ny fangatahana dia tsy maintsy atao miendrika taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana izay azo soratan'ny mpanohana ihany amin'ny taratasy tsy misy hajia na ireo solontenany afaka manao izany mitondra ny fanamarinan-pahefany

Foana ny taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana raha tsy apetraka ao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny andininy VIII-01 etsy ambony.

Raha tsy mahafapo an'ny mpanohana ny fanapanhan-kevitry ny Tale jeneralin'ny hetra dia azony hoentiny eny amin'ny Fitsarana mahefa ny raharaha Sahala amin'izay ny atao raha tsy misy fanapanhan-kevitra raisina ao anatin'ny vola nametrahana ny taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana

Article VIII-04 (Andininy 20.01.33 amin'ny CGI).- Amin'ny tranga fanagejana fananana manaraka sy ireo fananana manaraka hafa ho fandoavan-ketra, raha misy fangatahan'ireo milaza ho tompon-pananana dia tsy azo hoentina eny amin'ny Fitsarana misahana ny raharahan'olon-tsotra ny raharaha raha tsy avy hoentin'ny ankilany tompon-draharaha eny amin'ny manam-pahefana amin'ny raharam-panjakana izany arak'ireo paikady voalazan'ny andininy VIII-03 etsy ambony.

TOKO II**FIFANOLANANA ARA-PANANGONANA HO AN'IREO HETRA ANGONIN'NY SAMPANDRAHARAHAN'NY HETRA****SOKAJY I
FITARAINANA**

Andininy VIII-05 (Andininy 20.01.46 amin'ny CGI).- Ny fitarainana mahakasika ireo taratasim-panenjehana dia tsy afaka mifototra afa tsy amin'ireo tsy fahatomombanana ara pombafomban'ny taratasy, na amin'ny tsy fahazoana mitaky ny sora-bola takiana avy amin'ireo fandoavana vita, na amin'ny fahalanian'ny paik'andro, na ireo antony hafa rehetra tsy mampisy adihevitra intsony ny fameran-ketra sy ny fikajiana ny hetra. Tsy azo raisina ireo fitarainana natao aorianan'ny 8 andro miatomboka amin'ny andro nanaovana ny fanagejana.

Ny fanohanana amin'ny taratasim-panenjehana mampisy adihevitra amin'ny fahazoana mitaky ny hetra takiana amin'ny alalan'ny sora-pitakiana hetra tsy nanaovana fanohanana tao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny lalàna dia tsy azo raisina no sady tsy afaka manakana ny fanantanterahana ny sora-pitakiana hetra.

Ny fanohanana amin'ny taratasim-panenjehana dia hoentina eny amin'ny Fitsarana misahana ny ady madio ny toerana nanaovana ny fanagejana.

Tsy maintsy hampandalovina amin'ny Tale misahana ny fifanolanana ara-ketra, ary tsy azo raisina raha tsy feno izany fepetra izany, ao anatin'ny fe-potoana valo andro miatomboka amin'ny fampahafantarana ny fanagejana, ny fangatahana miaraka amin'ireo porofon-kevitra ilaina amin'izany omen'ny :

- olonkafa voasaringotra amin'ny raharaha noho ireo fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny ankabobem-bahoaka, tsy manaiky ny andraikiny amin'ny trosan'ny mpandoa hetra voahenjika.
- ireo olona milaza ho tompon'ireo fananana voageja ho'an'ny fandoavana ny hetra, zo, haba tokony aloan'ny mpandoa hetra.

Ny mpandoa hetra sy ireo milaza ho tompom-pananana dia tsy afaka mitondra eny amin'ny Fitsarana ireo porofo hafa ankoatran'ireo porofo efa noentiny manohana ny taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana, sy maneho anto-kevitra vaovao na trangan-javatra hafa ankoatran'nireo voazava ao anatin'ny taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana amin'ny taratasim-pamaranan-kevitra eny amin'ny Fitsarana.

**SOKAJY II
FAMPIATOANA IREO HETSI-PANANGONAN-KETRA**

Andininy VIII-06 (Andininy 20.01.46 bis amin'ny CGI).- Na dia eo aza ireo fepetra voalazan'ny andininy VIII-05 etsy ambony, ny Mpandray hetra dia, rehefa mahazo faneken-kevitra avy amin'ny Tale na ny Lehiben'ny sampana mpitantana, afaka manala tsatoka amin'ny fomba madio sy tsotra amin'ny fanohanana avy amin'ny filazana fitazonam-trosa ataon'ny olonkafa , raha mangataka izany ny mpandoa hetra aorianan'ny fanaovana antoka ampy tsara, fanekekem-pandoavam-bola, na fandoavana ireo zo sy haba tokony aloa, miaraka amin'ny fisintonana an-tsitrano ny fanenjehana ny filazana fitazonam-trosa ataon'ny olonkafa.

Ny Tale misahana ny fifanolanana ara-ketra dia manapa-kevitra amin'ny fangatahana tsy maintsy atao aminy.

Ny fanjavonan'ny antoka sy/na ny tsy fanajana ireo fanekena voalaza etsy ambony dia mitarika avy hatrany ny fanaovana indray ny hetsi-panangonan-ketra.

TOKO III

. FEPETRA IRAISAN'NY FANOHANANA

Andininy VIII-07 (Andininy 20.01.47 amin'ny CGI).- Raha misy fanohanana an'ireo taratasim-panenjehana, ny mpandoa hetra dia tsy afaka mitondra ny raharaha eny amin'ny Fitsarana mahefa raha tsy mampandalo ny fangatahany miaraka amin'ny porofon-kevitra ilaina amin'ny Tale misahana ny fifanolanana ara-ketra.

Ny fangatahana dia miendrika taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana soratan'ny mpanohana ihany na ireo solontenany mahefa afaka manaporofa ny fisoloantenany, amin'ny taratasy tsy misy hajja.

Ny taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana dia apetraka ao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny andininy VIII-05, ra tsy izany dia foana.

Ny Tale dia manapa-kevitra ao anatin'ny iray volana nametrahana na nandraisana ny taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana. Afaka manankina ny fahefam-panapahan-kevitra amin'olonkafa izy.

Ny fanapahan-kevitra dia ampahafantarina avy hatrany amin'ny mpanohana amin'ny alalan'ny rohin'ny sampan-draharaha na amin'ny alalan'ny taratasy manokana miaraka amin'ny taratasy manaporofa ny nandraisana izany.

Ny fanapahan-kevitra dia tsy maintsy maneho, raha misy fandavana amin'ny ampahany na manontolo, ny famelabelaran-kevitra tsotsotra ny anton'ny fanapahan-kevitra.

Raha tsy mahafapo azy ny fanapahan-kevitry ny Tale dia azon'ny mpanohana atao ny mitondra ny raharaha amin'ny Fitsarana mahefa ao anatin'ny fe-potoana iray volana miantomboka amin'ny nandraisana izany, miaraka amin'ny fampiantsoana amin'ny andro raikitra. Toa izany ihany koa raha tsy nisy fanapahan-kevitra noraisina tao anatin'ny iray volana nanaovana ny fametrahana na ny fandraisana ny taratasim-panazavana ny anton-pifanolanana ; amin'io tranga farany, ny fe-potoana iray volana dia miantomboka amin'ny fahataperan'ny fe-potoana voalazan'ny andalana faha 4 etsy ambony.

Ny fampiantsoana nalefa mialohan'ny fahataperan'io fe-potoana iray volana voalaza io na mialohan'ny fampahafantarana ny fanapahan-kevitry ny Tale na ihany koa aorianan'ny fahataperan'ny fe-potoana nomena an'ireo mpanohana hitondrana ny raharaha eny amin'ny Fitsarana dia foana sy tsy azo raisina.

Raràna ny fandidian'ny mpitsara ny fanajanonana ny fanenjehana raha tsy misy fanapahan-kevitra mialoha voalazan'ny andalana faha 5 an'ito andininy ito, raha tsy te ho tompon'antoka amin'ny anarany madio sy manokana amin'ny fandoavana ireo hetra tokony aloa.

LOHATENY IX. FEPETRA ISAN-KARAZANY

LOHATENY IX: FEPETRA ISAN-KARAZANY	137
TOKO I: FAHALANIANA PAIK'ANDRO SY FE-POTOANA	137
SOKAJY I : PAIK'ANDRO	137
SOKAJY II: FE-POTOANA	140
TOKO II: TSIARAMBATELO ARAK'ASA	140
SOKAJY I: FOTO-KEVITRA ANKAPOBENY	140
SOKAJY II : SEHA-MPAMPIHARANA NY ANDRAIKITRA AMIN'NY TSIAMBARATELO ARAK-ASA	140
TOKO III: IVON-PITANTANANA NAHAZO FANKATOAVANA	140
TOKO IV: ANDRAIKITRA MIKASIKA NY KAONTY ANY AMIN'NY BANKY	141
TOKO V : ANDRAIKITRY NY MPIASA AMIN' SORA-PANORATANA	141
TOKO VI: RIJAN-TENY FAMPIHARANA SY TARATASIM-PANJAKANA	142
TOKO VII : TSY FAHAZOANA MANENJIKA, FIAROVANA IREO MPIASAN'NY HETRA	142
TOKO VIII: VOKATR'IREO LAMANDY SY FITAZOMAM-PANANANA	142
TOKO IX: TAMBIM-TOERA-PANDOAVAM-BOLA	143
TOKO X: FITOROHANA MANALA-BARAKA	143
TOKO XI: FITONDRAINA FITAOVAM-PIADIANA	143

**LOHATENY IX.
FEPETRA ISAN-KARAZANY**

**TOKO I.
FAHALIANANA PAIK'ANDRO SY FE-POTOANA**

**SOKAJY I
PAIK'ANDRO**

**PARAGIRAFY I
FE-POTOANAN'NY FAHALANIAN'NY PAIK'ANDRO**

Andininy IX-01 (Andininy 20.04.01 amin'ny CGI).- Ireo tsy fahampiana, tsy fahamarinana na fahadisoana amin'ny fameran-ketra, ireo fanadinoana manontolo na amin'ny ampahany voamarina ifotony ao anatin'ny fanambaran-ketra, zo, sy haba, ny tsy fanaovana na fahampian'ny fandoavan-ketra, zo, haba dia azon'ny Fandraharahana amboarina arak'ireo fepetra sy fe-potoana voalaza etsy ambany, raha tsy hoe misy fepetra manokana.

**ZANA-PARAGIRAFY I
HETRA MIVANTANA SY HABA MITOVITOY AMINY**

Andininy IX-02 (Andininy 20.04.02 amin'ny CGI).- Ho an'ny ny hetra alaina amin'ny vola miditra, ny famerenan-jo an'ny Fandraharahana dia ampiharina hatramin'ny faran'ny taona fahatelo manaraka ny taona tsy maintsy hanefana ny fameran-ketra. Ireo fepetra araky ny andalana faharoa ao amin'ny andininy IX-01 dia azo ampiarina amin'ny fanarahamason'ny fanemorana ny fatiantoka.

Andininy IX-03 (Andininy 20.04.03 amin'ny CGI).- Ny fe-potoana amin'ny famerenan-jo voalaza amin'ny andoniny IX-02 etsy ambony dia mihatra ihany koa amin'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fanana mitera-bola.

Ny fiantombohan'io fe-potoana io dia ny daty ahazoana mitaky ny hetra.

Kanefa, ny fahalanian'ny paik'andro dia tsy mihatra amin'ny Fandraharahana raha tsy amin'ny andro nahafahany njery ifotony ny fahazoana mitaky ny hetra, araka ny taratasy nanaovana sora-panoratana na amin'ny alalan'ny antontan-taratasy voapetraka amin'ny fomba ara-dalàna eny amin'ny birao mahefa ho'an'ny fahalanian'ny paik'andron'ny hetra.

Andininy IX-04 (Andininy 20.04.04 amin'ny CGI).-Ireo fanadinoana, ireo fahadisoana na tsy fahampiana hetra mahakasika ireo hetrantany dia azo harenin'ny sampan-draharaha mandrampahatapiry ny taona fahatelo manaraka ny taona nanaovana ny famerana ny hetra tokony aloa.

**ZANA-PARAGIRAFY II
HABA ALAINA AMIN'NY VOLA MATY**

Andininy IX-05 (Andininy 20.04.05 amin'ny CGI).-Amin'ny haba alaina amin'ny vola maty sy haba mitovitovy, ny famerenan-jo dia mihatra hatramin'ny fahataperan'ny taona fahatelo manaraka ny taona nahazoana nitaky ny haba. Raha tsy mifanaraka amin'ny taom-piasana ny taona sivily, ny fe-potoana dia miantomboka amin'ny vanim-potoana nampiharana ny famerenan-jo amin'ny hetra halaina amin'ny vola miditra ary tapitra ny 31 désambra amin'ny taona fahatelo manaraka ny taona namaranana io vanim-potoana io.

Andininy IX-06 (Andininy 20.04.06 amin'ny CGI).-Na dia eo aza ireo fepetra voalazan'ny andininy IX-05 etsy ambony, ny zo ahafahan'ny Fandraharahana manaramaso ny hetra dia azo ampiharina amin'ny taona lany paik'andro rehefa ireo taona ireo no ipoiran'ny sora-bola andoavana ny haba izay angatahan'ny mpandoa hetra fisitrahana.

ZANA-PARAGIRAFY III

SARA PANORATANA, ZO SY HAJIA ARY HABA MITOVITOZY AZY

Andininy IX-07 (Andininy 20.04.07 amin'ny CGI)..- Ny famerenan-jo an'ny Sampan-draharaha dia lany paik'andro amin'ny faran'ny taona fahatelo manaraka ny taona nanaovana ny sora-panoratana na ny fanambaran-ketra.

Ny fahalanian'ny paik'andro telo taona dia mihatra amin'ny sazy ara-ketra nohon'ny fandikana ny fitsipika momba ny hajia. Io fahakanian'ny paik'andro io dia miantomboka amin'ny andro nahafahan'ny mpisia hijery ifotony ny fandikan-dalàna araka ny taratasy tsirairay hanaovana sara-panoratana.

Andininy IX-08 (Andininy 20.04.08 amin'ny CGI). – Misy ny fahalanian'ny paik'andro aorianan'ny fe-potoana 10 taona :

- a) miantomboka amin'ny andro nahafatesana, raha tsy nisy fanambarana fandovana;
- b) miantomboka amin'ny andro nanaovana ny fanoratana raha adino ny nanambara fananana ao anatin'ny fanambarana fandovana ;
- c) miantomboka amin'ny andro nanaovana ny fanoratana ny fanambaram-pandovana ho an'ny hetsika fanangonana ireo zo sy sazy azo takiana, nohon'ny tsy fahamarinan'ny taratasy na fanambarana trosa;
- d) miantomboka amin'ny andron'ny fanoratana ny fanambaram-pandovana, ho an'ny fitarainana amin'ny hetra alaina amin'ny tombom-pananana mifaka ;
- e) miantomboka amin'ny andron'ny fanoratana ny taratasim-panomezana na fanambaram-pandovana, ho an'ny hetsika fanangonana ireo zo sy sazy azo takiana nohon'ny fanondroana tsy marina ny rohi na ambaratongam-pifandraisana eo amin'ny mpanome na ny maty sy ireo mpandray fanomezana na mpandova, sy ireo isan'ny zanaky ny maty na ny mpandova ny mpandray fanomezana na mpisitraka ny tolotra.

Kanefa, ho an'ny lova tsy misy mpitaky na tsy misy mpandray, ny fe-potoana fahalanian'ny paik'andro dia tsy miatomboka afa tsy amin'ny daty nahazoana ny fandovana.

Andininy IX-09 (Andininy 20.04.09 amin'ny CGI)..- Rehefa tsy misy fanambarana na taratasy hatao fanoratana, ny fahalanian'ny paik'andro ara-ketra dia 10 taona miatomboka amin'ny trangan-javatra nipoiran'ny fahazoana mitaky ny hetra.

Andininy IX-10 (Andininy 20.04.10 amin'ny CGI)..- Ho an'ny haba amin'ny fifanekem-piantohana, dia ampiharina ireo fepetra mikasika ireo haba amin'ny vola maty.

Andininy IX-11 (Andininy 20.04.11 amin'ny CGI)..- Ho amin'ny fanisana ny fe-potoana fahalanian'ny paik'andron'ireo zo sy sazy miandry, ny datin'ireo taratasy vita sonia tsy teo anatrehan'ny fanjakana dia tsy azo avohitra manoloanan'ny Fandrahaharana, raha tsy hoe nahazo daty voafaritra mazava nohon'ny fahafatesan'ny ankilany iray na amin'ny fomba hafa.

ZANA-PARAGIRAFY IV

HETRA TSY MIVANTANA

Andininy IX-12 (Andininy 20.04.12 amin'ny CGI)..- Na dia eo aza ireo fepetra manokana momban'ny filazana omban'antoka, ny hetsika famerenan-jo an'ny Fandrahaharana dia lany paik'andro amin'ny faran'ny taona fahatelo miantomboka amin'ny daty nahazoana nitaky ireo zo, haba sy ireo haba mitovitovy aminy.

PARAGIRAFY II

FAMELANA HANDIGANA FEPETRA

Andininy IX-13 (Andininy 20.04.01 al 2).-Ny zo afahan'ny sampan-draharaha manao fitsirihana ara-ketra dia mety azo ampiharina amin'ireo taona efa lany paik'andro rehefa misy fiantraikany amin'ny fameran-ketran'ny vanim-potoana aoriana tsy lany paik'andro ireo asa mifanaraka amin'izany. Ho famelana handigana ireo fepetra eo ambony ireo, ny zoan'ny sampan-draharahan'ny heta hanao fitsirihana ara-ketra ho'an'ny taom-piasana 2017 dia raiketina amin'ny fomba miavaka amin'2021.

Andininy IX-14 (20.04.01 al 3 amin'ny CGI).- Ny famerenan-jo an'ny sampan-draharahan'ny heta kanefa dia folo taona, raha toa ka nisy fitsirihana natomboky ny mpanangom-baovao ara-bola na ireo vondrona hafa afaka manao fikarohana ireo fivezivezem-bola tsy ara-dalàna.

Andininy IX-15 (Andininy 20.04.13 amin'ny CGI).- Na dia efa tapitra aza ireo fe-potoana famerenan-jo voalazan'ny andininy teo aloha , ireo fanadinoana na tsy fahampiana fameran-ketra navohitryny fangataham-pitarainana na ny raharaha eny anivon'ny fitsarana, dia azo harenin'ny Fandrahahana hatramin'ny faran'ny taona manaraka ny taona nandraisana ny fanapahan-kevitra nampivalona ny raharaha.

Andininy IX-16 (Andininy 20.04.14 amin'ny CGI).- Na dia tapitra aza ny fe-potoana famerenan-jo voalazan'ireo andininy teo aloha, ireo fahadisoana rehetra amin'ny karazan-ketra azo ampiharina dia azo harenina hatramin'ny faran'ny taona manaraka ny taona nandraisana fanampahan-kevitra manafoana ny fameren-ketra.

Andininy IX-17 (Andininy 20.04.15 amin'ny CGI).- Rehefa nametraka fitoriana an'ny mpandoa heta izay nanao hosoka ny Fandrahahana, dia azony atao ny manao fitsirihana sy fampiakaran-ketra amin'ny taona roa mihoatran'ny fe-potoana mahazatra fahalanian'ny paik'andro.

Kanefa, miato ny fanangonana ny fameren-ketra fanampiny natao arak'ireo fepetra eo ambony raha manome antoka ampy tsara ny mpandoa heta ahazoana miantoka ny fanangonana ire fameren-ketra sy sazy azo takiana.

Andininy IX-18 (Andininy 20.04.16 amin'ny CGI).- Ny fe-potoana fahalanian'ny paik'andro ampiharina amin'ny sazy ara-ketra mahakasika ny fameren-ketra sy fandoavan-ketra, zo, sy haba sy ireo fameren-ketra hafa dia sahala amin'ny fe-potoana ampiharina amin'ny renin-jo.

Andininy IX-19 (Andininy 20.04.17 amin'ny CGI).- Amin'ireo trangan-javatra rehetra tsy misy fe-potoana fahalanian'ny paik'andro fohy kokoa, ny famerenan-jo an'ny Fandrahahana dia ampiharina mandritran'ny telo taona miantomboka amin'ny antony miteraka heta.

PARAGIRAFY III

VOKATRY NY FAHALANIAN'NY PAIK'ANDRO

Andininy IX-20 (Andininy 20.04.18 amin'ny CGI).- Ny vokatry ny fahalanian'ny paik'andro dia manafoana ireo andraikitry ny mpandoa heta nohon'ny tranga manokana nahalany ny fe-potoana, ary mitovy amin'ny fandoavan-ketra rehefa lany ny paik'andro.

Kanefa, amin'ny sara panoratana, ireo fombafombam-panoratana dia mitoetra foana na dia lany paik'andro aza ireo taratasy sy famindram-pananana, ny zo raikitra an'ireo taratasy tsy voafaritra anarana dia azo takiana.

PARAGIRAFY IV

FANAPAHANA NY FAHALANIAN'NY PAIK'ANDRO

Andininny IX-21 (Andininny 20.04.19 amin'ny CGI).- Ny fahalanian'ny paik'andro dia tapaka amin'ny alalan'ny fampahafantarana ny tolo-kevitra fanitsiana ara-ketra, ny fanambarana na fampahafantarana fitanana an-tsoratra, ny fandrotsahana haba aloa mialoha, ny fametrahana fitarainana, ny fametrahana fangatahana fihenan-tsazy, ireo taratasy rehetra maneho ny faneken'ny mpandoa hetra sy ireo taratasy rehetra manapaka ny paik'andro araka ny lalàna mifehy ny ankabobem-bahoaka.

Raha misy fitsipahan'ireo mpandoa hetra voambara an'ireo angom-baovao azo avy amin'ny andraiki-panambarana ny fifandraisana, ny fahalanian'ny paik'andro ho an'ny mpandoa hetra mpanao fanambarana diso dia tapaka amin'ny alalan'ny fampahafantarana ny tolo-kevi-panitsiana ara-ketra natao amin'ny mpandoa hetra voambara.

Andininny IX-22 (Andininny 20.04.20).- Ny vokatry ny fanapahana ny fahalanian'ny paik'andro dia ny fanafoanana ny fahalanian'ny paik'andro natomboka sy ny fanisana fe-potoana vaovao mitovy karazany sy faharetany amin'ny teo aloha, miantomboka amin'ny taratasim-panapahana.

Ho famelana handingana ireo fepetra voalaza eo ambony, ny fampahafantarana ny sora-pitakiana hetra dia manapaka ny fahalaniana paik'andro amin'ny Fandraharahana ary soloin'ny fahalanian'ny paik'andro voalazan'ny lalàna mifehy ny ankabobem-bahoaka.

SOKAJY II FE-POTOANA

Andininny IX-23 (Andininny 20.02.41 amin'ny CGI).- Ireo fe-potoana voalazan'ny Fehezan-dalàn'ny hetra sy ito andininny ito dia fe-potoana katroka.

TOKO II TSIARAMBATELO ARAK'ASA

SOKAJY I FOTO-KEVITRA ANKAPOBENY

Andininny IX-24 (Andininny 20.06.09 amin'ny CGI).- Ny mpiasan'ny sampan-draharahan'ny hetra sy amin'ny ankabobeny ireo olona rehetra voantso mandritran'ny fanatanterahana ny asany na andraikiny amin'ny fandrafetana, ny fandraisana, ny fifanolanana na fandrafetana ara-materialy ny sora-pitakiana hetra alaina amin'ny vola miditra, ireo tombom-barotra na vola maty, dia voafehin'ny tsiambaratelo arak-asa araka ny voalazan'ny andininny 378 ny Fehezan-dalàna famaizana sy azo ampiharana ireo sazy voalazan'io andininny io.

SOKAJY II SEHA-MPAMPIHARANA NY ANDRAIKITRA AMIN'NY TSIAMBARATELO ARAK-ASA

Andininny IX-25 (Andininny 20.06.10 amin'ny CGI).- Ny fitsipika momba ny tsiambaratelon'ny asa dia tsy mihatra :

- amin'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra, ny Tale jeneralin'ny hetra, Tale, Lehiben'ny sampan-draharaha na ny ivon-ketra ary tsy azo ataon'izy ireo ny manankina andraikitra amin'ny fandinihana antontan-taratasy any amin'ny ivon-ketra sy lafin-draharaha. Ireo antontan-taratasy dia tsy azo alefan'ny mpisafio raharahan'ny hetra any amin'ny lehibe isan'ambaratonga raha tsy misy baiko an-taratasy ;

- amin'ny mpitsara mpanao famotorana izay manao fanadihadiana amin'ireo trangan-javatra nanaovana fitioriana ara-dalàna ataon'ny Fandraharahana amin'ny mpandoa hetra ;

- amin'ny tompon-pahefana ara-pitsarana manapa-kevitra amin'ny famerana ireo tambi-karama na onitra, takian'ny mpandoa hetra amin'ny Fanjakana, na amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsijanram-pahefana rehefa miankina mivantana na tsy mivantana amin'ny sorabolan'ny tambi-karama na onitra ny tombony na vola miditra amin'izy ireo.

Ankoatrizay, rehefa mitory ny mpandoa hetra ny Sampan-drahara han'ny hetra ary misy paikady heloka ho fanadihadiana nosokafana, ny mpiasan'ny sampan-drahara han'ny hetra dia tsy voafatotry ny fitsipika momba ny tsiambaratelon'ny asa manoloana ny Mpitsara mpanao famotorana izay manadihady azy ireo ny amin'ireo trangan-javatra nanaovana fitoriana.

Andininy IX-26 (Andininy 20.06.11).- Ireo fitsipika momba ny tsiambaratelon'ny asa dia tsy manakana ny fifanankalo zana angom-baovao eo amin'ny Fandraharahana ara-ketra an'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ireo Fandraharahana ara-ketra an'ireo Firenena nanao fifanarahana fifanampiana amin'ny hetra, tsy manakana fifanankalo zana amin'ny Tahiry nasionaly momba ny fitsinjovana aratsosialy ireo angom-baovao mifandraika amin'ny karama vita kaonty.

TOKO III IVON-PITANTANANA NAHAZO FANKATOAVANA

Andininy IX-27 (Andininy 20.08.01 amin'ny CGI).- Ireo ivon-pitantanana nahazo fankatoavana ka ny anton-pisiany dia ny manampy amin'ny fintantanana amin'ireo mpandoa hetra tsy maintsy manao fintantanana kaonty araka ny drafitra ankaboney momba ny kaontim-bola 2005 sy amin'ny fepetra mifehy ny hetra tambatra miasa amin'ny lafiny ara-industria, ara-barotra, ara asa tanana, ara-pambolena, sy mampiroborobo ny fampiasana ny kaontim-bola sy manamora ny fanatanterahana an'ireo andraikitra arakin'ny raharaha ham-panjakana sy ara-ketra an'ireo mpikambana amin'ny asa-tena sy ireo mpihazona andraikitra sy birao, dia azo omena fankatoavana arak'ireo fepetra amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Andininy IX-28 (Andininy 20.08.02 amin'ny CGI).- Ireo ivon-pitantanana dia atsangana araka ny finiavan'ny manampahaizana ara-kaonty na ireo orinasa misoratara amin'ny fikambanan'ny manampahaizana ara-kaonty sy ara-bola eto Madagasikara (OECFM), na ireo antenimieran'ny varotra, ,ny industria, ny fambolena, sy ny asa-tanana, ireo fikambanana na ireo fikambanana matihanina mitsangana ara-dalàna.

Andininy IX-29 (Andininy 20.08.03 amin'ny CGI).- Ny kaontin'ireo mpikambana amin'ny ivon-pitantanana nahazo fankatoavana dia tsy maintsy tazomin'ny manampahaizana ara-kaonty na orinasa mpikambana amin'ny fikambanana, izay manamarina imaso ireo antontan-taratasy ara-ketra rehefa avy mahazo toky ny amin'ny maha ara-dalàna azy ireo rehefa nanontany ireo angom-baovao rehetra ilaina ka ahafahana mandrafitra ny fifandraisan'ireo vokatra ara-ketra sy ny kaonty. Ny manampahaizana ara-kaonty, ny orinasa mpikambana amin'ny fikambanana dia manao asa fanaraha-maso isaky ny antontan-taratasy ary manome ny fanamarinana ny fandalovana imaso voalazan'ny andalana teo aloha. Afaka mandà ny hanatanteraka an'io fombafomba io izy ireo raha tsy misy tohiny ny fanamarihana nataony mialohan'ny fanakatonana ireo kaotntin'ny taom-piasana. Amin'izay tranga izay, ny Fandraharahana dia mandinika raha ilaina na tsia ny manome tombon-tsoa ara-ketra voalazan'ny didy amam-pitsipika.

Andininy IX-30 (Andininy 20.08.04 amin'ny CGI).- Ny ivon-pitantanana nahazo fankatoavana dia afaka mandrafitra, amin'ny anaran'ny mpikambana, mpandoa hetra voalazan'ny andininy IX-27, ny fanambarana ara-ketra ho an'ny sampan-drahara han'ny hetra ; ny mpiasan'ny sampan-drahara han'ny hetra dia mitondra ny fanohanana ara-teknika ho an'ny ivon-pitantanana nahazo fankatoavana arak'ireo fepetra voalazan'ny fifanarahana nataon'ny ivon-pitantanana nahazo alalana sy ny Fandraharahana ara-ketra.

Andininy IX-31 (Andininy 20.08.05 amin'ny CGI).- Ny mpikambana amin'ny ivon-pitantanana nahazo fankatoavana dia iharan'ny andraikitra amin'ny fanekena ny fandoavana amin'ny alalan'ny sheky, ny

fanoratana ny baiko fandoavam-bola amin'ny anarany sy ny tsy fahazoana manoratra eo an-damosin'ny sheky afa tsy ny fanomezana mivantana ho amin'ny fakàna vola. Tsy maintsy ampahafantariny ny momba izany ny mpanjifa.

Ireo fepetra fampiharana an'ito andininy ito dia apetraka amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Andininix IX-32 (Andininix 20.08.06 amin'ny CGI).- Ny Tale parity ny hetra na ny solontenany dia manatrika, sady manan-jo aneho hevitra, ny fivoriam-panampahan-kevitry ny mpitantana an'ireo ivon-pitantanana nahazo fankatoavana, rehefa mifandraika amin'ny teti-bola sy amin'ireo fepetra fampandehana an'izy ireo ny fivoriam-panampahan-kevitra.

Andininix IX-33 (Andininix 20.08.07 amin'ny CGI).- Ny fanapahan-kevitra fanomezana fankatoavana ivon-pitantanana nahazo fankatoavana iray dia raisin'ny Tale jeneralin'ny hetra izay afaka manome fahefana amin'izany amin'ny Tale-parity ny hetra any amin'ny Faritra izay misy ny foiben'ny ivon-pitantanana nahazo alalana. Ny fanavaozana ny fankatoavina dia isaky ny 3 taona.

Andininix IX-34 (Andininix 20.08.08 amin'ny CGI).- Rehefa avy nampahafantarina an'ireo voakasika izany ireo tsy fahombiazana hita ifotony tamin'ny fananterahana ireo andraikitra voafaritry ny didy aman-pitsipika, sy nanolotra ireo fanazavana momba izany izy ireo, ny Tale-parity ny hetra dia afaka mampiankina ny fitazonana na fanavaozana ny fankatoavina ny ivon-pitantanana nahazo fankatoavina amin'ny fanovana ny mpitantana.

TOKO IV ANDRAIKITRA MIKASIKA NY KAONTY ANY AMIN'NY BANKY

Andininix IX-35 (Andininix 20.06.20 amin'ny CGI).- Ireo mpandoa hetra iharan'ny ny fepetra fameran-ketra tena izy na ny hetra tambatra izay mahafeno vola maty voafaritry ny rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika ny sora-bola, dia tsy maintsy manana kaonty any amin'ny banky misokatra amin'ny anarany izay azo ampiasaina fara-faha-keliny mandritran'ny fotoam-piasany ara-toe-karena.

TOKO V ANDRAIKITRY NY MPIASA AMIN' SORA-PANORATANA

Andininix IX-36 (Andininix 02.04.38 amin'ny CGI).-Na inona na inona antony dia tsy azon'ireo mpiasan'ny hetra atao, na dia tsy maintsy misy fanadihadihana ataon'ny manam-pahaizana aza, ny manemotra ny fanaovana sora-panoratanana an'ireo taratasy sy taratasi-pamindrana fananana nandoavana zo ka ny tahany dia voafarit'ito fehezan-dalàna ito.

Tsy azon'izy ireo atao ihany koa ny mampiato na manajanona ireo paikady efa mandeha ka mitazona an'ireo taratasy na taratasy ampitain'ny vadi-tany ; kanefa, raha misy taratasy tsy misy soratra to na taratasy ampitain'ny vadi-tany mirakitra angom-baovao ka ny soritr'-izany dia mety ilaina amin'ny fahitana ireo zo tokony aloa, ny mpiasa dia afaka manao dika mitovy sy manamarina ny fitovizan'izany amin'ny tena izy amin'ny mpiraki-drahraham-panjakana izay nanolotra izany. Raha misy fandavana, dia azony atao ny mitahiry ny taratasy mandritran'ny 24 ora fotsiny mba ahazoany endri-tsakafo, izay hiantohany, raha ilaina izany.

Io fepetra io dia ampiharina amin'ireo taratasy vita sonia tsy teo anatrehan'ny fanjakana izay atao sara-panoratana.

TOKO VI RIJAN-TENY FAMPIHARANA SY TARATASIM-PANJAKANA

Andininix IX-37 (Andininix 20.07.01 amin'ny CGI).- Na dia eo aza ireo fepetra voalazan'ireo andininix tsirairay mazava tsara, ny manam-pahefana mahefa ara-ketra dia afaka mametraka amin'ny alalan'ny

didy aman-pitsipika ireo fombafomba fampiharana na fandikana ny hevit'ireo fepetra voalazan'ito fehezan-dalana ito.

Andininy IX-38 (Andininy 20.07.02 amin'ny CGI).- 1. Ekena ny fampahafantarana amin'ny fomba elektronika ireo taratasim-panjakana avy amin'ny Fandraharahana..

Ireo fombafomba fiantohana ny maha tena izy ny nipoirany sy ireo fiarovana ny voarakitra ao amin'ny alalan'ny fanamarinana na sonia elektronika dia voafaritry ny didy amam-pitsipika.

2. Ny mpandray heta dia miandraikitra ny fanomezana ny fintananana kaonty ara-potoana, amin'ny rohi elektronika, sy ny fampitâna izany any amin'ny mpitâna ny kaontim-panjakanan'ny biraon'nnny kitapom-bolam-panjakana eny an-toerana.

TOKO VII TSY FAHAZOANA MANENJIKA, FIAROVANA IREO MPIASAN'NY HETRA

Andininy IX-39 (Andininy 20.10.01 amin'ny CGI).- Ireo mpiasan'ny hetra, raha manatanteraka ny asany, dia tsy azo hanaovana fanadihadiana na famotorana raha tsy misy fanomezana alalana avy amin'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra, raha tsy hoe misy tranga fandikan-dalàna tratra am-body omby izay manandraikitra azy ireo amin'ny tenany manokana.

Io alalana io dia tsy azo omena raha tsy aorian'ny hevity ny vaomiera misy mpikambana mpisafon'ny raharahan'hetra prinsipaly kilasy miavaka dimy (5), miandraikitra fara-fahakeliny ny asana Tale amin'ny fotoana anendrena azy ireo ho mpikambana amin'io vaomiera io.

Ireo mpikambana amin'io vaomiera io dia tendrena amin'ny alalan'ny didi-pitondran'ny Minisitra misahana ny lalàna ara-ketra mandritran'ny tao-piasana dimy (5) taona.

Ny anjara asa sy ny fampandehanana an'io vaomiera io dia faritan'ny fanapahan-kevity ny Tale jeneralin'ny hetra.

TOKO VIII VOKATR'IREO LAMANDY SY FITAZOMAM-PANANANA

Andininy IX-40 (Andininy 20.02.126 amin'ny CGI).- Ireo vokatr'ireo lamandy rehetra, fitazomam-pananana, sy sora-bola hafa nangonina amin'ny sehatry ny hetra, zo, sy haba dia tsinjaraina araka ireo paikady voalazan'ny andininy IX-41.

Andininy IX-41 (Andininy 20.01.79 amin'ny CGI).- Ny vokatr'ireo lamandy sy sazy ara-ketra manontolo voalazan'ito fehezan-dalàna ito sy ireo fitazomam-pananana sy sora-bola voangona amin'ny sehatry ny hetra, zo, sy haba araka ny fanatanterahana ireo fifanarahana nekena na didim-pitsarana famaizana, dia hanefàna mialohan'ny fitsinjarana an'ireto manaraka ireto :

1° Ireo zo nihanran'ny hosoka zay harotsaka ho tombon-tsoan'ny tetibola ankabopeny na ny tetibolan'ny vondrm-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, arakaraka ny tranga.

2° Ireo karazan-tsarany ; Ny ambi-bava no lasa vokatra azo ampasaina.

3° foana.

4° Ny sora-bola ambiny aorianan'ireo karazan-ketra ireo no mandrafitra ny vokatra madiodio azo tsinjaraina amin'ireo nanjoanina araky ny fanapahan-kevity ny Tale jeneralin'ny hetra.

TOKO IX TAMBIM-TOERA-PANDOAVAM-BOLA

Andininy IX-42 (Andininy 20.01.80 amin'ny CGI).- Ny mpandray heta dia tompon-andraikitra amin'ny tenany manokana sy amin'ny fananany an'ireo asa iandraiketany arak'ireo voalazan'ito fehezan-dalàna ito. Noho izany, dia misy tambin-toera-pandoavam-bola omena azy araky ny fanapahan-kevity ny Tale jeneralin'ny hetra.

TOKO X FITOROHANA MANALA-BARAKA

Andininy IX-43 (Andininy 20.02.127 amin'ny CGI).- Ireo sazy voalazan'ny andininy 373 ny Fehezan-dalàna famaizana dia ampiharina amin'ireo rehetra nanao fitorohana diso am-bava na an-tsoratra ireo lazaina fa fandikàn-dalàna ara-ketra.

TOKO XI FITONDRANA FITAOVAM-PIADIANA

Andininy IX-44 (Andininy 20.02.128 amin'ny CGI).- Ny mpiasan'ny hetra amin'ny fanantanterahana an'ireo asany amin'ny fanasaziana dia mahazo mitondra fitaovam-piadiana.

Azon'izy ireo atao ny mampiasa izany raha misy trangam-piarovana ara-drariny.

Ireo manam-pahefana sivily sy miaramila sy ny vondrom-kerim-bahoaka dia tsy maintsy manampy sy manohana ireo mpiasan'ny hetra amin'ireo tranga rehetra angatahany izany.

ANDININY FAHA-3

FADINTSERANANA

A- MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny andinidin'ny fehezan-dalana momba ny Fadintseranana dia ampiana sy ovaina toy izao manaraka izao :

A.1- FAMPIDIRANA SY FANOVARA AMIN'NY ANKAPOBENY :

**LOHATENY VOALOHANY
FENI-KEVITRA ANKAPOBE
MOMBA NY SATA ARA –PADINTSERANANA**

**TOKO V
FEPETRA FAMPIHARANA NY LALANA MOMBA NY LAZAM-BIDY**

**Sokajy III
Fepetra iombonana**

Ovaina ny andininy 11, ho toy izao:

And. 11. – 1° Ireo fitaovana fandoavam-bola dia voasokajy ho entana eo anivon'ny didy amam-pitsipika momba ny Fadintseranana. Araka ity Fehezan-dalàna ity, ireto no anisan'ny fitaovana fandoavam-bola :

- Vola toy ny vola avy any amin'ny banky sy ireo vola madinika ampiasaina, anisan'izany ny vola vahiny mbola azo atakalo ;
- Fitaovana azo ifanarahan'ny mpitondra toy ny : taratasim-bola, taratasim-bola azo entina mivezivezy, taratasy fampanantenana sy alàlana ;
- Ireo entana azo tehirizina ary azo ampiasaina amina sandam-bola: entana afaka misolo tena tahan'ny sanda/isa ambony ary azo avadika ho vola azo ampiasaina eo amin'ny tsenan'ny fifanakalozana azo hidirana aka tsy amin'ny alalan'ny vidin'ny fifanakalozana mora ;
- Karatra azo aloha vola mialoha.

2° Hisy ny didim-panjakana ho raisin'ny Ministra miandraikitra ny Fadintseranana ho fampiharana an'ity andinin-dalàna ity.

**LOHATENY II
FANDAMINANA SY FAMPANDEHANANA NY FANDRAHARAHANA NY FADINTSERANANA**

**TOKO II
TOMBON-JO, FIAROVANA ARY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY
NY MPIASAN'NY FADINTSERANANA**

Ampidirina ny paragirafy 4° vaovao amin'ny andininy 45, ho toy izao:

And. 45. – 4° Ao anatin'ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola amin'ny fampihorohoroana, ny mpiasan'ny Foibem-pitantanana ny Fadintseranana sy ireo mpiasan'ny servisy misahana ny fikarohana sy fampahafantarana ara-bola eto Madagasikara dia afaka mifanome mifanakalo vaovao amin'ny alalan'ny fangatahana atao na tampoka ho an'ireo fampahafantarana sy taratasy voatazona na azo nandritra ny fanatanterahana ny asan'ny tsirairay avy.

TOKO III
FAHEFAN'NY MPIASAN'NY FADINTSERANANA

Sokajy Voalohany
Zom-pitsirihana ny entana, ny fitaovam-pitaterana ary ny olona

Ampidirina ny andininy 46 Bis vaovao, ho toy izao:

And. 46 Bis. Ny Fandrahahana ny Fadintseranana dia voatendry ho fahefana mahefa mikasika ny fitsirihana atao amin'ny fitaterana ara-batana an'ireo fitaovana fandoavam-bola ireo na miditra, na mivoaka na mandala eto Madagasikara.

Ampidirina ny andininy 51 Bis vaovao, ho toy izao:

And. 51 Bis. - 1° Ny mpiasan'ny sampan-draharahan'ny Fadintseranana dia afaka manao fanarahamaso ny olona, ny entany, ny fitaovampitan-terany ary koa ireo entana rehetra ao anatin'ny fitaovampitan-terana mety hisy vola tsy misy mpanaraka. Manan-jo hitaky ny fampisehoana ny taratasy milaza ny mombamomban'ny mpitondra vola tsy misy mpanaraka, ny momba ny mpandefa sy ny andefasana na ihany koa ny mpisolo-tena azy ireo araky ny zava-misy ary mitaky ny tokony ho fantatra rehetra sy antontan-taratasy rehetra mifandraika amin'ny fiavina sy ny fiafaran'ny solo-vola entina manefa.

2° Ny mpiasan'ny fadintseranana dia afaka manao fitazonana vonjy maika ny vola na solo-vola entina manefa latsaky ny fetra lazain'ny lalàna manakery raha toa izy ka manana fambara fa ny vola na solo-vola tanterinan'olona iray na nalefa tsy misy fandrais'anjaran'ny mpitatitra miditra na mivoaka na mandalo eto Madagasikara dia misy finfandraisany amin'ny asa fampiorohoroana voalazan'ny lalàna miady amin'ny famotsiambola sy ny famatsiana ny asa fampiorohoroana eto Madagasikara. Ny fetran'ny fitazonana vonjy maika dia telopolo andro azon'ny Tale Jeneralin'ny fadintseranana alavaina indray mandeha ho amin'ny sivy volo andro mba ho filan'ny fanadihadihana.

Ny mpiasan'ny fadintseranana dia mitahiry izany angom-baovao izany, ary manao fanambarana antsoratra na ara-elektronika araky ny fafana natokana manokana ho ampiasain'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana. Izy ireo dia mampahafantatra amin'ny fomba rehetra ary eo noho eo ny Sampan'ny fitsikilovana ara-bola, ary mampahafantatra ity farany ny antontan-taratasy rehetra ampelatanany mba ahafahan'izany sampana izany manao fanadihadina lalina.

Ny anton'ny fitazonana vonjimaika dia ampaahafantarina ny mpitondra, ny mpandefa na ny andefasana ny vola na koa ireo mpisolo-tena azy araka ny zava-misy. Ireto farany, vantany vao mahare ny fampahafantarana dia teren'ny lalàna hanome an'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana ny angom-baovao ilaina rehetra ahafahana manaporofa ny fiaviana sy ny fiafarana mahazatra ny vola na solo-vola entina manefa na ihany koa ny ampiasana azy hita maso.

Ny fanapahan-kevitra fitazoma vonjimaika dia afaka hanaovan'ilay olona nahazo ilay fanapahan-kevitra antso manolona ny fitsarana mahefa iankinan'ny sampandrahahaha na ny biraon'ny fadintseranana misahana ny dingana ao anatin'ny dimy amby folo (15) andro izay manomboka amin'ny fotoana nampahafantarana azy ilay fanampahankevitra fitazomana vonjimaika. Ny fanapahankevitry ny fitsarana mahefa dia afaka havaona antso araka ny fitsipika voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny fitsarana heloka bevava.

3° Ho fampiharana izao andininy izao, ny mpiasan'ny fadintseranana dia mitazona ny fahefana manokana araka ny fahefana voalazan'ity fehezan-dalàna ity.

4° Ireo sehatra tsy manaraka ny adidy aman'andraikitra ateraky ny fanambarana na famborahana dia manana andraikitra amin'ny maha mpanataneraka azy ireo, na mpiray tsikobakoba na voakasik'ilay hosoka arakaraky ny tranga misy.

Sokajy VII
Fitsirihan'ny Fadintseranana atao amin'ireo entana nalefa paositra

Ampidirina ny andininy 55 Bis vaovao, ho toy izao:

And. 55 Bis. - 1° Ireo fandoavam-bola tsy misy mpitondra, nalefa paositra, na noentina an'habakabaka na an-tsambo na amin'ny alalan'ny fandefasana taratasy miditra, na mivoaka na mandala eo

Madagasikara, amin'ny alalan'ny vola mitovy na mihotran'ny fetra voafetran'ny didy amam-pitsipika manan-kery dia tokony hanaovana fanambarana famborahana amin'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana. Ny mpiasan'ny Fadintseranana dia afaka mitazona ireo fitaovana fandoavam-vola hatramin'ny fotoana hametrahan'ny mpandefa, mpandray na ireo mpisolo tena azy ireo ilay fanambarana famborahana.

2°. Ny tsy maintsy hanaovana famborahana dia tsy heverina ho toy ny voatanteraka raha:

- tsy fantatra izy io, na hosoka na tsy azo ampiharina ;
- ny fampahafantarana omena dia diso na tsy feno;
- ny fitaovana fandoavam-bola dia tsy natao ho azo ampiasain'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana araka ny fangatahany, na tamin'ny alalan'ny fitsirihana nandritra ny fitaterana ;
- tsy nampiharahana taratasy izay afahana manamarina ny fiaviana ;
- ny fanambarana dia tsy natao tao anatin'ny fe-potoana voafetra, mikasika ny fanambarana famborahana.

LOHATENY IV RAHARAHAMOMBA NY FAMOAHAN'ENTANA ENY AMIN' NY FADINTSERANANA

TOKO VOALOHANY FANAMBARANA AMIN'NY ANTSIPIRIANY

Ampidirina ny andininy 84 Bis vaovao, ho toy izao:

And. 84 Bis. - 1° Ireo mpitondra rehetra izay mitondra fandoavam-bola miditra, na mivoaka na mandala eto Madagasikara, an'ireo vola mitovy na mihotran'ny fetra voafetran'ny didy amam-pitsipika manan-kery dia tokony manao fanambarana eny anivon'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana. Ireo fitaovana fandoavam-bola ireo dia tokony apetraka eny anivon'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana raha to aka misy fitsirihana atao mandritran'ny fitondrana azy.

2°. Ny tsy maintsy hanaovana fanambarana dia tsy heverina ho toy ny voatanteraka raha:

- tsy fantatra izy io, na hosoka na tsy azo ampiharina ;
- ny fampahafantarana omena dia diso na tsy feno;
- ny fitaovana fandoavam-bola dia tsy natao ho azo ampiasain'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana araka ny fangatahany, na tamin'ny alalan'ny fitsirihana nandritra ny fitaterana ;
- tsy nampiharahana taratasy izay afahana manamarina ny fiaviana ;

LOHATENY X FIFANOLANANA

TOKO II Fizahana fototra ny fandikan-dalàna momba ny Fadintseranana

Sokajy Voalohany Fizahana fototra amin'ny alalan'ny fitànanana an-tsortra ny fanagiazam-pananana

Ampidirina ny andininy 267 Bis vaovao, ho toy izao:

And. 267 Bis. - 1° Raha toa ka misy fandikan-dalàna mifandraika amin'ny tsy maintsy hanaovana fanambarana na famborahana dia azon'ny mpiasan'ny sampan-daraharahan'ny Fadintseranana atao ny miroso amin'ny fanagiazana na fitazonana manontolo ny vola na solo-vola entina manefa izay fototry ny fandikan-dalàna na fikasana hanao fandikan-dalàna ary koa ny antontan-taratasy rehetra mifandraika amin'izany vola na solo-vola entina manefa voageja na notanana izany.

Tsy afaka mahazo famotsorana ireo vola na solo-vola entina manefa nogiazana ireo raha tsy vita manontolo ny fitsarana. Mety ahatonga fanafoanana ny sazy sy ny honitra ho an'ny sampan-daraharahan'ny fadintseranana ny famotsorana azy ireo aloan'ny fahavitan'ny fitsarana.

Raha toa ka tsy azo raisina eo noho eo ireo solo-vola entina manefa ho giazana ireo dia manao fanambarana ny fahefa mahefa mba hisian'ny fisamborana sy fanamelohana handoha ny sora-bola mitovy amin'ny sandan'ny solo-vola enitina manefa tokony nogiazana.

Ny fanampahan-kevitra ny hamotsorana na fanafahana madiodio dia mitarika ho azy ho amin'ny fandaniana ao amin'ny tahirimbolam-panjakana ary ny fanafoanana ny fepetra nodidiana. Mitovy amin'izay ihany koa raha toa ka misy ny fampiarana ny fanafoanana ny sazy ara-ketra.

TOKO VII **FEPETRA FAMAIZANA**

Sokajy Voalohany

Fanasokajiana ny fandikan-dalàna amin'ny fadintseranana sy sazy fototra

Ampidirina ny paragirafy 5° vaovao amin'ny andininy 362, ho toy izao:

C. HELOKA MADINIKA KILASY FAHATELO

And. 362. – 5° Ireo izay, tamin'ny alalan'ny fanondranana, fanafarana, famindrana na onitra, nanao na saika hanao hanatanteraka asa ara-bola na fifanakalozana ara-bola eo amin'i Madagasikara sy ny any ivelany, mikasika vola izay fatam-piaviana, na mivantana na tsia, ho an'ny fandikan-dalàna voalazan'ity fehezan-dalàna ity ary manitsakitsaka ny tombotsoa ara-bolan'i Madagasikara, na fandikan-dalàna momba ny didy aman-dalàna mikasika ny vokatra fitrandrahana, mikasika vokatry ny biby sy ny zava-maniry ary mikasika ny zavatra na zava-manan'aina misy poizina voafaritra ho zava-mahadomelina.

Ho fampiharana ity andininy 362. – 5° ity, ireo vola dia voahevitra ho vokatra mivantana na tsia mivantana tamin'ny alalan'ny fandikan-dalàna voalazan'ity fehezan-dalàna na manitsakitsaka ny tombontsoa ara-bolan'i Madagasikara na fandikan-dalàna momba ny didy aman-dalàna mifehy ny vokatra fitrandrahana, mikasika vokatry ny biby sy ny zava-maniry ary mikasika ny zavatra na zava-manan'aina misy poizina voafaritra ho zava-mahadomelina rehefa ny toe-javatra ara-materialy, aradàlana na ara-bola an'ireo asa fanondranana, fanafarana, famindrana na fametrahana dia hita taratra fa tsy nankato antony hafa afa tsy ny manafina ny fiavian'ireo vola ireo.

LOHATENY VOALOHANY FENI-KEVITRA ANKAPOBE MOMBA NY SATA ARA –PADINTSERANANA

TOKO V **FEPETRA FAMPIHARANA NY LALÀNA MOMBA NY LAZAM-BIDY**

Sokajy III **Fiavian'ny entana**

Ovaina ny andininy 20 Sexies, ho toy izao:

§ 2.3 – Porofon'ny fiaviana

And. 20 Sexies. – 1° Ny taratasy fanamarinana fiaviana nomena namam-pahefana mahefa ao amin'ilay Firenena mpanondrana dia manaporofa ny fiaviana.

2° Ny taratasy fanamarinana fiaviana dia maneho ny toetoetry ny endrika, izay nomena araka ny fitsipiky ny fiaviana maneho fepetra fototra mahakasika ny famaritana ny fiavian'ny entana.

3° Ny taratasy fanamarinana fiaviana dia mety ara taratasy, ara elektronika na voasolo amin'ny alalan'ny fiantohan-tena izay ny fepetra fampiharana azy dia ho voafaritra amin'ny alalan'ny fanapahan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

Ovaina ny andininy 20 Septies vaovao, ho toy izao:

§ 3. – Fitsipiky ny fiavian’ny entana nazahoan-tombon-dahiny

And. 20 Septies. – 1° Ny fitsipiky ny fiaviana nazahoan-tombon-dahiny dia mamaritra ny fepetra nahazoana fiavian’ny entana afahana mahazo:

- a) ireo fepetra momba ny lazam-bidy nazahoan-tombon-dahiny voafaritra ao anatin’ny fifanarahana izay nataon’i Madagaskara tamina Firenena sasany na fikambanana Firenena;
- b) ireo fepetra momba ny lazam-bidy nazahoan-tombon-dahiny nomen’ny Repoblikan’i Madagaskara na azo amin’ny tombontsoan’ny Repoblikan’i Madagaskara.

2° Ny fitsipika arahina afahana mamaritra fiavian’ny entana afarana na aondrana ao anatin’ny fitsipika nazahoan-tombon-dahiny dia voafaritra amin’ny alalan’ny rian-teny manokana voafaritra tao amin’ny fifanarahana iraisam-pirenena mihatra voalaza etsy amin’ny 1°.

3° Ny taratasy fanamarinana fiaviana nomena namam-pahefana mahefa ao amin’ilay Firenena mpanondrana dia manaporofa ny fiaviana.

4° Ny taratasy fanamarinana fiaviana dia maneho ny toetoetry ny endrika, izay nomena araka ny fitsipiky ny fiaviana maneho fepetra fototra mahakasika ny famaritana ny fiavian’ny entana.

5° Ny taratasy fanamarinana fiaviana dia mety ara taratasy, ara elektronika na voasolo amin’ny alalan’ny fiantohan-tena izay ny fepetra fampiharana azy dia ho voafaritra amin’ny alalan’ny fanapahan’ny Tale Jeneralin’ny Fadintseranana.

6° Io fanamarinana io dia takiana eo ampanatanterahina ny fanambarana atao amin’ny Fadintseranana.

Ovaina ny andininy 21, ho toy izao:

§ 3. – Fitsipiky ny fiavian’ny entana nazahoan-tombon-dahiny

And. 21. – 1° Amin’ny fanondranana, ny toetoetry ny endrika sy ny fitsipika hanomezana ny taratasy fanamarinana fiaviana dia voafaritra araky ny rian-tenin’ny:

- a) Ny fifanarahana nataon’ny Repoblikan’i Madagaskara niaraka tamin’ireo Firenena sasany na fikambanana Firenena;
- b) Ny fahazoana tombon-dahiny nomen’ny Repoblikan’i Madagaskara samy irery na ho tombotsoan’ny Repoblikan’i Madagaskara.

2° Ny Fandrarohana ny Fadintseranana no fahefana mahefa mikasika ny fanomezana sy ny fiantohan-tena an’ireo taratasy fanamarinana fiaviana.

LOHATENY IV RAHARAHA MOMBA NY FAMOAHAN’ENTANA EO AMIN’ NY FADINTSERANANA

TOKO I FANAMBARANA AMIN’NY ANTSIPIRIANY

Sokajy I

Toetoetra tsy maintsy arahina amin’ny fanambarana amin’ny antsipiriany

Ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-86:

And. 86. - 1° Ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana nosokafana ho an'ny raharaha mikasika ny fadintseranana.

2° Amin'ny fanafarana entana :

- a) ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia azo apetraka raha vantany vao tonga ny entana;
- b) ny entana natao fametrahana amin'ny fadintseranana izay tsy misy fanambarana amin'ny antsipiriany amin'ny fahatongavany, dia tsy maintsy, raha vantany vao vita io fametrahana amin'ny fadintseranana io, ary eo am-piandrasana ny fahazoana ny sata omena amin'ny fadintseranana, atoby ao amin'ny magazay sy ny toerana anafahana ny fadintseranana mandritra ny fe-potoana izay tsy mihoatra ny voalaza ao amin'ny andininy faha-80 amin'ity Fehazan-dalàna ity;
- c) ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia azo apetraka, mialoha ny fahatongavan'ny entana, amin'ny fomba mialoha, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-88 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

3° Amin'ny fanondranana entana :

- a) ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia tsy maintsy apetraka raha vantany vao tonga ao amin'ny biraon'ny fadintseranana ny entana;
- b) aorian'ny fanafahana amin'ny fadintseranana, ny entana natao haondrana dia tsy maintsy afatratra amin'ny fitaovam-pitaterana na, raha tsy izany, dia atoby ao amin'ny magazay sy ny toerana anafahana ny fadintseranana.

Ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-88:

And. 88. - 1° Amin'ny fanafarana entana, ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia azo apetraka amin'ny fomba mialoha, mialoha ny fahatongavan'ny entana ao amin'ny biraon'ny fadintseranana, raha toa ka efa voarakitra ao amin'ny rafitra informatika ho an'ny famoahana entana ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo na ny fiaramanidina izay ahitâna izany entana izany.

2° Ny fanambarana amin'ny antsipiriany napetraka mialoha dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-98 ka hatramin'ny faha-100 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

3° Ho fampiharana ny andininy faha-119, ny sara sy haba alaina dia ireo manan-kery amin'ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana, raha manaraka ny fombafomba arapadintseranana manan-kery.

4° Ireo fanambarana ireo dia azo ahitsy araka ny fepetra voalazan'ny 5° amin'ny andininy faha-103.

5° Ny fombafomba mifandraika amin'ny fepetra sy ny fametrahana an'ity fanambarana fanafarana entana mialoha ity dia faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

Sokaj III

Endrika, fitanisana, fandraiketana am-boky, fanitsiana sy fanafoanana ny fanambarana amin'ny antsipiriany ary fizahana ny entana alohan'ny fanambarana

Ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-103:

§ 3. – Fandraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany

And. 103. - 1° Aorian'ny fandraiketana azy ireo am-boky, dia tsy azo ovana intsony ny fanambarana. Zary lasa sora-panekena ara-dalàna mamatotra ilay mpanao fanambarana amin'ny Fandrahahana ny Fadintseranana izany.

2° Na izany aza anefa, ny mpanao fanambarana dia afaka mangataka fanitsiana ny fitanisàna iray na maromaro ao amin'ny fanambaràny aorian'ny fandraiketana azy am-boky. Na izany aza, ny fanitsiana

dia tsy afaka misy fiantraikany hampifandraika ny fanambarana amin'ny entana hafa ankoatry ireo izay niompanan'ny fanambarana tany am-boalohany.

3° Tsy misy fanitsiana ekena raha toa ny fangatahana fanitsiana ka novolavolaina taorian'ny Fandrahahana ny Fadintseranana:

- a) nampahafantatra ny mpanao fanambarana ny fikasàny ny hanao fizahàna ny entana ;
- b) nanamarina ny tsy fahatomombanan'ny fitanisàna ao amin'ny fanambaràna;
- c) nanome famotsorana ny entana.

4° Na dia izany aza, ny Fandrahahana ny Fadintseranana dia afaka manome alalana ny hirosoana amin'ny fanovàna nangatahina amin'ireo tranga voalaza ao amin'ny a) sy b) n'ny 3° rehefa afaka nahita izy, taorian'ny fanaraha-maso, fa tsy nisy hosoka natao tamin'ny fanambarana, izany dia tsy manakana ny fampiharana ny lamandy na sazy voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity.

TOKO II **FANAMARINANA NY ENTANA**

Sokajy Voalohany **Fepetra fanatanterahana ny fanamarinana ny entana**

Ovaina ny paragirafy voalohany amin'ny andininy 110, ho toy izao:

And.110. - 1° Ny Fandrarahana ny Fadintseranana dia afaka mitaky any amin'ny mpanao fanambarana ny hanomezana atontan-taratasy ilaina amin'ny fanamarinana ireo voalaza tao anatin'ny fanambarana na ny fandikana tena izy momba ireo fampahafantarana misoratra anatin'ny antontan-taratasy fanamarinana.

LOHATENY V **FAMPANDALOVANA SY SATA ARA-TOEKARENA**

TOKO II **FAMPANDALOVANA**

Sokajy III **Ny Fampandalovana amin'ny lalam-pirenena: Fandefasana avy amin'ny biraon'ny fadintseranana voalohany mankany amin'ny birao faharoa**

Ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-146:

And. 146. – Ny entana rehetra izay tsy maintsy alefa any amin'ny birao hafa eo ambany sata fampandalovana amin'ny lalam-pirenena dia anaovana fanambarana amin'ny antsipiriany ao amin'ny biraon'ny fadintseranana voalohany nidirany, ho fampiharana ny andininy faha-139-2° amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-149:

And. 149. – Ny entana alefa eo ambany sata fampandalovana amin'ny lalam-pirenena dia iharan'ny fombafomba voalaza ao amin'ny andininy faha-145 amin'ity Fehezan-dalàna ity ihany koa.

TOKO IX **FANODINANA TSY ANDOAVANA HABAN-TSERANANA**

Ovaina ny andininy 206, ho toy izao:

And. 206. - Tsy afaka misitraka izany sata izany raha tsy ny olona manana na afaka manana ny fitaovana ilaina amin'ny fanodinana noheverina sy arak'ireto fepetra manaraka ireto :

- Fahazoana alàlana mialoha momba ny fanodinana avy amin'ny Ministera voakasika ;

- ny vokatra voahodina dia tsy maintsy misitraka, araka ny fepetra voalazan'ny didy amam-pitsipika manokana, ny fanafahana manontolo na amin'ny ampahany ny sara sy haba amin'ny fanafarana na ny fanaovana lazam-bidy misy fampihenana raha oharina amin'ny an'ny entana mbola ho karakaraina ;
- ny fangatahana ny sata momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia tsy tokony hiteraka familiviliana ny fiantraikan'ny fitsipika mikasika ny fampihenana ny habetsahana ampiharina amin'ireo entana nafarana ;
- ny entana ampiasaina dia tsy maintsy fantarina ao anatin'ny vokatra ahodina

Ovaina ny andininy 207, ho toy izao:

And. 207. - 1° Ny sata momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia omena amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Ministra misahana ny Fadintseranana.

Ovaina ny paragirafy voalohany amin'ny andininy 208, ho toy izao:

And. 208. - 1° Ny fe-potoana farafahabetsany hijanonan'ny entana araka ny sata momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia roa ambin'ny folo volana manomboka amin'ny vaninandro ahazoan-dàlana avy amin'ny Fandrarahana ny Fadintseranana. Io fe-potoana io dia tsy azo halavaina afy tsy indray mandeha ho an'ny fe-potoana mitovy rehefa avy nanaovan'ny mpangataka fangatahana voamariny.

Raha manamarina izany ny toe-java-mitrange ary rehefa avy nanaovana fangatahana misy ny sosonkevitra ara-teknika avy amin'ny Ministera voakasika, azo atao ny manao fandaharam-potoana fanadiovana araka any fahitan'ny Ministera misahana ny Fadintseranana mikasika ireo sisa tavela manokana tsy voaodina ao anatin'ny fe-potoana fara faha-betsany nahazoana alàlana.

Marihana fa ny fahazoan-dàlana dia tsy manan-kery afy tsy ho an'ireo entana sy isa nahazoana alàlana.

TOKO XII **FARITRA AFAK'HABA**

Ampidirana Sokajy I mitondra ny lohateny hoe « Famaritana » ary ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-225:

Sokajy I **Famaritana**

And. 225. - 1° Ny atao hoe :

- a) « *faritra afak'haba* » : ambahany amin'ny faritra ara-padintseranan'ny Repoblikan'i Madagasikara voafaritra tsara ary voafefy tanteraka izay iharan'ny sata ara-padintseranana manokana, eo ambany fanaraha-mason'ny Fandrarahana ny Fadintseranana;
- b) « *orinasa ao anatin'ny faritra afak'haba* » : orinasa tsy miankina amin'ny Fanjakàna izay manao asa nomena alalana voalaza ao amin'ny andininy faha-226 ao anatin'ny faritra afak'haba iray, asa mankany amin'ny fanondranana entana ;
- c) « *mpitantana ny faritra afak'haba* » : orinasa miankina amin'ny Fanjakàna, tsy miankina amin'ny Fanjakàna na mitambatra izay miompana amin'ny fitantanana ny faritra afak'haba iray izay nomena hosahaniny.

2° Ireo orinasa araka ny lalàna malagasy irey ihany, ka afaka mahafeno ny fepetra fananganana orinasa, no afaka ho :

- a) « *orinasa ao anatin'ny faritra afak'haba* » ;
- b) « *mpitantana ny faritra afak'haba* » .

3° Tsy azon'ny « *orinasa ao anatin'ny faritra afak'haba* » iray atao ny manatanteraka ny asa fihariany raha tsy ao anatin'ny faritra afak'haba izay nahazoany fankatoavana voalazan'ny andininy faha-229 Sexdecies ihany.

4° Tsy azon'ny « *mpitantana ny faritra afak'haba* » iray atao ny mitantana ankoatry ny faritra afak'haba izay nomena hosahaniny ao anatin'ny rafitry ny fankatoavana voalaza ao amin'ny andininy faha-229 Novodecies, ary tsy azony atao ny manatanteraka asa fihariana hafa.

5° Ny sata nomena ireo orinasa sy mpitantana ao anatin'ny faritra afak'haba dia tsy azo atambatra amin'ny sata ara-padintseranana hafa.

Ampidirana Sokajy II mitondra ny lohateny hoe « asa azo atao ao amin'ny faritra afak'haba » ary ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-226:

Sokajy II **Asa azo atao ao amin'ny faritra afak'haba**

And. 226. – Ny faritra afak'haba dia misokatra amin'ny asa fanodinana entana izay misy fiantraikany manova ny fanondroana sy fanomezan-daharana ilay entana ao amin'ny sandam-bidy. Ny asa fanodinana dia midika hoe fanambarana sy famokarana ireo entana ireo.

Ampidirana Sokajy III mitondra ny lohateny hoe « sata ara-padintseranan'ny faritra afak'haba », ampidirana paragirafy 1 ary ovaina ho toy izao ny fanoratana ny andininy faha-227 :

Sokajy III **Sata ara-padintseranan'ny faritra afak'haba**

§ 1. – Fampihantonana na fanafahana ny sara sy haba alaina amin'ny fampidirana entana amin'ny faritra afak'haba

And. 227. -1° Ho fanatanterehana ireo asa voalaza ao amin'ny andininy faha-226, ireo orinasa voalaza ao amin'ny b. amin'ny andininy 225 dia afaka, manomboka amin'ny daty namoahana ny fanomezan-dalana hiasa amin'ny faritra afak'haba voalaza ao amin'ny andininy 229 Sexdecies mampiditra ao amin'ny faritra afak'haba entana ampihantonana sara sy haba alaina amin'ny fanafàrana entana na koa entana mivoaka sata ara-padintseranana ara-toekarena na ampihantonana sara sy haba.

2° Ho an'ny fanajariana ny faritra afak'haba nomena hosahaniny, ireo mpitantana ao anatin'ny faritra afak'haba voalaza ao amin'ny c. amin'ny andininy faha-225 dia afaka, manomboka amin'ny daty namoahana ny fanapahan-kevitra fanomezan-dàlana hisahana faritra afak'haba voalaza ao amin'ny andininy 229 Novodecies, hampiditra ao entana anafahana sara sy haba alaina amin'ny fanafàrana entana na koa entana mivoaka sata ara-padintseranana ara-toekarena na ampihantonana sara sy haba, nefo kosa tsy maintsy entana natao hanajariana ireo toerana ao amin'ilay faritra afak'haba ihany ireto farany.

3° Na izany aza, tsy azo ampidirina ao amin'ny faritra afak'haba ka ampihantonana na anafahana sara sy haba alaina amin'ny fanafàrana entana ny fiara mpitondra mpandeha sy ireo kojakojany ary koa ny solika.

Ovaina ny fanoratana ny andininy faha-228 ary ampidirana paragirafy faha-2, ho toy izao :

§ 2. – Entana voarara tsy hiditra ao amin'ny faritra afak'haba

And. 228. - 1° Voarara tsy hiditra ao amin'ny faritra afak'haba ireo entana izay voarara amin'ny fomba rehetra ny fanafàrana na fanondranana azy, izay tsy mahafeno ny fanerena napetraka momba ny famantarana ny niavian'ny entana sy ny fiantsoana ara-jeografika na izay iharan'ny fameperana, fitsipika momba ny kalitao na momba ny famonosana na fombafomba manokana.

2° Voarara indrindra indrindra ny entana mitondra fanimbàna:

- a) ny fitondran-tenam-bahoaka ;
- b) ny filaminam-bahoaka ;
- c) ny fiarovana ny vahoaka ;
- d) ny fiarovana ny fahasalamana na ny fiainan'ny olona sy ny biby ;
- e) ny fikajiana ny tontolo iainhana ;
- f) ny fiarovana ny harem-pirenena manana ny lanjany ara-javakanto, ara-tantara na arkeolojika ;
- g) ny fanajàna ny lalàna mifehy ny fifaninanana ;
- h) ny fiarovana ny mpanjifa ;
- i) zo ara-tsaina iray.

3° Rehefa nolavina ny entana ho sokajiana ao anatin'ny satan'ny fadintseranana mifehy ny faritra afak'aba noho ny tsy fanajana ny fitsipi-pifehezana ny ara-pahasalamana sy ny fitsipika ara-teknika, ny fandraraharan'ny fadintseranana dia afaka manome alalana ireo mpanafatra entana hamerina izany any amin'ny mpandefa ny entana, na amin'ny olona nomen'ny mpandefa entana alalana manokana, na

ihany koa hamotika ny entana eo ambany fanaraha-maso ny fitantanan'ny fadintseranana. Ny mpanafatra ny entana mandray an-tanana ny fandanina ateraky ny famotehana.

Novaina ho toy izao ny andininy faha 229 ary ampiana paragirafy faha 3 :

§ 3. – *Fanambarana amin'ny antsipirihany ny fametrahana ireo entana ao anatin'ny sokajin'ny sata ny orinasa afak'aba*

And. 229. -1° Ireo entana ampidirina ao amin'ny faritra afak'aba dia ampaahafantarana ny fandraharahana ny fadintseranana mba hanaovana fanambarana amin'ny antsipirihiny mba ahafahana mametraka azy ireo amin'ny sokajin'ny sata mifehy ny faritra afak'aba. Atao elektronika ny fanambarana amin'ny antsipirihiny ary ampidirina ao anatin'ny rafitra ara-informatika momban'ny famoahana entana, mifanaraka amin'ny voalazan'izao fehezan-dalàna momban'ny fadintseranana izao.

2° Ny fametrahana ny entana ao anatin'ny faritra afak'aba dia mitarika fiatraikany toy izao :

- a) Amin'ny maha « orinasa afak'aba » voafaritry ny andininy 225 :
 - i. Miato ny haba rehetra tokony efaina amin'ny fanafarana entana na amin'ny fivoahan'ny entana teo amban'ny sata ara-padintseranana ekonomika na miantona;
 - ii. Miatra ho fampiantona tanteraka rehefa lany nampiasaina tamin'ny sehatry ny fanodinana tao amin'ny faritra afak'aba ny entana ;
- b) Amin'ny maha « fitanana ny faritra afak'aba » voafaritry ny andininy faha 225 : fanafohanana ny haba rehetra tokony efaina amin'ny entana nafanarana na amin'ny fivoahan'ny entana teo amban'ny sata ara-padintseranana ekonomika na miantona.

3° Ny fe-potoana hijanonan'ny entana eo ambanin'ny satan'ny faritra afak'aba dia tsy afaka mihoatra ny dimy taona. Rehefa tapitra ny fe-potoana dia ampanarahana ny fanarenana araka ny sata ara-padintseranana ny entana.

4° Ireo entana efa nihar'an'ny fanjifana eto amin'ny repoblikan ny Madagasikara na avy amin'ny repoblikan'ny madagasikara dia afaka apetraka eo amban'ny satan'ny rafitra afak'aba raha toa ka efa voaefa mialoha ny haban-tseranana rehetra. Ny fanomezana ireo entana miaigana amin'ny tanin'ny fadintseranana amin'ny repoblikan'ny Madagasikara ho an'ny fikambanana na orinasa mipetraka amin'ny faritra afak'aba dia voasokajy ho fanondranana. Ireo entana ireo dia mila hanaovana fanambarana antsipirihany mba ahafahany mahazo ny satan'ny fadintseranana ho an'ny rafitra afak'aba.

Ampiana andininy faha 229 Bis sy paragiry 4, ho toy izao:

§ 4. – *Ireo asa afaka atao eo amban'ny saatan'ny faritra afak'aba*

And. 229 Bis. - 1° Ny fahazoandalana mampiasa ny faritra afak'aba voafaritry ny andininy faha 229 Sexdecies natokana ho an'ny « orinasa amin'ny faritra afak'aba » dia milaza mazava :

- a) Ireo asa fanodinana mety ataon'ny tompon'ny fahazoandalana amin'ny faritra afak'aba ;
- b) Ireo entana ampriasaina ao anatin'ny faritra afak'aba tafiditra ao anatin'ny asa fanodinana, nahazo fampiatonana ny haba rehetra tamin'ny fidirana ao amin'ny faritra afak'aba.

2° Ny fahazoandalana hitantana ny faritra afak'aba araka ny andininy faha 229 Novodecies nomena ny « rafi-pitantananan'ny faritra afak'aba » dia milaza mazava :

- a) Ny asa fanamboarana afaka atao ao anatin'ny rafitra afak'aba ;
- b) Ireo entana lany na ampriasaina ao anatin'ny asa fanamboarana;

3° etsy andaniny, ireo entana nampidirina ao amin'ny faritra afak'aba dia mety :

- a) Ny ilaina atao amin'ny fitahirizana
- b) Ny fikitiana mahazatra natokana hanatsarana ny fampahafantarana na ny kalitao azo amidy na ny fampanarahana ny fepetra amin'ny fitaterana, toy ny fizara na fampitambarana ny fonosana, fampitoviana sy fandaminana ny entana na fanoloana ny fonosana

Ampiana andininy vaovao 229 Ter ho toy izao :

And. 229 Ter. - 1° ny orinasa amin'ny faritra afak'aba dia afaka mivarotra ny ambin'ny entany na ny vokatr'ireo entana amin'ny orinasa hafa amin'ny faritra afak'aba mitovy izay mitaky ny fampahafantarana ny fandraharahan'ny fadintseranana.

2° ny fifampivarotana entana amin'ny samy orinasa amin'ny faritra afak'aba dia tanterahina araka ny sata ny faritra afak'aba ary hanaovana fanambarana amin'ny antsipirihany ampidirina amin'ny rafitra informatikan ny fadintseranana.

Ampiana andininy vaovao 229 Quater sy paragirafy 5 ho toy izao :*§ 5. – fivoahana amin'ny faritra afak'aba**Sous-paragraphe 1.*

Satan'ny fadintseranana mikasika ny famoahana ao amin'ny faritra afak'aba

And. 229 Quater. - 1° eo ampamoahana ny faritra afak'aba, ireo entana nampidirina, novokarina na natambatra tao amin' faritra afak'aba dia afaka mahazo ny iray amin'ireo satan'ny fadintseranana eto ambany :

- a) Fanondranana ;
- b) Fampandalovana amin'ny fadintseranana;
- c) fanondranana vonjimaika;
- d) fanondranana vonjimaika noho ny fanamborana ;
- e) fanampotehana eo ambany fanaraha-maso ny fadintseranana ho an'ny fitaovana, faika sy fako avy amin'ny famokarana tsy namidy.

2° eo ampivoahana ny faritra afak'aba, ireo entana voalazan'ny 1° dia afaka jifaina eto amin'ny repoblikan'ny Madagasikara saingy mila manaraka ny fepetra voafaritry ny andininy 229 Sexies

Ampiana andininy vaovao 229 quinques toy izao :*Sous-paragraphe 2.*

Fanambarana antsipirihany ny famoahana ny faritra afak'aba

And. 229 Quinques. - 1° ireo entana manana ny satan'ny faritra afak'aba izay sokajiana ao antin'ny sata ny fadintseranana voafaritry ny andininy faha 229 Quater eo ampivoahana ny faritra afak'aba dia mila hanaovana fanambarana amin'ny antsipirihany. Fanambarana amin'ny antsipirihany atao elektonika ary ampidirina ao anatin'ny rafitra informatikan'ny fadintseranana.

2° ny fanambarana amin'ny antsipirihana eo ampamohana ny faritra afak'aba dia manala ny fanambarana nandritra ny fidiran'ny entana teo aloha amin'ny sata ny faritra afak'aba ;

3° Fanalana atao amin'ny alalan'ny rafitra informatika ny fadintseranana.

Ampiana andininy vaovao 229 Sexies toy izao :*Sous-paragraphe 3.*

Fanjifana ny entana mivoaka ny faritra fak'aba

And. 229 Sexies. - 1° rehefa mivoaka ny faritra afak'aba, dia afaka jifaina eto amin'ny repoblikan'ny Madagasikara rehefa mandoa ny haban-tseranana ary ny hetra amin'ny fanafarana :

- a) ireo entana mitoby tsy mbola nokitihana, nampiana singa, natabatra ao amin'ny faritra afak'aba namidin'ny « orinasa amin'ny faritra afak'aba », rehefa tsy afaka sokajiana ao ana'ny iray amin'ireo sata ny fadintseranana voalazan'ny 1° ny andininy 229 Quater ;

b) ireo faika sy fako avy amin'ny fanamboarana izay tsy azo ampiasaina namidin'ny « *orinasa amin'ny faritra afak'aba* » tamin'ny faika sy fako ny fanamboarana amidy ho ny « *orinasa amin'ny faritra afak'aba* »;

c) Ireo fitaovana efa nihena sadambidy amin'ny ampahany na tanteraka mifanaraka amin'ny tabilaon'ny kaonty namidin'ny « *orinasa amin'ny faritra afak'aba* » na ny « *mpitantana ny faritra afak'aba* ».

2° Ny fanjifana ny entana voafaritry ny a) ny 1° eo amin'ny fivoahana ny faritra afak'aba dia tsy mahazo alalana raha tsy misy ifandraisany amin'ny tsy fahafahana mihitsy manasokajy ny entana ao anatin'ny sata ny fadintseranana voalazan'ny 1° ny andininy faha 229 Quater voamarin'ny fandraharahan'ny fadintseranana. Ny « *orinasa amin'ny faritra afak'aba* » dia afaka mitondra porofo mahakasika izay tsy fahafahana izay amin'ny fomba rehetra. Tsy fahafahana vokatry ny :

- a) Tranga tsy aoharana anoharana sy tsy nampoizina d'un cas fortuit ou de force majeure ;
- b) Fepetra amin'ny fandrara : de mesures de prohibition :
 - i. Mifandraika amin'ny fanapahan-kevitry ny Repoblikan'ny Madagasikara ;
 - ii. Mifandraika amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ireo firenena nandefasana ny entana ho an'ny fanondranana ;
- c) Fanovana ny fehezan-dalàna mikasika ny varotra ivelany sy ny fanarahamaso ny fanakalozambola :
 - i. Noraisin'ny Repoblikan'ny Madagasikara ;
 - ii. noraisin'ireo firenena nandefasana ny entana ho an'ny fanondranana ;
- d) Ny antony ara-pivarotana amin'ny tranga :
 - i. Tsy mifanaraka ny entana;
 - ii. Fahatapahan'ny ffanarahan'ny ividianana ny entana
 - iii. Tsy fahafahan'ny mpividy ny entana.

3° Mandritra ny fanjifana, ny famerana ny haba sy hetra :

- a) Ny entana voatahiry amin'ny endriny voafaritry ny a) 1° dia ferana araka ny karazany, fiaviny sy ny sandany amin'ny fotoana nidirany ao amin'ny faritra afak'aba, nampiatohana ny haba sy hetra. Na izany aza, ireo entana avy amin'ny tsena anatiny dia jifaina amin'ny fanahafana ny haba ;
- b) Ireo entana nampiana singa fitahirizana, vokarina na natambatra voafaritry ny a) 1° dia ferana araky ny habetsany, ny karazany, ny fiaviny ary ny sandany ny akora afaka miditra ao anatin'ny faritra afak'aba, izay nampiatona ny fandoavana ny haba rehetra . Entana ao anatin'ny vokatra hojifaina. Rehefa azo tamin'ny tsena anatiny ny akora dia tsy horaisina ny habetsany, ny karazany, ny fiaviny ary ny sandany ;
- c) Ireo faika sy fako vokatry ny fanamboarana voafaritry ny b) 1° dia faritana araky ny habetsany, karazany, fiaviny ary ny sandany. Ny sadany dia voafaritry ny fehezan-dalàna manankery ;
- d) Ny fitaovana sy ny kojakoja voafaritry ny c) 1° dia faritana araka ny habetsany, ny karazany, ny fiaviny ary ny sandany. Ny sandany dia faritan'ny fandraharahana nt fadintseranana mifanaraka amin'ny amin'ny andininy faha 24 momban'ny famaritana ny sanda sisa.

Ampiana andininy vaovao 229 Septies toy izao :

*Sous-paragraphe 4.
Famindrana sy famarotana ny entana ao amin'ny faritra afak'aba*

And. 229 Septies. - 1° Ny orinasa ao amin'ny faritra afak'aba, izay maniry ny hamindra ireo entana ao amin'ny samy faritra afak'aba na maniry ny hivarotra ireo entana amin'ny orinasa amin'ny faritra afak'aba dia mila fahazoandalana mialoha avy amin'ny fandraharahana ny fadintseranana.

2° a) Raha toa ka tranga fifampivarotana, raha toa ka mahazo fahazoandalana, ny famindrana ireo entana ao amin'ny samy fairtra afak'aba dia tsy amintsy taterahina araky ny sata ara-pitateran'ny fadintseranana. Ny fanambarana amin'ny antsipirihany ny famindrana ny entana eo amban'ny sata ny faritra afak'aba nimirany no manala ny sata ara-pitaterana.

b) Raha toa ka tranga famindrana amin'ny ampahany, ireo fepetra arahina amin'ny fivoahana sy fidiran'ireo entana ao amin'ny orinasa ny faritra afak'aba dia voafaritry ny fehezan-dalàna.

3° Ny fandraharahana ny fadintseranana dia afaka :

- a) Mamaritra ny lalan'ireo entana ho entina ao amin'ny faritry ny fadintseranana ; déterminer l'itinéraire des marchandises acheminées sur le territoire douanier ;
- b) Mametraka marika fampahafantarana na manidy ireo entana. apposer des marques d'identification ou de scellement sur les marchandises.

Ampiana section IV « fiambenana sy fanaraha-maso ny fadintseranana », ampiana paragirafy 1 sy andininy vaovao 229 Octies toy izao :

Section IV **Fiambenana sy fanaraha-maso ny fadintseranana**

§ 1. – Hetsika eo ambany fiambenana sy fanaraha-mason'ny fadintseranana

And. 229 Octies. – Iharan'ny fiambenana sy fanaraha-maso ny fadintseranana ireo entana :

- a) Raha alefa amin'ny faritra afak'aba ; à destination d'une zone franche ;
- b) Atoby na hampiasaina ao amin'ny faritra afak'aba ; entreposées ou utilisées dans une zone franche ;
- c) Avy amin'ny faritra afak'aba. en provenance d'une zone franche.

Ampiana andininy vaovao 229 Nonies sy paragirafy 2, toy izao :

§ 2. – Fitana antsonatra ny fifamezivezena Registres des mouvements

And. 229 Nonies. - 1° Ireo « orinasa amin'ny faritra afak'aba » na ireo « fitantanana amin'ny faritra afak'aba » dia tsy maintsy manana fitanana antsonatra mizara mazava tsara :

- a) Ny iray ho an'ny fifamezivezeny entana sy ny kojakoja ;
- b) Ny iray hafa ho an'ny fifamezivezena ny entana fototra, ny ankora sy ny vokatra vita.

2° Ireo rejistra ireo dia tokony ho tehirizina anaty fanohanana ara-informatika ary azon'ny sampan-daharahan'ny fadintseranana idirana aminn'ny alalan'ny internety izany.

Asina andininy vaovao faha 229 Decies sy paragirafy faha 3, izay mirafitrea toy izao :

§3.- Fanaraha-maso ny fananganana ny faritra afa-kaba

And. 229 Decies. - 1° Ny sampan-daharahan'ny fadintseranana dia manana toerana iasana isaky ny faritra afa-kaba.

2° Ny fananganana, ny fanavaozana ary ny vola lany amin'ny fiasan'ireo toerana iasana ireo, izay tokony hisy ny fitaovana ilaina rehehta amin'izany:

- a) Dia voafaritry ny fifanarahana vita eo amin'ny sampan-daharahan'ny fadintseranana sy ny « mpitantana ny faritra afa-kaba » ;
- b) Dia vatsin'ny « mpitantana ny faritra afa-kaba ».

3° Ny fanaraha-maso ataon'ny sampan-daharahan'ny fadinteranana dia atao 24 ora amin'ny 24 ora.

4° Ao anatin'io fanaraha-maso io, ambonin'ny fahefana iombonana dia azon'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana atao amin'ny fotoana rehetra ny :

- a) manao fanaraha-maso ny entanana miditra, tazonina ary mivoka ao anatin'ny faritra afa-kaba ;
- b) manara-maso ny sakeli-dalana miditra ny faritra afa-kaba ;
- c) manao izay ahazoana antoka fa ny entana miditra ao anaty faritra afa-kaba dia tsy anaovana asa afa-tsy izay omen'ny andininy 226 sy 229 Bis alalana ihany.

Asina andininy vaovao faha 229 Undecies, izay mirafitra toy izao :

And. 229 Undecies.-1° Ny sampan-draharahan'ny fadintseranana dia manamarina fa ny « *mpitantana ny faritra afa-kaba* » dia manaja ny adidy voalaza ao anatin'ny fahazoandalana ary koa :

- a) ny faritra afa-kaba dia voafefy aminn'ny rindrina azo antoka izay manana ahavo 3 metatra farafahakeliny ;
- b) ny fidirana amin'ny faritra afa-kaba dia tsy azo atao afa-tsy amin'ny fidirana roa ihany, izay ny iray dia natao ho sokafana ho amin'ny vonjy taitra raha misy hamehana ary eo ambany fanaraha-mason'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana ;
- c) ny fidirana ao amin'ny faritra afa-kaba dia mihidy amin'ny sakana izay fiambenana mahritra ataon'ny mpiasian'ny fiarovan'ny « *mpitantana ny faritra afa-kaba* »;
- d) ny toerana iasan'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana dia mipetraka eo akaikin'ny fidirana lehibe ao anantin'ny faritra afa-kaba ;
- e) ireo fotodrafit'rasa mitsangana ao anatin'ny faritra afa-kaba dia miala 5 metatra fara-faha keliny amin'ny rindriny fefy ;
- f) misy jiro manazava maharitra mandritra ny alina amin'ny toerana rehetra ao anatin'ny faritra afa-kaba ;
- g) misy rafitra fanaraha-maso video izay ahafahana mijery ny faritra rehetra anatin'ny faritra afa-kaba ary ireo sary dia afaka tenirizina mandritra ny telo taona fara-faha keliny indrindra ny eo aminn'ny farity ny fidirana lehibe.

2° Ny fanaganana fotodrafit'asa rehetra ao anatin'ny faritra afa-kaba dia tsy maintsy ahazoana alalana mialoha avy amin'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana.

Asina andininy vaovao faha 229 Doudecies, izay mirafitra toy izao :

And. 229 Duodecies.-1° Ny fidirana ao anatin'ny faritra afa-kaba dia tsy maintsy ampiseoana fahazoandalana mandeha. Ny fangatahana fahazoandalana mandeha ho an'ny olona tsirairay dia ampandalovina amin'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana mba ahazoana ny fankatoavan'izy iao. Ny « *mpitantana ny faritra afa-kaba* » no mamoaka ny fahazoandalana mandeha izay miendrika badge elektronika.

2° Tsy misy olona afaka manorim-ponenana ao anatin'ny faritra afa-kaba afa-tsy ireo olona izay takiana ny fisiány maharitra ao mba ho fampandeanana sy fikojakojana ny faritra, raha toa ity farany ka nahazo alalana avy amin'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana.

Asina andininy vaovao faha 229 Terdecies sy paragirafy faha 4, izay mirafitra toy izao :

§ 4.- Fanaraha-maso ny famindrana tetik'asa ao anatin'ny faritra afa-kaba

And.229 Terdecies.-1° Ny sampan-draharahan'ny fadintseranana dia tokony ampaahatarina ny famindrana manontolo na amin'ny ampaahany ny tetik'asa izay ataon'ny fikambanana iray ao anaty faritra afa-kaba, na io famindrana amin'ny alalan'ny varotra fitondrana na amin'ny alalan'ny fanakambanana.

2° Raha misy famindrana tetik'asa atao ao anatin'ny faritra afa-kaba :

- a) ny orinasa mpamindra dia tsy afaka misitraka ireo sata eo amin'ny fadintseranana natokana ho an'ny faritra afa-kaba intsony ;
- b) ny orinasa mpividy dia misolo ny orinasa mpivarotra amin'ny adidy sy andraikitra ary manohy misitraka ny sata eo amin'ny fadintseranana natokanana ho an'ny orinasa afa-kaba raha toa io orinasa mpividy io manana fahazoandalana orinasa afa-kaba amin'ny anarany manokana.

Asina Sokajy V manao hoe « Fankatoavana ho orinasa ao anaty faritra afa-kaba », asina paragirafy voaloha ary asina andininy faha 229 Quaterdecies, izay mirafitra toy izao :

Sokajy V
Fankatoavana ho « orinasa ao anaty faritra afa-kaba »

§1.-Fepetra ahafahana miasa ao anaty faritra afa-kaba

And. 229 Quaterdecies.-1°Ireo asa voalazan'ny andininy faha 226 ataonn'ny « orinasa ao anaty faritra afa-kaba » lazain'ny andininy 225 ihany no afaka atao ao anaty faritra afa-kaba.

2° Ireo fikambanana maniry ny ho tonga « orinasa ao anaty faritra afa-kaba » nahazo alalana anao ireo asa voalazan'ny andininy 226 ao anaty faritra afa-kaba dia tokony:

- a) hampiseo fahafahana ara-bola tsara. Mba ahafahana mahafantatra izany dia tokony hampiseho ireto antontantaratasy ireto ilay fikambanana :
 - i. dika mitovy ny sata mifehy hatramin'ny vaninandro nametrahana ny fangatahana hanao asa ao anaty faritra afa-kaba ;
 - ii. rezisitry ny varotra sy orinasa latsaky ny telo volana manomboka amin'ny datin'ny fametrahana ny fangatahana hanao asa ao anatin'ny faritra afa-kaba ;
 - iii. ny tabilaon'ny fandaminana ao anatin'ny orinasa miaraka amin'ny anarana, adiresy ary laharantariby sy adiresy mailakin'ny mpitantana ;
 - iv. tatitra ara-bola nandritra ny dimy taona farany na nandritra ny fotoana rehetra niasany ho an'ny orinasa niasa latsaky ny dimy taona ;
 - v. taratasy fandoavana hetra latsaky ny telo volana manomboka ny daty nametrahana ny fangatahana hanao asa ao anaty faritra afaka haba.
 - vi. ny porofo fa mifanaraka amin'ny fenitra ara-tontolo iainanana sy ara-tsosialy ny asa kasaina atao ao anaty faritra afa-kaba ;

- b) manana fitsipipfehezana ara-padintseranana, ara-ketra sy ara-tsosialy matotra tsara, izany hoe mahafeno ireto fepetra mitambatra manaraka ireto :
 - i. manamarina ny fomba azo antoka eken'ny sampan-draharahan'ny hetra, sosialy ary fadintseranana amin'ny fitehirizana ny rejisitra sy ny mombamomba azy mba hiarovana azy amin'ny fhaverezana, ny fahapotehana na fahasimbana ;
 - ii. nametraka tsy tapaka ny fanambarana ara-ketra, haba na fandraisana anjara ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fanambarana eo amin'ny fadintseranana nandritra ny dimy taona farany niasany mandrapahatonga ny daty nametrahany ny fangatahana hiasa ao anatin'ny faritra afa-kaba.
 - iii. Nahavoaloha ara-dalàna ny hetra, redevansa ary fandraisana anjara ny fiahiana ara-tsosialy nandritra ny dimy taona farany niasany mandrapahatonga ny daty nametrahany ny fangatahana hiasa ao anaty faritra afa-kaba,
 - iv. tsy nisy fanitsiana natao teo anivon'ny fadintseranana, nekena taoriann'ny tsy fanarahandalàna taorian'ny fahavitana nandritra ny dimy taona taloann'y fametrahana ny fangatahana hanao asa ao anatin'ny faritra afa-kaba :
 - 1) ho an'ny sanda ambonin'ny 25 isanjaton'ny haba sy hetra nialana ; na
 - 2) miaraka amin'ny fanamelohana ho amin'ny fadintseranana ; na
 - 3) miaraka amin'ny sazy heloka bevava.
 - v. tsy mbola nisy fanitsiana hetra, nekena taorian'ny fandikandalàna taoriann'ny fahavitana'ny fiangaviana, nandritra ny dimy taona talohann'y fametrahana ny fangatahana hanao asa ao anatin'ny faritra afa-kaba :
 - 1) ho an'ny sanda ambonin'ny 25 isanjaton'ny vola nambara ; na
 - 2) ampiarahana amin'ny sazy noho ny fanaovana hosoka na fanafenana vidy ;
 - 3) miaraka amin'ny sazy heloka bevava.
 - vi. Tsy nisy fanitsiana natao teo amin'ny lafin'ny fandraisan'anjaran'ny fiahiana ara-tsosialy, nekena na nakatoavina taorian'ny fifandirana taorian'ny fiangaviana, nandritra ny dimy taona nialoha ny fametrahana ny fangatahana hanao asa ao anatin'ny faritra afa-kaba :
 - 1) Ho an'ny sanda ambonin'ny 25 isanjaton'ny sandan'ny fandraisan'anjara nialana ; na

2) miaraka amin'ny sazy heloka bevava.

3° Ny fikambanana izay mbola tsy nahavita dimy taona niasana dia neverina ho manana fitsipi-pifehezana ara-padintseranana, ara-ketra sy ara-tsosialy raha toa ka mahafeno mitambatra ireto fepetra enina voalazan'ny b ao amin'ny 1 tao anantin'ny fotoana niasany ka hatramin'izao.

Asina andininy vaovao faha 229 Quindecies sy paragirafy faha 2, mirafitra toy izao :

§2.- fangatahana fankatoavana ho « orinasa ao anaty faritra afa-kaba »

And. 229 Quindecies.-1° Ny fangatahana hiasa ao anatin'ny faritra afa-kaba dia tsy maintsy alefa amin'ny alalan'ny taratasy ary hamarinin'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana amin'ny alalan'ny taratasy omena ny fandraisana azy.

2° Ny fangatahana dia tsy maintsy ampiarahana amin'ny :

- a) taratasim-pangatahana feno tsara avy amin'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana ;
- b) fandalinana ny maha-mety ny tetik'asa ;
- c) fandaharan'asa.

3° Ny sampan-draharahan'ny fadintseranana no manapa-kevitra ao anatin'ny telopolo andro aorian'ny nametrahana ny fangatahana raha azo raisina izany na tsia Mba ahafahana manao izany dia manamarina ny sampan-daharaha raha toa ka feno avokoa ireao antontantaratasy rehtra takin'ny a ao amin'ny 2 amin'ny andininy 229 Quaterdecies.

4° Raha tsy azo ekena ny fandraisana ny fangatahana satria tsy feno ireo antontantaratasy takiana dia mapahafantatra ny mpangataka amin'ny alalan'ny taratasy alefa miaraka amin'ny fanamarinana fa voaray ny sampan-draharahan'ny fadintseranana ary manana fotoana dimy ambin'ny folo andro ny mpangataka mba hanatomombananany ny fangatahany. Araka izany, ny fotoana voalzan'ny 3 dia lasa enimpolo andro katroka. Raha toa ny mpangataka ka tsy mahavita manao izay mahatomombana ny fangatahany dia lavina avy hatrany izany.

5° Kanefa, raha misy ny fandavana ny fangatahana tsy feno dia azon'ny mpangataka atao ny manao fangatahana vaovao.

Asina andininy vaovao faha 229 Sexdecies sy paragirafy faha 2, izay mirafitra toy izao:

And. 229 Sexdecies.-1° Raha toa ka azo raisina soamatsara ny fangatahana hanao asa ao anatin'ny faritra afa-kaba araka ny voalazan'ny andininy faha 229 Quindecies dia mandray fanapahan-kevitra amin'ny alalan'izany ny sampan-draharahan'ny fadintseranana amin'ny fanamarinana fa :

- a) manana fahafahana ara-bola voalzan'ny a ao amin'ny 2 amin'ny andininy faha 229 Quaterdecies ny mpangataka ;
- b) manana fitsipipifehezana ara-padintseranana, ara-ketra ara-tsosialy araka ny b ao amin'ny 2 amin'ny 229 Quaterdecies ny mpangataka ;
- c) mahafeno ny fepetra ilaina amin'ny fankatoavan'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana ny fomba fiasa momba ny firaketana an-tsoratry ara-kontin'ny mpangataka ;
- d) manome antoka ampy amin'ny lafny ara-bola, ara-tekinika sy ara-tontolo iainana ny fanadihadiana natao momba ny fanatontosana ny tetik'asa sy ny fandaharan'asa naseon'ny mpangataka.

2° Ao anatin'ny enimpolo andro katroka aorian'ny nandraisana ny fangatahana hiasa ao anaty faritra afa-kaba no andraisany ny sampan-draharahan'ny fadintseranana fanapahan-kevitra.

3° Ny sampan-draharahan'ny fadintseranana dia afaka :

- a) mitaky fanazavana fanampiny amin'ny alalan'ny taratasy alefa na taratasy aterina mivantana misy fanamarinana fa voarain'ny mpangataka. Ity farany dia manana dimy amin'ny folo andro katroka mba hamalina izany. Raha izany dia miembotra ho sivy folo andro katroka ny fotoana voalazan'ny 2. Raha toa ny mpangataka ka tsy mamaly ny fitakiana dia lavina avy hatrany ny fangatahany.
- b) mampiantso ny mpangataka mba hiresahana ny tetik'asany ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro katroka aorian'ny datin'ny fampiantsoana
- c) Amin'izany, ny fotoana voalazan'ny 2 dia miembotra ho sivy folo andro katroka. Afaka miseo irery ny mpangataka na miaraka amin'ny mpanolo-tsainy amin'izany fiantsoana izany. Raho toa ka tsy mipoitra amin'ny fiantsoana ny mpangataka dia lavina avy hatrany ny fangatahany.

4° Raha toa ka nekena ny fangatahana, ny fahazoandalana hiasa ao anaty faritra afa-kaba :

- a) dia omen'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana ;
- b) mamaritra mazava tsara :

- i. ny fotoana mampanankery ny fahazoandalana izay tsy tokony hiotra ny dimy taona ;
 - ii. ny fepetra manokana natokana ho an'ny mpangataka
 - c) avoaka :
 - i. ao amin'ny gazety ofisialin'ny Repoblikan'i Madagasikara ; ary
 - ii. ary ny fandaliana amin'izany dia iantohan'ny mpisitraka ; ao amin'ny gazety mpiseho isan'andro eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.
- 5° Raha toa ka nolavina ny fangatahana, ny fanapahak'evity ny sampan-draharahan'ny fadintseranana dia tokony :
- a) mampahafantantra ny mpangataka amin'ny alalan'ny taratasy aterina miaraka amin'ny fanamarinana fa voaray na amin'ny alalan'ny taratasy entina antanana ;
 - b) misy antony mazava tsara ;
 - c) misy ny fomba sy ny fotoana ahafahana manao antso avo.

6° Ny Fandrahahana ny Fadintseranana dia heverina fa nandà tanteraka ny fangatahana rehefa mbola tsy naka fanapahan-kevitra tao anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny 2°.

7° Ny fandavana ireo fanapahana voasoratra rehetra na tanteraka dia afahana manao antso araka ny titra IX Bis voalazan'ity fehezan-dalàna ity.

8° Ny fahazoana voalaza ao amin'ny 4° dia azo avaozina amin'ny alalan'ny fangatahana tsotra ataon'ilay « orinasa afak'haba » amin'ny alalan'ny taratasy fanekena ny fandraisana na taratasy naterina antanana omena ny Fandrahahana ny Fadintseranana. Ny fanavaozana dia omen'ny Fandrahahana ny Fadintseranana afa tsy :

- a) raha misy tsy fahampiana, voatsikaritra amin'ilay orinasa mpangataka araka ny adidy aman'andraikitry voalaza ao amin'ny andininy 226, 229 Bis, 229 Quaterdecies, 229 Quindecies, 229 Unvicies ary 229 Duovicies. Araka izay, ny tsy fanaovana fanavaozana dia misy fiantraikany mitovy amin'ny fanalana fankatoavana araka ny voalazan'ny andininy 229 Quinvicies ;
- b) raha misy fisintomana tanteraka ilay fankatoavana voalaza araka ny andininy 229 Quatervicies.

Ampidirana sokajy VI mitondra lohateny « Fankatoavana amin'ny maha mpitantana ny faritra afak'haba », ampidirina ny paragirafy voalohany sy ny andininy 229 Septdecies vaovao, ho toy izao :

Sokajy VI

Fankatoavana amin'ny maha mpitantana ny faritra afak'haba

§ 1. – *Ny mombamomban'ilay fangatahana fankatovana sy ny antsipiriany tokony ampafantarina*

And. 229 Septdecies. - 1° Ny « mpitantana ny faritra afak'haba » voalazan'ny andininy 225 dia orinasa ara-panjakana, na avy amin'ny sehatra tsy miankina na fikambanan'izy roa izay manana tanjona ny hitantana ny faritra afak'haba. Araka izany, io mpitantana io dia tsy maintsy :

- h) manamboatra, mampivelatra, mikojakoja sy mitantana :
- iv. ny fefy sy ny fidirana ao amin'ilay faritra afak'haba ;
- v. ny lalana, ny trano sy ny foto-draftr'asa an'ilay faritra afak'haba ho an'ireo « orinasa afak'haba » ;
- vi. ny toerana voatoaka ho an'ny Fandrarahana ny Fadintseranana ao anatin'ilay faritra afak'haba ;
- i) manamafy amin'ny lafiny rehetra ny fametrahana filaminana an'ilay faritra afak'haba ;
- j) mampanofa amin'ireo « orinasa afak'haba » ny foto-draftr'asa ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa ara-ekonomika azy ireo ;
- k) manome an'ireo « orinasa afak'haba » ny servisy rehetra momba ny fanomezana rano fisotro madio, angovo, fifandraisan-davitra, fikarakarana fako ary, raha azo ampiharina, toerana fisakafoanana sy fipetrahana sady fatoriana.

2° Ny « mpitantana ny faritra afak'haba » dia tokony nahazo alàlana avy tamina tetikasa nalefa tany amin'ny Fandrahahana ny Fadintseranana araka ny fepetra voalazan'ny andininy manaraka.

Ampidirina ny andininy vaovao 229 Octodecies, ho toy izao :

And. 229 Octodecies. – 1° Afahana mahazo faritra afak'haba nifanekena tamin'ny Fanjakana, ny mpitantana dia tsy maintsy manao ilay fangatahana eo anivon'ny Fandrahahana ny Fadintseranana.

2° Io fangatahana io dia tsy maintsy :

- a) ahitana ny fampahalalana rehetra takiana ao amin'ny andininy 229 Quaterdecies sy 229 Quindecies ;
- b) manome ireo fampahalalana fanampiny manaraka :
 - iii. ny toerana misy ilay faritra afak'haba noheverina araka ireto :
 - 4) ny titra fanamarinana ho tompon-tany ; na
 - 5) ny vodiondrimbarotra nifanekena momba ilay tany ; na
 - 6) ny fifanekem-panofana momba ilay tany ;
 - iv. ny famaritana sy ny fandalinana ara-ekonomika sy ara-teknika an'ilay tetikasa ;
 - v. ny drafitra fampivelarana an'ilay tany, ireo foto-draftrasa sy ny faritra maitso ;
 - vi. ny fandaharam-potoana fanatanterahana ;
 - vii. ny tomban'isan'ireo mpiasa ;
 - viii. na dia eo aza ny mety ho fanovàna, ny hofan-trano voatokana ho an'ny fampiasana ny faritra natokana handraisana ireo « orinasa afak'haba » sy ny vola natokana ho an'ny saram-panjakana ho an'ireo servisy omena ao anaty faritra afak'haba ;
 - ix. ny lisitra sy isan'ny kojakoja, fitaovana sy akora ilaina amin'ny fanatanterahana ny tetikasa.

3° Araka ny teboka iii. b) 2°, ny « mpitantana ny faritra afak'haba » dia tsy maintsy mandray ny andraikitra sy ny adidy mikasika ny fanorenana, fampivelarana sy fikojakojana :

- d) ny fefy fara faha keliny dia telo (3) metatra ny hahavony sy voaaro ary tokony hifandraika amin'ny fanovana izay mety hisy araka ny fepetra takian'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ;
- e) ireo toerana voatokana misy ireto manaraka ireto :
 - ii. fampitaovana ilaina amin'ny fiasan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ;
 - iii. fitaovana informatika sy fitaovam-pifandraisana mifanaraka amin'ny fitantanana mandeha ho azy mikasika ireo asan'ny Fadintseranana ;
- f) ireo trano misy ny fitaovana hiadivana amin'ny afo sy ny fandorona ;
- g) ireo toerana maitso ;
- h) ireo foto-draftrasa momba ny famatsiana rano fisotro madio, angovo, fitaovam-pifandraisana ;
- i) ireo tambazotran-dalana ao anatin'ny faritra afak'haba ;
- j) ny fametrahana tatatra, fanariana sy fandehanan'ny rano araka ny tokony ho izy mifandray amin'ny tambajotra monisipaly afahana manangona rano efa nampiasaina sy ho fanariana ny ranon'orana ;
- k) ireo foto-draftrasa voatokana ho an'ny fako izay manaraka ny manaja ny fenitra amin'ny tontolo iainana ;
- l) ireo foto-draftrasa manaraka sy manaja ny fenitra amin'ny fahasalamana izay afahana manome fitsaboana ;
- m) ny toerana voatokana amin'ny fatoriana sy fipetrahan'ny mpiasa izay tsy maintsy mijanona ao anatin'ilay faritra afak'haba ilaina amin'ny fampandehanan'ny servisy ;
- n) raha azo ampiharina :
 - ii. toerana fisakafoanana isaky ny orinasa na iraisan'ny fikambanan'ireo mpampiasa an'ilay faritra afak'haba ;
 - iii. toerana fampiofanana ho an'ireo mpiasan'ny « orinasa afak'haba ».

4° Araka ny 3°, ny « mpitantana ny faritra afak'haba » dia afaka manome servisy mikasika ny rano fisotro madio, angovo, fitaovam-pifandraisana, toerana hatoriana sy hisakafoanana na mivantana na tsy mivantana avy amin'ny mpanome tolota. Ireto farany dia tsy mahazo ny sata amin'ny Fadintseranana momba ny faritra afak'haba afa tsy hoe mahazo ny fankatoavana ho « orinasa afak'haba ».

Ampidirina ny andininy vaovao 229 Novodecies, ho toy izao :

And. 229 Novodecies. – 1° Ny fangatahana voalaza ao amin'ny andininy 229 Octodecies dia alefa sy dinihana araka ny fepetra voalazan'ny andininy 229 Quindecies sy 229 Sexdecies.

2° Ny fanapahana fanomezana an'ilay mpitantsehatra anatin'ny faritra afak'haba dia tsy maintsy hahitana taratran'ireo andraikitra noraisir'ilay « mpitantana ny faritra afak'haba » araka ny 3° amin'ny andininy 229 Octodecies, araka ny fankatoavan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

3° Ny fahazoana mitantana ny faritra afak'haba dia nomena anatin'ny folo (10) taona. Izany dia azo havaozina araka ny fepetra voalazan'ny 8° andininy 229 Sexdecies.

4° Ny fanapahana nanomezana fampiasana faritra afak'haba dia hampahafantarina araka ny fombafomba voalaza etsy amin'ny 4° an'ny andininy 229 Sexdecies.

Ampidirina ny andininy vaovao 229 Vicies sy lohatenina paragirafy 2, ho toy izao :

§ 2. – Fanatanterahana ny asa rehefa avy nahazo ny fankatoavana

And. 229 Vicies. – 1° Ny fahazoana ny fitantanana ny faritra afak'haba dia manome alalana an'ilay « mpitantana ny faritra afak'haba hanomboka ireo asa fanitarana sy fanamboarana ny foto-draftrasa, trano sy fanamboarana anaty lisitra voambara tanatin'ny fanapahana izay nanome alalana ny fampiasana ny faritra voalazan'ny andininy 229 Novodecies.

2° Ny fomba fanamboarana dia azo atao miandalana araka ny hita ao amin'ny drafi-panatanterahana izay nankatoavin'ny fanapahana nanomezana ilay fampiasana faritra afak'haba.

3° Ny « *mpitantana faritra afak'haba* » dia manana fe-potoana valo polo amin'ny zato (180) andro, manomboka ny datin'andro fanapahana nahazoana nampiasa ny faritra afak'haba, hanombohana ny asa fanitarana sy fanamboarana. Io fe-potoana io dia azo halavain'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana miaraka amin'ny porofo entin'ilay nahazo azy ka haterina tololo (30) andro alohan'ny fahateperan'ny fe-potoana voalohany.

4° Amin'ny fahataperan'ny fe-potoana voalaza etsy amin'ny 3°, ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana misahana ny faritra afak'haba manome an'ny « mpitantana ny faritra afak'haba », taratasy fanekena fandraisana na taratasy naterina an-tanana, fampahafantarana ofisialy hanombohana ny asa ao anatin'ny sivy folo (90) andro manomboka amin'ny daty fandraisana izany taratasy ofisialy izany, raha tsy izany dia faranana hatreto ny nanomezana fankatoavana ho fampiasana ilay fartra afak'haba.

Ampidirina ny sokajy VII mitondra lohateny « Adidy aman'andraikitra ho an'ireo orinasa afak'haba sy ho an'ireo mpitantana faritra afak'haba », ampidirina ny paragirafy voalohany sy ny andininy 229 Unvicies, ho toy izao :

Sokajy VII

Adidy aman'andraikitra ho an'ireo « orinasa afak'haba » sy ho an'ireo « mpitantana faritra afak'haba »

§ 1. – Adidy aman'andraikitra tsy maintsy hitazomana fomba fitantana kaontin'entana

And. 229 Unvicies. – 1° Ny « orinasa afak'haba » na ny « mpitantana faritra afak'haba » dia tsy maintsy mametraka fomba fitantanana kaontin'entana amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia vaovao izay mifanaraka amin'ny takian'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana. Ity farany dia tokony hitan'ny Fandrahahahaha ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny fampiasana ny aterineto. Ny fitantanana kaontin'entana dia rejistra ahitana ny fietsika sy fiovan'ny tahirin'entana izay tazomin'ny « orinasa afak'haba » na ny « mpitantana faritra afak'haba », ireo entana dia tokony voatahiry sy voaray daholo anatin'io fitantanana kaontin'entana io.

2° Vao tafiditra ao anatin'ny toeran'ny « orinasa afak'haba » na ny « faritra afak'haba » ny entana dia tsy maintsy raisina ao anatin'io fitantanana kaontin'entana io.

Ampidirina ny andininy vaovao 229 Duovicies sy paragirafy faharoa, ho toy izao :

§ 2. – Adidy aman'andraikitra manokana ho an'ny « mpitantana faritra afak'haba »

And. 229 Duovicies. – Ny « mpitantana faritra afak'haba » rehetra dia tsy maintsy :

- b) mandray ny fepetra hiarovana ny tahirin'entana tafiditra ao anatin'ny faritra afak'haba ;
- c) mikojokoja ny foto-draftrasan'ny faritra afak'haba ;
- d) mikajy sy miambina ny fanamboarana voapetraka araka ny lamina sy fitsipika mifandraika amin'ny lafiny filaminana, fahadiovana sy fiarovana ny tontolo iainana.

Ampidirina ny andininy vaovao 229 Tervicies, ho toy izao :

And. 229 Tervicies. – Mba tsy ho tratran'ny fangiazana an'ireo fananana anatin'ny faritra afak'haba voakasika, ny « mpitantana faritra afak'haba » rehetra iza mikasa hamarana ny fitantana faritra afak'haba dia tokony :

- manome fampahafantarana ny Fandraharahana ny Fadintseranana enim-bolana (6) mialoha ; sy
- mamoaka fampahafantarana amin'ny gazety malagasy be mpividy indrindra, ao anatin'ny dimy amby folo andro (15) voalaza ao amin'ny a).

Ampidirina sokajy VII mitondra lohateny hoe « fampiantoana na fisintomana fankatoavan'ny orinasa afak'haba na mpitantana faritra afak'haba » ary ampidirina ny andininy vaovao 229 Quatervicies, ho toy izao :

And. 229 Quatervicies. – 1° Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka manapaka ny fampiatoana na fisintomana :

- ny fankatoavana ny « orinasa afak'haba » raha toa ka misy tsy fanajana an'ireo adidy aman'andraikitra sy fanekena noraisina :
 - mikasika ireo asa azo tanterahina ao anatin'ny faritra afak'haba voalaza ao amin'ny andininy 226 ary voarakitra ao anatin'ny fahazoana alalana miasa ao amin'ny faritra afak'haba araka ny andininy 229 Bis ;
 - mikasika ny asa sy fanodinana azo atao anatin'ny faritra afak'haba voalazan'ny andininy 229 Bis ;
 - mikasika ny fahafahana ara-bola na ny fanajana ireo fepetra ara-padintseranana, araketa na ara-tsosialy voalazan'ny andininy 229 Quaterdecies ;
 - ao anatin'ny fandalinana azo atao sy programan'asa voalazan'ny andininy 229 Quindecies ;
 - ao anatin'ny fahazoana manatanteraka ny asa ao anatin'ny fartira afak'haba voalazan'ny andininy 229 Sexdecies ;
 - mikasika ny fitazomana ny kaontin'entana voalazan'ny andininy 229 Unvicies ;
- ny fankatoavana amin'ny maha « mpitantana ny faritra afak'haba » raha sendra misy ny tsy fanajana an'ireo adidy aman'andraikitra noraisin'ilay mpahazo tombony :
 - mikasika ireo asa fanitarana nahazoana alalana sy ireo entana azo hohanina na ampiasaina nandritra ny asa voatanisa tao anatin'ny fahazoana miasa ao anatin'ny faritra afak'haba araka ny voalazan'ny andininy 229 Bis ;
 - mikasika ny asa sy fanodinana azo atao anatin'ny faritra afak'haba voalazan'ny andininy 229 Bis ;
 - mikasika ny fahafahana ara-bola na ny fanajana ireo fepetra ara-padintseranana, araketa na ara-tsosialy voalazan'ny andininy 229 Quaterdecies ;
 - ao anatin'ny fandalinana azo atao sy programan'asa voalazan'ny andininy 229 Quindecies ;
 - ao anatin'ny fandilanana ara-ekonomika sy teknikan'ilay tetikasa, ireo drafir'asa fampivelarana sy ny tetiandro fampiharana araka ny andininy 229 Octodecies ;
 - ao anatin'ny fanapahana nanomezana ny fahazoana mampiasa ny faritra afak'haba voalazan'ny andininy 229 Novodecies ;
 - mikasika ny fe-potoana hanatanterahana ny asa voalazan'ny andininy 229 Vicies ;
 - mikasika ny fitazomana kaontin'entana voalazan'ny andininy 229 Unvicies ;
 - mikasika ireo adidy aman'andraikitra amin'ny lafiny fitehirizan'entana na fikojakojana sy ny fanajana ny fanamboarana voalazan'ny andininy 229 Duovicies ;

